


Liahona

**Lahateny tamin'ny
fihaonamben'ny
Fiangonana**

**Apôstôly roa vaovao no
notohanana**

**Manampahefana Ambony
vaovao sy Mpiandraikitra
Ambony vaovao ao
amin'ny Vondrona
fanampiny maneran-tany
no notohanana**

**Tempoly vaovao fito
no nambara**





Ny Fiadidiana Voalohany

Notohanana ho filoha faha-17 an'Ny Fiangonana ny Filoha Russell M. Nelson (eo afovoany) nandritra ny Fihanonana maneran-tany fanao isan-taona faha-188. Ny mpanolotsainy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia ny Filoha Dallin H. Oaks (eo ankavia) sy ny Filoha Henry B. Eyring.

Votoatiny Mey 2018

Boky 18 • Laharana faha-2

Fivoriana sabotsy maraina

- 6 Fivoriana masina
Filoha Henry B. Eyring
- 9 Fanomezana sarobidy avy amin' Andriamanitra
Filoha M. Russell Ballard
- 12 Zanaky ny Ray ve aho?
Loholona Brian K. Taylor
- 15 Tahaka ny namelan'i Kristy ny helokareo no aoka mba hamelanareo heloka kosa
Loholona Larry J. Echo Hawk
- 17 Ny fon'ny mpaminany
Loholona Gary E. Stevenson
- 21 Hatramin'ny fito-polo im-pito
Loholona Lynn G. Robbins
- 24 Ilay Mpaminanin' Andriamanitra
Loholona Neil L. Andersen

Fivoriana sabotsy tolakandro

- 28 Fanohanana ireo mpiandraikitra ao amin'ny Fianganana
Filoha Dallin H. Oaks
- 29 Tatitra avy amin'ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fianganana, taona 2017
Kevin R. Jergensen
- 30 Malemy fanahy sy mietry am-po
Loholona David A. Bednar
- 34 Andro iray sisa
Loholona Taylor G. Godoy
- 36 Zatovovavy ao anatin'ilay asa
Bonnie L. Oscarson
- 39 Hitondra hazavana mahagaga ho antsika ireo ôrdônansin'ny famonjena
Loholona Taniela B. Wakolo
- 42 Mampianatra ao an-tokantrano—andraikitra maharavoravo sy masina
Devin G. Durrant
- 46 Tantaram-pianakaviana sy asa atao any amin'ny tempoly: Famehezana sy fanasitranana
Loholona Dale G. Renlund

Fivoriamben'ny fisoronana maneran-tany

- 50 Ny zavatra tokony ho takatry ny mpihazona ny fisoronana Aharôna tsirairay avy
Douglas D. Holmes
- 54 Teny fanolorana
Filoha Russell M. Nelson
- 55 Ny kôlejin'ny loholona
Loholona D. Todd Christofferson
- 58 Endrey! Ny tafiky ny mpanjaka
Loholona Ronald A. Rasband
- 61 Asa fanompoana entanim-panahy
Filoha Henry B. Eyring
- 65 Ny herin'ny fisoronana
Filoha Dallin H. Oaks
- 68 Manompo amin'ny hery sy fahefan' Andriamanitra
Filoha Russell M. Nelson

Fivoriana alahady maraina

- 75 Raiso ho mpitari-dalana anao ny Fanahy Masina
Loholona Larry Y. Wilson
- 78 Niray saina
Reyna I. Aburto

- 81 Ny fitiavana madio no tena ahafantarana ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy rehetra
Loholona Massimo De Feo
- 83 Izay maharitra hatramin'ny farany no hovanjena
Loholona Claudio D. Zivic
- 86 Ny Fanahiny miaraka aminareo
Filoha Henry B. Eyring
- 89 Zava-madinika sy tsotra
Filoha Dallin H. Oaks
- 93 Fanambarana ho an'ny Fianganana, fanambarana ho an'ny fiainantsika
Filoha Russell M. Nelson

Fivoriana alahady tolakandro

- 97 Tafatsangana i Kristy
Loholona Gerrit W. Gong
- 98 Miteny amin'ny herin'ny Fanahy Masina ireo mpaminany
Loholona Ulisses Soares
- 100 Manompo
Filoha Russell M. Nelson
- 101 “Miaraka amin'izy ireo sy manatanjaka azy”
Loholona Jeffrey R. Holland
- 104 Manompo tahaka ny ataon'ny Mpamonjy
Jean B. Bingham
- 107 Indro ilay Lehilahy!
Loholona Dieter F. Uchtdorf
- 111 Natao hikorakorana olona izany
Eveka Gérald Caussé
- 114 Miomàna hihaona amin' Andriamanitra
Loholona Quentin L. Cook
- 118 Ndao Handroso Hatrany
Filoha Russell M. Nelson
- 72 Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fianganan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany
- 119 Tatitra momba ny antontan'isa ho an'ny taona 2017
- 120 Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny Fihaonambe
- 121 Vaovaom-piangonana
- 137 Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana



Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-188

Sabotsy maraina, 31 Martsa 2018, Fivoriana ho an'ny daholobe

Mpitrika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: Loholona Mervyn B. Arnold. Vavaka famaranana: Loholona W. Mark Bassett. Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Andrew Unsworth sy Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Tsara ny asa," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, p. 25; "Misao-tra Anao noho ny mpaminany," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, p. 72, narindran'i Wilberg; "We Listen to a Prophet's Voice," *Hymns*, lah. 22, narindran'i Murphy; "Saints, en avant! Armés de foi en Christ," *Cantiques*, lah. 40; "Raconte-moi les histoires de Jésus," *Chants pour les enfants*, 36, narindran'i Murphy; "Il vit, mon Rédempteur," *Cantiques*, lah. 72, narindran'i Wilberg.

Sabotsy tolakandro, 31 martsa 2018, Fivoriana ho an'ny daholobe

Mpitrika: Filoha Dallin H. Oaks.
Vavaka fanokafana: Loholona Mark A. Bragg. Vavaka famaranana: Loholona Peter F. Meurs. Hira nataon'ny amboaram-peo natambatra avy amin'ireo institiota fianarana ny filazan-tsara ao Salt Lake City, Utah; Marshall McDonald sy Richard Decker, mpitarika; Linda Margetts sy Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Viens écouter la voix de Dieu," *Cantiques*, lah. 12, narindran'i Matthews sy Goodliffe; "Où pourrais-je chercher?" *Cantiques*, 68, narindran'i McDonald sy Parker; "Bien choisir," *Cantiques*, lah. 154; hira natambatra, narindran'i McDonald: "Soyons l'espoir des derniers jours," *Cantiques*, lah. 166, sy "The Iron Rod," *Hymns*, lah. 274; "Ny lalanao no lalako," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, p. 92, narindran'i Wilberg.

Sabotsy hariva, 31 martsa 2018, Fivoriamben'ny fisoronana maneran-tany

Mpitrika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: M. Joseph Brough. Vavaka famaranana: Loholona K. Brett Nattress. Hira nataon'ny amboaram-peon'ny fisoronana avy amin'ny Oniversiten'i Brigham Young-Idaho; Randall Kempton, Paul Busselberg, ary David Lozano-Torres, mpitarika; Brian Mathias sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Fototra mafy orina," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, p. 12, narindran'i Busselberg,

navoakan'ny Sharpe Music Press; "Dieu, notre Père," *Cantiques*, lah. 80, narindran'i Busselberg, navoakan'ny Sharpe Music Press; "Louange à Dieu," *Cantiques*, lah. 37; "Rise Up, O Men of God," *Hymns*, lah. 324.

Alahady maraina, 1 aprily 2018, Fivoriana ho an'ny daholobe

Mpitrika: Filoha Russell M. Nelson.
Vavaka fanokafana: Loholona S. Mark Palmer. Vavaka famaranana: Loholona Joaquin E. Costa. Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika; Clay Christiansen sy Richard Elliott, mpitendry ôrga: "On This Day of Joy and Gladness," *Hymns*, lah. 64; "Tafatsangana i Kristy," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, p. 107, narindran'i Wilberg; "Il envoya son Fils aimé," *Chants pour les enfants*, 20, narindran'i Hoffheins; "Hosanna au grand Roi!" *Cantiques*, lah. 34; "Chantons tous, pleins d'allégresse!" *Cantiques*, lah. 121, narindran'i Wilberg, navoakan'ny Oxford University Press.

Alahady tolakandro, 1 aprily 2018, Fivoriana ho an'ny daholobe

Mpitrika: Filoha Dallin H. Oaks.
Vavaka fanokafana: Loholona Weatherford T. Clayton. Vavaka famaranana: Loholona Valeri V. Cordon. Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Richard Elliott sy Brian Mathias, mpitendry ôrga: "Brillamment, l'amour du Père," *Cantiques*, lah. 151b, narindran'i Murphy; "Au Berger elles sont chères," *Cantiques*, lah. 142, narindran'i Wilberg; "Ry

Mpanavotra," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, p. 9; "Aimez vos frères," *Cantiques*, lah. 200, narindran'i Wilberg; "Ndao handroso hatrany," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, p. 20, narindran'i Elliott, navoakan'i Jackman.

Fomba ahazoana ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana

Raha te hahita ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny fiteny maro ao amin'ny internet dia tsidiho ny conference.lds.org ary misafidiana fiteny iray. Hita ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile ihany koa ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana. Amin'ny ankapobeny dia enina herinandro aorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana no hita any amin'ireo foibe fanaparahana ireo rakitsary sy rakipeo amin'ny teny Anglisy. Ireo zavatra mombamomba ny fihaonambe maneran-tany amin'ny endrika azon'ireo mpikambana manana fahasembanana ampiasaina dia hita ao amin'ny disability.lds.org.

Eo amin'ny fonony

Eo anoloana: Sary nalain'i Leslie Nilsson.
Ao ambadika: Sary nalain'i Cody Bell.

Sary nandritra ny Fihaonambe

Ireo sary tao Salt Lake City dia nalain'i Cody Bell, Janae Bingham, Mason Coberly, Randy Collier, Weston Colton, Allesandra DeAgostini, Ashlee Larson, Brian Nicholson, Leslie Nilsson, Matt Reier, Christina Smith, Dave Ward, ary Mark Weinberg.



MEY 2018 BOKY. 18 LAH. 2 LIAHONA 14751 654

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy
ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Ny Fiadidiana Voalohany: Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks,
Henry B. Eyring

Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: M. Russell Ballard,
Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L.
Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband,
Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, Ulisses Soares

Mpanomana ny Fanontana: Hugo E. Martinez
Mpanampy amin'ny Fanontana: Randall K. Bennett,
Carol F. McConkie

Mpanorohevitra: Brian K. Ashton, Bonnie H. Cordon, LeGrand R.
Curtis Jr., Edward Dube, Sharon Eubank, Donald L. Hallstrom,
Douglas D. Holmes, Erich W. Kopischke

Tale mpitantana: Richard I. Heaton

Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana: Allan R. Loyborg
Mpitantana ny Fandraharahana: Garff Cannon

Mpitantana ny Fanontana: Adam C. Olson

Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana: Ryan Carr

Mpanampy amin'ny famoahana: Francisca Olson

Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:
Maryssa Dennis, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D.
Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jon Ryan
Jensen, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock,
Sally Johnson Odekir, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M.
Romney, Mindy Selu, Chakell Wardleigh, Marissa Widdison

Tale Mpitantana ny Hai-tao: J. Scott Knudsen

Talen'ny Hai-tao: Tadd R. Peterson

Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao: Jeanette Andrews,
Fay P. Andrus, Mandie, Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child,
David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren,
Scott M. Mooy, Emily Chieko Remington, Mark W. Robison,
Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:

Collette Nebeker Aune

Talen'ny Famoahana: Jane Ann Peters

Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana: Ira Glen Adair,
Kevin Banks, Julie Burdett, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi,
Ginny J. Nilson, Derek Richardson

Mpanara-maso alohan'ny Fanontana: Joshua Dennis,
Ammon Harris

Talen'ny Fanaovana Printy: Steven T. Lewis

Talen'ny Fanaparahana: Troy R. Barker

Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:

Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est,
Antananarivo 101, Madagascar

**Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan' i Etazonia
sy Kanadà dia manatôna ny mpiandraikitra ny foibe
fanaparahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana
misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana
misy anao.**

Ny taratasy sy ny fanontaniana dia alefaso amin'ny alalan'ny
internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity
liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona*, Rm.
2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe
"kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana,
Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola,
Estonianina, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa,
Indoneziana, Islan-dey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia,
Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy,
Mongoliana, Norveziana, Okirieniana, Ordo, Pôlôney, Portogey,
Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa
(notsorina), Soailly, Soedoa, Tagalog, Tahisiana, Tailan-dey, Tongana,
Tseky ary Vietnamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny
tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2018 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana.
Natonta tany Etazonia.

Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana: Azon'ny
olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny *Liahona* mba ho
ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatin'ny
koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana)
raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana
amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny
sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo
amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny
fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia
alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E.
North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email:
cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

For Readers in the United States and Canada:

May 2018 Vol. 18 No. 2. LIAHONA (USPS 311-480)
Magasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April,
May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of
Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150.
USA subscription price is \$4.00 per year; Canada, \$4.80 plus
applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah.
Sixty days' notice required for change of address. Include address
label from a recent issue; old and new address must be included.
Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution
Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971.
Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may
be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication
Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2).

NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to
Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake
City, UT 84126-0368, USA.



Lisitr'ireo mpandahateny manaraka ny abidia

Aburto, Reyna I., 78
Andersen, Neil L., 24
Ballard, M. Russell, 9
Bednar, David A., 30
Bingham, Jean B., 104
Caussé, Gérald, 111
Christofferson, D. Todd, 55
Cook, Quentin L., 114
De Feo, Massimo, 81
Durrant, Devin G., 42
Echo Hawk, Larry J., 15
Eyring, Henry B., 6, 61, 86
Godoy, Taylor G., 34
Gong, Gerrit W., 97
Holland, Jeffrey R., 101
Holmes, Douglas D., 50
Jergensen, Kevin R., 29
Nelson, Russell M., 54, 68, 93,
100, 118
Oaks, Dallin H., 28, 65, 89
Oscarson, Bonnie L., 36
Rasband, Ronald A., 58
Renlund, Dale G., 46
Robbins, Lynn G., 21
Soares, Ulisses, 98
Stevenson, Gary E., 17
Taylor, Brian K., 12
Uchtdorf, Dieter F., 107
Wakolo, Taniela B., 39
Wilson, Larry Y., 75
Zivic, Claudio D., 83

Fanoroam-pejy araka ny lohahevitra

Andraikitra, 36, 114
Andriamanitra Ray, 12, 78, 81
Antso ao amin'ny Fiangonana,
65, 93
Ao an-tokantrano, 42, 111
Asa atao any amin'ny tempoly,
36, 46, 114, 118
Asa fanompoana, 9, 36, 54, 55,
61, 65, 68, 78, 81, 101, 104
Asa fitoriana, 114
Bokin'i Môrmôna, 12
Drafitry ny famonjena, 34, 81
Fahafatesana, 107
Fahafaozian-tena, 34
Fahalemam-panahy, 30
Fahamarinana, 114
Fahamendrehana, 65, 75
Faharetana, 83
Fahasoavana, 21
Fahombiazana, 21
Fahoriana, 107
Famangiana isan-tokantrano,
100, 101
Famelan-keloka, 15, 21, 81
Fampianarana, 17, 42, 50
Fampianarana isan-
tokantrano, 100, 101
Fanahy Masina, 75, 86, 93, 98
Fanambarana, 75, 93
Fanasan'ny Tompo, 9, 21,
39, 83
Fanasitranana, 46
Fandalinana soratra masina,
12, 42, 83
Fanekepiahavanana, 39, 83,
97, 111, 118
Fanetrentena, 30, 86
Fankatoavana, 24, 83, 86, 89
Fiadidiana Voalohany, 17, 93
Fianakaviana, 42, 65
Fiantrana, 61
Fibebahana, 21, 24, 50, 75,
83, 89, 107
Fieboeboana, 30
Fifaliana, 34
Fihaonamben'ny Fiangonana
maneran-tany, 118
Fikambanana Ifanampiana,
100, 104

Finoana, 9, 24, 50, 86,
98, 118
Fiomanana, 114
Firaifitry ny Fiangonana, 17,
58, 101
Firaizan-kina, 58, 78, 114
Fisoronana, 65, 68, 100
Fisoronana Aharôna, 50
Fisoronana Melkizedeka, 55,
58, 65
Fitsanganana amin'ny maty,
89, 97, 107
Fivoriana masina, 6, 17, 24, 93
Ho an'ny ankizy, 12, 42
Jesoa Kristy, 9, 12, 15, 21,
24, 40, 34, 39, 75, 78, 81,
83, 86, 89, 93, 97, 98, 104,
107, 111
Joseph Smith, 12, 39, 86,
93, 97
Kôlejin'ny Apôstôly
Roambinifolo, 17, 93
Kôlejin'ny fisoronana, 54, 55,
58, 61, 104
Manaraka ny Mpaminany, 17,
24, 58, 98
Manompo, 54, 55, 58, 78, 68,
78, 86, 100, 101, 104, 111
Mitiava, 54, 78, 81, 86, 100,
101, 104
Mpaminany, 9, 17, 24, 30,
97, 98
Ny maha-mpanaradia, 36, 81,
104, 107, 111, 118
Ny maha-ray, 65
Ny maha-reny, 12
Ôrdônansy, 39, 46, 50, 97,
114, 118
Paska, 93, 97, 107
Sabata, 9
Sorompanavotana, 12, 15,
34, 39, 50, 81, 93, 97, 107
Tantaram-pianakaviana, 36,
46, 114
Tempoly, 97
Toetra araka an'
Andriamanitra, 12, 30
Vavaka, 42, 75, 78, 83, 86, 93
Zatovo, 104
Zatovolahy, 36
Zatovovavy, 36, 100



Ireo zavatra nisongadina nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-188

Ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity dia nanan-tantara noho ny antony maro, tafiditra amin'izany ny fanamboarana ny rafitra ao amin'ireo kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka ary ny fiantombohan'ny vanim-potoana fanompoana vaovao. Saingy ny fotoana nandrandraina indrindra angamba dia ny nahafahantsika tsirairay nanohana ny Filoha Russell M. Nelson ho Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany faha-17.

Fivoriana masina iray

Rehefa nijoro sy nanohana mpaminany sy Filoha vaovao isika dia tsy nisain'olombelona mpisahana firaketana ny tanantsika natsangana; izany dia noraketina tany an-danitra ho toy ny fanekehampihavanana amin' Andriamanitra.

Nandritra ny fihaonambe manontolo dia hitantsika taratra fa ity no Fiangonany Mpamonjy, tarihin'ny amin'ny alalan'ny mpanompony. Nanatri-maso ny toerana raisin'ny mpaminany velona manoloana antsika tsirairay isika; dia tsy hoe mijoro eo anelanelantsika sy ny Mpamonjy fa mijoro kosa eo anilantsika ary manondro ny lalana mankamin'ny Mpamonjy. Niaina ny fahafahana handray “teny vavolombelona ho an'ny tena manokana avy

amin' Andriamanitra [isika] ny amin'ny antson'ny Filoha Nelson” ary ny fam-pifikirana “ny fanahintsika amin'i Jesoa Kristy Tompo [amin'] ny fihainoana ireo izay hirahany” (jereo ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny pejy 26).

- Afaka mianatra misimisy kokoa ny mombamomba ny Filoha Nelson ianao ao amin'ilay tovana manokana misy 16 pejy izay ampiarahana amin'ny *Ensign* sy ny *Liahona* mey 2018.

Fanohanana ireo mpitarika vaovao

Ankoatra ny fanohanana ny Filoha Nelson dia nanohana mpitarika vaovao mihoatra ny 70 isika.

- Hitanao ao amin'ny pejy 6–8, 28–29 ny lisitra ahitana ireo mpitarika notohanana ireo, tafiditra amin'izany ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra vaovao.
- Vakio ny tantaram-piainana fohin'ireo mpitarika vaovao manomboka ao amin'ny pejy 121.

Fanovana ao amin'ireo kôlejy ary

Fanompoana

Na dia teo ambany fitantanany ireo mpaminany aza ireo fanovana nambara nandritra ny fihaonambe dia “ohatra amin'ny fanambarana izay efa nitarika ity Fiangonana ity hatrany amboalohany,” hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland (jereo ao amin'ny pejy 101).

- Vakio ireo torolalana momba ny fanamboarana ny rafitra ao amin'ireo kôlejy izay nomen'ny Filoha Nelson, ny Loholona D. Todd Christofferson, ary ny Loholona Ronald A. Rasband, manomboka ao amin'ny pejy 54.
- Vakio ireo torolalana momba ny fanompoana izay nomen'ny Filoha Nelson, sy ny Loholona Holland, ary Rahavavy Jean B. Bingham, manomboka ao amin'ny pejy 100.
- Hitanao ao amin'ny fizarana ahitana ireo vaovao ao amin'ny pejy 132–33 ny fampahalalana misimisy kokoa momba ireo fanovana ireo ary ireo loharano mirakitra torolalana.

Tempoly fanampiny

Mba hanamafisana “ny hafatsika ho an'izao tontolo izao,” fa isika dia “manasa ny zanak' Andriamanitra rehetra ao amin'ny andaniny roa amin'ny voaly mba hanatona ny Mpamonjy azy ireo, handray ireo fitahian'ny tempoly masina, sy hanana fifaliana maharitra, ary ho mendrika hahazo ny fiainana mandrakizay,” dia nanambara tempoly fito vaovao ny Filoha Nelson.

- Fantaro hoe aiza no hisy an'ireo tempoly fito vaovao ireo ao amin'ny pejy 133. ■





Natolotry ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Fivoriana masina

Ry rahalahy sy ranabavy, nangataka ahy ny Filoha Nelson mba hisahana ny raharahan'ny fivoriana masina izay hiangonantsika androany.

Izao dia fotoana tena manan-danja ho an'ireo mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany manerana izao tontolo izao.

Nanomboka tamin'ny 10 ôktôbra 1880 izany, raha notohanana ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany handimby an'i Brigham Young i John Taylor, ireo fotoana tsirairay avy ireo



dia natokana mba ho fivoriana masin'ny Fiangonana manontolo hanehoana ny feon'ny Fiangonana.

Hanatanteraka ny fanohanana araka ireo kôlejy sy vondrona tsirairay isika. Na aiza na aiza misy anao dia asaina ianao hitsangana, nefa tsy hanao izany raha tsy efa nolazaina, ary haneho amin'ny fananganana tanana fa manohana ireo anarana izay atolotra eto. Tsy tokony haneho fanohanana ianao raha tsy efa nangatahana hitsangana.

Ireo Manampahefana Ambony voatendry ho ao amin'ny Tabernakely sy ao amin'ny efitrano ho an'ny daholobe ao amin'ny Temple Square no hanaramaso ny fanohanana ao amin'ireo toerana ireo. Any amin'ireo ivon-toeran'ny tsatòka dia ny fiadidian'ny tsatòka no hanaramaso ny fanohanana. Raha toa misy manohitra ny olona atolotra dia asaina izy ireo hihaona amin'ny filohan'ny tsatòkany.

Hanomboka isika izao. Averiko indray, aza mitsangana sy maneho fanohanana raha tsy efa nasaina hanao izany.

Angatahana ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany mba hitsangana.

Aroso amintsika ny hanohanana'ny Fiadidiana Voalohany ny Filoha Russell Marion Nelson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.



Ireo ao amin'ny Fiadidiana Voalohany izay manohana dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana'ny Fiadidiana Voalohany an'i Dallin Harris Oaks ho Mpanolotsaina Voalohany ary i Henry Bennion Eyring ho Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonana.

Ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany izay manohana dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana'ny Fiadidiana Voalohany an'i Dallin Harris Oaks ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary i Melvin Russell Ballard ho filoha mpisolo toerana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.



Ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany izay manohana dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana'ny Fiadidiana Voalohany ho mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo an'i: M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit Walter Gong, ary i Ulisses Soares.

Ry mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, aoka isika haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana'ny Fiadidiana Voalohany an'ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Ry mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, aoka isika haneho izany.

Afaka mipetraka izao ny ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Asaintsika handray ny toerany miaraka amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny Loholona Gong sy ny Loholona Soares.

Ry mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, tafiditra ao anatin'izany ny Loholona Gong sy ny Loholona Soares, angatahana iana-reo hitsangana.

Aroso amintsika ny hanohanana'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo an'i

Russell Marion Nelson ho mpamina-ny sy mpahita ary mpanambara ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, miaraka amin'ireo mpanolotsaina sy ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo araka ny nanolorana azy ireo sy nanohanana'ny Fiadidiana Voalohany azy ireo.

Ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izay manohana dia aoka haneho izany.

Afaka mipetraka ianareo.

Asaintsika ireo Fitopololahy Manampahefana Ambony sy ireo mpikambana ao amin'ny Episkôpà Mpiahy mba hitsangana.

Aroso amintsika ny hanohanana'ireo Fitopololahy Manampahefana Ambony



rehetra sy ireo mpikambana ao amin'ny Episkôpà Mpiahy an'i Russell Marion Nelson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, miaraka amin'ireo mpanolotsainy sy ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo araka ny nanolorana azy ireo sy nanohanana ny Fiadidiana Voalohany azy ireo.

Ireo Fitopololahy Manampahefana Ambony rehetra sy ireo mpikambana ao amin'ny Episkôpà Mpiahy izay manohana dia aoka haneho izany.

Afaka mipetraka ianareo.

Asaintsika ireto manaraka ireto mba hitsangana, na aiza na aiza misy anareo manerana izao tontolo izao: ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, patriarika voatendry, mpisorona avo, ary loholona rehetra.

Aroso aminareo mba hotohanana i Russell Marion Nelson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, miaraka amin'ireo mpanolotsainy sy ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo araka ny nanolorana azy ireo sy nanohanana azy ireo.

Ireo rehetra izay manohana aoka haneho izany.

Raha misy manohitra dia aoka haneho izany koa.

Aoka hipetraka ianareo.

Asaina hitsangana avokoa ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana rehetra, izany hoe ny vehivavy 18 taona no ho miakatra rehetra.

Aroso aminareo mba hotohanana i Russell Marion Nelson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, miaraka amin'ireo mpanolotsainy sy ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo araka ny nanolorana azy ireo sy nanohanana azy ireo teo.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany amin'ny fananganana tanana.

Izay manohitra dia aoka haneho izany.

Afaka mipetraka ianareo.

Aoka hitsangana daholo ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna, izany hoe ireo mpisorona sy mpampianatra ary diakona voatendry rehetra.

Aroso aminareo mba hotohanana

i Russell Marion Nelson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, miaraka amin'ireo mpanolotsainy sy ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo araka ny nanolorana azy ireo sy nanohanana azy ireo teo.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany amin'ny fananganana tanana.

Izay manohitra dia aoka haneho izany.

Afaka mipetraka ianareo.

Aoka hitsangana daholo ireo zatovavavy 12 ka hatramin'ny 18 taona.

Aroso aminareo mba hotohanana i Russell Marion Nelson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, miaraka amin'ireo mpanolotsainy sy ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo araka ny nanolorana azy ireo sy nanohanana azy ireo teo.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany amin'ny fananganana tanana.

Izay manohitra dia aoka haneho izany.

Afaka mipetraka ianareo.

Izao dia asainay ny mpikambana rehetra, na aiza na aiza misy anareo, mba hitsangana azafady, tafiditra ao anatin'izany ireo rehetra izay efa natsangana teo aloha.

Aroso aminareo mba hotohanana i Russell Marion Nelson ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, miaraka amin'ireo mpanolotsainy sy ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo araka ny nanolorana azy ireo sy nanohanana azy ireo.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany amin'ny fananganana tanana.

Izay manohitra dia aoka haneho izany.

Afaka mipetraka avokoa ianareo izao.

Misaotra anareo ry rahalahy sy ranabavy, ny amin'ny fitiavanareo sy ny fanohanana. ■



Nataon'ny Filoha M. Russell Ballard

Filoha mpisolo toerana an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Fanomezana sarobidy avy amin' Andriamanitra

Ry rahalahy sy ranabavy, afaka ny ho feno finoana, fifaliana, fahasambarana, fanantenana, ary fitiavana ny fiainana rehefa mampihatra finoana marina faran'izay kely an'i Kristy isika.

Ry rahalahiko sy anabaviko, vao nandray anjara tamin'ny fivoriana masina iray isika, fomba fanao izay efa nisy taloha tamin'ny andron'ny Baiboly rehefa nivory ny vahoaka tao Isiraely fahiny mba hahatsapa ny fanatrehan'ny Tompo sy hankalaza ny fitahiany.¹ Manana tombony isika fa miaina amin'ny fotoana izay nahatafaverina amin'ny laoniny io fomba fanao fahiny io tamn'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith.² Mamporisika anareo aho mba hirakitra ao amin'ny diarinareo manokana ny zavatra tsapanareo tamin'ny fotoana masina izay nandraisinareo anjara iny.

Vao tsy ela isika no nanao veloma ny namana sy mpaminany malalantsika, dia ny Filoha Thomas S. Monson. Na dia malahelo azy aza isika rehetra dia feno fankasitrahana lalina fa niantso mpaminany vaovao Andriamanitra, dia ny Filoha Russell M. Nelson, mba hitarika ny Fiangonany. Izaio isika dia nanomboka tamin'ny fomba mirindra vanim-potoana vaovao iray eo amin'ny tantaran'ny Fiangonantsika. Fanomezana sarobidy avy amin' Andriamanitra izany.

Rehefa nanohana tsirairay ny Filoha Nelson isika tamin'ny fananganantsika ny tanantsika dia nijoro ho vavolombelona teo anatrehan' Andriamanitra sady nanaiky fa izy no mpandimby ara-dalàna ny Filoha Monson. Tamin'ny fananganantsika tanana dia nampanantena isika fa hihaino ny feony rehefa mandray fitarihana avy amin'ny Tompo izy.

Hoy ny Tompo:

“Hampandrianareo sofina amin'ny teniny rehetra [izany hoe ny tenin'ny Filohan'ny Fiangonana] sy ny didy rehetra izay homeny anareo araka ny andraisany azy ireny. . . .

Fa ny teniny dia horaisinareo toa ireny avy amin'ny vavako ireny, amin'ny faharetana sy ny finoana rehetra.”³

Efa 60 taona mahery no nahafantarako ny mpaminany-filohantsika vaovao. Niara-nanombo taminy tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy aho nandritra ny 33 taona ary vavolombelona nanatri-maso fa efa nanomana azy ny tanan'ny Tompo mba ho lasa apôstôly sy mpaminany mpiahy mba hitantana ny fanalahidy rehetran'ny fisoronana masina eto an-tany. Enga anie isika tsirairay hanohana tanteraka azy sy

ireo mpanolotsaina azy ka hanaraka ny fitarihan'izy ireo. Arahabaintsika amin-kafanampo ihany koa ny Loholona Gong sy ny Loholona Soares amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy ireo.

Taorian'ny Fitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty, izay tranga iray hankalazaintsika amin'izao faran'ny herinandron'ny Paska be voninahitra izao, dia niseho tamin'ireo mpianany Izy ary nilaza hoe: “Fiadanana ho anareo; taha-ka ny nanirahan'ny Ray Ahy *no anirahako anareo kosa*.⁴ Jereo tsara fa misy zavatra roa eo: maniraka ny Zanany ny Ray. Maniraka ny mpanompony, dia ny olombelona rehetra, mba hanatanteraka ny asany ny Zanaka.

Tsy tokony ho gaga isika raha maha-fantatra fa ireo olona izay nantsoin'ny Tompo ireo dia olombelona tsy tonga lafatra. Tantara maro ao amin'ny soratra masina no milaza tantaran'ny lehilahy sy vehivavy nantsoin' Andriamanitra mba hanatanteraka asa lehibe, zanalahy sy zanakavavy tsara an'ny Rain-tsika any An-danitra nantsoina mba hanombo amin'ny andraikitra nomena azy ireo ato amin'ny Fiangonana, miezaka manao izay tsara indrindra azon'izy ireo atao, saingy tsy mbola misy tonga lafatra izy ireny. Marina ihany koa izany ho antsika.

Raha eo izany fahalemena sy tsy fahalavorariana amin'ny maha-olombelona izay ananantsika izany, ahoana no handrosoantsika amin'ny fifanampiana sy ny fifanohanana?





Manomboka amin'ny finoana izany, finoana tena izy an'i Jesoa Kristy Tompo ary avy amin'ny fo. Ny finoana ny Mpamonjy no fitsipika voalohany ao amin'ny fotopampianarana sy ny filazantsaran'i Kristy.

Taona maro lasa izay dia nitsidika ny Tany Masina aho. Raha nandalo teo amina hazon-tsinapy iray izahay dia nanontany ahy ilay filohan'ny BYU tao Jerosalema afovoany raha efa nahita voan-tsinapy aho. Tsy mbola nahita aho koa dia nijanona izahay. Nasehony ahy ny voany avy tamin'ilay hazo. Tsy nampoziko fa tena kely izany.

Dia tadidiko avy eo ny fampianaran'i Jesoa manao hoe: "Fa lazaiko aminareo marina tokoa: Raha manana finoana hoatra ny voan-tsinapy iray aza hianareo ka hiteny amin'io tendrombohitra io hoe: Mifindra erỳ, dia hifindra izy; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao."⁵

Raha manana finoana kely tahaka ny voan-tsinapy isika dia afaka manampy antsika ny Tompo mba hamindra ireo tendrombohitry ny fahaketrana sy ny fisalasana amin'ny andraikitra izay miandry antsika eo am-piarahantsika manompo amin'ireo zanak' Andriamanitra, tafiditra amin'izany ny ao amin'ny fianakaviana, ireo mpikamban'ny Fiangonana, ary ireo izay mbola tsy mpikamban'ny Fiangonana.

Ry rahalahy sy ranabavy, afaka ny ho feno finoana, fifaliana, fahasam-barana, fanantenana, ary fitiavana ny

fiainana rehefa mampihatra finoana marina faran'izay kely an'i Kristy isika, na dia finoana kely tahaka ny voan-tsinapy aza.

Ny Loholona George A. Smith dia nahatsiaro ny torohevitra izay nomen'ny Mpaminany Joseph Smith azy: "Nilaza tamiko izy fa tsy tokony ho ketraka mihitsy aho, na inona na inona zava-tsarotra mety ho lalovako. Raha toa ka latsaka amin'ny lavaka lalina indrindra ao Nouvelle-Écosse sy tototry ny vaton-tendrombohitra rehetra aho, dia tsy tokony ho ketraka fa tokony hiaritra, sy hampihatra finoana, dia ho tonga eny an-tampon'ilay havoana aho amin'ny farany."⁶

Tokony hotsaroantsika ilay fanambaran'i Paoly manao hoe: "Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'i Kristy ilay mampahery ahy."⁷ Ny fahafantarana izany dia fanomezana iray hafa sarobidy avy amin' Andriamanitra.

Ankoatra ireo fanomezana izay nola-zaiko dia mbola misy maro hafa. Hire-saka momba ny vitsivitsy amin'izy ireo aho, dia ny fanomezana ny Andro Sabata, ny fanasan'ny Tompo, ny fanompoana ny hafa, ary ilay fanomezana tsy manan-tsahala avy amin' Andriamanitra, dia ny Mpamonjy antsika.

Ny herin'ny andro Sabata dia ny fiainana ato am-piangonana sy any an-tokantrano ilay fahafinaretana sy ilay fifaliana ary ilay hafanana amin'ny fahatsapana ny Fanahin'ny Tompo ka

tsy misy na inona na inona hampiala amin'ny fifantohana.

Maro loatra ny mamela ny tenany amin'ny fandaniana efa ho ny fiainany manontolo amin'ny internet eo amin'ny fitaovana elektrônika raitran'izy ireo, ny efijery manazava ny tarehiny andro aman'alina ary ny écouteur eny amin'ny sofiny manakana ilay feo tony sy malefaky ny Fanahy. Raha tsy mahita fotoana hialana amin'ireny fitaovana ireny isika dia mety ho very ireo fahafahana ananantsika hihainoana ny feony manao hoe: "Mitonia ary fantaro fa Izaho no Andriamanitra."⁸ Tsy misy maharatsy ny fanararaotana ny fivoaran'ny teknôlôjia izay azo avy amin'ny tsindrimandrin' Andriamanitra, saingy mila hendry isika rehefa mampiasa izany. Tadidio ny hoe, ny fanomezana ny Andro Sabata.

Ny fitahian'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo mandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo dia tsy tokony ho lasa zavatra mahazatra atao fotsiny na oviana na oviana. 70 minitra monja ao anatin'ny herinandro izany izay ahafahantsika mitsahatra sy mahita fiadanana, fifaliana ary fahasam-barana bebe kokoa eo amin'ny fiainantsika.

Ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo sy ny fanavaozana ny fanekem-pihavanantsika dia famantarana iray avy amintsika ho an'ny Tompo fa tena mahatsiaro Azy mandrakariva isika. Ny Sorompanavotany dia fanomezana feno fangorahana avy amin' Andriamanitra.

Ny fahafahana manompo ny zanak' Andriamanitra dia fahafahana iray hafa hanarahana ny ohatry ny Zanany Mala-amin'ny fifanompoana.

Ny fahafahana manompo sasany dia andraikitra ôfisialy, ao amin'ny fianakaviansika, amin'ny antsontsika ato am-piangonana ary any amin'ny fandraisantsika anjara amin'ny rafipanompoana ara-piarahamonina.

Ny mpikamban'ny Fiangonana, na lahy izany na vavy, dia tsy tokony hiahotra hirotsaka hofidiana, raha maniry izany izy, ho mpitondra arapanjakana araka izay ambaratonga misy ao amin'ny governemanta, na aiza na aiza ipetrahan'izy ireo. Zava-dehibe amin'izao andro izao ny feontsika ary

manan-danja any am-pianarantsika sy ao amin'ny tanàna misy antsika ary ny firenena misy antsika izany. Any amin'ny toerana misy ny demôkrasia dia adidintsika amin'ny maha-mpikambana antsika ny mifidy lehilahy sy vehivavy mendri-kaja izay vonona ny hanompo.

Fahafahana maro hanompo no tsy andraikitra ôfisialy, tsy misy fanendrena, ary miseho rehefa manolo-tanana ny hafa izay mihaona amintsika amin'ny fiainantsika andavanandro isika. Tsarovy fa i Jesoa dia nampianatra ireo mpahay lalàna fa tokony ho tia an' Andriamanitra sy ny namantsika tahaka ny tenantsika isika, tamin'ny fampiasana ny tantaran'ilay Samaritana tsara fanahy ho ohatra.⁹

Ny fanompoana dia manome fahafahana izay hahatakarantsika ny fiainana sy ny asa fanompoan'i Kristy. Tonga Izy mba hanompo, araka ny ampianarin'ny soratra masina manao hoe: "Fa ny Zanak'Olona tsy tonga mba hotompoi-na, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro."¹⁰

I Petera dia mety ho nanome ny fanoritsoritana tsara indrindra momba ny asa fanompoan'ny Mpamonjy teto an-tany tao anatin'ny teny efatra monja manao hoe: "izay nandehandeha nanao soa."¹¹

I Jesoa Kristy Tompo no fanomezana sarobidy indrindra amin'ireo fanomezana rehetra nomen' Andriamanitra antsika. Hoy i Jesoa: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako."¹²

Naneho ny lanjan'ny Mpamonjy tamintsika i Nefia raha nilaza hoe: "Ary miresaka an'i Kristy isika, mifaly amin'i Kristy, mitory an'i Kristy, maminany ny amin'i Kristy, ary manoratra araka ny faminaniantsika mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andran-draina ho famelana ny fahotany."¹³ Tsy maintsy mihazona an'i Kristy ho ivon'ny fiainantsika isika amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra.

Tokony hotsaroantsika fa ny anarany no miseho amin'ireo toerana fitsaohantsika. Atao batisa amin'ny anarany isika, ary raisina ho mpikambana, atokana, omena ny fanaiana masina, ary

fehezina ao anatin'ny fanambadiana amin'ny anarany. Mandray ny fanasan'ny Tompo isika ary mampanantena ny hitondra ny anarany, ary ho lasa tena Kristiana marina. Ary farany dia angatahina isika ao amin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo mba "hahatsiaro Azy mandrakariva."¹⁴

Eto am-piomanantsika ho amin'ny Paska rahampitso dia andeha isika hahatsiaro fa i Kristy no ambony indrindra. Izy ilay Mpitsara Marina, ilay Mpisolovava antsika mahatoky, ilay Mpanavotra voatahy, ilay Mpiandry ondry tsara, ilay Mesia nampanantenaina, ilay tena Namana, ary mbola maro hafa ihany koa. Tena fanomezana sarobidy ho antsika avy amin'ny Raintsika tokoa Izy.

Amin'ny maha-mpianatra antsika dia manana fitakiana sy olana ary andraikitra maro isika. Na izany aza dia misy zavatra atao vitsivitsy tokony ho ao am-pon'ny mpikamban'ny Fiangonana mandrakariva. "Koa aoka," hoy ny Tompo, "ho mahatoky; sahano ny anjara fanompoana izay efa nanendreko anao; *vonjeo* ny osa, *akaro* ny tanana izay miraviravy ary *hatanjaho* ny lohalika malemy."¹⁵

Izany no asan'ny Fiangonana! Izany no fivavahana madio! Izany no filazantsara amin'ny tena heviny, rehefa mamonjy sy mampiakatra ary mampatanjaka ireo izay sahirana ara-panahy sy ara-nofo isika! Ny fanaovana izany dia mitaky antsika mba hamangy azy ireo sy hanampy azy ireo¹⁶ mba ho lalim-paka ao am-pon'izy ireo ny fijoroana ho vavolombelona ananany izy ireo momba ny finoana ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ary ny Sorompanavotany.

Ny Tompo anie hanampy sy hitahy antsika mba hankamamy ireo fanomezana sarobidy rehetra nomen' Andriamanitra antsika, ka anisan'izany ny maha-mpikambana antsika ao amin'ny Fiangonany tafaverina amin'ny laoniny. Mivavaka aho mba ho feno fitiavana ho an'ireo zanaky ny Ray any An-danitra isika ary ho afaka ny hahafantatra ny filan'izy ireo sy ho vonona ny hamaly ny fanontaniana sy ny olana ananan'izy ireo momba ny filazantsara amin'ny fomba mazava sy feno hatsaram-panahy

ka hampitombo ny fahatakarana sy ny fifankatiavana eo amin'ny samy isika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika. Ny zavatra izay hampianarina antsika mandritra ity fihaonambe maneran-tany ity dia tonga amintsika amin'ny alalan'ny fitaomam-panahy avy amin'ny apôstôly sy mpaminany, avy amin'ny Manampahefana Ambony, sy vehivavy mpitarika izay Mpiandraikitra Ambony ato amin'ny Fiangonana. Ny fifaliana sy ny fiadanana ny Tompo anie hitoetra amin'ny tsirairay, ary izany no vavaka amim-panetrentena ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny *Encyclopedia of Mormonism* (1992), "Solemn Assemblies," 3:1390–91.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 88:70.
3. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 21:4–5.
4. Jaona 20:21; nampiana fanamafisana.
5. Matio 17:20.
6. George A. Smith, ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 235.
7. Filipiana 4:13.
8. Salamo 46:10.
9. Jereo ny Lioka 10:25–37.
10. Matio 20:28.
11. Asan'ny Apostoly 10:38.
12. Jaona 14:6.
13. 2 Nefia 25:26.
14. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 20:77, 79.
15. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 81:5; nampiana fanamafisana.
16. Jereo ny Jakoba 1:27.





Nataon'ny Loholona Brian K. Taylor

Ao amin'ny Fitopololahy

Zanaky ny Ray ve aho?

Ahoana no ahafahan'ny tsirairay avy amintsika hahatsapa ny herin'ny fahatakarana ny maha-andriamanitra antsika? Manomboka amin'ny fikatsahana ny hahafantatra an' Andriamanitra Raintsika izany.

Vao haingana aho no niaraka tamin'ny reniko mahafinaritra nandeha nivavaka tany amin'ny fiangonana mirary vato nisy anay taloha. Voasariky ny feon'ireo ankizy avy tao amin'ilay efitranon'ny Kilonga natrehako taona maro lasa aho ka nidi-tra nankeny amin'ny faran'ny efitrano nandinika ireo mpitarika tia mikarakara mampianatra ny lohahevitry ny Kilonga amin'ity taona ity hoe: “Zanak’ Andriamanitra aho.”¹ Nitsiky aho raha nahatsiaro ireo mpampianatra feno faharetana sy fitiavana nandritra ireo fotoana fianaran-kira tamin'izany, izay



nijery tany amiko matetika—ilay zaza-lahy kely mahery setra izay mipetraka eny amin'ny sisiny indrindra amin'ny seza lavan'ny fiangonana—toa manontany tena izany ry zareo hoe “*Tena zanak’ Andriamanitra marina ve izy?*” Ary iza no nandefa azy tety?”²

Manasa antsika aho hamela ny Fana-hy Masina izay “miara-milaza amin'ny fanahintsika fa zanak’ Andriamanitra isika” hikasika ny aty fanahintsika.³

Tsotra sy sarobidy ireo tenin'ny Filoha Boyd K. Packer: “Zanak’ Andriamanitra ianao. Izy no Rain'ny fanahinao. Raha ara-panahy dia avy amin'ny taranaka ambony ianao, taranaky ny Mpanjakan'ny Lanitra. Apetraho ao an-tsainao izany fahamarinana izany ary mifikira amin'izany. Na dia efa taranaka maro aza ireo razambenao nifandimby teto an-tany, na inona na inona firazananao ary na olona avy aiza ianao na avy aiza, dia azo soratana eo amin'ny tsipika iray ihany ny rohim-pirazanan'ny fanahinao. Zanaky ny Ray ianao!”⁴

“Rehefa . . . hahita ny Raintsika ianao,” hoy ny i Brigham Young raha namariparitry izany, “dia hahita olona iray izay efa fantatrao hatry ny ela, ary Izy handray anao eny an-tsandriny, ka ho vonona ny hiantoraka hofihininy sy hanoroka Azy ianao.”⁵

Ilay Ady Lehibe mahakasika ny maha-andriamanitra

Nianatra momba ny lovary avy amin’ Andriamanitra i Mosesy raha niresaka nifanatri-tava tamin'ny Tompo. Taorian'izany zavatra niainany izany dia “tonga i Satana naka fanahy” tsy nivan-tana kanefa tamim-pikasan-dratsy mba hanova ny maha-izy azy an'i Mosesy “nanao hoe: Ry Mosesy, *zanak’olona*, miderà ahy. Ary . . . dia nijery an'i Satana i Mosesy ary nanao hoe: Iza moa ianao? Fa indro izaho dia *zanak’ Andriamanitra*.”⁶

Ity ady lehibe mahakasika ny maha-andriamanitra ity dia mbola iadian-kevitra hatrany, raha eo am-pampitomboana tsy ankiato ireo paik’ady mamitaka entina hamotehana ny finoantsika sy ny fahalalantsika ny fifandraisantsika amin’ Andriamanitra i Satana. Soa ihany fa notahiana tamin'ny fahatakarana mazava ny amin'ny maha-izy antsika hatrany am-boalohany isika : “Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika,”⁷ ary manambara ireo mpaminany velona fa: “Ny [olombelona] tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any andanitra, ary, araka izany, ny tsirairay dia samy manana toetra sy anjara araka an’ Andriamanitra.”⁸

Ny fahafantarana ireo fahamarinana ireo amim-pahatokiana⁹ dia manampy antsika handresy ireo fizahan-toetra, sy fahasahiranana, ary ny fahoriana isan-karazany.¹⁰ Raha nanontaniana ny Apôstôlin'ny Tompo iray hoe: “Ahoana no fomba hanampiantsika ireo izay mitolona amin'ny [fanamby ho an'ny tenany manokana]?” dia hoy izy nanoro hevitra: “Ampianaro azy ny maha-izy azy sy ny tanjony.”¹¹

“Ny fahalalana mahery vaika indrindra ananako”

Ireo fahamarinana mahery vaika ireo dia tena nanova ny fiainan'i Jen namako¹² izay fony izy zatovo dia nahatonga lozam-pirakodia nampididoza. Na dia lehibe tokoa aza ny fijaliany dia nahatsapa fijaliana lehibe kokoa izy satria maty ilay mpamily

iray hafa. “Maty ny renin’olona ary izany dia noho ny hadisoako,” hoy izy. I Jen, izay vao andro vitsy lasa no nijoro sy nanao tsianjery hoe: “Zanakavavin’ny Raintsika any An-danitra isika, Izay tia antsika,”¹⁵ no manontany tena ankehitry hoe: “Ahoana no mbola itiavany ahy?”

“Nifarana ilay fijaliana ara-batana,” hoy izy, “fa tsy noheveriko hoe ho sitrana tamin’ireo ratra ara-pihetseham-po sy ara-panahy mihitsy aho.”

Mba hahavelomany, dia nafenin’i Jenifer ireo fahatsapany lalina tamin’ny alalan’ny fitokana-monina sy tsy fanehoana fihetseham-po. Taona iray taty aoriana rehefa afaka niresaka momba ilay loza izy nony farany, ny mpanoro hevitra nentanim-panahy iray dia nanao azy hanoratra ny fehezan-teny hoe “Zanak’ Andriamanitra aho” hanonona izany im-polo isan’andro.

“Mora ny nanoratra ireo teny,” hoy izy nitantara, “kanefa tsy vitany ny niteny izany. . . . Tena sarotra loatra izany ary tsy nino mihitsy aho fa tian’ Andriamanitra ny hanana ahy ho zanany. Nitakoko nitomany foana aho tamin’izany.”

Volana maro taty aoriana dia vitan’i Jen nony farany ny namita isan’andro ilay zavatra nampanaovina azy. “Noborahiko ny aty fanahiko manontolo,” hoy izy, “nitalaho tamin’ Andriamanitra. . . . Dia nanomboka nino ireo teny aho.” Izany finoana izany dia namela ny Mpamonjy nanomboka nanasitrana ny fanahiny maratra. Ny Bokin’i Môrmôna dia nitondra fampiononana sy fankahe-rezana ao amin’ny Sorompanavotany.¹⁴

Nofaranan’i Jen tamin’ny hoe: “Tsapan’i Kristy ny fijaliako, ny fahoriako, ny fahamelohako.” “Tsapako ny fitiavana madion’ Andriamanitra ary tsy mbola niaina zavatra mahery vaika toy izany aho! Ny fahafantarana fa izaho dia zanak’ Andriamanitra no fahalalana mahery vaika indrindra ananakol!”

Mikatsaka ny hahafantatra an’ Andriamanitra Raintsika

Ry rahalahy sy ranabavy, ahoana no ahafahan’ny tsirairay avy amintsika hahatsapa ny herin’ny fahatakarana ny maha-andriamanitra antsika?



Manomboka amin’ny fikatsahana ny hahafantatra an’ Andriamanitra Raintsika izany.¹⁵ Nijoro ho vavolombelona ny Filoha Russell M. Nelson fa: “Misy zavatra tena mahery vaika mitranga rehefa mikatsaka ny hahafantatra misimisy kokoa momba an’ Andriamanitra sy ny Zanakalahiny Malala ny zanak’ Andriamanitra iray.”¹⁶

Manampy antsika hahafantatra ny Ray ny fianarana avy amin’ny Mpamonjy sy ny fanarahana Azy. “Amin’ny maha- . . . endriky ny tenany indrindra [amin’ny Rainy Azy],”¹⁷ dia nampianatra toy izao i Jesoa: “Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon’ ny Ray.”¹⁸ Tamin’ny teny sy asa nataony rehetra i Kristy dia naneho ny tena toetran’ Andriamanitra sy ny fifandraisantsika Aminy.¹⁹ Nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland fa “Tamin’ny ra nipoitra teny amin’ny mason-koditra rehetra sy ny fitalahoana feno fahoriana teo amin’ny molony no nitadiavan’i Kristy Ilay izay notadiaviny mandrakariva—dia ny Rainy. ‘Ray ô’, hoy izy nihiaka, ‘Dada a.’”²⁰

Mitovy tamin’ny nikatsahan’i Jesoa tamin’-kitsim-po ny Rainy tao Getsemane no nikatsahan’i Joseph Smith, fony izy tanora, an’ Andriamanitra tamin’ny vavaka tao amin’ily Ala Masina tamin’ny 1820. Nisintaka mba hivavaka i Joseph rehefa avy namaky hoe: “Ary raha misy hianareo tsy manampahendrena, aoka izy hangataka amin’ Andriamanitra.”²¹

“Nandohalika aho”, hoy izy nanoratra taty aoriana, “ary nanomboka

nanolotra an’ Andriamanitra ny faniarian’ny foko. . . .

“ . . . Nahita andrim-pahazavana aho teo ambonin’ny lohako indrindra. . . .

“ . . . Nahita Olona roa aho, izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratany sy ny voninahiny, nijoro nitsingevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin’ny anarako sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe—[Joseph,] *Itỳ no Zanako Malalako. Henoy Izy!*”²²

Rehefa manaraka ny ohatry ny Mpamonjy sy ny an’ny Mpaminany Joseph isika amin’ny fikatsahana an’ Andriamanitra amin’-kitsim-po, dia hanjary hahatkatra amin’ny fomba tena azo antoka, mitovy tamin’ny an’i Jen, fa mahafantatra antsika amin’ny anarantsika ny Ray, fa zanany isika.

Ho an’ireo reny, indrindra fa ireo vao herotreronny, izay matetika mahatsapa tena ho tototra sy sempotra eo am-pitolomana amin’ny fanabeazana “taranaka mahatohitra ny fahotana,”²³ dia aza manambany na oviana na oviana ny halehiben’ny anjara andraikitrareo eo amin’ny drafitr’ Andriamanitra. Mandritra ireo fotoana manahiran-tsaina anareo—mety hoe rehefa mifanjevo amin’ireo zanaka kelinareo ianareo no misy fofona may manaitra anareo fa lasa fanatitra hodorana ilay sakafo hariva nokarakarainareo tamim-pitiavana—dia fantaro fa manamasina ireo andronareo sarotra indrindra Andriamanitra.²⁴ “Aza matahotra; fa momba anao Aho,”²⁵ izany no fanomezan-toky nataony tamim-pahatoniana. Manaja anareo izahay amin’ny fanatanterahanareo

ny fanantenan'ny Rahavavy Joy D. Jones izay nilaza fa “Ireo zanatsika dia mendrika ny hahatakatra ny maha-andriamanitra azy ireo.”²⁶

Manasa antsika tsirairay avy aho mba hikatsaka an' Andriamanitra sy ny Zanany Malala. Hoy ny Filoha Nelson hoe: “Tsy misy fampianarana ireo fahamarinana ireo amin'ny fomba mazava sy mahery vaika kokoa mihoatra noho ny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.”²⁷ Sokafy ireo pejiny ary ianaro fa Andriamanitra dia manao “ny zava-drehetra ho fiadanan[tsika] sy ho fahasambaran[tsika]”;²⁸ fa Izy dia “mamindra fo, mahari-po sady be famindram-po”;²⁹ ary “[ho Azy dia] mitovy ny rehetra.”³⁰ Rehefa mahatsapa tena ho voadona, very, matahotra, tezitra, malahelo, noana, na tavela ho irery tsy misy fanantenana mandritra ireo fitsapana sarotra indrindra ianao³¹ dia sokafy ny Bokin'i Môrmôna, ary ho takatrao fa “[Andriamanitra dia] tsy handao antsika izany. Tsy mbola nanao an'izany Izy, ary tsy hanao izany na oviana na oviana. Tsy afaka manao izany Izy. Tsy toetrany [ny manao] izany.”³²

Ny fahafantarana ny Raintsika dia manova ny zava-drehetra, indrindra ny fontsika, rehefa manamafy ny maha-izy antsika sy ny halehiben'ny lanjantsika eo imasony ny Fanahiny malefaka.³³ Miara-dia amintsika eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana Andriamanitra rehefa mikatsaka Azy amin'ny alalan'ny fitalahoana am-bavaka, sy ny fandalianana soratra masina, ary ny fiezahana hitandrina ny didy isika.

Tsy misy tomika ny Toetran'

Andriamanitra—teny vavolombeloko izany

Tiako ny Andriamanitr'ireo razambeko,³⁴ ny “Tompo Andriamanitra Tsi-toha,”³⁵ izay miara-mitomany amintsika ao anatin'ireo fahoriantika, manafay amim-paharetana ireo tsy fahamari-nantsika, ary mifaly rehefa mikatsaka ny “ha[moy] ny fahotan[tsika] rehetra [isika] mba hahafantara[na Azy].”³⁶ Izaho dia manompo Azy, izay hatrizay no “Rain'ny kamboty”³⁷ sy namana ho an'ireo izay tsy mana-namana. Amim-pankasitrahana no ijoroako ho vavolombelona fa nanjary nahafantatra an'



Andriamanitra, Raiko aho, ary mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahavorariana, sy ny hatsaram-panahy, ary ny maha-“tsy misy tomika ny toetrany.”³⁸

Enga anie isika tsirairay avy hahatakatra marina sy hankamamy ny “fiavantsika mendri-kaja”³⁹ amin'ny maha-zanak' Andriamanitra antsika amin'ny fahafantarana Azy ho “Ilay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, Izay efa nirahin[ny].”⁴⁰ Izany no vavaka ataoko amin-kafanam-po amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny *Rindan-damina mandritra ny fotoana ifanakalozana 2018: Zanaky ny Ray aho*, lds.org/manual/primary.
2. Jereo ny “Zanaky ny Ray Aho” *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy* pejy 113.
3. Romana 8:16.
4. Boyd K. Packer, “To Young Women and Men,” *Ensign*, mey 1989, 54.
5. Brigham Young, “Discourse,” *Deseret News*, Oct. 1, 1856, 235.
6. Mosey 1:12–13; nampiana fanamafisana.
7. Genesisy 1:26.
8. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, mey 2017, 145.
9. Nilaza i Joseph Smith fa, “Fitsipika voalohan'ny Filazantsara ny fahalalana mazava tsara ny toetoetran' Andriamanitra” (notsoahina tao amin'ny toritenin'ny King Follett,” 7 apr. 1844; ao amin'ny *History of the Church*, 6:305).
10. Jereo ny Almà 36:3, 27.
11. Russell M. Nelson, tao amin'ny Tad R. Callister, “Our Identity and Our Destiny” (Takariva amorom-patana tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young, 14 nov. 2012), speeches.byu.edu.
12. Novaina ny anarana.
13. “Teny filamatry ny Zatovovavy,” *Jeunes filles-Mon progrès personnel* (2009), 3, PersonalProgress.lids.org.
14. Jereo ny 2 Nefia 2; 6–9; Mosià 2–5; 14–16; Almà 7; 34; 39–42; Helamàna 14; 3 Nefia 11; Môrônia 7.
15. Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa: “Raha tsy mahatakatra ny toetoetr' Andriamanitra ny olona, dia tsy mahatakatra ny toetoetrany izy.” *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* [2007], 40.
16. Russell M. Nelson, “Ny Bokin'i Môrmôna: Hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?” *Liahona*, nov. 2017, 61.
17. Hebreo 1:3.
18. Jaona 15:19.
19. Jereo ny Jeffrey R. Holland, “The Grandeur of God,” *Liahona*, Nov. 2003, 70–73.
20. Jeffrey R. Holland, “The Hands of the Fathers” *Liahona*, jolay 1999, 19.
21. Jakoba 1:5.
22. Joseph Smith—Tantara 1:15–17.
23. Russell M. Nelson, “Fiangaviana ho an'ireo anabaviko,” *Liahona*, nov. 2015, 97.
24. Jereo ny “Fototra mafy orina,” *Fihirana sy Hiran'ny ankizy*, lah. 59, andininy faha-4.
25. Isaia 41:10.
26. Joy D. Jones, tao amin'ny Marianne Holman Prescott, “2018 Primary Theme ‘I Am a Child of God’ Teaches Children Their Divine Identity,” Church News section of LDS.org, 5 jan. 2018, news.lids.org.
27. Russell M. Nelson, “Ny Bokin'i Môrmôna: hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?” 61.
28. Helamàna 12:2; jereo ihany koa ny 2 Nefia 26:24.
29. *Lectures on Faith* (1985), 42.
30. 2 Nefia 26:33.
31. Tiako ny tantara mampihetsi-pon'ilay lahiantitra mpisava lalana izay nijoro ho vavolombelona toy izao taorian'ny zavatra niainany raha nitety ireo lemaka: “Mafy mihoatra noho izay azonareo alaina sary an-tsaina ny fijalianay tao ary maro no maty noho ny hatsiaka sy ny hanoanana, kanefa efa nandre na dia iray tamin'ireo sisa velona aza nilaza teny fanakianana ve ianareo? Tsy nisy na dia iray aza tamin'izany vondrona izany no nihemotra na nandao ny Fiangonana, satria ny tsirairay avy taminay dia efa tonga tamin'ny fahalalana tsy azo ihodivirana fa velona Andriamanitra noho izahay lasa nifankazatra Taminy nandritra ireo fotoana sarotra indrindra niainanay” (ao amin'ny David O. McKay, “Pioneer Women,” *Relief Society Magazine*, Jan. 1948, 8).
32. George Q. Cannon, “Remarks,” *Deseret Evening News*, 7 mar. 1891, 4.
33. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10.
34. Jereo ny Asan'ny Apostoly 5:30; 22:14; “Dieu de nos pères,” *Cantiques*, no. 38.
35. Mosey 1:3; jereo ny Apokalypsy 15:3; 21:22–23; 3 Nefia 4:32; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:77; 121:4.
36. Almà 22:18.
37. Salama 68: 5; jereo ihany koa ny Jakoba 1:27.
38. *Lectures on Faith* (1985), 42.
39. “En avant,” *Cantiques*, no. 165.
40. Jaona 17:3.



Nataon'ny Loholona Larry J. Echo Hawk
Ao amin'ny Fitopololahy

Tahaka ny namelan'i Kristy ny helokareo no aoka mba hamelanareo heloka kosa

Afaka ny hahazo fiadanana lehibe sy fiaraha-miasa amin'ny Mpamonjy isika rehetra rehefa mianatra ny hamela heloka malalaka ireo izay nanao ratsy tamintsika.

Fa nony maraina koa tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro, dia nankany amin'ny fasana izy nitondra ny zava-manitra izay efa namboariny niaraka tamin'ny olona hafa.

“Ary hitany fa indro, ny vato efa voakodia niala tamin'ny fasana.

“Dia niditra izy, nefa tsy nahita ny fatin'i Jesoa Tompo.

“Ary raha mbola very hevitra tamin'izany izy, indreo, nisy roa lahy niseho taminy nitafy fitafiana manelatrelatra:

“Ary nony natahotra izy ka niankohoka, dia hoy izy roa lahy taminy: Nahoana no ato amin'ny maty no itadiavanareo ny velona?

“Tsy ato Izy, fa efa nitsangana.”¹

Rahampitso, Sabatan'ny Paska, dia hotsaroantsika amin'ny fomba mivaka ny zavatra nataon'i Jesoa Kristy ho antsika: “Fa toy izao no nitiavan’

Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zananilahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.”² Tahaka ny nitsanganany tamin'ny maty dia hitsangana amin'ny maty isika amin'ny farany ka hiaina mandrakizay.



Amin'ny alalan'ny fahagagan'ny Sorompanavotana masina nataon'i Jesoa Kristy, isika ihany koa dia afaka mandray ny fanomezam-pahasoavan'ny famelana ny fahotantsika sy ireo fandikan-dalàna nataontsika, raha toa isika ka manaiky ny fahafahana sy ny andraikitra ny mba hibe-baka. Ary amin'ny fandraisana ireo ôrdônansy ilaina, sy ny fitandremana ireo fane-kempihavanana, ary ny fankatoavana ireo didy dia afaka mahazo ny fiainana mandrakizay sy ny fisandratana isika.

Anio aho dia te hifantoka amin'ny famelan-keloka izay fanomezana tena manan-danja sy sarobidy atolotra ho antsika avy amin'ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, dia i Jesoa Kristy.

Tamin'ny alin'ny volana desambra 1982, i Terry vadiko, sy ny tenako dia notairin'ny antso an-taribia iray avy tany amin'ny toeram-ponenanay ao Pocatello, Idaho. Rehefa namaly ny antso aho dia olona mifokofoko mitomany no hany reko. Nony farany dia tamim-pasahiranana no nilazain'ny anabaviko hoe “maty i Tommy.”

Nisy mpamily fiara mamo iray, izay 20 taona, nandeha tamin'ny hafainganam-pandeha mihoatra ny 135 km isan'ora, tsy nijanona tsotra izao tamin'ny jiro mena tao amin'ny faritra manodidina ny renivohitr'i Denver, Colorado. Nandona mafy ny fiara nentin'i Tommy zandriko lahy izy ka nahafaty teo no eo azy sy i Joan vadiny. Nandeha nody hamonjy ny zanaka vavy keliny izy ireo raha avy nanatrika lanonana fankalazana Krismasy.

Nisidina nankany Denver avy hatrany izahay mivady ka nandeha tany amin'ny toerana fitehirizam-paty. Tafavory tamin'ny ray aman-dreniko sy ireo mpiray tampo amiko izahay nitoloko tamin'ny nahalasana an'i Tommy sy i Joan malalanay. Noho ny tsy fitandreman'ny olona iray no namoizany azy ireo. Vaky ny fonay ary nanomboka nitraotra ny tao anatiko ny fahatezerana tamin'ilay zatovolahy nahavanon-doza.

Mpisolovava tao amin'ny sampandraharahan'ny fitsarana an'i Etazonia i Tommy ary teo an-dalam-pahatongavana ho mpisolovava matanjaka amin'ny

fiarovana ny tanin'ny Indiana Amerikana sy ireo harena voajanahary ho an'ny taona maro ho avy.

Rehefa nandeha ny fotoana, dia nentina teo anoloan'ny fitsarana ilay lehilahy tompon'andraikitra tamin'ny lozam-piarakodia nahafaty olona. Mbola tao anatin'ny fahoriana sy alahelo ny ray aman-dreniko sy i Katy zokinay vavy raha nanatrika ilay fitsarana. Teo ihany koa ny ray aman-drenin'ilay tovolahy mamo, ary taorian'ny didim-pitsarana dia nipetraka teo amina seza iray izy ireo ka nitomany. Tsy dia lavitra ny nisy azy ireo no nipetrahan'ny ray aman-dreniko sy ny zokivaviko raha niezaka ny hifehy ny fihetseham-pony izy ireo. Afaka kelikely dia nitsangana ny ray aman-dreniko sy ny anabaviko ka nana-tona ny ray aman-drenin'ilay mpamily nanome teny fankaherezana sy famelana azy ireo. Nifandray tanana ireo lehilahy ary nifamihin-tanana ireo vehivavy; nisy alahelo lalina sy ranomaso teo amin'ny rehetra ary koa fahafantarana fa nisy fahoriana mafy nianjady tamin'ny roa tonta. I Neny sy i Dada ary i Katy no nanao dingana voalohany tamin'ny hery mangina sy herim-po nananan'izy ireo ka naneho ny tamin'ny fianakavianay izany atao hoe famelan-keloka izany.

Izany famelana tamin'ny fotoana toy ireny izany no nahatonga ny foko ho nihanalefaka ka nanokatra ny lalan'ny fahasitranana. Rehefa nandeha ny fotoana dia nianatra ny fomba hananana fo mahay mamela heloka aho. Tamin'ny alalan'ny fanampian'ilay Mpanjakan'ny Fiadanana irery ihany no nanafaka ilay enta-mavesatra naharary ahy. Tsy hohadinoko na oviana na oviana i Tommy sy i Joan, kanefa ny famelan-keloka dia namela ahy hahatsiaro azy ireo amin-kafaliana tsy manam-petra. Ary fantatro fa mbola ho tafaraka amin'ny maha-fianakaviana anay indray izahay.

Tsy milaza akory aho hoe tokony hanaiky ny tsy fanarahan-dalàna isika. Fantatsika tsara fa ny olona tsirairay dia tompon'andraikitra amin'ny heloka bevava sy ny fanaovan-dratsy amin'ny mpiara-belona ataony. Kanefa maha-fantatra ihany koa isika fa amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra antsika dia manaraka

ireo fampianaran'i Jesoa Kristy isika. Tokony hamela heloka isika eny na dia toa tsy mendrika ny famelan-keloka avy amintsika aza ny hafa.

Nampianatra ny Mpamonjy hoe:

“Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra:

“Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo.”³

Afaka ny hahazo fiadanana lehibe sy fiaraha-miasa amin'ny Mpamonjy isika rehetra rehefa mianatra ny hamela heloka malalaka ireo izay nanao ratsy tamintsika. Tsy azo ihodivirana, ary tsy hay hohadiniana na oviana na oviana ny hitondran'izany fiaraha-miasa izany ny herin'ny Mpamonjy.

Nananatra ny Apôstôly Paoly hoe:

“Koa mitafia famindram-po sy fiantrana, fahamoram-panahy, fanetrentena, fahalemam-panahy, fandeferana, araka ny mahaolom-boafidin' Andriamanitra . . . ;

“Mifandefera, ka mifamelà heloka ianareo . . . : *tahaka ny namelan'i Kristy ny helokareo no aoka mba hamelana heloka kosa.*”⁴

Ny Tompo mihitsy no nanambara:

“Koa lazaiko aminareo, fa tokony hifamela ianareo; fa izay tsy mamela ny fahadisoan'ny rahalahiny dia meloka eo anoloan'ny Tompo; fa mitoetra ao aminy ny fahotana lehibe kokoa.

“Izaho Tompo dia hamela izay tiako havela heloka, fa takiana aminareo kosa ny hamela ny olon-drehetra.”⁵

Mazava ny fampianaran'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy Mpanavotra antsika; tsy maintsy vonona ny hamela ny hafa ny mpanota raha toa ka manantena ny handray famelan-keloka izy.⁶

Rahalahy sy ranabavy, misy olona ve eo amin'ny fiainantsika izay nandratra antsika? Mampiangondra lolom-po sy hatezerana izay heverintsika ho tena rariny ve isika? Avelantsika hihazona antsika tsy hamela heloka sy hanadinonon'ny avonavom-pontsika? Manasa antsika rehetra aho hamela heloka tanteraka dia hamela ny fahasitranana hitranga ao anatintsika. Ary na dia tsy ho tonga androany aza ny famelana

dia fantaro fa rehefa maniry izany sy miezaka ny manao izany isika dia ho avy izany, tahaka ny nahatongavan'izany tamiko tamin'ny farany taorian'ny nahafatesan'ny rahalahiko.

Miangavy aho, tsarovy ihany koa fa singa manan-danja amin'ny famelan-keloka ny famelana ny tenantsika.

“Indro, izay efa nibebaka tamin'ny fahotany, dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony.”⁷

Miangavy antsika rehetra aho anio mba hahatsiaro sy hanaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy. Teo amin'ny hazofijaliana tao Golgota, tao anatin'ny fanaintainany, no nilazany ireto teny ireto: “Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony.”⁸

Amin'ny fananana ny fanahin'ny famelan-keloka sy ny fampiasana izany tahaka ny nataon'ireo ray aman-dreniko sy ny zokiko vavy, isika dia afaka ny hahatanteraka ilay fampanantenan'ny Tompo hoe: “Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen' izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahe-lo na matahotra ny fonareo.”⁹

Mijoro ho vavolombelona aho fa izany fiadanana izany dia ho tonga eo amin'ny fiainantsika raha mihaino ny fampianaran'i Jesoa Kristy sy manaraka ny ohatra nomeny amin'ny famelana ny heloky ny hafa isika. Rehefa mamela heloka isika dia mampanantena aho fa hankahery antsika ny Mpamonjy ary hikoriana eo amin'ny fiainantsika ny heriny sy ny fifaliany.

Foana ilay fasana. Velona i Kristy. Fantatro izany. Tiako Izy. Feno fankasitrahana aho ny amin'ny fahasoavany, izay hery mampatanjaka ampy hana-sitranana ny zava-drehetra. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Lioka 24:1–6.
2. Jaona 3:16.
3. Matio 6: 14–15.
4. Kolosiana 3:12–13; nampiana fanamafisana.
5. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 64:9–10.
6. Jereo ny James E. Talmage, *The Articles of Faith*, ed. faha-12 (1924), 110.
7. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 58:42.
8. Lioka 23:34.
9. Jaona 14:27.



Nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny fon'ny mpaminany

Afaka mifaly isika fa tafapetraka amin'ny toerany ny mpaminan'ny Tompo ary ny asan'ny Tompo dia tontosa araka ny fomba masina natorony.

Nivavaka mafy aho ny mba hiarahan'ny Fanahy Masina amintsika anio mandritra izao fotoana masina indrindra izao. Ny zavatra natrehantsika rehetra maso teo dia tena mampitolagaga raha notohanana tao anatin'ny fivoriana masina ny mpaminany faha-17 ao amin'ity fotoampitananana ity.

Teo am-pikatsahako fitarihana mba hahafantatra ny lohahevitra tian'ny Tompo horesahako anio dia tonga tato an-tsaiko ny resadresaka nataoko vao

tsy ela tamin'ny Fiadidiana Voalohany vaovao. Tao anatin'izany resadresaka izany dia nizara zavatra toy izao ny iray amin'ireo mpanolotsaina: “Tena manan-tena tokoa aho fa ireo mpikamban'ny Fiangonana dia afaka ny hahatakatra hoe hatraiza ny lanjan'ny zavatra nitran-ga tamin'ny niantsoana ny mpaminanintsika vaovao, dia ny Filoha Russell M. Nelson izany, ary ny hevitra fonosin'ny fivoriana masina izay hitranga mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana ary ny fahamasinan'izany.” Nanohy hatrany

izy hoe: “Efa 10 taona izay no lasa, ary maro, indrindra ireo zatovon'ny Fiangonana, no tsy mahatsiaro na tsy mbola niaina izany mihitsy taloha.”

Nahatonga ahy hisaintsaina ireo zavatra niainako izany. Ny mpaminany voalohany tsaroako dia ny Filoha David O. McKay. 14 taona aho tamin'izy nodimandry. Tsaroako ny fahatsapana fahalasana izay nisy niaraka tamin'ny fahafatesany, ny ranomaso teo amin'ny tarehin-dreniko ary, ny alahelo tsapan'ny fianakaviana manontolo. Tadidiko fa tonga tao am-bavako mora foana ny teny hoe “Mba tahio ny Filoha David O. McKay” rehefa nivavaka aho hany ka raha tsy nitandrana aho, na dia taorian'ny nahafatesany aza, dia tafateny ho azy an'ireo teny ireo ny tenako. Nanontany tena aho raha toa ny foko sy ny saiko afaka hampitovy ny zavatra tsapako momba azy sy ny fitokisako azy amin'ireo izay handimby azy. Saingy saika toy ny ray aman-dreny izay tia ny zanany tsirairay avy, dia afaka nitia sy nahatsapa fifandraisana ary nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny Filoha Joseph Fielding Smith, izay nandimby ny Filoha McKay aho, ary toy izany koa ho an'ireo mpaminany tsirairay taorian'izay: i Harold B. Lee, Spencer W. Kimball, Ezra Taft Benson, Howard W. Hunter, Gordon B. Hinkley, Thomas S. Monson, ary ankehitriny, ny Filoha Russell M. Nelson. Nanohana tanteraka ny mpaminany tsirairay tamin'ny fananganana tanana sy ny fo manontolo aho.

Rehefa nodimandry ny mpaminany malalantsika dia azo atao tsara ny mahatsapa fahalasana sy alahelo. Saingy ny alahelontsika dia amaivanin'ny fifaliana sy fanantenana izay rehefa miaina ny iray amin'ireo fitahiana lehiben'ny Famerenana amin'ny laoniny isika: ny fiantsoana sy fanohanana mpaminany velona iray eto ambonin'ny tany.

Noho izany aho dia hiresaka momba izany lamina masina izany araka ny nampiharana azy nandritra izay 90 andro lasa izay. Hanoritsoritra izany ao anatina fizarana efatra aho: voalohany, ny fahafatesan'ny mpaminanintsika sy ny faharavan'ny Fiadidiana Voalohany; faharoa, ilay anelanelam-potoana eo





am-piandrasana ny Fiadidiana Voalohany ho tafapetraka indray; fahatelo, ny fiantsoana mpaminany vaovao; ary fahefatra, ny fanohanana ilay mpaminany sy Fiadidiana Voalohany vaovao amin'ny alalan'ny fivoriana masina.

Ny fahafatesan'ny mpaminany iray

Tamin'ny 2 janoary 2018 dia niampita ny voaly i Thomas S. Monson mpaminany malalantsika. Hanana toerana ao am-pontsika mandrakizay izy. Ny Filoha Henry B. Eyring dia nanolotra teny fampiononana tamin'ny fahala-san'ny Filoha Monson izay manoritso-ritra tsara ny zavatra tsapantsika: "Ny toetra mampiavaka ny fiainany, tahaka ny an'ny Mpamonjy, dia ny fikatsahany hatrany ny hanampy ny mahantra sy ny marary ary ny olon-drehetra mihitsy aza, manerana izao tontolo izao."¹

Nanazava ny Filoha Spencer W. Kimball hoe:

"Rehefa dila ny famirapiratan'ny kintana iray dia mipoitra ny anankiray hafa, aim-baovao no hisolo ny fahafatesana.

"Tsy manam-piafarana ny asan'ny Tompo. Na dia rehefa nodimandry aza ny mpitarika tena matanjaka iray dia tsy misy fotoana, na dia vetivety monja aza tsy hisian'ny fitarihana ato amin'ny Fiangonana, satria eo ny hatsaram-panahin' Andriamanitra mitondra

fitohizana sy fifandimbiasana. Efa nisy hatrany izany . . . talohan'ity fotoampitantanana ity, ny olona dia nandevona sy nisaona tamim-panajana, ary dia nitodika tamin'ny hoavy."²

Ny tetezamita itarihan'ireo Apôstôly

Ny fotoana anelanelan'ny fahafatesan'ny mpaminany iray sy ny fananganana indray ny Fiadidiana Voalohany dia antsoina hoe "tetezamita itarihan'ireo Apôstôly." Mandritra izany fotoana izany, ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, eo ambany fitarihan'ny filohan'ilay kôlejy, dia miara-mihazona ireo fanalahidy hitantanana ny fitarihana ny Fiangonana. Nampianatra ny Filoha Joseph F. Smith hoe: "Misy fitarihana foana ato amin'ny Fiangonana, ary raha toa tsy eo intsony ny Fiadidian'ny Fiangonana noho ny fahafatesana na antony hafa, dia ireo Apôstôly Roambinifolo no lohan'ny Fiangonana manaraka, ambara-tafapetraky ny fiadidiana iray indray."³

Ny vanim-potoana tetezamita farany indrindra dia nanomboka tamin'ny nahafatesan'ny Filoha Monson tamin'ny 2 janoary ary nifarana 12 andro taty aoriana tamin'ny alahady 14 janoary. Tamin'ny marainan'io Sabata io dia nivory tao amin'ny efitra avon'ny Tempolin'i Salt Lake tao anatin'ny fanahin'ny fifadian-kanina sy vavaka

ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, teo ambany fahian'ny Filoha Russell M. Nelson, ilay Apôstôly efa ela nanompoana indrindra sy Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

Fiantsoana mpaminany vaovao

Nandritra io fivoriana masina sy tsy hay adinoana io, taorian'ny fanehoana fraisankina sy ny fankatoavan'ny rehetra izay zavatra efa mahazatra, dia naka toerana araka ny filaharany tamin'ny naha-Apôstôly tranainy indrindra azy Ireo Rahalahy, dia nipetraka teo amin'ny seza miisa 13 ao anaty antsasapariabolana izy ireo ary nanangana tanana mba hanohanana ny fametrahana indray ny Fiadidiana Voalohany aloha, dia avy eo mba hanohanana ny Filoha Russell Marion Nelson ho Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Izany fanohanana izany dia narahany fivondronan'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy ao anatina faribolana iray ary ny fametrahany izy ireo ny tanany eo ambonin'ny lohan'ny Filoha Nelson mba hanendry sy hanokana azy, ka ny Apôstôly efa ela nanompoana indrindra manaraka no nitondra teny.

Dia nanendry ireo mpanolotsainany ny Filoha Nelson avy eo, ny Filoha Dallin Harris Oaks sy ny Filoha Henry Bennion Eyring, ka ny Filoha Oaks no Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ny Filoha Melvin Russell Ballard no Filoha mpisolo toerana an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Taorian'ny fanehoana fanohanana toy izany hatrany dia natokan'ny Filoha Nelson ho amin'ny anjara fanompoany tsirairay avy ireo Rahalahy ireo. Zavatra niainana farany izay masina izany, ary tena nahatsapana ny Fanahy. Ambarako aminareo ny fijoroako ho vavolombelona tena marina fa ny sitrapon'ny Tompo, izay nokatsahinay tamin'ny alalan'ny vavaka tamin-kafanampo, dia naseho tamin-kery nandritra ireo zavatra natao sy tranga tamin'io andro io.

Niaraka tamin'ny fanendrena ny Filoha Nelson sy ny fanorenana indray ny Fiadidiana Voalohany dia nifarana ny tetezamita itarihan'ireo Apôstôly, ary ny Fiadidiana Voalohany vaovao

izay vao tafapetraka dia nanomboka niasa ka mahavariana mihitsy fa tsy nia-to mihitsy na dia iray segondra monja aza tamin'ny fitantanana ny fanjakan'ny Tompo eto an-tany.

Fivoriana masina

Tamin'ny maraina teo dia nifarana araka ny baiko nazavaina tao amin'ny Fotopampianarana sy Fane-kempihavanana ilay lamina masina: “Fa ny zava-drehetra dia tsy maintsy atao amim-pilaminana sy amin'ny faneken'ny rehetra ao amin'ny fiangonana, amin'ny fivavaky ny finoana,”⁴ ary “Mpisorona Avo Miahly telo, . . . notohanana tamin'ny fahatokiana, ny finoana ary ny vavaky ny fiangonana no miforona ho kôlejin'ny Fiadidian'ny Fiangonana.”⁵

Ny Loholona David B. Haight dia nilazalaza momba ny tranga iray niseho teo aloha izay mitovy amin'ny zavatra nandraisantsika anjara androany:

“Vavolombelona sy mpandray anjara amina fotoana faran'izay masina isika, dia fivoriana masina mba hampiharana zavatra masina izany. Toy ny tamin'ny fahizay dia nisy ny fifadian-kanina sy vavaka betsaka natolotry ny Olomasina manerana izao tontolo izao mba hantsahana amin'izy ireo ny Fanahin'ny Tompo, izay tena tsapa tokoa . . . nandritra ity fotoana tamin'ity maraina ity.

“Araka izany anarany izany, ny fivoriana masina dia entina hilazana fotoana masina sy matotra ary feno fanajana izay hihaonan'ny Olomasina eo ambany fitarihan'ny Fiadidiana Voalohany.”⁶

Ry rahalahy sy ranabavy isany, afaka mifaly isika, ary mihiaka hoe “Hosana!” mihitsy aza, fa tafapetraka amin'ny toerany ny mpitondratenin'ny Tompo, mpaminanin' Andriamanitra iray, ary ny Tompo dia finaritra satria tontosa araka ny fomba masina natorony ny asany.

Ny Filoha Russell M. Nelson

Izany lamina masina izany dia mitondra amin'ny fisian'ny mpaminany iray voantson' Andriamanitra indray. Tahaka ny naha anisan'ireo olona lehibe indrindra niaina tety an-tany an'ny Filoha Monson dia torak'izany koa ny

Filoha Nelson. Efa voaomana tsara sy nofanin'ny Tompo manokana mba hitrika antsika amin'izao fotoana izao izy. Fitahiana lehibe izao ny fananantsika ny Filoha Russell M. Nelson malalantsika ho mpaminanintsika feno fitiavana sy fanolorantena, ilay Filohan'ny Fiangonana faha-17 amin'izao fotoampitan-tanana farany izao.

Tena lehilahy miavaka tokoa ny Filoha Nelson. Nanana tombontsoa hanompo ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy niaraka taminy aho, ka izy no filohako tao amin'ilay kôlejy nandritra ny roa taona mahery kely. Niray dia taminy aho ary mahavariana ahy ny heriny satria tsy maintsy mizotra haingana ny olona iray sao tsy maharaka azy! Raha ny totaliana dia nitsidika firenena miisa 133 izy nandritra ny androm-piainany.

Niantefa tamin'ny rehetra izy, na tanora izany na antitra. Toa fantany avokoa ny olon-drehetra ary talentany manokana ny fitadidiana anarana. Ny olona rehetra izay mahafantatra azy dia mahatsapa fa izy no olona tiany indrindra. Ary dia toy izany ny momba antsika tsirairay avy, noho ny fitiavany sy ny fiahiany ny olona tsirairay.

Ny niarahako voalohany tamin'ny Filoha Nelson dia noho ny antony



ara-pivavahana, saingy lasa nahafantatra ihany koa ny lafiny ny ara-kasan'ny fiainan'ny Filoha Nelson talohan'ny niantsoana azy ho Manampahefana Ambony aho. Araka ny fantatry ny maro aminareo dia mpandidy fo ikoizana manerana izao tontolo izao ny Filoha Nelson ary, tamin'izy nanomboka niasa ho mpitsabo dia anisan'ny voalohany namolavola milina solon'avokavoka sy fo. Izy dia niasa tao anatin'ny ekipa iray izay nanatontosa ny fandidiana fo misokatra voalohany natao tamin'ny olombelona iray tamin'ny taona 1951 tamin'ny alalan'ny familiana vonjimaika ny ra tsy handalo ny fo sy ny havokavoka. Ny Filoha Nelson dia nanatanteraka ny fandidiana ny fon'ny Filoha Spencer W. Kimball, fotoana tsy ela talohan'ny nahalasa mpaminany ny Filoha Kimball.

Mahaliana tokoa fa, rehefa nifarana noho ny antso ho Roambinifololahy 34 taona lasa izay ny *asan'ny Filoha Nelson tamin'ny naha-mpitsabo matihanina* azy izay nampatanjahany sy nitsaboany fo, dia nanomboka tamin'izay ny *fanompoana amin'ny maha-Apôstôly* izay nanolorany tena tamin'ny fampatanjahana sy fitsaboana fon'olona aman'aliny manerana izao tontolo izao, ny tsirairay amin'izany dia nankaherezina sy notsaboin'ny teniny sy ny asany feno fahendrena sy fanompoana ary fitiavana.

Fo tahaka ny an'i Kristy

Rehefa maka sary an-tsaina ny atao hoe fo tahaka ny an'i Kristy amin'ny fiainana andavan'andro aho dia ny Filoha Nelson no hitako. Mbola tsy nahita olona hafa maneho izany toetoetra izany amin'ny avo indrindra mihoatra noho ny ataony aho. Tena fotoana fianarana mahavariana ho ahy ny naha tamin'ny toerana izay nahafahako nandinika mivantana ny fiasan'ny fo tahaka ny an'i Kristy an'ny Filoha Nelson.

Herinandro vetivety monja taorian'ny niantsoana ahy ho ao amin'ny Roambinifololahy tamin'ny ôktôbra 2015 dia nanana fahafahana nianatra mivantana ny mombamomba ny asan'ny Filoha Nelson tamin'ny lasa aho. Voasa aho hanatrika fotoan-dehibe iray izay nandraisany mari-pankasitrahana

amin'ny mpamaky lain'ny mpandidy fo azy. Rehefa niditra tao amin'ilay toerana nanaovana ny lanonana aho dia talanjona tamin'ny fahitana ny isan'ireo matihanina tonga hanome voninahitra sy hankasitraka ny asa vitan'ny Filoha Nelson taona marobe lasa izay fony izy mpitsabo sy mpandidy fo.

Io hariva io dia matihanina maro no nijoro ary naneho voninahitra sy fanajana ny anjara biriky tena goavana nentin'ny Filoha Nelson tamin'io sehatr'asa ara-pitsaboana io. Na dia nahavariana tahaka ny inona aza ny famariparitan'ny mpanolotra ny zava-bitan'ny Filoha Nelson isan-karazany, dia nanaitra ahy kokoa ny resadresaka nifanaovako tamin'ilay lehilahy nipetraka teo akaikiko. Tsy fantany hoe iza aho, saingy nahafantatra ny Filoha Nelson izy amin'ny hoe Dr. Nelson, talen'ny fiofanana ho mpitsabo manampahizana manokana amin'ny fandidiana ny ao amin'ny tratra tao amina sekoly ara-pitsaboana iray tamin'ny 1955.

Mpianatry ny Filoha Nelson taloha io lehilahy io. Nizara fahatsiarovana maro izy. Ny tena nahaliana dia ny fanoritsoritany ny fomba fampianaran'ny Filoha Nelson, izay, hoy izy, nampalaza be azy. Nanazava izy fa ny ampahany lehibe amin'ny fanofanana ireo dokotera miofana ho manampanaizana manokana amin'ny fandidiana fo dia nitranga tao amin'ny efitra fandidiana. Tao ireo dokotera mpiofana dia nandinika sy nanatontosa fandidiana eo ambany fanaraha-mason'ny mpampiofana, izany hoe fianarana anaty laboratoara izany. Nozarainy tamiko fa ny tontolon'ilay efitra fandidiana raha teo ambany fitarihan'ireo mpandidy mpampiofana sasany dia nikorontana, nahatsapana fifaninanana sy feno faneriterena, ary nifantoka tamin'ny fitiavantena. Nolazain'io lehilahy io fa tontolo nanahirana izany, ary nanambany mihitsy aza indrindray. Vokat'izany dia nahatsiaro mihitsy ireo dokotera mpiofana fa hisy fiantraikany amin'ny hoavin'izy ireo ara-kasa izany.

Dia nazavainy avy eo ny tontolo niavaka hita tao amin'ny efitra fandidian'ny Filoha Nelson. Nahatsapana fitoniana sy filaminana ary fanajana



izany. Ny fitondrana ireo dokotera mpiofana dia natao tamim-panajana feno. Saingy taorian'ny fampisehoana ny lamina arahina iray dia nandrasan'ny Dr. Nelson tamin'ny mpiofana tsirairay avy ny fampiharana amin'ny fenitra avo indrindra. Dia mbola nanoritsoritra hatrany ity lehilahy fa ireo vokatra tsara indrindra teo amin'ny fandidiana marary sy ny mpandidy nahomby indrindra dia avy amin'ny efitra fandidian'ny Dr. Nelson.

Tsy nahagaga ahy akory izany. Izany no zavatra tsikaritro mivantana sy tena nahazoako fitahiana ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy. Nahatsiaro aho fa, amin'ny lafiny iray, dia anisan'ireo "mpiofana eo ambany fitarihany" aho.

Ny Filoha Nelson dia manana fomba tena miavaka amin'ny fampianarana ny hafa ary fanolorana fanitsiana amin'ny fomba izay hisin'ny lafitsaran-javatra sy ny fanajana ary ny fankaherezana. Izy dia ohatra mivaingan'ny fo tahaka ny an'i Kristy ary maodely ho antsika rehetra. Noho izy dia mianatra isika fa amin'ny toe-javatra rehetra mety hisy antsika dia afaka ny hifanaraka amin'ireo fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fihetsitsika sy ny fontsika.

Ankehitriny isika dia manana fitahiana lehibe hanohana ny mpaminaintsika, ny Filoha Russell M. Nelson. Nandritra ny fiainany izy dia niandriana ireo anjara andraikiny maro tamin'ny

naha-mpianatra, ray, profesora, vady, mpitsabo, mpitarika ao amin'ny fisoronana, raibe, ary Apôstôly azy. Nanatanteraka ireo anjara andraikitra ireo izy, dia mbola manohy ny fanatanterahana izany hatrany, amin'ny fananana ny fon'ny mpaminany.

Ry rahalahy sy anabavy, ny zavatra natrehantsika maso sy nandraisantsika anjara androany, dia ny fivoriana masina izany, dia mitondra amin'ny fijoroako ho vavolombelona fa ny Filoha Russell M. Nelson no mpitondratenin'ny Tompo velona ho an'ny olombelona rehetra. Ampiaiko ihany koa ny fijoroako ho vavolombelona momba an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy ary ny anjara asany amin'ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Azy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Henry B. Eyring, ao amin'ny Marianne Holman Prescott, "Apostles Share Thoughts about President Thomas S. Monson on Social Media," fizarana vaovaon'ny Fiagonana ao amin'ny LDS.org, 12 jan. 2018, news.lds.org.
2. Spencer W. Kimball, ao amin'ny Conference Report, apr. 1970, 118.
3. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* (1998), 223.
4. Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 28:13.
5. Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 107:22.
6. David B. Haight, "Solemn Assemblies," *Ensign*, nov. 1994, 14.



Nataon'ny Loholona Lynn G. Robbins

Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

Hatramin'ny fito-polo im-pito

Eo anivon'ny fiainana feno sakana sy tsy fahalavorariana, dia feno fankasitrahana avokoa isika noho ireo fahafahana mamerina manandrana indray.

Zavatra miseho isan'andro ny fahadisoana. Tsy azo heverina mihitsy ny hianatra hitendry pianô amim-pahakingana kanefa tsy manao fahadisoana an'arivony, mety ho iray tapitrisa mihitsy aza. Raha hianatra teny vahiny iray dia tsy maintsy miatrika ny henatra noho ny fanaovana fahadisoana an'arivony ny olona iray. Mety ho iray tapitrisa mihitsy aza. Na ireo atleta mahay indrindra eto an-tany aza dia tsy mitsahatra manao hadisoana.

"Ny fahombiazana" araka ny voalaza, "dia tsy hoe tsy fisian'ny tsy fahombiazana, fa ny fandalovana amin'ny tsy fahombiazana misesisesy kanefa mbola mafana fo hatrany."¹

Rehefa avy namorona ny takamoa i Thomas Edison dia nilaza tamim-pahasahiana hoe: "Tsy hoe tsy nahomby in'arivo aho. Fa asa famoronana nila dingana 1.000 ilay takamoa."² I Charles F. Kettering dia niantso ny tsy fahombiazana hoe "fitaovana manondro ny lalan-kaleha mankamin'ny fahombiazana."³ Enga anie ny fahadisoana tsirairay ataontsika ka ho lasa lesona hahazoana fahendrena, izay mamadika ny vatomi-sakana ho lasa tohatra fiakarana.

Ny finoana tsy voahozongozona nananan'i Nefia dia nanampy azy handalo tsy fahombiazana hatrany hatrany mandra-pahazoany ireo takela-barahina nony farany. Nila nanao andrana im-polo i Mosesy talohan'ny nahitany fahombiazana ihany nony farany tamin'ny fitsoahana an'i Egipta niaraka tamin'ny zanak'Isiraely.

Mety hanontany tena isika hoe raha samy iraky ny Tompo i Nefia sy



i Mosesy dia nahoana ny Tompo no tsy nirotsaka an-tsehatra ka nanampy azy ireo hahita fahombiazana tamin'ny andrana voalohany nataon'izy ireo? Nahoana Izy no namela azy ireo, ary nahoana Izy no mamela antsika handalo zava-tsarotra sy olana maro ary tsy ho tafita rehefa miezaka hahomby isika? Ireto misy valin-teny vitsivitsy amin'ireo valin-teny manan-danja maro azo hamaliana io fanontaniana io:

- Voalohany, ny Tompo dia mahafantatra fa "ireo zavatra rehetra ireo dia hanome [antsika] traikefa ary ho soa ho [antsika] izany."⁴
- Faharoa, mba hamelana antsika "hanandrana ny mangidy mba hahaza[ntsika] mankamamy ny tsara."⁵
- Fahatelo, mba hanaporofaona fa "an'i Jehovah ny ady,"⁶ ary amin'ny alalan'ny fahasovany ihany no ahafahantsika manatanteraka ny asany sy hahatongavantsika ho tahaka Azy.⁷
- Fahafatra, mba hanampiana antsika hanana sy hampitombo toetra tahaka ny an'i Kristy maro dia maro, izay tsy ho azo raha tsy amin'ny alalan'ny fifanoherana⁸ sy ny "memin'ny fahoriana."⁹

Ka noho izany, eo anivon'ny fiainana feno sakana sy tsy fahalavorariana, dia feno fankasitrahana avokoa isika noho ireo fahafahana mamerina manandrana indray.

Tamin'ny 1970, fony aho mpianatra vaovao tao BYU, dia nisoratra anarana tamin'ny taranja fototra iray momba ny fizika fototra aho izay nampianarin'i Jae Ballif, izay prôfesora tena mahay. Isaky ny vita ny fizarana tsirairay tamin'ilay taranja dia nampanao fanadinana izy. Raha nisy mpianatra nahazo 11/20 ka naniry hahazo naoty tsara kokoa, dia navelan'ny Prôfesora Ballif nanao fanadinana nasiam-panovana mahakasika ireo zavatra efa nanadinana ihany ilay mpianatra. Raha nahazo 14/20 ilay mpianatra tamin'ny andrana faharoa ka tsy mbola afapo, dia afaka namerina ilay fanadinana fanintelony izy, sy fani-nefany, sns. Noho ny nanomezany ahy

fahafahana marobe hamerina hanandrana, dia nanampy ahy hivoatra izy ka nahazo 18/20 tamin'ilay taranjany aho.

Prôfesora tena hendry izy, izay nitaona ny mpianany hiezaka hatrany, ka handray ny tsy fahombiazana toy ny zavatra hianaran-javatra, fa tsy toy ny zavatra mampalahelo, ary tsy hatahotra ny tsy fahombiazana fa hianatra avy amin'izany.

Vao haingana aho no niantso an'io lehilahy manana ny maha-izy azy io 47 taona taorian'ny nianarako ny taranja fizika nampianariny. Nanontaniako azy ny antony nahatonga azy vonona ny hanome fahafahana hanaovana andrana tsy voafetra ho an'ny mpianatra hanatsarana ny naotin'izy ireo. Izao no navaliny: "Te hiaraka amin'ireo mpianatra aho tao anatin'ilay ady."

Raha toa isika ka feno fankasitrahana noho ny fahafahana manandrana indray omena antsika aorian'ny fahadisoana, na ny tsy fahatakarany saintsika, dia mampitolagaga antsika kosa ny fahasovan'ny Mpamonjy amin'ny fanomezany antsika fahafahana manandrana indray eo amin'ny fandresena ny fahotana, na ny tsy fahaizantsika misafidy.



Tsy misy na iza na iza maniry kokoa ny fahombiazantsika mihoatra noho ny Mpamonjy. Mamela antsika hanandrana sy hamerina hanandrana hatrany Izy hanehoantsika izay zavatra azontsika atao. Ny fahatongavana ho tahaka Azy dia mitaky *fahafahana mamerina indray* marobe ao anatin'ny ady ataontsika isan'andro amin'ilay maha-olona araka ny nofo antsika, toy ny fifehezana ny filàna, ny fianarana faharetana sy famelana heloka, ny fandresena ny hakamoana, ary ny fisorohana ny fahotana noho ny tsy fanaovana izay zavatra tokony hatao, raha tsy hitanisa afa-tsy vitsivitsy. Raha toa ka efa toetran'olombelona ny fanaovana fahadisoana, dia tsy fahombiazana firy izany no ho lalovantsika mandrapahatongan'ny toetrantsika ho tsy araka ny nofo intsony fa ho masina? An'arivony ve? Iray tapitrisa angamba raha ny marina kokoa.

Satria fantatry ny Mpamonjy fa ilay lalana ety sy tery dia feno fisedrana ary ny tsy fahombiazana dia zava-mitranga eo amintsika isan'andro, dia nanefa sarany tsy misy fetra Izy mba hanomezana fahafahana vaovao betsaka araka izay ilaintsika mba hahatontosantsika am-pahombiazana ny fitsapana antsika eto an-tany. Ny fifanoherana izay avelany hisy dia matetika mety toa tsy ho hay resena ary saika tsy hay zakaina, kanefa tsy mamela antsika tsy hanana fanantenana Izy.

Mba hihazonana ny fanantenantsika ho matanjaka hatrany eo ampiatrehantsika ireo fisedran'ny fiainana dia vonona lalandava sy eo foana ny fahasovan'ny Mpamonjy. Ny fahasovanany dia "fomba hanampiana sy hanomezana tanjaka avy any an-danitra, . . . hery manampy izay manome fahafahana ny lehilahy sy ny vehivavy mba hahazo ny fiainana mandrakizay sy ny fisandratana *rehefa* nanao ezaka tsara indrindra avy aminy izy ireo."¹⁰ Ny fahasovanany sy ny masony feno fitiavana dia mitsinjo antsika mandritra ny androm-piainantsika manontolo rehefa manentana ny fanahy Izy, manamaivana ny enta-mavesatra, mampatanjaka, manafaka, miaro, manasitrana, ary koa "[manampy] ny vahoakany," na dia

rehefa mianjera eo amin'ny lalana ety sy tery aza izy ireo.¹¹

Ny fibebahana no fanomezan' Andriamanitra azo ampiasaina mandrakariva izay mamela antsika sy manome fahafahana antsika handalo amin'ny tsy fahombiazana misesisesy kanefa mbola mafana fo hatrany. Ny fibebahana dia tsy hoe drafitra atao fiandry sao dia ho lavo isika. Ny fibebahana *no* drafiny, satria fantany fa hanao fahadisoana isika. Izany no filazantsaran'ny fibebahana, ary araka ny voalazan'ny Filoha Russell M. Nelson dia "ho zavatra ianarana mandritra ny fiainana iray manontolo izany."¹²

Ao anatin'io zavatra ianarana mandritra ny fiainana manontolo momba ny fibebahana io, dia ny fanasan'ny Tompo no fomba notendren'ny Tompo hanomezany fahafahana tsy tapaka handray ny famelan-keloka atolony. Raha mandray izany amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina isika, dia manome antsika famelan-keloka isan-kerinandro Izy rehefa mandroso hatrany isika na dia mandalo tsy fahombiazana misesisesy aza eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Fa "na dia eo aza ny fahotany, dia feno fangorahana aminy ny kiboko."¹³

Fa ny fanontaniana dia hoe im-piry Izy no hamela antsika? Hatramin'ny oviana ny fahari-pony? Indray mandeha i Petera dia nanontany ny Mpamonjy hoe: "Tompoko, impiry moa no hano-tan'ny rahalahiko amiko, ka havelako izy? Hatramin'ny im-pito va?"¹⁴

Tsy hisalasalana fa i Petera dia nieritreritra fa ny *fito* dia isa ampy hanamafisana ny maha-hadalana ny famelana im-betsaka loatra, ka tokony hisy fetrany ny hatsaram-panahy. Ho valin'izany dia nilaza indrindra indrindra tamin'i Petera ny Mpamonjy mba tsy hanisa akory aza, mba tsy hanisy fetra ny famelana heloka.

"Fa hoy Jesosy taminy: Tsy lazaiko aminao hoe: Hatramin'ny impito, fa hatramin'ny [fito-polo im-pito]."¹⁵

Mazava tsara fa tsy hoe nametraka fetra farany ambony ho 490 akory ny Mpamonjy. Fa izany dia ho azo ampitahaina amin'ny filazana fa ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo dia voafetra



ho in-490, ary eo amin'ny faha-491 dia hiditra an-tsehatra ny olona iray avy any an-danitra ka hiteny hoe: “Tena miala tsiny aho fa tsy manan-kery intsony ny karatry ny fibebahanao. Manomboka eto dia miady irery ianao.”

Ny Tompo dia nampiasa ny kajin'ny im-pitopolo im-pito ho toy ny sarinteny hilazana ny Sorompanavotany tsiy fetra, ny fitiavany tsiy fetra, ary ny fahasovany tsiy fetra. “Eny, ary *isaky* ny mibebaka ny oloko dia Izaho hame-lana ny fahadisovany Tamiko.”¹⁶

Tsy midika akory izany hoe lasa fanomezana lalana hanota ny fanasan'ny Tompo. Izany no antony iray nampidirana ity fehezana-teny ity tao amin'ny bokin'i Môrônia hoe: “Nefa arakaraka ny nibebahany sy ny nitadiavany famelana tamin'ny *finiavana marina*, no namelana azy.”¹⁷

Ny finiavana marina dia midika hoe *miaraka amin'ny ezaka marina* sy fiovana marina. “Fiovana” no teny fototra nampiasain'ny Torolalana ho an'ny soratra masina mba hamaritana ny *fibebahana*: “Fiovan-tsaina sy fiovan-po izay miteraka fihetsika vao-vaio amin' Andriamanitra, amin'ny tena, ary amin'ny fiainana ankapobeny.”¹⁸ Izany karazana fiovana izany dia lasa *fivoarana* ara-panahy. Noho izany, ny fahombiazantsika dia tsy *fandalovana*

amin'ny tsy fahombiazana misesisesy fa *fivoarana* avy amin'ny tsy fahombiazana misesisesy kanefa mbola mafana fo hatrany.”

Mahakasika ny *fiovana*, dia diniho ity hevitra tsotra ity: “Ny zavatra tsy miova dia mijanona amin'izay toetrany eo ihany.” Izany fahamarinana mibaribary izany dia tsy fiheverana anareo ho vandrana akory fa fahendrena lalina an'ny Filoha Boyd K. Packer, izay nanampy an'izao avy eo hoe: “Ary rehefa tsy miova intsony isika—*dia tsy hivoatra intsony*.”¹⁹

Satria tsy maniry ny *tsy hivoatra intsony* isika mandra-pahatongavantsika ho tahaka ny Mpamonjy,²⁰ dia mila manohy miarina isika isaky ny lavo, manam-paniriana hitombo sy handroso hatrany na eo aza ireo fahalementsika. Amin'ny fahalementsika dia nanome toky antsika Izy hoe: “Ampy ho anao ny fahasovako; fa ny heriko dia tantarahina amin'ny fahalemena.”²¹

Amin'ny alalan'ny fanaovana indray mijery ny vanimpotoana maharitra na ny kisary maneho fivoarana ihany no ahafahantsika mamantatra ny fitomboantsika ara-batana. Toy izany koa, ny fivoarantsika ara-panahy dia mazàna tsy hita akory raha tsy hoe manao jery todika izay nitranga tany aloha isika. Ho fahendrena ny mandini-tena

amin'ny fijerena matetika ny lasa tahaka izany mba hahafantarana ny fivoarantsika sy hanentanana antsika “hibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy, amin'ny fananana fanantenana mampiratra.”²²

Feno fankasitrahana mandrakizay aho noho ny lemim-panahy, sy ny faharetana, ary ny faharipo feno fitiavana ananan'ireo Ray aman-dreny any an-danitra sy ny Mpamonjy, izay manome antsika fahafahana marobe hamerenana indray eo amin'ny dia ataontsika hiverenana eo anatrehan'I-zy ireo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Io teny nindramina io dia voalaza fa avy amin'ny mpanoratra isan-karazany, anisan'izany i Abraham Lincoln sy i Winston Churchill.
2. Thomas Edison, ao amin'ny Zorian Rotenberg, “To Succeed, You Must Fail, and Fail More,” 13 Nôv 2013, -insightsquared.com.
3. Charles F. Kettering, ao amin'ny Thomas Alvin Boyd, *Charles F. Kettering: A Biography* (1957), 40. Io teny io dia matetika no voalaza koa hoe avy amin'i C. S. Lewis.
4. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 122:7. Na ny Mpamonjy aza dia “nianatra fanarahana tamin'izay fahoriana nentina” (Hebreo 5:8). Raha toa ireo soratra masina ireo ka miresaka ny fahoriana sy ny fijaliana noho ny tontolo iainantsika na ny toe-javatra tsy manjary iainantsika, ireo fahadisovana ataontsika dia natao ihany koa hahasoa antsika raha misintona lesona avy amin'izy ireny isika.
5. Mosesy 6:55.
6. 1 Samoela 17:47; jereo koa ny 1 Nefia 3:29.
7. Jereo ny Jakôba 4:7.
8. Jereo ny 2 Nefia 2:11.
9. Isaia 48:10; 1 Nefia 20:10.
10. Bible Dictionary, “Grace”; nampiana fanamafisana.
11. Almà 7:12.
12. Russell M. Nelson, ao amin'ny Dallin H. Oaks and Neil L. Andersen, “Repentance” (lahateny natolotra nandritra ny seminera iray ho an'ireo filohan'ny misiona vaovao, 26 Jona 2015), 11.
13. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 101:9.
14. Matio 18:21.
15. Matio 18:22.
16. Môsià 26:30; nampiana fanamafisana.
17. Môrônia 6:8; nampiana fanamafisana.
18. Torolalana ho an'ny soratra masina, “Fibebahana,” scriptures.lds.org.
19. Boyd K. Packer (Kingsland Georgia Stake conference, Aug. 1997).
20. Jereo ny 3 Nefia 27:27.
21. 2 Korintiana 12:9; jereo koa ny Etera 12:27.
22. 2 Nefia 31:20



Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ilay Mpaminanin' Andriamanitra

Tsy mijoro manelanelana antsika sy ny Mpamonjy ny mpaminany. Fa kosa, mijoro eo anilanao izy ary manondro ny lalana mankany amin'ny Mpamonjy.

Arahabaiko ihany koa ny Loholona Gerrit Gong sy ny Loholona Ulisses Soares tonga soa ato amin'ity firahalahian'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy tsy manan-tsahala ity.

Raha nanohana ny Filoha Russell M. Nelson isika ho mpaminanin'ny Tompo sy ho Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia nandray anjara tamina fivoriana masina notendren' Andriamanitra, masina satria ireo zavainitranga tamin'iny ora lasa iny dia efa nomanina tany an-danitra talohan'ny namoronana izao tontolo izao. I Jesoa Kristy Tompo, izay mitantana ny asany, dia nanolotra androany, tamin'ny alalan'ny Filoha Eyring, ny Mpaminaniny sy mpitarika voahosony, tamintsika vahoakan'ny faneken'ny ka namela antsika haneho ampahibemaso ny fahavononantsika hanohana azy sy hanaraka ny toroheviny.

Ho anareo mpikambana antapitrisany maro izay tsy miaraka aminay ato amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana, dia tiako ny hahafantaranao fa ny Fanahin'ny Tompo tato amin'ity toerana ity

nandritra ny fanohanana ny Filoha Nelson dia tena araka ny neritreretana- reo azy—heniky ny hery ara-panahy izany. Saingy ity fivoriantika tarihin'ny lanitra ity dia tsy eto amin'ity Ivontoeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ity ihany fa manerana izao tontolo izao: any amin'ireo trano fiangonana any Azia, sy Afrika, ary Amerika Avaratra, any amin'ireo tokantrano any Amerika Afovoany sy Atsimo ary any Eorôpa; any amin'ireo trano falafa any Pasifika sy any amin'ireo nosin-dranomasina.



Carcassonne, Frantsa

Ity fihaonambe ity dia atao na aiza na aiza mety misy anareo, na dia feo avy amina finday ihany aza no fifandraisana azonareo. Tsy nisain'ireo evekantsika akory ireo tanantsika nitsangana, saingy azo antoka fa voaray any an-danitra izy ireny, satria amin' Andriamanitra isika no manao fanekempihavanana, ary ny zavatra ataontsika dia voarakitra ao amin'ny bokin'ny fiainana.

Misafidy ny Mpaminaniny ny Tompo

Ny Tompo mihitsy no manao ny fifantenana ny mpaminany. Tsy misy fampielezan-kevitra, na adihevitra mitabataba, na fitapitaka hahazoana toerana, na fifandirana, na tsy fifampitokisana, na tsy fitovian-kevitra na korontana. Izaho koa dia manamafy fa ny herin'ny lanitra dia niaraka taminay tany amin'ny efitra farany ambonin'ny tempoly rehefa nivavaka nanodidina ny Filoha Nelson izahay ary nahatsapa ny faneken'ny Tompo azy izay tsy azo lavina.

Efa vita fotoana ela tany aloha tany ny fifidianana ny Filoha Nelson mba ho mpaminanin' Andriamanitra. Mihatra amin'ny Filoha Nelson ihany koa ireo tenin'ny Tompo tamin'i Jeremia hoe: “Hatry ny fony hianao tsy mbola noforoniko tany an-kibo no efa fantatro; ary hatry ny fony hianao tsy mbola teraka no efa nohamasiniko sy notendreko ho mpaminany ho an'ny firenena.”¹ Vao telo taona lasa izay, dia ny Loholona Nelson, tamin'izy 90 taona, no fahefatra tamin'ireo ela nanompoana indrindra, ka roa tamin'ireo Apôstôly telo ela



Ny Filoha Nelson miaraka amin'ny zafiafiny faha-118.

noho izy no mbola zandriny raha ny taona. Ny Tompo izay mitantana ny fiainana sy ny fahafatesana no misafidy ny mpaminaniny. Mahatalanjona ny fahasalaman'ny Filoha Nelson amin'izao izy 93 taona izao. Manantena ny mbola hiaraka aminy isika ao anatin'ny folo na roapolo taona, fa amin'izao aloha dia hiezaka isika ny handresy lahatra azy hanalavitra ny toerana misolampy fanaovana ski.

Raha manohana ny mpaminany ho ilay voahosotry ny Tompo isika, dia aoka hazava fa Andriamanitra irery iha-ny no deraintsika, dia ny Ray any Andanitra sy ny Zanany masina. Amin'ny alalan'ny fahamendrehana Jesoa Kristy Mpamonjintsika sy ny famindram-pony ary ny fahasoavany no hahafahantsika indray andro any hiditra indray eo anatrehan'Izy ireo.²

Nahoana isika no manaraka ny mpaminany

Nampianatra fahamarinana manandanja mikasika ireo mpanompo irahiny ihany koa anefa i Jesoa. "Izay mandray anareo," hoy Izy, "dia mandray Ahy; ary izay mandray Ahy, dia mandray Izay naniraka Ahy."³

Ny anjara asa manan-danja indrindra sahanin'ny mpaminanin'ny Tompo dia ny mampianatra antsika momba ny Mpamonjy sy ny mitarika antsika hankany Aminy.

Misy antony maro mitombina toko-ny hanarahana ny Filoha Russell M. Nelson. Na ireo izay avy amin'ny finoana hafa aza dia miaiky fa tena maranin-tsaina izy. Dokotera mpitsabo izy tamin'izy 22 taona, mpandidy fo nikoizana ary mpisava lalana fanta-daza teo amin'ny fampivoarana ny fandidiana fo misokatra.

Betsaka no miaiky ny fahendreny sy ny fahaizany mandanjalanja: sivifolo taona nianarana mikasika ny fiainana sy ny fahafatesana, niainana tao amin'ny tsy fitiavan-tena, nitiavana sy nampianarana ireo zanak' Andriamanitra manerana ny vazan-tany efatra, ary traikefa naha-matotra avy amin'ireo zanaka 10 sy zafikely 57 ary zafiafy 118 (io isa farany io dia mitombo matetika; vao nisy zafiafy teraka tamin'ny alarobia lasa teo).

Ireo izay mahafantatra azy tsara dia hilaza momba ny Filoha Nelson hoe niatrika ireo fahasarotan'ny fiainana tamim-pinoana sy tamin-kerimpo. Rehefa matin'ny homamiadana i Emily zanany vavy 37 taona, ka namela vady be fitiavana sy zanaka kely dimy, dia henoko izy nilaza hoe: "Rainy aho, ary dokotera mpitsabo sy Apôstôlin'i Jesoa Kristy Tompo, saingy tsy maintsy nanondrika ny lohako aho sy nanaiky, "Tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao."⁴

Mpitily eo an-tampon'ny tilikambo

Na dia deraintsika aza ireo toetra tsara rehetra ireo dia nahoana isika no manaraka ny Filoha Nelson? Nahoana isika no manaraka ny mpaminany? Satria nantsoin'i Jesoa Kristy Tompo izy ary notendreny ho mpitiliny mitsangana eo an-tampon'ny tilikambo.

I Carcassonne dia tanàna miavaka any Frantsa voahodidina rindrina, izay nijoro efa hatramin'ny vanimpotoan'ny Moyen-âge. Nisy tilikambo avo maro naorina teo amin'ireo rindrina voaro, natao ho an'ireo mpitily izay nijoro teo ambonin'ireo tilikambo ireo andro aman'alina, nifantoka tsy tapaka avy lavitra nitazana fahavalo. Rehefa nahatazana fahavalo nanatona ilay mpitily dia ny feo fampitandreman-

no niaro ny vahoakan'i Carcassonne tamin'ny loza manambana izay tsy hitan'izy ireo.

Ny mpaminany dia mpitily mitsangana eo ambonin'ny tilikambo, miaro antsika amin'ireo loza ara-panahy izay mety tsy ho hitantsika.

Hoy ny Tompo tamin'i Ezekiel, "Notendreko ho mpitily ho an'ny taranak' Isiraely ianao; ka raha mandre ny teny aloaky ny vavako ianao, dia izany no entinao mananatra azy."⁵

Matetika isika no miresaka mikasika ny tokony hanarahantsika ny mpaminany, kanefa eritrereto ny enta-mavesatra napetraky ny Tompo eo amin'ny mpaminaniny: "[Raha] tsy mety mananatra azy ianao hiala amin'ny alehany, dia ho fatin'ny helony ihany izany ratsy fanahy izany; . . . ny rany dia hadiniko amin'ny tananao."⁶

Fijoroana ho vavolombelona manokana mafonja kokoa

Manohana ny Filoha Nelson isika toy ny hanohanantsika an'i Petera na i Mosesy raha niaina tamin'ny andron'izy ireo isika. Hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy: "Izaho no homba ny vavanao ka hanoro anao izay holazainao."⁷ Isika dia mihaino ny mpaminanin'ny Tompo miaraka amin'ny finoana fa ny teniny dia "avy amin'ny [vavan'ny Tompo]."⁸

Moa ve izany finoana an-jambany? Tsia. Samy manana tenivavolombelona ara-panahy mikasika ny fahamari- nan'ny Famerenana ny filazantsaran'i





Jesoa Kristy amin'ny laoniny isika tsirairay. Tamin'ny nahim-pontsika sy safidintsika no nananganantsika tanana anikeheo maraina, nanambara ny faniriansika hanohana ny mpaminanin'ny Tompo amin'ny alalan'ny "fahatokian[tsika], sy ny finoan[tsika], ary ny vavaka [ataontsika]"⁹ ary hanaraka ny toroheviny. Manana tombontsoa isika amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika handray tenivavolombelona ho an'ny tena manokana fa avy amin' Andriamanitra ny antson'ny Filoha Nelson. Raha nahafantatra ny Filoha Nelson manokana i Kathy vadiko, nandritra ny efa ho telopolo taona izay, ary tsy nametra-panontaniana momba ny fahefany masina, tamin'ny nanokanana azy dia nanomboka namaky ireo lahateniny rehetra tamin'ny fihaonambe tao anatin'ny 34 taona, sady niva-vaka mba hahazoana toky misimisy kokoa mikasika ny andraikiny amin'ny maha-mpaminany azy. Mampanantena anao aho fa ho tonga aminao io tenivavolombelona mafonja kokoa io raha mikatsaka izany amim-panetrentena sy amim-pahamendrehana ianao.

Fa nahoana moa isika no vonona tokoa hanaraka ny feon'ny mpaminantsika? Ho an'ireo mikatsaka amimpahazotoana ny fiainana mandrakizay, dia mitondra fiarovana ara-panahy ao anatin'ny fotoana tena mikorontana ny feon'ny mpaminany.

Miaina eo amin'ny planeta iray isika ary an-tapitrisany no mikotaba maneho hevitra. Ny internet sy ny findaintsika, ireo fialamboly maro karazana tokoa, dia samy manao izay isarihana ny saintsika sy hanerena ny fitaomany eo amintsika, manantena ny hividiansika ny zavatra vokarin'izy ireo sy ny hanarahantsika ny fenitr'izy ireo.

Ireo fampahalalana sy fanehoankevitra toa tsy manam-pahataperana dia mampahatsiahy antsika ilay fampitandremana ao amin'ny soratra masina sao "ahilangilana sy ampitambolimbolena,"¹⁰ entin'ny rivotra,"¹¹ ary resin'ny "saim-petsy" ataon'ireo izay "hanatanteraka ny hevitra ny famitahana."¹²

Ny fampifikirana ny fanahintsika amin'i Jesoa Kristy Tompo dia mitaky ny fihainoana ireo izay irahiny. Ny fanarahana ny mpaminany eo amin'ny tontolo feno korontana dia toy ny mirakotra bodofotsy mafana tsara amin'ny andro mamirifiry.

Miaina ao anatin'ny tontolo hanjakan'ny hevitra sy ny adihevitra, ny fiandanian-kevitra, ny lôjika ary ny fanazavana isika. Ny fametrahana ny fanontaniana hoe "Nahoana?" dia zavatra tsara eo amin'ny lafiny maro tokoa amin'ny fiainantsika, ahafahan'ny herin'ny faharanitan-tsaintsika hitarika ireo safidy sy fanapahan-kevitra maro izay atrehantsika isan'andro.

Kanefa mazàna ny feon'ny Tompo dia tonga tsy misy fanazavana.¹³ Efa

ela talohan'ny nandalinan'ireo manampahaizana ny fiantraikan'ny fanitsakitsahana eo amin'ny vady aman-janaka mahatoky no nilazan'ny Tompo hoe "Aza mijangajanga."¹⁴ Ankoatra ny fian-teherana amin'ny faharanitan-tsaintsika irery dia sarobidy amintsika ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Aza gaga

Ny feon'ny mpaminany, na tenenina amin-katsaram-panahy aza, dia mate-tika feo mangataka antsika hiova sy hibe-baka ary hitodika amin'ny Tompo. Rehefa misy fanitsiana tokony atao dia aza mangataka andro. Aza taitra raha mifanohitra amin'ny fomba fijery malaza ankehitriny ny feo fampitandremana ataon'ny mpaminany. Ny fanesoosoa mafy ataon'ireo tsy mpino izay romotra dia mifafy foana raha vao manomboka miteny ny mpaminany. Raha toa ianao manetry tena amin'ny fanarahana ny torohevitra ny mpaminanin'ny Tompo, dia mampanantena anao fiarovana sy fiadanana fanampiny aho.

Aza gaga raha indraindray ny sasany amin'ireo fomba fijerinao manokana dia tsy mifanaraka amin'ireo fampianaran'ny mpaminanin'ny Tompo any am-boalohany. Fotoana hianarana sy hanetrena tena ireny, raha toa isika mandohalika mivavaka. Mandroso am-pinoana isika, matoky an' Andriamanitra, mahalala fa rehefa mandeha ny fotoana dia handray fahazavana ara-panahy misimisy kokoa avy amin'ny Ray any An-danitra isika. Nisy mpaminany iray namaritra ilay fanomezampahasoavana tsy manan-tsahalan'ny Mpamonjy hoe "ny sitrapon'ny Zanaka dia voatelina ao amin'ny sitrapon'ny Ray."¹⁴ Ny fampandefarana ny sitrapontsika ao anatin'ny sitrapon' Andriamanitra raha ny marina, dia tsy faharesena velively fa fiandohan'ny fandresena feno voninahitra.

Ny olona sasany dia hanandrana ny hamakafaka lalina loatra ireo tenin'ny mpaminany, misahirana mamantatra hoe inona no tenin'ny faminany ary inona no hevitra avy aminy manokana.

Tamin'ny taona 1982, roa taona talohan'ny niantsoana azy ho Manampahafana Ambony, dia nilaza Rahalahy

Russell M. Nelson hoe: “Tsy mba manontany tena mihitsy aho hoe, -Oviana ny mpaminany no miteny amin’ny maha-mpaminany azy ary oviana izy no tsy manao izany?- Ny zavatra nahaliana ahy dia ny hoe, -Ahoana no hahafahako hitovy kokoa aminy?-.” Dia nampiany koa hoe: “Ny [fomba fisainako dia ny] manatsahatra ny fametrahana baraingo aorian’ny teny ambaran’ny mpaminany ary mametraka tsoraka kosa ho solon’izany.”¹⁵ Izany no fomba nisafidian’ny lehilahy iray manetry tena sy feno aim-panahy hitarihana ny fiainany. Ankehitriny, 36 taona aty aoriana, dia izy no mpaminanin’ny Tompo.

Mampitombo ny finoanao ny Mpamonjy

Eo amin’ny fiainako manokana, dia nahita aho fa rehefa mandalina amim-bavaka ny tenin’ny mpaminanin’ Andriamanitra aho ary mampifanaraka ara-panahy, amim-pitandremana sy amim-paharetana ny sitrapoko amin’ireo fampianarany azo avy amin’ny fanentanam-panahy, dia mitombo hatrany ny finoako an’i Jesoa Kristy Tompo.¹⁷ Rehefa misafidy ny tsy hiraharaha ny toroheviny isika, ary mitono-tena ho mahay kokoa, dia mijaly ny finoantsika ary ho sembandrahona ny fomba fijerintsika ny mandrakizay. Mampanantena anao aho fa raha mitoetra ho mahatoky ianao eo amin’ny fanarahana ny mpaminany dia hitombo ny finoanao ny Mpamonjy.

Hoy ny Mpamonjy: “Ny mpamina- ny rehetra . . . dia efa nanambara ny Amiko.”¹⁸

Tsy mijoro manelanelana antsika sy ny Mpamonjy ny mpaminany. Fa kosa, mijoro eo anilanao izy ary manondro ny lalana mankany amin’ny Mpamonjy. Ny andraikitra lehibe indrindran’ny mpaminany iray sy ny fanomezana sarobidy indrindra omen’ny mpamina- ny iray antsika dia ny teny vavolombelony sy ny fahalalany azo antoka fa i Jesoa no Kristy. Tahaka an’i Petera fahiny, dia manambara ny mpamina- nintsika hoe: “[Izy no] Kristy Zanak’ Andriamanitra velona.”¹⁹

Indray andro any, rehefa manao jery todika ny fiainantsika teto an-tany

isika dia hiravoravo fa niaina teto an-tany tamin’ny fotoana nisian’ny mpaminany velona. Amin’izany andro izany, dia enga anie isika mba ho afa- ka hiteny hoe:

Nihaino azy izahay.

Nino azy izahay.

Nandalina ny teniny tamim- paharetana sy tamim-pinoana izahay.

Nivavaka ho azy izahay.

Nijoro teo anilany izahay.

Nanana fanetrentena ampy izahay hanarahana azy.

Nitia azy izahay.

Omeko anareo ny teny vavolombeloko masina fa i Jesoa no Kristy, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika, ary ny Filoha Russell M. Nelson no ilay mpaminaniny voahosotra eto ambonin’ny tany. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jeremia 1:5.
2. Jereo ny 2 Nefia 2:8.
3. Matio 10:40.
4. Fahatsiarovan’ny tena manokana; jereo ihany koa ny Spencer J. Condie, *Russell M. Nelson: Father, Surgeon, Apostle* (2003), 235.
5. Ezekielia 33:7.
6. Ezekielia 33:8.
7. Eksodosa 4:12.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:5
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:22.
10. Efesiana 4:14.



11. Jakoba 1:6

12. Efesiana 4:14.

13. Nilaza ny Filoha Dallin H. Oaks hoe:

“Tao anatin’ny resadresaka natao tamin’ny taona 1988 . . . dia nanazava ny fihetsiko manoloana ny fanandraman’ny olona hampisy antony ny fanambarana avy amin’ Andriamanitra aho:

“Raha mamaky ny soratra masina miaraka amin’ity fanontaniana manao hoe “Nahoana no Tompo no nandidy ity na nahoana Izy no mandidy izao,” ity ianao dia hahita fa raha nanome fanambarana zato izy dia tsy nanome antony ny amin’ny iray monja amin’ireo didy ireo. Tsy fomba fanaon’ny Tompo ny manome antony. Fa isika [olombelona] no afaka manome antony ho an’ny fanambarana. Afaka mampisy antony ireo didy isika. Rehefa manao izany isika, dia mandeha irery. Ireo olona sasany dia manome antony ny [fanambarana] . . . , fa avy eo dia miseho amin’ny fomba mahagaga ny hahadisoin’izy ireo. Ianarana lesona izany. . . . Nanapa-kevitra aho fotoana efa ela be izay fa hanana finoana amin’ny didy fa tsy hanana finoana ny amin’ny antony natao sosokevitra mikasika izany. . . .

“-. . . Amiko ireo andian’antony rehetra dia toa tsy mendrika hofantarina akory. . . . Aleo tsy manao ny hadisoana izay natao tany aloha, ny miezaka ny mametraka antony amin’ny fanambarana rehetra. Izany antony izany dia ho hita fa avy amin’olombelona avokoa. Ireo fanambarana dia izay tohanantsika ho sitrapon’ny Tompo ary amin’izany no ahitana ny fiarovana-” (*Life’s Lessons Learned* [2011], 68–69).

14. Eksodosa 20:14.

15. Môsia 15:7.

16. Russell M. Nelson, ao amin’ny Lane Johnson, “Russell M. Nelson: A Study in Obedience,” *Tambuli*, jan. 1983, 26.

17. Nilaza ny Filoha Henry B. Eyring hoe: “Ny hadisoana iray hafa dia ny mino fa ny fisafidianana ny hanaraka na tsia ny torohevitr’ireo mpaminany dia tsy inona fa ny fandraisana ny fanapahan-kevitra na hanaraka torohevitra tsara ary hahazo tombontsoa avy amin’izany, na ny tsy manao na inona na inona. Kanefa ny fisafidianana ny tsy hanaiky ireo torohevitra nomena tamin’ny faminaniana dia manova tanteraka ny faritra ijoroantsika. Lasa mampidi-doza kokoa izany. Ny tsy fanekena ny torohevity ny mpaminany dia mampihena ny herintsika handray torohevitra nentanin-panahy amin’ny ho avy. Ny fotoana tsara indrindra nanapahana hevitra ny hanampy an’i Noa hanamboatra ilay sambofiara dia tamin’ny fotoana voalohany nangatahany izany. Isaky ny nangataka izy taorian’izay, ny tsy famaliana tsirairay dia mampihena ny fahenoana ny Fanahy. Ary dia toy izany fa isaky ny nangataka izy dia toa miha-adaladala kokoa izany, nandra-pahatongan’ny orana. Ary dia tara loatra avy eo” (“Finding Safety in Counsel,” *Ensign*, mey 1997, 25).

18. 3 Nefia 20:24.

19. Matio 16:16; jereo koa ny Jaona 6:69.



Natolotry ny Filoha Dallin H. Oaks

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Fanohanana ireo Mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana

Marihinay fa ny tatitra momba ny antontan'isa izay atolotra eto amin'ity fivoriana amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany volana aprily ity raha ny mahazatra, dia havoaka manomboka izao ao amin'ny LDS.org aorian'ity fivoriana ity avy hatrany, ary hampidirina ao amin'ireo gazetibokin'ny Fiangonana ahitana ny fihaonambe maneran-tany.

Izao dia hanolotra ireo fiovana misy eo amin'ireo mpitarika ny Fiangonana ary ireo Mpiandraikitra maneran-tany sy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra mba hotohanana aho, dia ny Rahalahy Kevin R. Jergensen, tale mpitantana ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana avy eo no hamaky ny tatitra momba ny fanamarinana ny fampiasam-bola.

Noho ny antso mba hanompo ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambini-folahy dia aroso amintsika ny hisaorana ny Loholona Gerrit W. Gong sy Ulisses Soares tamin'ny nanompoan'izy ireo tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy.

Manaraka izany, tolорantsika fisaorana ny Loholona Craig C. Christensen sy Lynn G. Robbins ary Juan A. Uceda tamin'ny nanompoan'izy ireo tao

amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, mihatra amin'ny 1 aôgositra.

Ireo izay maniry ny haneho fankasitrahana ho an'ireo Rahalahy ireo noho ny asa fanompoana feno fandavantena nataony dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana ireto manaraka ireto tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy ireo: Steven R. Bangerter, Matthew L. Carpenter, Mathias Held, David P.

Homer, Kyle S. McKay, R. Scott Runia, ary Juan Pablo Villar.

Ireo izay maniry ny hiaraka aminay haneho fankasitrahana ho an'ireo Rahalahy ireo noho ny asa fanompoana feno fandavantena vitan'izy ireo dia aoka haneho izany amin'ny fanangana-na tanana.

Aroso amintsika ny hisaorana miaraka amin'ny fankasitrahana avy amin'ny fo manontolo ny Rahavavy isany Bonnie L. Oscarson sy Carol F. McConkie ary Neill F. Marriott tamin'ny naha-Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany azy ireo. Tolorantsika fisaorana torak'izany ihany koa ireo mpikambana ao amin'ny filankevi-pitantanana ny Zatovovavy maneran-tany izay nanompo tsara tokoa.

Ireo rehetra izay te hiaraka aminay haneho fankasitrahana ho an'ireo rahavavy ireo noho ny asa fanompoana sy fandavantena niavaka natolotr'izy ireo dia iangaviana haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana ny Rahavavy Bonnie H. Cordon tamin'ny nanompoany tamin'ny naha-Mpanolotsaina Voalohany azy tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany.

Ireo izay maniry ny haneho fankasitrahana ny Rahavavy Cordon dia aoka haneho izany amin'ny fananganana tanana.

Aroso amintsika mba hotohanana ireto manaraka ireto mba hanompo



ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, antso mihatra avy hatrany: Loholona Carl B. Cook sy Robert C. Gay.

Ireto manaraka ireto ihany koa dia hanompo ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, mihatra ny 1 aôgositra 2018: ireo Loholona isany Terence M. Vinson sy José A. Teixeira ary Carlos A. Godoy.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Ireo manohitra, raha misy.

Aroso amintsika ny hanohanantsika ireto manaraka ireto mba ho Fitopololahy Manampahefana Ambony: Steven R. Bangerter, Matthew L. Carpenter, Jack N. Gerard, Mathias Held, David P. Homer, Kyle S. McKay, Juan Pablo Villar, ary Takashi Wada.

Izay rehetra manohana, aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, tahaka izany ihany koa.

Aroso amintsika ny hanohanantsika ireto manaraka ireto ho Fitopololahin'ny Vondrom-paritra vaovao: Richard K. Ahadjie, Alberto A. Álvarez, Duane D. Bell, Glenn Burgess, Víctor R. Calderón, Ariel E. Chaparro, Daniel Córdova, John N. Craig, Michael Czesla, William H. Davis, Richard J. DeVries, Kylar G. Dominguez, Sean Douglas, Michael A. Dunn, Kenneth J. Firmage, Edgar Flores, Silvio Flores, Saulo G. Franco, Carlos A. Genaro, Mark A. Gilmour, Sergio A. Gómez, Roberto Gonzalez, Virgilio Gonzalez, Spencer R. Griffin, Matthew S. Harding, David J. Harris, Kevin J. Hathaway, Richard Holzapfel, Eustache Ilunga, Okechukwu I. Imo, Peter M. Johnson, Michael D. Jones, Pungwe S. Kongolo, George Kenneth G. Lee, Aretemio C. Maligon, Edgar A. Mantilla, Lincoln P. Martins, Clement M. Matswagothata, Carl R. Maurer, Daniel S. Mehr II, Glen D. Mella, Isaac K. Morrison, Yutaka Nagatomo, Allistair B. Odgers, R. Jeffrey Parker, Victor P. Patrick, Denis E. Pineda, Henrique S. Simplicio, Jeffrey H. Singer, Michael L. Staheli, Djarot Subiantoro, Jeffrey K. Wetzel, Michael S. Wilstead, Helmut Wondra, ary i David L. Wright.

Izay rehetra manohana, aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy.

Aroso amintsika ny hanohanantsika an'i Bonnie H. Cordon mba ho Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany, miaraka amin'i Michelle Lynn Craig ho Mpanolotsaina Voalohany sy i Rebecca Lynn Craven ho Mpanolotsaina Faharoa.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany.

Haroso amintsika ny hanohanana an'i Lisa Rene Harkness ho Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny

Tatitra avy amin'ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan' ny Fiangonana, taona 2017

Natolotr'i Kevin R. Jergensen

Tale mpitantana, Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana

Ho an'ny Fiadidiana Voalohany ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Ry Rahalahy isany: Araka ny torolalana avy amin'ny fanambarana ao amin'ny fizarana faha-120 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fankempihavanana, dia ny Filankevitry ny Fampiasana ny Fahafolon-karena—izay ahitana ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ny Episkôpà Mpiahy—no manome fankatoavana ny fampiasana ny volan'ny Fiangonana. Ireo rafitra ato amin'ny Fiangonana no mitsinjara ny vola araka ny teti-bola sy ireo fitsipika ary fomba fiasa izay nolaniana.

Ny Fanamarinam-bola ato amin'ny Fiangonana, izay ahitana matihana manana mari-pahaizana ary tsy miankina amin'izay departemanta hafa rehetra ato amin'ny Fiangonana, dia manana andraikitra hanatontosa ireo fanamarinam-bola mba hanomezana antoka azo ekena mikasika ireo anjara biriky voaray, sy ireo fandanianam-bola atao ary mba hiarovana ny fananan'ny Fiangonana.

Raha mifototra amin'ireo fanamarinam-bola notanterahina, dia mahita ny ao amin'ny Fanamarinam-bola ato amin'ny Fiangonana fa eo amin'ny antsipiriany rehetra, ny anjara biriky voaray sy ny fandania natao ary ny fananan'ny Fiangonana tamin'ny taona 2017 dia voarakitra ary notantanana araka ireo tetibola sy fitsipika ary fomba fitantanana'ny Fiangonana efa nahazoana fankatoavana. Ny Fiangonana dia manaraka ireo fitsipika ampianarina an'ireo mpikambana ao aminy hoe miaina araka ny tetibola sy miala amin'ny fitosana ary manao tahiry hiatrehana ny vodiandro merika.

Atolotra amim-panajana,

Ny Departemantan'ny Fiangonana misahana ny Fanamarinam-bola

Kevin R. Jergensen

Tale Mpitantana ■

Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy.

Atolotra amintsika ny hanohana-na ireo Manampahefana Ambony hafa, ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, ary ireo Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny arak'izay misy ankehitriny.

Izay rehetra manohana, aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy.

Ry Filoha Nelson, voarakitra ny fanohanana. Manasa ireo izay mety ho nanohitra ny iray tamin'ireo natalotra izahay mba hifandray amin'ny filohan'ny tsatòkany.

Noho ny fanohanana izay vao natao teo dia manana Manampahefana Ambony 116 isika ankehitriny. Efa ho 40 isan-jato amin'izy ireo no teraka ivelan'i Etazonia, dia avy any Alemàna, Brésil, Mexique, Nouvelle Zélande, Écosse, Kanadà, Korea Atsimo, Guatemala, Arzantina, Italia, Zimbaboe, Uruguay, Pérou, Afrika Atsimo, Samoa Amerikanina, Angletera, Porto Rico, Australie, Venezoelà, Kenya, Philipines, Portugal, Fiji, Chine, Japana, Chili, Colombie, ary Frantsa.

Ry rahalahy sy anabavy isany, misaotra anareo izahay noho ny finoanareo sy ny vavaka tsy tapaka ataonareo ho an'ireo mpitarika ny Fiangonana.

Asainay izao ireo Fitopololahy Manampahefana Ambony, ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany vaovao, ary ny Rahavavy Harkness izay ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany mba haka ny toerany ety amin'ny lampihazo. ■



Nataon'ny Loholona David A. Bednar

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Malemy fanahy sy mietry am-po

Toetra mamaritra ny Mpanavotra ny halemem-panahy ary miavaka amin'ny fiaikena hanao zavatra amim-pahamarinana sy ny fanoavana an-tsitraro, ary ny fahaizana mifehy tena.

Mifaly aho ny amin'ny fahafahana masina hanohana ireo mpitarika ny Fiangonantsika, ary miarahaba amin'ny fo manontolo ireo Loholona isany Gong sy Soares aho tonga soa ato amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Ny asa fanompoan'ireo lehilahy mahatoky ireo dia hitahy ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana manerana izao tontolo izao, ary tsy andriko ny hiara-hanombo sy ny hianatra avy amin'izy ireo.

Mivavaka aho mba hampianatra sy hanazava antsika ny Fanahy Masina eo am-piarahantsika mianatra ny lafiny iray manan-danja amin'ny toetoetra

maha-Andriamanitra¹ an'ny Mpamonjy ary izay tokony hoezahantsika tsirairay hotahafina.

Haneho ohatra maromaro aho izay hampivoitra ity toetran'i Kristy ity mialoha ny hampahafantarako ilay toetra miavaka ao anatin'ny hafatro ao aoriana kely. Miangavy aho, henoy tsara ny ohatra tsirairay ary eritrereto miaraka amiko izay mety ho valin'ny fanontaniana izay ho apetrako.

Ohatra #1. Ilay tovolahy mpanankarena sy i Amioleka

Ao amin'ny Testamenta Vaovao isika dia mianatra mikasika ilay tovolahy mpanankarena izay nanontany an'i Jesoa hoe: “Mpampianatra tsara ô, inona no tsara hataoko hahazoako fiainana mandrakizay?”² Nampianatra azy aloha ny Mpamonjy hitandrina ny didy. Avy eo ny Mpampianatra dia nanome fepetra fanampiny nifanaraka tamin'ny toe-javatra nisy azy sy ny zavatra nilainy manokana.

“Dia hoy Jesosy taminy: Raha tia ho tanteraka hianao, mandehana, amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo,



dia hanana rakitra any an-danitra hianao; ary avia hanaraka Ahy.

“Fa nony nandre izany teny izany ilay zatovo, dia niala tamin’alahelo izy, satria nanana fananana be.”³

Ampitahao ny fihetsik’ily tovolahy mpanankarena sy ny zavatra niainan’i Amioleka, araka izay voalaza ao amin’ny Bokin’i Môrmôna. I Amioleka dia lehilahy nazoto niasa sy nanan-karena ary nanana havana sy namana maro.⁴ Izy dia nilaza ny tenany ho lehilahy efa nantsoina imbetsaka fa tsy te hihaino, lehilahy izay nahalala ireo zavatr’ Andriamanitra fa tsy te hahafantatra.⁵ Tamin’ny ankapobeny i Amioleka dia lehilahy tsara saingy variana tamin’ny zavatr’izao tontolo izao tahaka ilay tovolahy voalaza tao amin’ny Testamenta Vaovao.

Na dia nanamafy ny fony aza i Amioleka teo aloha dia nihaino ny feon’ily anjely izy ka nampiantrano an’i Almà mpaminany ary nandroso sakafo ho azy. Nifoha ara-panahy izy nandritra ny fitsidihan’i Almà, ary nantsoina hitory ny filazantsara. Avy eo i Amioleka dia nahafoy ny “volamenany rehetra sy ny volafotsiny, ary ny zava-tsarobidiny . . . noho ny tenin’ Andriamanitra, [ary] nolavin’ireo izay sakaizany fahiny [izy] ary koa ny rainy sy ny mpianakaviny.”⁶

Inona araka ny eritreritrao no manazava ny fahasamihafan’ny fihetsik’ily tovolahy mpanankarena sy ny an’i Amioleka?

Ohatra faha #2. Pahôràna

Nandritra ny fotoan’ady nahatsiravina voalaza ao amin’ny Bokin’i Môrmôna, dia nisy fifandefasana taratasy teo amin’i Môrmôna, kapitenin’ny tafika Nefita sy i Pahôràna, lohan’ny mpitsara sy governoran’ny tany. I Môrmôna, izay nijaly ny tafika notarihany noho ny tsy fahampian’ny fanohanana avy tamin’ny governemanta, dia nanoratra tamin’i Pahôràna “ho fanamelohana”⁷ ary niampanga azy sy ny mpitarika namany noho ny tsy fikarakarana, ny tsy fandraisan’andraikitra, ny tsiram-bina ary ho mpamadika mihitsy aza.⁸

Mety ho mora foana tamin’i Pahôràna ny ho sosotra tamin’i Môrmôna sy ny fanendrikendrehana tsy nitombina



nataony, kanefa tsy nanao izany izy. Namaly tamim-pangorahana izy ary nanazava ny fikomiana nihatra tamin’ny governemanta izay tsy fantatr’i Môrmôna akory. Dia hoy i Pahôràna avy eo:

“Indro, lazaiko aminao, ry Môrmôna, fa tsy mifaly amin’ny fahorianao lehibe aho, eny, mampalahelo ny fanahiko izany. . . .

“ . . . Efa naniny ahy ianao tao amin’ny taratasinao, nefa tsy maninona izany; tsy tezitra aho, fa mifaly kosa amin’ny fahalehibeazan’ny fonao.”⁹

Inona no heverinao ho anton’ny valinteny feno fitoniana nomen’i Pahôràna nanoloana ny fanomezan-tsinin’i Môrmôna?

Ohatra faha #3. Ny Filoha Russell M. Nelson sy ny Filoha Henry B. Eyring

Tamin’ny fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany enim-bolana lasa izay, ny Filoha Russell M. Nelson dia nilaza ny fomba namaliany ny fanasana nataon’ny Filoha Thomas S. Monson hianatra sy handalina ary hampihatra ireo fahamarinana ao anatin’ny Bokin’i Môrmôna. Hoy Izy: “Niezaka nanaraka ny toroheviny aho. Ankoatra ny zavatra natao hafa dia nanao lisitra aho momba ny hoe *inona* no Bokin’i Môrmôna, inona no *hamafisiny*, inona no *laviny*, inona no *tanterahiny*, inona no *hazavainy*, ary inona no *hambarany*. Ny mandalina ny Bokin’i Môrmôna amin’ny alalan’izany fijery izany dia fanao tena nahazoam-pahalalana sy

fankaherezana mihitsy! Mamporisika anareo hanao toy izany koa aho.”¹⁰

Ny Filoha Henry B. Eyring ihany koa dia nanamafy ny lanjan’ny fangatahan’ny Filoha Monson teo amin’ny fiainany. Hoy ny nambarany:

“Namaky ny Bokin’i Môrmôna isan’andro aho nandritra ny 50 taona mahery. Ka noho ny fanaovako izany, dia afaka nieritreritra tsara mihitsy aho fa natao ho an’olon-kafa ny tenin’ny Filoha Monson. Kanefa, tahaka ny maro aminareo, izaho dia nahatsapa fa nanasa ahy hanao ezaka lehibe kokoa ny famporisihan’ny mpaminany sy ny fampantanenana nataony. . . .

“Ny vokatra mahafaly azoko, sy azon’ny maro taminareo, dia ny zavatra nampanantenain’ny mpaminany.”¹¹

Inona no heverinao ho anton’ny fihetsika teo no ho eo sy tamin-kitsimpo nasetrin’ireto mpitarika ny Fiangonana’ny Tompo roa ireto an’ily fanasana nataon’ny Filoha Monson?

Tsy manoro hevitra akory aho hoe ireo fihetsika matanjaka ara-panahy nasetrin’i Amioleka sy i Pahôràna ary ny Filoha Nelson sy ny Filoha Eyring ireo dia toetran’i Kristy tokana monja no manazava azy. Mazava ho azy fa toetra sy traikefa maro mifamatotra no nitondra nankamin’ny fahamatorana ara-panahy izay hita taratra eo amin’ny fiainan’ireo mpanompo efatra ambony ireo. Kanefa ny Mpamonjy sy ireo mpaminaniny dia nanantitrantitra toetra iray manan-danja izay ilaintsika rehetra ho takarina kokoa sy hiezahana ho ampiharina kokoa eo amin’ny fiainantsika.

Fahalemam-panahy

Mariho ilay toetoetra ampiasan’ny Tompo mba hanoritsoritana ny Tenany ao anatin’izao soratra masina manaraka izao: “Ento ny ziogako, ka mianara amiko; fa *malemy fanahy sady tsy miavona am-po* Aho: dia hahita fitsaharana ho an’ny fanahinareo hianareo.”¹²

Manoloana ireo toetra tsara rehetra izay azony notsongaina dia te hampianatra antsika ny Mpamonjy raha nisa-fidy ny hifantoka manokana amin’ny fahalemam-panahy.

Misy fampianarana mitovy amin’izany ihany koa ao amin’ny fanambarana



iray noraisin'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny 1829. Nanambara ny Tompo hoe: “Mianara Amiko ary henoy ny teniko; *mandehana amin'ny fahalemem-panahiko* dia hanana ny fiadanana ao Amiko ianao.”¹³

Toetra mamaritra ny Mpanavotra ny halemem-panahy ary miavaka amin'ny fiaikena hanao zavatra amim-pahamarinana sy ny fanoavana an-tsitraro, ary ny fahaizana mifehy tena. Io toetra io dia manampy antsika hahatakatra amin'ny fahafenoana kokoa ny fihetsika nasetrin' i Amioleka sy i Pahôràna ary ny Filoha Nelson sy ny Filoha Eyring.

Ohatra, ny Filoha Nelson sy ny Filoha Eyring dia namaly haingana sy tamim-pahamarinana ny famporisihan'ny Filoha Monson hamaky sy handalina ny Bokin'i Môrmôna. Na dia samy nanompo tamin'ny antso manandanja sy miharihary ato amin'ny Fiangonana aza ireo lehilahy roa ireo ary efa nandalina ny soratra masina ampolo taonany, dia hita taratra tamin'ny fihetsiny fa tsy naneho fisalasalana izy ireo na nihevi-tena ho ambony loatra.

Nanaiky an-tsitraro ny sitrapon' Andriamanitra i Amioleka, ka nanai-ky ny antso hitory ny filazantsara ary namoy ny fiainam-piadanany sy ny fifandraisana tamin'ny havana sy ny namana. Ary i Pahôràna dia nomena fahatakarana sy fananana fanapahan-kevitra hentitra ny hanao asa fa tsy hamaly ratsy rehefa nanazava tamin'i Môrônia ireo olana nipoitra

avy amin'ny fikomiana tao amin'ny governemanta.

Ilay toetra tahaka ny an'i Kristy hoe halemem-panahy matetika dia tsy takatry ny olona amin'izao tontolo ankehitriny izao. Ny halemem-panahy dia matanjaka fa tsy osa, mandray andraikitra fa tsy miandry baiko; sahy fa tsy saron-kenatra; mahafehy tena fa tsy entim-po; manetry tena fa tsy mieboebo; malala-tanana fa tsy manana fo vato. Ny olona malemy fanahy dia tsy mora sosotra na miseho ho mahavita azy na manjakazaka, ary mankasitraka avy hatrany ny fahombiazan'ny hafa.

Raha toa ny *fanetrentena* amin'ny ankapobeny ka maneho fiankinan-doha amin' Andriamanitra sy filàna ny fitarihany sy ny fanohanany tsy tapaka, ny toetra mampiavaka ny *halemem-panahy* kosa dia ny fahaizana ara-panahy mandray fampianarana avy amin'ny Fanahy Masina sy avy amin'ny olona izay mety ho tsy dia manam-pahaizana, na tsy manan-traikefa, na tsy nianatra, olona izay mety tsy mihazona antso ambonany na ihany koa olona izay toa tsy dia manam-pahalalana ahafahana mitondra anjara biriky. Tsarovy ny fomba nandre- sen'i Namàna Komandin'ny miaramilan'ny Mpanjakan'i Syria ny avonavona, sy ny nanekeny tamim-pahalemem-panahy ny torohevitra ny mpanompony hoe hankatò ny tenin'i Elisa mpaminany ka handro impito ao amin'ny reniranon'i Jordana.¹⁴ Ny halemem-panahy no fiarovana fototra amin'ny fahajambana feno avonavona izay matetika ateraky ny

laza, ny toerana hazonina, ny fahefana, ny harena, ary ny fandokafana.

Halemem-panahy: Toetran'i Kristy sy fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy

Ny halemem-panahy dia toetra volavolaina amin'ny alalan'ny faniriana sy ny fampiasana ny safidim-pitondrantena amim-pahamarinana, ary amin'ny fiezahana hatrany hitàna mandrakariva ny famelana ny fahotana.¹⁵ Izany ihany koa dia fanomezam-pahasoavan'ny fanahy izay azontsika katsahina tsara.¹⁶ Tokony hotsaroantsika anefa fa ny tanjona nanomezana io fanomezam-pahasoavana io, dia natao indrindra hanasoavana sy hanompoana ireo zanak' Andriamanitra.¹⁷

Rehefa manatona sy manaraka ny Mpamonjy isika dia lasa mihamanana fahafahana ny hitovy kokoa Aminy. Ampatanjahan'ny Fanahy isika amin'ny alalan'ny fifehezan-tena sy ny fitondrantena tsy miovaova sy tony. Araka izany, tsy zavatra ataontsika fotsiny ny hoe malemy fanahy fa io no ahaton-gavantsika amin'ny maha-mpanara-dia an'ilay Mpampianatra.

“Ary Mosesy [dia] nampianarina ny fahendrena rehetra nananan'ny Egiptiana, ary nahery tamin'ny teniny sy ny asany izy.”¹⁸ Kanefa izy dia “lehilahy nalemy fanahy mihoatra noho ny olona rehetra aty ambonin'ny tany.”¹⁹ Ny fahalalany sy ny fahaizany dia nety ho nahatonga azy ho mpieboebo. Kanefa, ilay toetra sy fanomezam-pahasoavan'ny fanahin'ny halemem-panahy izay nananany dia nampihena ny avonavom-po teo amin'ny fiainany ary nanefy an'i Mosesy ho fitaovana hanatanterahana ny fikasan' Andriamanitra.

Ilay Mpampianatra no ohatra eo amin'ny halemem-panahy

Ny ohatra faratampony sy manandanja indrindra amin'ny halemem-panahy dia hitantsika eo amin'ny fiainan' Izy Mpamonjy.

Ilay Mpanavotra Lehibe, izay “nidina koa ho ambanin'ny zava-drehetra”²⁰ ka nijaly sy nalatsa-dra ary maty “mba *hanadio* antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra,”²¹ dia *nanasa* tamim-pitiavana ny tongotra

maloton'ireo mpianany.²² Ny halemem-panahy tahaka izany dia toetra mampiavaka ny Tompo amin'ny maha-mpanompo sy mpitarika azy.

Nanome ny ohatra faratampo-ny amin'ny fiaikena hanao zavatra amim-pahamarinana sy ny fanoavana an-tsitraro i Jesoa rehefa niaritra fanaintainana mivaivay tao Getsemane.

“Ary raha vao tonga tao amin'izany tany izany, dia hoy Izy tamin'ny [mpianany], Mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy.

“Ary Izy . . . nandohalika ka nivavaka hoe:

“Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao.”²³

Ny halemem-panahin'ny Mpamonjy tamin'io zavatra manan-danja mandrakizay sy faran'izay manaintaina indrindra niainany io dia maneho amintsika tsirairay ny maha-zava-dehibe ny hametrahantsika ny fahendren' Andriamanitra ho ambonin'ny fahendrentsika manokana.

Ny tsy fiovaovan'ny fanoavan'ny Tompo an-tsitraro sy ny fifehezana-tena mahery nananany dia sady mahatalanjona no mampianatra antsika rehetra. Rehefa tonga tao Getsemane hamatotra sy hisambotra an'i Jesoa ireo andian-dehilahy mpiandry tempoly sy ireo miaramila Romana, dia nanatsoaka ny sabany i Petera ary nikapa ny sofina havanan'ilay mpanompon'ny mpisoronabe.²⁴ Avy eo ny Mpamonjy dia nikasika ny sofin'ilay mpanompo ka nanasitrana azy.²⁵ Mariho fa namonjy sy nanasitrana ilay olona izay niezaka hisambotra Azy Izy, ary nampiasa ilay herin'ny lanitra ihany izay afaka niaro Azy tsy ho voasambotra sy tsy ho voahombo.

Eritrereto ihany koa ny fomba niampangana sy nanamelohana an'ilay Mpampianatra teo anoloan'i Pilato mba homboana.²⁶ Hoy i Jesoa nandritra ny namitahana Azy: “Ataonao va fa tsy mahazo mangataka amin'ny Raiko Aho, dia haniraka anjely tsy omby roa ambin'ny folo legionana ho ety amiko Izy ankehitriny?”²⁷ Kanefa ilay “Mpitsara Mandrakizain'ny velona sy ny maty,”²⁸ mifanohitra amin'ny tokony ho izy,



dia notsaraina teo anoloana manam-pahafana pôlitika amin'ny fotoana voafetra. “Ary [Jesosy] dia tsy namaly azy na dia indraim-bava akory aza ka dia gaga indrindra ny governora.”²⁹ Ny halemem-panahin'ny Mpamonjy dia voaporofa tamin'ny fihetsika feno fifehezana sy ny fitandremana lalina ary ny tsy finivavany hampiasa ny fahefana tsy misy fetra ananany ho an'ny tombontsoan'ny tenany manokana.

Fampanantenana sy fijoroana ho vavolombelona

I Môrmôna dia namaritra ny halemem-panahy ho toy ny fototra iavian'ireo fahaiza-manao ara-panahy sy ireo fanomezam-pahasoavana rehetra.

“Koa, raha manam-pinoana ny olona iray dia tsy maintsy ilaina ny hananany fanantenana; fa raha tsy misy finoana dia tsy mety hisy fanantenana.

“Ary koa, indro lazaiko aminareo fa tsy afaka ny hanana finoana sy fanantenana izy raha tsy malemy fanahy sy mietry am-po.

“Raha tsy izany dia foana ny finoany sy ny fanantenany, fa tsy misy azo ekena eo anoloan' Andriamanitra afa-tsy ny malemy fanahy sy ny mietry am-po; ary raha malemy fanahy sy mietry am-po

ny olona iray, ary miaiky amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa i Jesoa no Kristy, dia tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana; fa raha tsy manana fiantrana izy dia tsinontsinona; koa tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana.”³⁰

Nanambara ny Mpamonjy hoe: “Sambatra ny malemy fanahy, fa izy no handova ny tany.”³¹ Ny halemem-panahy dia lafiny iray manan-danja ao amin'ny toetra araka an' Andriamanitra, ary azo raisina sy kolokoloina eo amin'ny fiainantsika noho ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy sy amin'ny alalan'izany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no ilay Mpanavotra nitsangana tamin'ny maty ary velona. Ary mampanantena aho fa hitarika sy hiaro ary hankahery antsika Izy raha mandeha amin'ny halemem-panahin'ny Fanahiny isika. Ambarako ny tenivavolombeloko azo antoka ny amin'ireo fahamarinana sy fampanantenana ireo amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny 2 Petera 1:4.
2. Matio 19:16.
3. Matio 19:21–22.
4. Jereo ny Almà 10:4.
5. Jereo ny Almà 10:5–6.
6. Almà 15:16.
7. Almà 60:2.
8. Jereo ny Almà 60:5–33.
9. Almà 61:2, 9.
10. Russell M. Nelson, “Ny Bokin'i Môrmôna: Hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?” *Liahona*, nôv. 2017, 61.
11. Henry B. Eyring, “Aza matahotra ny hanao soa,” *Liahona* nôv. 2017, 100.
12. Matio 11:29; nampiana fanamafisana.
13. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 19:23; nampiana fanamafisana.
14. Jereo ny 2 Mpanjaka 5:1–17.
15. Jereo ny Môsià 4:12, 26; Môrôna 8:25–26.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 46:8.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 46:8–9, 26.
18. Asan'ny Apostoly 7:22.
19. Nomery 12:3.
20. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 88:6.
21. 1 Jaona 1:9; nampiana fanamafisana.
22. Jereo ny Jaona 13:4–5.
23. Lioka 22:40–42.
24. Jereo ny Jaona 18:10.
25. Jereo ny Lioka 22:51.
26. Jereo ny Matio 27:2, 11–26.
27. Matio 26:53.
28. Môrôna 10:34.
29. Matio 27:14.
30. Môrôna 7:42–44.
31. Matio 5:5.



Nataon'ny Loholona Taylor G. Godoy

Ao amin'ny Fitopololahy

Andro iray sisa

Isika rehetra dia manana “anio” hiainana; ary ny fanalahidin'ny fahombiazan'ny androntsika dia ny finiavana hanao fahafoizan-tena.

Taona vitsy lasa izay no nahazoa-n'ireo namako mpivady zazalahy kely iray mahafinaritra nantsoina hoe Brigham. Taorian'ny nahaterahan'i Brigham no nahitana fa voan'ny aretina tsy dia fahita antsoina hoe maladie de Hunter izy, izay indrisy fa nidika hoe ho fohy ny andro hahavelomany. Indray andro raha nitsidika ny zaridain'ny tempoly i Brigham sy ny fianakaviany, dia nanonona andianteny iray manokana i Brigham. Indroa no nilazany hoe: “Andro iray sisa.” Ny ampitson'io andro ihany dia nodimandry i Brigham.

Nisy fotoana vitsivitsy namangia-ko ny fasan'i Brigham, ary isaky ny manao izany aho dia mandinika foana ilay andian-teny hoe “andro iray sisa.” Manontany tena aho hoe ho toy ny ahoana ny lanjan'izany, inona no ho fiantraikan'izany eo amin'ny fiainako raha toa ka fantatro fa andro iray ihany sisa no hiainako. Hanao ahoana no ho fitondrako ny vadiko sy ireo zanako ary ny hafa? Hanao ahoana no faharetana sy fahalalam-pomba ananako? Hanao ahoana no ho fitandremako ny vatako? Hanao ahoana ny ho fahazotoako mivavaka sy mandalina ny soratra masina? Ataoko angamba fa na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana dia hisy fotoana hananantsika fahatsapana

toy ny hoe “andro iray sisa.” Fahatsapana fa tsy maintsy mampiasa ny fotoantsika amim-pahendrena isika.

Ao amin'ny Testamenta Taloha isika dia mamaky ny tantaran'i Hezekia, mpanjakan'i Joda. Nambaran'i Isaia mpaminany tamin'i Hezekia fa akaiky hifarana ny andron'i Hezekia. Rehefa nahare ny tenin'ny mpaminany i Hezekia dia nanomboka nivavaka sy nitalaho ary nitomany tamim-piontanampo mafy. Tamin'izay dia nampian' Andriamanitra 15 taona ny androm-piainan'i Hezekia (Jereo ny Isaia 38:1-5).

Raha toa ka lazaina amintsika fa kely sisa ny fotoana hiainantsika dia mety



hitalaho ihany koa isika ny hanomezana andro iainana fanampiny antsika hanaovana ireo zavatra izay tokony ho nataontsika na tokony ho novaintsika.

Na dia eo aza ny fotoana izay notapahan'ny Tompo, ao amin'ny fahendreny, fa homena antsika tsirairay, dia misy zavatra iray izay azontsika antoka: isika rehetra dia manana “anio” hiainana; ary ny fanalahidy ahafahana mampahomby ny androntsika dia ny finiavana hanao fahafoizan-tena.

Hoy ny Tompo, “Indro, izao fotoana izao no atao hoe *anio* mandra-piavin'ny Zanak'olona, *ary marina tokoa fa andron'ny fahafoizan-tena izany*” (F&F 64:23; nampiana fanamafisana).

Ny teny hoe *fahafoizan-tena* dia avy amin'ny teny latina hoe *sacer*, izay midika hoe “masina,” sy hoe *facere*, izay midika hoe “manao.” Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe manao izay hahamasina zavatra, manome voninahitra izany.

“Ny fahasovana hirotsaka tokoa vokatry ny fahafoizan-tena” (“Dera ho an'ilay nandre an'i Jehovah,” *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 100).

Amin'ny fomba ahoana avy no ahafahan'ny fahafoizan-tena manova ireo androntsika ho lasa manan-danja sy ho voatahy?

Voalohany, ny fahafoizan-tena manokana dia mampatanjaka antsika ary manome lanja ireo zavatra izay hahafahantsika tena.

Taona vitsy lasa izay nandritra ny alahady fifadian-kanina dia nisy rahavavy zokiolona iray nankeny amin'ny polipitra hizara ny fijoroany ho vavolombelona. Izy dia nipetraka tany amin'ny tanàna iray antsoina hoe Iquitos, izay any amin'ny Amazonie Péruvienne. Notantarainy taminay fa efa hatramin'ny nanaovana batisa azy no nananany hatrany tanjona handray ireo ôrdônansin'ny tempoly any Lima, Pérou. Nandoa fahafolon-karena feno tamim-pahatokiana izy ary nangoniny an-taonany maro ny fidiram-bola keliny.

Nasehony tao anatin'ireto teny ireto ny hafaliany noho ny fandehanany tany amin'ny tempoly sy ny nandraisany ireo ôrdônansy masina tao: “Afaka

milaza aho ankehitriny fa izao aho vao mahatsapa tena ho vonona hiampita ny voaly. Izaho no vehivavy sambatra indrindra eto an-tany; nanangom-bola aho, tsy azonareo an-tsaina hoe nandritra ny hafiriana, mba hankanesana any amin'ny tempoly, ary rehefa afaka fito andro teny ambony renirano sy adiny 18 teny ambony fiara fitaterambahoaka, dia tonga tao an-tranon'ny Tompo ihany aho nony farany. Rehefa nandao io toerana masina io aho dia niteny anakam-po hoe taorian'ny fahafoizan-tena rehetra izay notakina tamiko mba handehanana any amin'ny tempoly dia tsy avelako hisy na inona na inona hanao izay hanamaivanako ny fanekempihavana rehetra nataoko. Ho lasa very maina fotsiny izany. Fanoloran-tena tena matotra ity!”

Nianarako tamin'io ranabavy mahafinaritra io fa ny fahafoizan-tena ataon'ny tena manokana dia hery sarobidy izay mitarika ny fanapahan-kevitra sy ny fahavononantsika. Ny fahafoizantenantsika manokana dia mitarika ireo asa ataontsika sy ny fanolorantenantsika ary ny fanekempihavanana ataontsika ka manome lanja ireo zava-masina.

Faharoa, ireo fahafoizan-tena ataontsika ho an'ny hafa sy ireo izay ataon'ny hafa ho antsika dia mitondra fitahiana ho an'ny rehetra.

Fony aho mpianatra tany amin'ny sekoly fitsaboana nify, dia somary nahakivy ny toe-bola teo amin'ny toekarena teo amin'ny toerana nisy anay. Nampitotongana isan'andro isan'andro izay tsy izy tokoa ny lanjan'ny vola ny fiakaran'ny vidim-piainana.

Tadidiko ny taona izay tokony hisoratako anarana hanaraka fampianarana mikasika ny fomba fandidiana ny ati-vava. Nila nanana ireo fitaovana fandidiana rehetra ilaina aho mialoha ny hisoratako anarana tamin'io enimbolana io. Voangon'ireo ray aman-dreniko ny vola nilaina. Kinanjo indray alina dia nisy zavatra goavana nitranga. Nandeha hividy ireo fitaovana izahay, saingy nahita fa ny vola izay voangonay hividiana ireo fitaovana rehetra dia tsy ampy nividianana afa-tsy tandra iray monja fampiasa amin'ny fandidiana, dia izay ihany. Nody tanam-polo izahay

tamin'ny fo mavesatra noho ny fieritretana ny fahaverezan'ny enim-bolana iray teo amin'ny fianarako tao amin'ny ambaratonga ambony. Tampoka teo anefa dia hoy ny reniko tamiko: “Taylor a! andao hiaraka amiko.”

Nandeha tany afovoan-tanana izahay, izay feno toerana mividy sy mivarotra firavaka. Rehefa tonga tany amin'ny toeram-pivarotana iray izahay dia navoakan-dreniko avy tao amin'ny pôketran'ny kitapo kely manga volomparasy iray nisy bracelet volamena tsara tarehy misy soratra hoe: “Ho an'ny zanako vavy tiako, avy amin'ny rainao.” Bracelet izay nomen'ny raibeko azy tamin'ny iray tamin'ireo tsingerintaona nahaterahany izy io. Ary teo imasoko no namarotany izany.

Rehefa azony ny vola dia hoy izy tamiko: “Raha misy zavatra iray tena azoko antoka, dia hoe ho lasa mpitsambo nify ianao. Mandehana dia vidio ny fitaovana rehetra ilainao.” Azonareo sary an-tsaina ve hoe karazana mpianatra toy ny ahoana aho nanomboka tamin'io fotoana io? Te ho ilay mahay indrindra aho ary hamita ny fianarako aloha satria fantatro ny halafon'ny saran'ny fahafoizan-tena nataony.

Nianatra aho fa ireo fahafoizan-tena ataon'ireo olon-tiantsika ho antsika dia mamelombelona ny aintsika tahaka ny rano mangatsiaka any ankebakebantany foana. Ny fahafoizan-tena toy iza ny dia mitondra fanantenana sy risi-po.

Fahatelo, na inona na inona fahafoizan-tena ataontsika dia kely izany raha oharina amin'ny fahafoizantenana nataon'Ilay Zanak'Andriamanitra.

Inona moa ny lanjan'izay bracelet volamena na dia tena nankamamiana aza raha oharina amin'ny fahafoizan-tena nataon'Ilay Zanak'Andriamanitra mihitsy? Ahoana no ahafahantsika manome voninahitra izany sorona tsy misy fetra izany? Isan'andro isika dia afaka mahatsiaro fa manana andro iray sisa hiainana sy ho mahatoky. Nampianatra i Amioleka hoe: “Eny, mba tiako ny handrosoanareo sy ny tsy hanamafisanareo ny fonareo intsony; fa indro, izao no fotoana sy andron'ny famonjena anareo; ary noho izany, raha mibebaka ianareo ary tsy manamafy ny fonareo, dia eo no ho eo



no hahatanteraka aminareo ny drafitra lehiben'ny famonjena” (Almà 34:31). Izany hoe, raha toa isika ka manolotra fo torotoro sy fanahy manenina ho sorona ho an'ny Tompo dia hiseho avy hatrany eo amin'ny fiainantsika ireo fitahian'ny drafitra lehiben'ny fahasambarana.

Tanteraka ny drafitry ny fanavotana noho ny fahafoizan-tena nataon'i Jesoa Kristy. Araka ny famaritana nataony Izy Tenany, ilay sorona dia “nahatonga ny Tenako, ilay Andriamanitra, Ilay lehibe indrindra noho ny rehetra, hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy—ary niriko ny mba tsy hisotroako ilay kapoaka mangidy sy hitakemotra” (F&F 19:18).

Ary noho io sorona io, aorian'ny fanarahana ireo dingan'ny fibebahana amin-kitsim-po, no hahafahantsika mahatsapa ny fanamaivanana ny vesatry ny fahadisoantsika sy ny otantsika. Raha ny marina, ny fahatsapana ho meloka, ny henatra, ny fahoriana, ny alahelo, ary ny fanambaniansika ny tenantsika dia hosoloina eritreritra milamina, sy fahasambarana, sy hafaliana ary fanantenana.

Mifanindran-dalana amin'izany, rehefa manome voninahitra sy mankasitraka ny fahafoizan-tenany isika dia afaka mandray amin'ny fatra tena betsaka ilay faniriana mivaivay ny mba ho zanak' Andriamanitra tsaratsara kokoa, ny mba hanalavitra ny fahotana, ary ny mba hitandrina ireo fanekempihavanana mihoatra ny teo aloha hatrizay.

Ary avy eo, tahaka an'i Enôsa taorian'ny nandraisany ny famelana

ny fahotany, dia isika mihitsy no hanana faniriana hahafy ny tenantsika sy hikatsaka ny fiadananan'ireo rahalahy sy anabavintsika (jereo ny Enôsa 1:9). Ary hanam-piniavana kokoa isika isaky ny “andro iray sisa” hanaraka ilay fanasana nataon'ny Filoha Howard W. Hunter tamintsika raha nilaza izy hoe: “Halamino ny fifandirana. Mikaroha namana iray adino. Esory ny fiahiahiana ka soloy fifampitokisana. . . . Mamalia amin'ny feo malefaka. Amporisihy ireo zatovo. Asehoy amin'ny teny sy ny asa ny tsy fivadihanao. Hazony ny fampantenanana nataonao. Aza mitazona lolom-po. Mamelà ny fahavalonao. Mialà tsiny. Miezaha ny hahatakatra. Lanjalanjao ny zavatra takinao amin'ny hafa. Eritrereto aloha ny hafa. Aoka ianao ho tsara fanahy. Aoka ianao ho malemy fanahy. Mihomeheza bebe kokoa. Manehoa fankasitrahana. Raiso tsara ny vahiny. Ampifalio ny fon-jaza iray. . . . Ambarao ny fitiavanao ary ambarao hatrany” (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Howard W. Hunter* [2015], 34; nalaina avy tamin'ny “What We Think Christmas Is,” *McCall's*, Des. 1959, 82–83).

Enga anie isika rehetra hameno ny androntsika amin'ny asa tahaka izany sy amin'ny hery izay omen'ny fahafoizan-tena ataon'ny tena manokana sy ny fahafoizan-tena ataontsika na raisintsika avy amin'ny hafa. Ary eng a nie isika hianoka amin'ny fomba miavaka, ny fiadanana sy fifaliana atolotry ny fahafoizan-tenan'ilay Lahitokana; eny ilay fiadanana voatonona rehefa mamaky isika hoe lavo i Adama mba hisian'ny olona, ary misy ny olona--misy ianao--mba hahazoanao fifaliana (jereo ny 2 Nefia 2: 25). Izany fifaliana izany dia ny fifaliana izay ny fahafoizan-tenan'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy ny Soromponavotany ihany no afaka manome azy.

Mivavaka aho mba hanaraka Azy isika, mba hino Azy, mba hitia Azy, ary mba hahatsapantsika ilay fitiavana izay asehon'ny fahafoizan-tenany isaky ny manana fahafahana haina andro iray fanampiny indray isika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'i Bonnie L. Oscarson

Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany nisaorana vao vaingana

Zatovovavy ao anatin'ilay asa

Ny zatovovavy tsirairay ato amin'ny Fiangonana dia tokony hahatsapa fa manana ny lanjany sy tokony hanana fahafahana manompo ary tokony hahatsapa fa manana zavatra manan-danja azony entina ato amin'ity asa ity izy.

Herintaona lasa izay, nandritra ny fivoriamben'ny fisoronana tao anatin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany no niresaka tamin'ireo lehilahy ato amin'ny Fiangonana ny Eveka Gérald Caussé ka nanazava fa mpiara-miasa tsy azo sarahina ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna sy ny Fisoronana Melkizedeka eo amin'ny fanatanterahana ny asa famonjena.¹ Fitahiana lehibe izany hafatra izany mba hanampiana ireo zatovolahy mihazona ny Fisoronana Aharôna hahita ny anjara asan'izy ireo eo amin'ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. Ny asa fanompoana iarahan'izy ireo manao dia manamafy orina ny Fiangonana ary miteraka fiovam-po lalina kokoa sy fanolorantena ao am-pon'ireo zatovolahintsika rehefa hitan'izy ireo ny lanjan'ny anjara biriky entin'izy ireo sy ny maha-mahatalanjona ity asa ity.

Te hanampy izany hafatra izany aho androany ao anatin'ny lahateniko raha hiresaka ireo zatovovavin'ny Fiangonana izay ilaina mitovy amin'izany koa eo amin'ny fanatanterahana ny asan'ny

Tompo ao amin'ny fianakaviany sy ny Fiangonany.

Toa an'i Eveka Caussé, dia nipetraka tany amin'ny faritra iray misy sampana kely an'ny Fiangonana aho tamin'ny ankamaroan'ny fotoana naha-zatovo ahy, ary matetika aho no nangatahina mba hanatanteraka andraikitra sy antso tokony hataon'ny olon-dehibe raha



ny mahazatra. Ohatra, izahay izay tao anatin'ny fandaharan'asan'ny zatovo no matetika nandray an-tanana ny fandrafetana sy ny fikarakarana ireo fiarahamientanay sy ireo hetsika manokana. Nanoratra tantara an-tsehatra izahay, nanangana antoko mpihira izahay mba hampiala voly mandritra ireo fiarahamiantana nokarakarain'ny sampana ary nandray anjara feno izahay tao anatin'ireo fivoriana rehetra. Voantso ho mpitarika ny hira tao amin'ny sampana aho ka nitarika ny hira nandritra ny fivoriana Fanasan'ny Tompo isan-kerinandro. Traikefa lehibe amin'ny maha-16 taona ny tena ny nijoro teo anoloan'ny olona rehetra tao amin'ilay sampana isaky ny alahady ary nitarika azy ireo rehefa nihira ireo hira ao amin'ny fihirana. Nahatsapa ho nilaina aho ary nahafantatra fa nanana anjara biriky azo nentina. Niantehitra tamin'ny fahatongavako tany ny olona ary tiako ilay fahatsapana fa ilaina aho. Nanampy ahy tamin'ny fanorenana ny fijoroako ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy izany zavatra niainana izany toy ny nisehoan'izany tamin'ny Eveka Caussé. Nampifototra ny fiainako tamin'ny fanaovana asa fanompoana ao anatin'ny filazantsara izany.

Tokony ho fantatry ny mpikambana tsirairay fa tena ilaina izy ireo. Ny olona tsirairay dia manana zavatra manandanja azo atolotra ary manana talenta sy fahaiza-manao miavaka izay manampy amin'ny fampandrosoana ity asa manandanja ity. Ny zatovolahintsika dia manana ireo andraikitra ny Fisoronana Aharôna voafaritra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana izay mora hita ihany. Mety tsy dia miharihary loatra amin'ireo zatovovavin'ny Fiangonana sy ny ray amandrenin'izy ireo ary ireo mpitarika azy ireo fa manomboka amin'ny fotoana nanaovana batisa azy ireo, dia manana andraikitra ao anatin'ny fanekepihanana izy ireo mba "hiara-malahelo amin'izay malahelo; eny, ary hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra izay mety hisy anareo, na dia

hatramin'ny fahafatesana aza."² Manana tombontsoa mba hanatanteraka ireo andraikitra ireo ny zatovovavy rehefa manompo any amin'ireo fiadidian'ny kilasy sy ao amin'ireo filankevitry ny zatovo ary ao anatin'ireo antso hafa. Ny zatovovavy tsirairay ato amin'ny Fiangonana dia tokony hahatsapa fa manana ny lanjany sy tokony hanana fahafahana manompo ary tokony hahatsapa fa manana zavatra manandanja azony entina ato amin'ity asa ity izy.

Hitantsika ao amin'ny *Boky Torolalana 2*, fa ny asa famonjena ao anatin'ireo paroasintsika dia ahitana "ny asa fitoriana ataon'ny mpikambana, ny fihazonana ireo niova fo, ny fampavitrirahana ireo mpikambana malaindina, ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana, ary ny fampianarana ny filazantsara."³ Io asa io dia tarihin'ireo evekantsika mahatoky izay mihazona ireo fanalahidin'ny fisoronana ho an'ny paroasin'izy ireo. Nandritra ny taona maro izay dia nametraka izao fanontaniana izao ny fiadidianay: "Inona amin'ireo lafin-javatra notanisaina ireo no tsy tokony hataon'ireo zatovovavintsika?" Ny valiny dia manana zavatra azo entina ao anatin'ireo lafinjavatra *rehetran'* ity asa ity izy ireo.

Ohatra, nihaona tamina zatovovavy maro aho tany amin'ny faritr'i Las Vegas izay voantso ho mpanorohevitra mikasika ny tempoly sy ny tantaran'ny fianakaviana ao amin'ny paroasy. Feno fientanentanana izy ireo noho ny fahafahana hampianatra sy hanampy ireo mpikambana ao amin'ny paroasin'izy ireo mba hitady ireo razambeny. Nana fahaiza-manao manandanja mikasika ny solosaina izy ireo sy nianatra ny fomba fampiasana ny FamilySearch ary tena faly hizara izany fahalalana izany amin'ny hafa. Mazava fa nanana fijoroana ho vavolombelona sy fahatakarana mikasika ny maha-zava-dehibe ny fitadiavana ny anaran'ireo razambentsika izy ireo mba hahafahana manatantetraka ireo ôrdônansin'ny famonjena ho azy ireo any amin'ny tempoly.

Volana maro lasa izay dia nana fahafahana nanandrana hevitra tamina zatovovavy 14 taona aho. Nahazo tahadika anankiroan'ireo



fandaharam-potoan'ny filankevitry ny paroasy tamin'izay fotoana izay aho ka nomeko tahadika iray avy i Emma sy i Maggie. Nangataka azy ireo aho mba hamaky ireo fandaharam-potoana sy hijery raha toa ka misy karazana asa avy ao amin'ny filankevitry ny paroasy azon'izy ireo handraisana anjara. Hitan'i Emma fa nisy fianakaviana vao-vao nifindra ao amin'ny paroasy ary nilaza izy fa afaka manampy azy ireo amin'ny fifindrana sy ny famahana ny entana. Nieritreritra izy hoe afaka minamana amin'izay zanaka ao amin'ilay fianakaviana sy mampiseho azy ireo ny sekolin'izy ireo vaovao. Hitany fa hisy fiaraha-misakafo eo anivon'ny paroasy atsy ho atsy ka nahatsapa izy fa misy fomba maro azony hanolorana ny fanampiany.

Hitan'i Maggie fa misy zokiolona maro ao amin'ny paroasy izay ilaina vangina sy mila namana. Nilaza izy fa te hamangy sy hanampy an'ireo mpikambana efa antitra mahafinaritra ireo. Nahatsapa koa izy fa afaka mampianatra ireo mpikambana ao amin'ny paroasy mikasika ny fomba fanamboarana sy ny fampiasana tranonkalan'ny tambajotrantserasera. Tsy nisy na dia zavatra iray aza tao anatin'ireo fandaharam-potoana ireo ka *tsy azon'* ireo zatovovavy roa ireo hitondrana fanampiana!

Moa ve ireo izay manatrika ireo filankevitry ny paroasy na mihazona antso any amin'ny paroasy mba mahita

ireo zatovovavy ho toy ny loharano manan-danja izay mba hanampy amin'ny fanatanterahana ireo zavatra ilaina maro ao amin'ny paroasintsika? Amin'ny ankapobeny, dia misy lisitra lava iray ahitana ireo toe-javatra izay mitaky olona mba hanompo, ary matetika isika tsy mieritreritra afa-tsy ireo olon-dehibe ao amin'ny paroasy mba hanatanteraka ireo zavatra ilaina ireo. Toy ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna izay nasaina mba hiara-hiasa amin'ny rain'izy ireo sy ireo lehilahy hafa ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka, dia azo antsoina ny zatovovavintsika mba hanompo sy hanatanteraka izay zavatra ilain'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy miaraka amin'ny renin'izy ireo na rahavavy hafa izay ohatra tsara. Mahavita zavatra sy mazoto izy ireo ary vonona ny hanao zavatra bebe kokoa noho ny miangona fotsiny isaky ny alahady!

Raha mieritreritra ireo anjara asa izay andrainaina mba hataon'ireo zatovovavy atsy ho atsy isika, dia afaka manontany tena isika hoe, inona avy ireo karazana traikefa azontsika atolotra azy ireo amin'izao fotoana izao izay hanampy amin'ny fiomanan'izy ireo mba ho misiônera, olona mahafehy ny filazantsara, ho mpitarika ao amin'ireo vondrona fanampin'ny Fiangonana, ho mpanao asa any amin'ny tempoly, ho vady, ho reny sy mpanoro hevitra ary namana. Azon'izy ireo atomboka dieny izao ny fanatanterahana ny ankamaroan'ireo anjara asa ireo. Matetika ny zatovo no angatahina mba hampianatra lesona ao amin'ny kilasin'izy ireo ny alahady. Manana fahafahana amin'izao fotoana izao ny zatovovavintsika mba hanatanteraka asa fanompoana izay notanterahin'ireo mpanatanteraka ôrdônansy na mpilatsaka an-tsitraro teo aloha rehefa mandeha any amin'ny tempoly miaraka amin'ireo andian-jatovony izy ireo mba hanatanteraka batisa ho an'ny maty. Ireo ankizivavintsika ao amin'ny sokajin-taonan'ny Kilonga dia asaina amin'izao fotoana izao mba hanatrika ireo fivoriana fampahafantarana mialoha ny fisoronana sy ny tempoly izay hanampy azy ireo hahatakatra fa mpandray anjara manandanja ao anatin'ilay asa tarihin'ny

fisoronana koa izy ireo. Mianatra izy ireo fa ny lehilahy, ny vehivavy sy ny zatovo ary ny ankizy dia mahazo ireo fitahian'ny fisoronana daholo ary afaka mandray anjara mavitrika ao anatin'ny fampandrosoana ny asa tarihin'ny fisoronana.

Ry eveka, fantatray fa mavesatra matetika ny andraikitrareo, saingy raha iray amin'ireo laharam-pahamehanareo ny miahly ireo kôlejin'ny Fisoronana Aharôna, dia manambara koa ny *Boky Torolalana 2* fa “ny eveka sy ireo mpanolotsaina azy no mitarika ny rafitry ny Zatovovavy amin'ny alalan'ny Fisoronana. Miahly sy manamafy orina ny zatovovavy tsirairay izy ireo ka miara-miasa akaiky amin'ny ray aman-dreny sy ireo mpitarika ny Zatovovavy.” Milaza koa izany fa “Mandray anjara matetika amin'ireo fivoriana sy ny asa fanompoana ary ny fiaraha-mientan'ny Zatovovavy ny eveka sy ny mpanolotsaina azy.”⁴ Izahay dia feno fankasitrahana an'ireo eveka izay manokana fotoana hamingiana ireo kilasin'ny Zatovovavy sy manome fahafahana ireo zatovovavy ao amin'ny paroasin'izy ireo mba tsy ho mpijery tsotra fotsiny ny asa. Misotra anareo noho ny fanaovana izay haha-mpandray anjara manandanja ny zatovovavinareo eo amin'ny fanomezana izay zavatra ilain'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy! Ireo fahafahana manompo amin'ny fomba manandanja ireo dia mitahy bebe kokoa azy ireo noho ireo fiaraha-mientana izay hampialana voly azy ireo fotsiny.

Ho anareo zatovovavin'ny Fiangonana, mety feno zavatra atao ary matetika feno fahasaratana ireo taona maha-zatovo anareo. Tsikaritrany fa maro aminareo no mitolona amin'ny fananana olana mikasika ny fanekena ny fananan'ny tena ny maha-izy azy, ny fitebitebena, ny rarin-tsaina goavana, ary ny hareraham-panahy aman-tsaina mihitsy angamba. Ny fampitodihana-reo ny sainareo any amin'ny hafa, fa tsy ny fitoerana ao anatin'ny olanareo manokana, dia mety tsy hamaha ireo olana rehetra ireo, kanefa ny asa fanompoana matetika dia afaka manamaivana ny enta-mavesatrareo ary afaka mampihena ny vesatry ny olanareo. Ny

iray amin'ireo fomba tena tsara mba hampitomboana ny fahatsapana ny fananan'ny tena ny maha-izy azy, dia ny mampiseho amin'ny alalan'ny fiahian-tsika sy ny fanompoantsika ny hafa, fa manana zavatra maro manandanja azo atolotra isika.⁵ Mamporisika anareo zatovovavy aho mba hanangana ny tananareo hirotsaka an-tsitraro rehefa mahita filana fanampiana manodidina anareo ianareo. Rehefa manatanteraka ireo andraikitrareo ao anatin'ny fanekempihavanana ianareo ary mandray anjara amin'ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra, dia hirotsaka eo amin'ny fiainanareo ireo fitahiana ary hahita ilay fifaliana lalina sy maharitra amin'ny maha-mpianatra ianareo.

Ry anadahy sy rahavavy, mahavariana ireo zatovovavintsika ireo. Manana talenta, fientanentanana tsy misy fetra, sy tanjaka izy ireo ary feno fangorahana sy fiahiana. *Te* hanompo izy ireo. Mila mahafantatra izy ireo fa manandanja ary ilaina ao amin'ny asa famonjena. Toy ny Fisoronana Aharôna izay fiomanana amin'ny fanompoana lehibe kokoa satria hiroso ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka ireo zatovolahy, dia miomana mba ho lasa mpikambana ao amin'ilay fikambanam-behivavy lehibe indrindra eto an-tany, dia ny Fikambanana Ifanampiana, ny zatovovavintsika. Ireo zatovovavy sy zatovolahy tsara tarehy sy matanjaka ary mahatoky ireo dia miaraka miomana mba ho vady, sy ho ray sy reny izay hanorina fianakaviana mendrika ny fanjakana selestialin' Andriamanitra.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny asan'ny Raintsika any Andanitra dia ny hanolotra ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay ho an'ireo zanany.⁶ Ireo zatovovavintsika izay sarobidy dia manana anjara asa manandanja eo amin'ny fanatanterahana ity asa lehibe ity. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo Gérald Caussé, “Omano ny lalana,” *Liahona*, may 2017, 75–78.
2. Môsià 18:9.
3. *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), page 24.
4. *Manuel 2*, 10.3.1.
5. Jereo ny Matio 10:39.
6. Jereo ny Mosesy 1:39.



Nataon'ny Loholona Taniela B. Wakolo

Ao amin'ny Fitopololahy

Hitondra hazavana mahagaga ho antsika ireo ôrdônansin'ny famonjena

Mampanantena aho fa ny fandraisana anjara amin'ireo ôrdônansy sy ny fanajana ireo fanekempihavanana mifandraika amin'izy ireo dia hitondra hazavana mahagaga sy fiarovana amin'ity izao tontolo izao miharatsy ity.

Ry rahalahy sy ranabavy isany, miara-mifaly aminareo ao amin'ny filazantsara na ny fotopampianarana'i Kristy aho.

Nisy namana iray indray andro nanontany ny Loholona Neil L. Andersen, izay tao amin'ny Fitopololahy tamin'izany, hoe manao ahoana izany miresaka eo anoloan'ny olona 21.000 ao amin'ny Ivon-toeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana izany. Namaly ny Loholona Andersen hoe: "Tsy ireo olona 21.000 no mampatahotra; fa ireo Rahalahy 15 mipetraka ao aorianao." Nihomehy anakam-po aho tamin'izay, kanefa tsapako izany izao. Tena tia sy manohana ireo lehilahy 15 ireo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara aho.

Niteny tamin'i Abrahama ny Tompo fa amin'ny alalan'ny taranany sy amin'ny alalan'ny fisoronana no hitahiana ny fianakaviana rehetra eto

amponin'ny tany "amin'ny fitahian'ny Filazantsara, . . . dia ny fiainana mandrakizay" (Abrahama 2:11; jereo ihany koa ny andininy 2-10).

Naverina teto ambonin'ny tany ireo fitahian'ny filazantsara sy ny fisoronana

nampanantenaina ireo, ary avy eo tamin'ny 1842 dia nanatontosana ny fanafiana masina tamin'ny lehilahy sy vehivavy tamin'ny isa voafetra ny Mpa-minany Joseph Smith. Iray tamin'izany i Mercy Fielding Thompson. Hoy ny Mpa-minany taminy: "Ity [fanafiana masina] ity dia hitondra anao hivoaka ny haizina hankao amin'ny hazavana mahagaga."¹

Anio aho dia te hifantoka amin'ireo ôrdônansin'ny famonjena, izay hitondra hazavana mahagaga ho ahy sy ho anareo.

Ôrdônansy sy Fanekempihavanana

Ao amin'ny *Miorim-paka amin'ny finoana* isika dia mamaky toy izao: "Ny ôrdônansy dia fombafomba masina sy manara-pitsipika izay tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana. [Ny] ôrdônansy . . . izay tena ilaina ho an'ny fisandratantsika . . . [no] antsoina hoe ôrdônasin'ny famonjena. Ao anatin'izany ny batisa, ny fandraisana ho mpikambana, ny fanendrena amin'ny Fisoronana Melkizedeka (ho an'ny lehilahy), ny fanafiana masina any amin'ny tempoly, ary ny famehezanana ny fanambadiana."²

Nampianatra ny Loholona David A. Bednar hoe: "Ireo ôrdônansin'ny famonjena sy ny fisandratana izay tanterahina ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo naverina tamin'ny laoniny dia . . . manorina fantsona nankatoavina . . . izay ahafahan'ireo fitahiana sy ny herin'ny lanitra mirotsaka eo amin'ny fiainan'ny olona tsirairay."³



Tahaka ny vola madinika manana lafiny roa, ny ôrdônansin'ny famonjena rehetra dia arahana fanekempihavanana atao amin' Andriamanitra. Mampantanena fitahiana ho antsika Andriamanitra raha toa ka manaja amim-pahatokiana ireo fanekempihavanana ireo isika.

Nanambara ny mpaminany Amioleka hoe: "Izao . . . no fotoana . . . hiomanana hihaonana amin'Andriamanitra" (Almà 34:32). Ahoana no fomba hiomanantsika? Amin'ny alalan'ny fandraisana amim-pahamendrehana ireo ôrdônansy. Isika ihany koa dia tsy maintsy "mijanona eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana" araka ny tenin'ny Filoha Nelson. Notohizan'ny Filoha Monson hoe: "Ny fanoloranao tena mba hanaraka ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fanaovana fanekempihavanana Aminy ary avy eo mitandrina ireo fanekempihavanana ireo dia hanokatra ny varavarana hahazoana ireo fitahiana ara-panahy rehetra sy ireo tombontsoa natokana ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy na aiza na aiza."⁴

I John sy Bonnie Newman, tahaka ny maro aminareo, dia nandray ireo fitahiana ara-panahy nampanantenain'ny Filoha Nelson. Indray alahady, rehefa avy niangona niaraka tamin'ireo zanany kely anankitelo i Bonnie dia hoy izy tamin'i John, izay tsy mpikamban'ny Fiangonana tamin'izay: "Tsy vitako irery ity. Mila misafidy ianao na hiaraka aminay any amin'ny fiangonako na ianao misafidy fiangonana iray azontsika handehanana miaraka, saingy mila mahafantatra ny ankizy fa tia an' Andriamanitra ihany koa ny Dadan'izy ireo." Ny alahady manaraka izay sy isaky ny alahady taorian'izay dia tsy hoe niangona fotsiny i John fa nanompo ihany koa: nitendry piano ho an'ny paroasy sy sampana ary Kilonga maro nandritra ny taona maro. Nanana fahafahana nihaona tamin'i John aho tamin'ny aprily 2015, ary tao anatin'izany fihazonana izany dia niresaka izahay fa ny fomba tsara indrindra nahafahany nampiseho ny fitiavany an'i Bonnie dia ny fitondrana azy tany amin'ny tempoly, saingy tsy afaka nitranga izany raha tsy natao batisa izy.

Rehefa avy namonjy Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany nandritra ny 39 taona i John dia natao batisa izy tamin'ny 2015. Iray taona taty aoriana dia nofehezi-na tao amin'ny tempolin'i Memphis Tennessee i John sy i Bonnie, 20 taona taorian'ny nandraisan'i Bonnie ny fanafiana masina. I Robert zanakalahin'izy ireo izay 47 taona dia nilaza momba ny rainy hoe: "Tena namelana tokoa i Dada hatramin'ny nandraisany ny fisoronana." Nampian'i Bonnie hoe: "Efa olona falilafy sy miramirana hatrizay i John kanefa ny fandraisany ireo ôrdônansy sy ny fanajany ireo fanekempihavanany dia nampitombo ny hatsaram-panahiny."

Ny Sorompanavotan'i Kristy sy ny ohatra nasehony

Taona maro lasa izay dia nampitan-drina ny Filoha Boyd K. Packer hoe: "Ny fitondrantena tsara tsy miaraka amin'ireo ôrdônansin'ny filazantsara dia tsy hanavotra na hanandratra ny olombelona."⁵ Raha ny marina dia tsy ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana fotsiny ihany no ilaintsika mba hiverenana any amin'ny Raintsika, fa mila an'i Jesoa Kristy, Zanakalahiny, sy ny Sorompanavotany ihany koa isika.

Nampianatra ny Mpanjaka Benjamin fa ao Aminy sy amin'ny alalan'ny anaran'i Kristy ihany no hahatongavan'ny famonjena amin'ny zanak'olombelona (jereo ny Môsià 3:17; jereo ihany koa ny Fanekem-pinoana 1:3).

Tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany, i Jesoa Kristy dia nanavotra antsika tamin'ireo vokatry ny Fahalavoan'i

Adama ary nahatonga ny fibebahan-tsika sy ny mety hahazoantsika ny fisandratana ho tanteraka. Nametraka ohatra tamin'ny alalan'ny fiainany Izy mba hahazoantsika ireo ôrdônansin'ny famonjena, izay ao amin'izany no "miharihary ny herin'ny toetra araka an'Andriamanitra" (F&F 84:20).

Rehefa avy nandray ny ôrdônansin'ny batisa ny Mpamonjy mba "hahatanteraka ny fahamarinana rehetra" (jereo ny 2 Nefia 31:5–6), dia naka fanahy Azy i Satana. Torak'izany koa, tsy mifarana aorian'ny batisa na ny famehezana antsika ireo fakam-panahy tonga eo amintsika, fa ny fandraisana ireo ôrdônansy masina sy ny fanajana ireo fanekempihavanana miaraka amin'izany dia mameny antsika amin'ny hazavana mahagaga ary manome antsika tanjaka mba hanoherana sy handresena ireo fakam-panahy.

Fampitandremana

Naminany i Isaia fa amin'ny andro farany: "ny tany dia efa voavetaveta . . . satria izy ireo dia . . . namadika ny fanekena mandrakizay" (Isaia 24:5; jereo ihany koa ny F&F 1:15).

Ny fampitandremana mifandray amin'izany, izay nambara tamin'ny Mpaminany Joseph Smith, dia hoe: ny sasany "manatona [ny Tompo] amin'ny molony . . . [ary] mampianatra ny didin'olombelona ho fotopampianarana izy ireo sady manana ny fomban'ny toetra araka an' Andriamanitra nefa mandà ny heriny" (Joseph Smith—Tantara 1:19).

Nampitandrina ihany koa i Paoly fa maro no "manana ny endriky ny





toe-panahy araka an' Andriamanitra, nefa nandà ny heriny; ireny koa dia halaviro" (2 Timoty 3:5). Averiko hoe: ireny koa dia halaviro.

Ireo fialam-boly sy fakam-panahy maro eto amin'ny fiainana dia toy ny "amboadia mitoha" (Matio 7:15). Ilay mpiandry ondry marina no hanomana sy hiaro ary hampitandrina ny ondry sy ny andian'ondry rehefa manatona ireo amboadia ireo (jereo ny Jaona 10:11–12). Amin'ny maha-mpiandry ondry mpianatra antsika izay maka tahaka ny fiainana tonga lafatr'ilay Mpiandry Ondry Tsara, moa ve isika tsy mpiandry ny fanahintsika manokana sy ny an'ny hafa ihany koa? Afaka mahita ireo amboadia manatona isika miaraka amin'ny torohevitr'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara, izay vao notohanantsika, sy miaraka amin'ny hery sy ny fanomezana ny Fanahy Masina, raha toa ka mitandrana sy miomana. Mifanohitra amin'izany, rehefa mpiandry ondry tsy miraharaha ny fanahintsika sy ny fanahin'ny hafa isika dia mety hisy voina hitranga. Ny tsy firaharahiana dia mitarika amin'ny voina. Manasa antsika tsirairay avy aho mba ho mpiandry ondry mahatoky.

Traikefa sy fijoroana ho vavolombelona

Ny fanasan'ny Tompo dia ôrdônansy iray izay manampy antsika hijanonana eo amin'ilay lalana, ary ny fandraisana izany am-pahamendrehana dia marika fa mitandrana ireo fanekempihavanana

mifandraika amin'izany isika miaraka amin'ireo ôrdônansy hafa rehetra. Taona vitsy lasa izay, rehefa nanompo tao amin'ny Misiônan'i Arkansas Little Rock izaho sy i Anita vadiko, dia nandeha niara-nampianatra tamin'ny misiônera tanora roa aho. Nandritra ny lesona dia hoy ilay rahalahy mahafinaritra nampianarinay hoe: "Efa nandeha tany amin'ny fiangonanareo aho. Nahoana ianareo no tsy maintsy mihinana mofo sy misotro rano isaky ny alahady? Indroa izahay no manao izany ao amin'ny fiangonanay: dia ny Paska sy ny Krismasy, ary tena manan-danja izany."

Nozarainay taminy fa didiana isika ny "hihaona miaraka matetika mba hiara-mandray ny mofo sy ny divay" (Môrônia 6:6; jereo ihany koa ny F&F 20:75). Namaky mafy ny Matio 26 sy ny 3 Nefia 18 izahay. Namaly izy fa tsy mbola hitany ny antony ilàna izany.

Dia nizara izao fampitahana manaraka izao izahay: "Alaivo sary an-tsaina hoe niharana lozam-piarakodia mahatsiravina ianao. Naratra ianao ary tsy nahatsiaro tena. Nisy olona iray nihazakazaka, nahita anao tsy nahatsiaro tena, ka niantso ny laharan'ny vonjy taitra 911. Nokarakaraina ianao dia niverina nahatsiaro tena indray."

Nanontanianay ity rahalahy ity hoe: "Rehefa afaka mahafantatra ireo manodidina anao ianao, inona ireo fanontaniana hapetrakao?"

Hoy izy hoe: "Tiako ho fantatra ny fomba nahatongavako teo sy izay

nahita ahy. Te hisaotra azy isan'andro aho satria nanavotra ny aiko izy."

Nozarainay tamin'ity rahalahy mahafinaritra ity ny fomba nanavotan'ny Mpamonjy ny aintsika sy ny ilantsika misaotra Azy isan'andro, isan'andro, isan'andro!

Dia nanontany izahay hoe: "Raha fantatra fa nanome ny ainy ho anao sy ho antsika Izy, isaky ny inona ianao no te hihinana ny mofo sy hisotro ny rano ho tandindon'ny vatany sy ny rany?"

Hoy izy hoe: "Azoko, azoko izany. Fa mbola misy zavatra iray hafa. Tsy velona tahaka ny anany ny fiangonanareo."

Hoy izahay namaly izany hoe: "Inona no hataonao raha toa ka miditra ny varavaranao i Jesoa Kristy Mpamonjy?"

"Handohalika avy hatrany aho" hoy izy.

Dia nanontanianay hoe: "Tsy izany ve no tsapanao rehefa miditra ao amin'ireo trano fiangonan'ny Olomasin'ny Andro Farany ianao: fitsaohana ho an'ny Mpamonjy?"

Hoy izy hoe: "Azoko, azoko ilay izy!"

Nipoitra tao am-piangonana izy tamin'izay alahadin'ny Paska izay ary niverina foana.

Manasa antsika tsirairay aho mba hanontany ny tenantsika hoe: "Inona ireo ôrdônansy, tafiditra ao anatin'izany ny fanasan'ny Tompo, izay ilaiko raisina, ary inona ireo fanekempihavanana ilaiko atao sy tandremana ary hajaina?" Mampanantena aho fa ny fandraisana anjara amin'ireo ôrdônansy sy ny fanajana ireo fanekempihavanana mifandraika amin'izy ireo dia hitondra hazavana mahagaga sy fiarovana amin'ity izao tontolo izao izay miharatsy ity. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 444.
2. *Miorim-paka ao amin'ny finoana: Fanovozan-kevitra mikasika ny filazantsara* (2004); jereo ihany koa ny *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), 2.1.2.
3. David A. Bednar, "Hitana mandrakariva ny famelana ny fahotananareo," *Liahona*, may 2016, 60.
4. Russell M. Nelson, "As We Go Forward Together," *Liahona*, Apr. 2018, 7.
5. Boyd K. Packer, "The Only True Church," *Ensign*, Nov. 1985, 82.



Nataon'i Devin G. Durrant

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Sekoly Alahady Maneran-tany

Mampianatra ao an-tokantrano—andraikitra maharavoravo sy masina

Mangataka ny fanampian'ny lanitra aho eo am-pihezahantsika ny ho tonga mpampianatra tahaka an'i Kristy ao an-tokantranontsika.

Nahalehibe zanaka sarobidy enina izaho sy i Julie vady malalako, ary vao tsy ela ny tokantranonay no lasa tsy nahitana ankizy intsony. Tena manina ny fisian'ireo zanakay ao an-trano amin'ny fotoana feno aho. Manina ireo fotoana nianarako avy tamin'izy ireo aho sy ny fampianarana azy ireo.

Anio dia atodiko any amin'ireo ray aman-dreny sy ireo maniry ny ho ray aman-dreny ny lahateniko. Maro aminareo no manabe zanaka amin'izao. Mety tsy ho ela dia ho avy izany ho an'ny hafa. Ary ho an'ny sasany kosa dia mety mbola fitahiana ho amin'ny ho avy ny fahafahana hanan-janaka. Mivavaka aho mba ho tsapantsika rehetra ny maha-andraikitra maharavoravo sy masina ny fampianarana zaza iray.¹

Amin'ny maha ray aman-dreny antsika dia ampahafantarintsika ny zanatsika ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanakalahiny. Manampy

ireo zanatsika isika hanao ny vavak'izy ireo voalohany. Mitarika sy manohana azy ireo isika amin'ny fidiran'izy ireo eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana² amin'ny alalan'ny batisa. Mampianatra azy ireo isika hitandrina ireo didin' Andriamanitra. Mampianatra azy



ireo isika momba ny drafiny ho an'ireo zanany, ary manampy azy ireo hamantatra ny bitsiky ny Fanahy Masina. Tantaraintsika azy ireo ny tantaran'ireo mpaminany fahiny ary amporisihantsika izy ireo hanaraka ireo mpaminany velona. Mivavaka ho an'ny fahombiaza-n'izy ireo isika ary miara-ory amin'izy ireo mandritra ny fotoam-pisedrana azy ireo. Mijoro ho vavolombelona amin'ireo zanatsika isika momba ireo fitahiana entin'ny tempoly ary miezaka ny hanomana tsara azy ireo ho amin'ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno isika. Manoro hevitra feno fitiavana an'ireo zanatsika isika rehefa tonga ray aman-dreny ihany koa izy ireo. Kanefa—na dia amin'izay fotoana izay aza—dia tsy mitsahatra velively ny ho ray aman-drenin'izy ireo isika. Tsy mitsahatra velively ny ho mpampianatr'izy ireo isika. Tsy hisaorana na oviana na oviana amin'ireo antso mandrakizay amin'ny maha-ray aman-dreny antsika isika.

'Ndeha isika anio handinika ny vitsivitsy amin'ireo fahafahana mahafinaitra nomena antsika hampianarana ireo zanatsika ao an-tokantranontsika.

Fampianarana mandritra ny takarivan'ny mpianakavy

'Ndeha hatombotsika amin'ny takarivan'ny mpianakavy, izay laharam-pahamehana tokoa tao amin'ny tokantrano feno finoana izay nanabeazana ahy. Tsy mahatadidy ny lesona nampianarina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy aho, saingy tadidiko fa tsy mbola nisy herinandro iray tsy nanaovanay izany.³ Fantatro hoe inona no zava-dehibe tamin'ireo ray aman-dreniko.⁴

Tsaroako ny iray tamin'ireo kilalao fanaonay mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Nasain'i Dada ny iray tamin'ireo zanany hanao ilay hatao hoe "Ilay Sedra". Nomeny andiana torolalana ny ankizy, torolalana toy ny hoe: "Voalohany aloha, mankanesa any an-dakozia, sokafy ny vata fampangatsiahana dia hidio ilay izy avy eo. Avy eo dia mandehana mankany amin'ny efitrano fatoriako dia makà bakiraro singany roa ao amin'ny fitoeran'akanjoko. Avy eo dia miverena aty amiko,

sady mitsambikina in-telo dia mitenena hoe: “Vitako ilay izy ry Dada!”

Tena tiako mihitsy rehefa anjarako. Tiako novitaina an-tsakany sy andavany ny dingana rehetra ary nohamamiko ny fotoana nahafahako niteny hoe: “Vitako ilay izy ry Dada!” Nanampy ahy hanorina ny fahatokiantenako io kilalao io ary nanamora ny fifantohan’ny zazalahy pelipelika iray rehefa nampianatra fitsipiky ny filazantsara i Dada na i Neny.

Nanoro hevitra ny Filoha Gordon B. Hinckley fa: “Raha toa ianao ka manana ahiahy amin’ny zava-tsoa entin’ny takarivan’ny mpianakavy dia andramo izany. Vorio manodidina anao ireo zanakao ary ampianaro izy ireo, mijoroa ho vavolombelona amin’izy ireo, miaraha mamaky soratra masina ary miaraha faly amin’izy ireo.”⁵

Tsy maintsy hisy hanakana foana ny fanaovana takarivan’ny mpianakavy.⁶ Na dia eo aza izany dia manasa anareo aho hikaoka fomba hialana amin’ireo sakana ka hanao ny takarivan’ny mpianakavy ho laharam-pahamehana—ary ny kilalao no ataovy laro fototra.

Fampianarana mandritra ny fiaraha-mivavaky ny Mpianakavy

Ny vavaky ny mpianakavy dia fahafaha-mampianatra iray hafa tena tsara.

Tiako ny fomba nampianaran’ny rain’ny Filoha N. Eldon Tanner azy nandritra ny vavaky ny mpianakavy, Hoy ny Filoha Tanner:

“Tadidiko indray hariva raha nandohalika hanao ny vavaky ny mpianakavy izahay, dia hoy ny raiko tamin’ny Tompo: -Nanao zavatra izay tsy tokony ho nataony i Eldon androany; nanenina tamin’izany izy ary raha toa ka avelanao ny helony dia tsy hamerina izany intsony izy.-

“Nahatonga ahy ho tapakevitra ny tsy hanao ilay izy intsony izany—nihoatra lavitra noho ny vokatry ny kapoka mandrivorivo aza.”⁷

Fony aho zazalahy kely dia nahasorena ahy indraindray ny vavaky ny mpianakavy izay toa tafahoatra ka nahatonga ahy niteny irery hoe: “Fa tsy vao teo ve isika no nivavaka

e?” Ankehitriny amin’ny maha-ray ahy dia fantatro fa tsy misy izany hoe mivavaka be loatra izany ao amin’ny fianakaviana.⁸

Mampiaiky ahy foana ny fomba fampahafantaran’ny Ray any An-danitra an’i Jesoa Kristy ho ilay Zanany Malalany.⁹ Nankamamiko ny mivavaka ho an’ireo zanako amin’ny fanononana ny anaran’izy ireo, eo am-pihainoan’izy ireo ny fanehoako amin’ny Ray any An-danitra ny halehiben’ny fitiavako azy ireo. Toa tsy misy fotoana tsara kokoa hilazana ny fitiavantsika an’ireo zanatsika noho ny rehefa miaramivavaka amin’izy ireo na mitsodrano azy ireo isika. Lesona mahery vaika sy maharitra no tafampita rehefa mivory miara-mivavaka amim-panetrentena ny mpianakavy.

Fampianarana isak’izay ilaina

Ny fampianaran’ny ray aman-dreny dia toy ireny hoe dokotera mpiandry raharaha ireny. Mila mivonona hatrany isika hampianatra ireo zanatsika satria tsy ampoizintsika ny hitrangan’ny fotoana afahana mampianatra.

Tahaka ny Mpamonjy isika, ny ankamaroan’ny fampianaran’ny dia “tsy nitranga tany amin’ny sinagôga fa tany amin’ny toerana tsotsotra sy mahazatra—teo am-pisakafoana niaraka tamin’ny mpianany, teo am-pakana rano tao amin’ny fantsakana, teo ampandalovana ny hazo aviavy iray.”¹⁰

Taona maro lasa izay no nitan-taran’ny reniko fa ny roa tamin’ny resadresaka mahakasika ny filazantsara tiany indrindra nataony tamin’i Matt zokiko lahy dia indray andro tamin’izy namalon-damba ary ny iray hafa tamin’izy nitondra azy tamin’ny fiara ho any amin’ny mpitsabo nify. Iray amin’ireo zavatra maro iderako ny reniko dia ny fahavononany hatrany hampianatra ireo zanany.

Tsy mba nifarana mihitsy ny fampianaran-dreny avy aminy. Nandritra ny naha-eveka ahy, ny reniko izay 78 taona tamin’izany dia nilaza ahy fa nila nihety volo aho. Fantany fa mila ho ohatra ho an’ny hafa aho ary tsy niasalasala izy niteny izany tamiko. Tiako ianao ry Neny!



Amin’ny maha-ray ahy, dia marisika aho handalina sy hisaintsaina manokana ny soratra masina mba nahafahako mamaly rehefa manome fahafahana tampoka ahy ireo zanaka aman-jafiko hampianatra azy ireo.¹¹ “Ny sasany amin’ireo fotoana tena tsara azo ampianarana dia manomboka amin’ny fanontaniana na olana ao am-pon’ily [olona iray ao amin’ny fianakaviana].”¹² Mba mihaino ve isika amin’ireny fotoana ireny?¹³

Tiako ny fanasan’ny Apôstôly Petera manao hoe: “Aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo [ary ampiako hoe ny zaza] ny amin’ny anton’ny fanantenana ao anatinareo.”¹⁴

Fony aho zatovololahy dia nankafy nifaninana ny amin’izay mafy tanana izaho sy ny Dadako. Nofenjahanay mafy araka izay tratra ny tanan’ily iray mandrapahatonga azy hiferitr’aina noho ny fanaintainana. Toa kilalao tsy dia mahafinaritra firy intsony izany amin’izao fa nahafinaritra izany tamin’izany fotoana izany. Taorian’ny fifaninanana iray tahaka izay, dia nijery ahy tao amin’ny masoko ny raiko ka niteny hoe: “Mafy tanana ianao ry zanako lahy. Manantena aho fa tsy hoampiasainao na oviana na oviana hikasihana tovovavy tsy amim-pahamendrehana izany herin’ny tananao izany.” Nana-natra ahy izy avy teo mba hadio fitondran-tena ary hanampy ny hafa hanao toy izany koa.

Nitantara toy izao momba ny rainy ny Loholona Douglas L. Callister:

“Raha teny an-dalana hody avy niasa iny ny raiko no niteny tampoka hoe: -Nandoa fahafolonkarena aho androany. Dia nosoratako hoe “misaotra” teo amin’ily taratasy fandoavana fahafolonkarena. Feno fankasitrahana ny Tompo aho noho ny nitahiany ny fianakaviansika.”

Naneho fankasitrahana ity rainy sy mpanabe azy ny Loholona Callister noho izany nanao hoe: “Nampianatra fankatoavana izy, na teo amin’ny fihetsika na teo amin’ny toetra.”¹⁵

Mihevitra aho fa fahendrena ny manontany tena indraindray hoe: “Inona no ho ampianariko, na inona no efa ampianariko ny zanako amin’ny alalan’ny fihetsika sy ny toetra maneho fankatoavana?”

Fampianarana mandritra ny fandalinan’ny mpianakavy soratra masina

Ny fandalinan’ny mpianakavy vy soratra masina no fotoana fifanakalozan-kevitra tsara indrindra hoenti-mampianatra fotopampianarana ao an-tokantrano.

Hoy ny Filoha Nelson: “Tsy hoe tokony hifikitra amin’ny tenin’ny Tompo fotsiny ireo ray aman-dreny fa manana andraikitra tsy azo ialana avy amin’ Andriamanitra izy ireo ny hampianatra izany amin’ireo zanany.”¹⁶

Raha nanabe ireo zanakay izaho sy i Julie dia niezaka hatrany ny tsy hiovaova sy ho tia mamoron-javatra. Indray taona dia nanapa-kevitra ny hamaky ny Bokin’ i Môrmôna amin’ny teny Espaniola izahay mianakavy. Mety izany angamba no antony samy niantsoan’ny Tompo ny zanakay efatra hanompo tamin’ny fotoana feno tany amina misiôna miteny Espaniola. *¿Es posible (Mety ho izay ve?)*.

Nahakasika ny foko tokoa ny nilazan’ny Rahalahy Brian K. Ashton tamin’izany fa izy sy ny rainy dia niara-namaky ny pejy tsirairay tamin’ny Bokin’i Môrmôna tamin’izany kilasy famaranana tany amin’ny Lycée. Tia soratra masina ny Rahalahy Ashton. Voasoratra ao an-tsainy sy ao am-pony ireny. Ny rainy no namboly izany voa izany tao amin’-dRahalahy Ashton tamin’izany zatovo, ary izany voa izany¹⁷ dia nihalehibe tonga



hazon’ny fahamarinana lalim-paka. Nanao toy izany koa tamin’ireo zanany voalohany ny Rahalahy Ashton.¹⁸ Vao tsy ela izay ny zanany lahy valo taona no nanontany azy hoe: “Dada ô, rahoviana kay aho no afaka hamaky ny Bokin’i Môrmôna miaraka amina?”

Mampianatra amin’ny alalan’ny ohatra

Ary farany, ny fampianarantsika ray aman-dreny izay misy fiantraikany lehibe indrindra dia ny ohatra asehontsika. Toroina hevitra isika mba ho “tonga fianarana ho an’ny mino [hiana] amin’ny fiteny, amin’ny fitondrantena, amin’ny fitiavana, amin’ny finoana, amin’ny fahadirovana.”¹⁹

Nandritra ny dia nataonay farany, izaho sy i Julie dia nanatrika fivoriam-bavaka iray ary nahita ny fampiharana an’io andinin-tsoratra masina io. Nisy zatovolany iray izay hanainga tsy ho ela hanompo amin’ny fotoana feno, nanao lahateny nandritra ny fivoriana fana-san’ny Tompo.

Hoy izy: “Ianareo rehetra dia mihevitra fa ny raiko dia olona tsara aty ampiangonana kanefa . . .” Niato izy, ary nitaintaina aho naminavina izay mety holazainy manaraka. Dia notohizany hoe: “olona tsaratsara kokoa noho izay izy ao an-trano.”

Nisaotra ilay zatovo aho avy eo

noho ny fanehoam-pisaorana mitaona fanahy nataony ho an-drainy. Fantatro avy eo fa ny rainy no evekan’ily paroasy. Na dia nanompo tamimpahatokiana tao amin’ny paroasy nisy azy aza ity eveka ity dia tsapan’ny zanany lahy fa ny asa tsara indrindra ataony dia ny ao an-tokantrano.²⁰

Nanoro hevitra ny Loholona D. Todd Christofferson fa: “Isika dia manana fomba maro hampianarana ny . . . taranaka vao misondrotra, ary tokony hanokana araka izay tratra ny eritre-ritsika sy ny ezaka ataontsika hanara-raotana hampiasa ireny. Ambonin’ny zava-drehetra, tsy maintsy manohy mandrisika sy manampy ireo ray aman-dreny isika mba ho mpampianatra tsara kokoa sy maharitra kokoa . . . indrindra amin’ny alalan’ny ohatra.”²¹

Toy izany no fomba fampianaran’ny Mpamonjy.²²

Tamin’ny taon-dasa, nandritra ny fotoam-pialan-tsasatra niarahana tamin’ireo zanakay roa farany dia nandroso hevitra i Julie ny mba hanaovanay batisa isolana tena any amin’ireo tempolin’i St. George sy San Diego. Nimonomonona samirery tanatin’ny eritreritro aho hoe: “Rehefa any an-trano no mankany amin’ny tempoly, fa izao isika miala sasatra. Fa maninona kosa izao raha mba manao zavatra sahaza kokoa

amin'ny fialan-tsasatra?” Taorian'ireo batisa dia te haka sary eo ivelan'ny tempoly hono i Julie. Dia mbola nimononona mangina indray aho. Dia fantatrao ny tohiny: naka sary izahay.

Tian'i Julie hanana fahatsiarovana ny fomba nanampianay ireo razambenay ny zanakay ary torak'izany koa aho. Tsy nila nanao lesona voaomana be momba ny lanjan'ny tempoly izahay. Niainanay izany—izany dia noho ny reny iray izay tia ny tempoly sy te hizara izany fitiavana izany amin'ireo zanany.

Rehefa mifankatia sy maneho ohatra tsara ny ray aman-dreny dia ho voatahy mandrakizay ireo zanany.

Famaranana

Ho anareo rehetra izay miezaka mafy hanao izay vitanareo hampianatra any an-tokantranonareo dia manante-na aho fa hahita fiadanana sy fifaliana ianareo amin'ireo ezaka ataonareo. Ary raha toa ka mahatsapa ianareo fa afaka mivoatra na mila fiomanana bebe kokoa, dia miangavy anareo aho mba hanaiky izay bitsihan'ny Fanahy amina-reo ary hanolo-tena hanao izany.²³

Nilaza ny Loholona L. Tom Perry fa: “Ny tanjaky ny fiarahamonina rehetra, ny fahasambaran'ny mponina ao aminy, ny firoboroboany, ary ny fiadanany dia samy mifototra amin'ny fampianarana ny zanaka ao an-tokantrano.”²⁴

Eny, tsy ao an-tokantranoko intsony izao ireo zanakay, kanefa dia mbola miandry raharaha hatrany aho, vonona ary tsy mahatombina te hikaoka fahafahana sarobidy fanampiny hampianatra ireo zanaka efa lehibe, sy ny zanak'izy ireo, ary indray andro any, enga anie, ireo zafiafiko.

Mangataka ny fanampian'ny lanitra aho eo am-piezahantsika ny ho tonga mpampianatra tahaka an'i Kristy ao an-tokantranontsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25; 93:40.

Nampianatra ny Loholona L. Tom Perry fa: “Mihanaka loatra ny fahefan'ilay fahavalo ka mananika sy manandrana mikiky sy mamotika ny tena fototry ny fiarahamonintsika izy, dia ny fianakaviana izany. Tsy maintsy manapa-kevitra ny ray aman-dreny fa ny fampianarana ao

an-tokantrano no andraikitra faran'izay masina sy manan-danja indrindra” (“Mothers Teaching Children in the Home,” *Liahona*, mey 2010, 30).

- Nampianatra ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa: “Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany. -Lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro- (Salamo 127:3). Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana, ny hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, ary ny hampianatra azy mba hifankatia sy hifanombo, sy hitandrina ny didin' Andriamanitra ary ho olom-pirenena vanona na aiza na aiza hitoerany. Ny mpivady—ireo reny sy ireo ray—dia raisina ho tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra amin'ny fanatanterahana izany adidy izany” (“Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo Iza,” *Liahona*, mey 2017, 145).
2. Jereo ny Russell M. Nelson, “Eo am-pandrosoantsika miaraka,” *Liahona*, apr. 2018, 7.
3. Toy izao no nolazain'ny Loholona David A. Bednard: “Ankehitriny raha afaka manontany ireo zanakay lahy efa lehibe ianareo hoe inona no zavatra tsaroan'izy ireo momba ny vavaky ny mpianakavy, sy ny fandalinana soratra masina, ary ny takarivan'ny mpianakavy dia mino aho fa fantatro ny ho valintenin'izy ireo. Angamba izy ireo tsy hahatadidy vavaka iray manokana na fotoana iray nanaovana fandalinana soratra masina iray manokana na leson'ny takarivan'ny mpianakavy iray izay tena nanan-danja tokoa ka hoe tena namaritra ny fivoaran'izy ireo ara-panahy. Ny zavatra holazain'izy ireo fa tsaroany dia ny hoe tsy nitsahatra nanao ny fomba fanaonay tao amin'ny fianakaviana izahay” (“Hazoto sy hikarakara bebe kokoa ao an-tokantrano,” *Liahona*, nôv. 2009, 19).
4. Jereo ny “Notre foyer ici-bas,” *Cantiques*, lah. 188.

5. *Teachings of Presidents of the Church: Gordon B. Hinckley* (2016), 171.
6. Jereo ny 2 Nefia 2:11.
7. N. Eldon Tanner, “Never Be Ashamed of the Gospel of Christ,” *Ensign*, feb. 1980, 4.
8. Jereo ny 3 Nefia 18:21.
9. Jereo ny Matio 3:16–17; 3 Nefia 11:6–8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:34–36; Joseph Smith—Tantara 1:17.
10. “Araraoty ireo fotoana azo ampianarana tampoka,” *Teaching in the Savior's Way* (2016), 16. Ao amin'ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy* dia ahitana karazana tolo-tsaina sy fitaovana hoenti-mampianatra ao an-tokantrano.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:21; 84:85.
12. *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy*, 16.
13. Jereo ny “Mihainoa” *Torio ny filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera* (2004), 221.
14. 1 Petera 3:15.
15. Douglas L. Callister, “Most Influential Teacher—Emeritus Seventy Pays Tribute to Father,” 29 aôg. 2016, news.lds.org.
16. Russell M. Nelson, “Set in Order Thy House,” *Liahona*, jan. 2002, 81.
17. Jereo ny Almà 32:28–43.
18. Ny rahavavy Melinda Ashton dia misolo-toerana vonjimaiky an-dRahalahy Ashton vadiny, rehefa tsy eo an-toerana ity farany.
19. 1 Timoty 4:12; jereo koa ny Almà 17:11.
20. Ny Eveka Jeffrey L. Stewart dia manompo ao amin'ny paroasy faharoan'i Southgate ao St. George, Utah. Amin'izao i Samuel zananilahy dia manompo any amin'ny misiônan'i Medellín, Colombie.
21. D. Todd Christofferson, “Strengthening the Faith and Long-Term Conversion of the Rising Generation,” fivoriana ho an'ny mpitarika mialoha ny fihaonambe maneran-tany, sept. 2017.
22. Jereo ny 3 Nefia 27:21, 27.
23. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:8–9.
24. Jereo ny L. Tom Perry, “Mothers Teaching Children in the Home,” 30.





Nataon'ny Loholona Dale G. Renlund
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Tantaram-pianakaviana sy asa atao any amin'ny tempoly: Famehezana sy fanasitranana

Rehefa manangona ny tantaram-pianakaviansika isika ary mankany amin'ny tempoly mba hisolo tena ireo razambentsika, dia manatanteraka miaraka ireo fitahiana nampanantenainy amin'ny lafy roan'ny voaly Andriamanitra.

Ny fifandraisana ao amin'ny fianakaviana dia afaka ny ho anisan'ireo zavatra izay tena mitondra fahafaham-po nefa fanamby lehibe indrindra eo amin'ny fiainantsika. Betsaka amintsika no efa niatrika karazana tsy fifankahazoana tao amin'ny fianakaviansika. Ny tsy fifankahazoana toy izany dia nitsiry teo amin'ny lehilahy be herimpo anankiroan'ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'izao andro farany izao. Mpirahalany i Parley sy i Orson Pratt, olona niova fo tany am-piandohana, ary Apôstôly voatendry. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia niatrika fitsapam-pinoana, saingy taorian'izany dia lasa nanana fijoroana ho vavolombelona tsy azo hozongozonina izy ireo. Samy nihafy sy nitondra anjara biriky lehibe ho an'ny fahamarinana izy roalahy.

Nandritra ny vanim-potoana tao Nauvoo dia niharatsy ny fifandraisan'izy ireo, ka tonga hatramin'ny fifamaliana nafana teo imasom-bahoaka izany tamin'ny taona 1846. Nanomboka teo dia lasa nisy fisaraham-bazana naharitra teo amin'izy ireo. I Parley no nanoratra voalohany tamin'i Orson mba hama-ha ilay fifandirana, saingy tsy namaly i Orson. Nilavo lefona i Parley, ary nahatsapafa tapitra hatreo ny fifandraisana, raha tsy hoe i Orson angamba no maniry izany indray.¹

Taona maro taty aoriana, tamin'ny martsa 1853, dia nahare i Orson fa misy ny fikasana hamoaka boky iray momba ireo taranak'i William Pratt, izay razambe Amerikanina voalohany indrindran'izy mirahalahy. Nanomboka nitomany "tahaka ny ankizy kely" i Orson raha nijery izany

tantaram-pianakaviana sarobidy izany. Nihanalefaka ny fony, ary tapa-kevitra izy hihavana amin'ny rahalahiny.

Nanoratra tamin'i Orson i Parley: "Izao ry rahalahiko malala, amin'ireo taranak'i Lietnà William Pratt Razambentsika dia tsy misy liana lalina amin'ny fikarohana momba ny taranany mihoatra noho isika mirahalahy." Anisan'ny voalohany nahatakatra i Orson fa ireo Olomasin'ny Andro Farany dia manana adidy hikaoka sy hanangona ireo tantaram-pianakaviana mba hahafahantsika manatanteraka ôrdônansy soloana tena ireo razambentsika. Mitohy toy izao ny taratasiny: "Fantatsika fa ilay Andriamanitr'ireo raintsika dia namporisika izao rehetra izao. . . . Mangataka famelana aho noho ny tsy niraharahiako ny fanoratana anao. . . . Manantena aho fa hamela ahy ianao."² Na dia teo aza ny fijoroana ho vavolombelona tsy azo hozongozonina nananan'izy ireo dia ny fitiavan'izy ireo ny razambeny no niteraka ny fandravonana ilay tsy fifankahazoana, ny fanasitranana ny ratra, ary ny fikatsahana sy fanolorana famelana.³

Rehefa mampanao antsika zavatra iray Andriamanitra dia matetika manana tanjona maro Izy ao am-badik'izany. Ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly dia tsy ho an'ny maty ihany fa mitahy ny velona koa. Ho an'i Orson sy i Parley dia nampitodika ny fon'izy samy izy izany. Ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly no nitondra ny hery hanasitranana ny zavatra nilaina nositranina.



Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia manana andraikitra masina isika hika-roka ireo razambentsika ary hanangona tantaram-pianakaviana. Mihoatra lavitra noho ny fialamboly izay anentanana antsika izany, satria ireo ôrdônansin'ny famonjena dia ilain'ny zanak' Andriamanitra rehetra.⁴ Isika dia tokony hamantatra ireo razambentsika izay maty nefa tsy nandray ireo ôrdônansin'ny famonjena. Afaka manatontosa ireo ôrdônansy isolohana tena any amin'ny tempoly isika, ary afaka misafidy ny hanaiky izany ôrdônansy izany ireo razambentsika.⁵ Amporisihina koa isika hanampy ireo mpikambana ao amin'ny parosy sy tsatoka misy antsika amin'ny anaran'ireo fianakavian'izy ireo. Tena mahavariana sy mampiantanentana tokoa fa, amin'ny alalan'ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly dia afaka manampy amin'ny fanavotana ireo maty isika.

Saingy eo am-pandraisantsika anjara amin'ny tantaram-pianakaviana sy ny asan'ny tempoly ankehitriny, dia afaka ny handray koa ireo fitahiana miendrika "fanasitranana" nampanantenain'ireo mpaminany sy apôstôly isika.⁶ Ireo fitahiana ireo dia mahavariana sy mampiantanentana koa noho ny vokany sy ny toetoetrany manokana ary ny fiantraikany eto. Izany lisitra lava be izany dia ahitana ireto fitahiana ireto:

- Fahatakarana bebe kokoa ny Mpa-monjy sy ny sorompanavotany;
- Fitarihan'ny Fanahy Masina bebe kokoa⁷ mba hahatsapana tanjaka sy fitarihana eo amin'ny fiainantsika;
- Finoana lehibe kokoa, mba hahafahan'ny fiovam-po ho an'ny Mpa-monjy ho lalina sy maharitra;
- Fahafahana sy fahazotoana bebe kokoa hianatra sy hibe-baka⁸ noho ny fahatakarantsika hoe iza isika, avy aiza isika ary noho ny fahitana mazava kokoa hoe ho aiza isika;
- Fitarihana madio sy masina ary mampahalala onony bebe kokoa ao am-pontsika;
- Fialiana bebe kokoa avy amin'ny fahafahana mahatsapa bebe kokoa ny fitiavan'ny Tompo];



- Fitahiana bebe kokoa ho an'ny fianakaviana, na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra iainan'ny fianakaviansika ankehitriny, na niainany taloha na hiainany ary na manao ahoana na manao ahoana izay mety ho tsy fahalavorarian'ny tetiarantsika;
- Fitiavana sy fankasitrahana bebe kokoa hatrany ny razambentsika sy ny havantsika mbola velona, mba hahatsapantsika ho irery intsony;
- Hery bebe kokoa hamantarana ireo izay mila fanasitranana, ka noho izany, hanompo ny hafa miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo;
- Fiarovana bebe kokoa amin'ny fakam-panahy sy ny fisarihana mahery vaika ataon'ny fahavalo; ary
- Fanampiana bebe kokoa mba hanasitranana ireo fo mihotakotaka, na maratra, na feno tebiteby, ary hitsaboana izay maratra.⁹

Raha toa efa nivavaka mba hahazo fitahiana toy izany ianao dia mandraisa anjara amin'ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly. Rehefa manao izany ianao dia hovalina ny vavaka ataonao. Rehefa tanterahina ho an'ireo izay efa nodimandry ny ôrdônansy dia sitrana koa ireo zanak' Andriamanitra ety an-tany. Tsy mahagaga raha tao tao anatin'ny hafatra voalohany

nambarany amin'ny maha-Filohan'ny Fiangonana azy ny Filoha Russell M. Nelson dia nilaza hoe: "Ny fitsaohana ataonao any amin'ny tempoly sy ny asa fanompoana ataonao any dia hanome fanambarana ho an'ny tena manokana sy fiadanana bebe kokoa ho anao ary hanamafy orina ny fanolorantenanao hijanona eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana."¹⁰

Nisy mpaminany fahiny anankiray koa izay nahita mialoha ireo fitahiana izay sady ho an'ny velona no ho an'ny maty.¹¹ Ny mpitondra hafatra avy any an-danitra iray dia nampiseho an'i Ezeikiela fahitana momba ny tempoly iray izay nisy rano niboiboika avy taminy. Nolazaina tamin'i Ezeikiela hoe:

"Ity rano ity dia mivoaka . . . dia midina any amin'ny tani-hay, ka miditra eo amin'ny ranomasina . . . , [dia] sitrana ny rano.

"Ary ny zava-manan-aina rehetra sesehena na aiza na aiza alehan'ny ony tondraka dia ho velona: . . . dia ho sitrana izy, ary ho velona izay rehetra hidiran'ny ony."¹²

Tsara marihina ny toetra anankiroa nananan'ilay rano. Voalohany, na dia tsy nikoriana nankany amina renirano na farihy lehibe kokoa aza ilay ony kely dia nitombo lasa renirano lehibe izany, lasa nidadasika kokoa ary lalindalina kokoa arakaraka ny fahala-viran'ny korian-dranony. Misy zavatra



mitovy amin'izany izay mitranga, dia ireo fitahiana izay mirotsaka avy amin'ny tempoly izany rehefa fehezina ho fianakaviana ny olona. Misy ny fitomboana lehibe eo amin'ireo taranaka efa nifandimby sy mbola hifandimby rehefa mampifandray ireo fianakaviana ny ôrdônansin'ny famehezana.

Faharoa, nanavao izay rehetra nokasihany ilay ony. Ireo fitahian'ny tempoly dia manana fahafahana hanasitrana mahavariana toy izany koa. Ireo fitahian'ny tempoly dia afaka manasitrana fo sy aina ary fianakaviana.

Ndeha hizara ohatra mikasika izany aho. Tamin'ny 1999 dia nitambotsotra noho ny fahatapahan'ny lalan-drà tao amin'ny atidohany ny zatovolahy iray antsoina hoe Todd. Na dia mpikamban'ny Fiangonana aza i Todd sy ny fianakaviany dia goragora ny fahazo-toan'izy ireo, ary tsy mbola niaina ireo fitahian'ny tempoly izy ireo. Nandritra ilay alina farany niainan'i Todd dia nipetraka teo akaikiny i Betty reniny, nikapokapoka ny tanany no sady niteny hoe: "Todd a! Raha toa tena tsy maintsy handeha ianao dia mampiantena aho fa hanao izay hahavitany ny asa atao any amin'ny tempoly ho anao." Ny ampitso marain'izay dia nambara ho nitsahatra tsy niasa intsony ny atidohan'i Todd. Nafindran'ny mpitsabo mpandidy tao amin'ny marariko iray, izay olona tena miavaka nantsoina hoe Rod, ny fon'i Todd.

Volana vitsivitsy taorian'ilayfamin-drana fo dia nampahafantarina ny momba ny fianakavian'ny nanome fo i Rod ary dia nanomboka nifandray tamin'izy ireo izy. Roa taona teo ho eo taorian'izay dia nanasa an'i Rod mba ho tonga hanatrika i Betty renin'i Todd, tamin'ny fotoana nankanesany tany amin'ny tempoly voalohany. Tao amin'ny efitra selestialin'ny tempolin'i St. George Utah no nihaonan'i Rod sy i Betty mivantana voalohany.

Fotoana iray taorian'izay dia nodimandry ny rain'i Todd, vadin'i Betty. Taona vitsivitsy taty aoriana dia nanasa an'i Rod mba hisolo tena ny zanany efa maty amin'ny fandraisana ireo ôrdônansiny i Betty. Nanatanteraka izany tamim-pankasitrahana i Rod, ary nifarana tao amin'ny efitra famehezana tao amin'ny tempolin'i St. George Utah ilay asa fisoloana tena. Nofehezina tamin'ilay vadiny efa maty i Betty, izay nandohalika teo amin'ny alitara teny ampitan'ny zafikeliny izay nanao ny fisoloana tena. Avy eo, niaraka tamin'ny ranomaso nikoriana teo amin'ny takolany, dia niantso an'i Rod mba hiaraka amin'izy ireo eo amin'ny alitara izy. Nandohalika teo akakin'izy ireo i Rod, izay nisolo tena an'i Todd zanany lahy, ary ny fon'i Todd dia mbola nidoboka hatrany tao an-tratran'i Rod. Dia voafehy mandrakizay tamin'ny ray amandreniny i Todd, ilay nanome ny fony ho an'i Rod. Notanterahin'ny renin'i Todd ilay fampanantenana nataony tamin'ny zanany lahy teo am-pialana aina taona vitsivitsy lasa.

Saingy tsy tapitra teo ny tantara. Dimy ambin'ny folo taona taorian'ny famindrana fo taminy dia nirotsaka tamin'ny fanambadiana i Rod ka nangataka ahy mba hanatanteraka ny famehezana ao amin'ny tempolin'i Provo Utah izy. Ny andron'ny fanambadiana dia nihaona tamin'i Rod sy i Kim, ilay vadiny mahafinaritra be aho, tao amin'ny efitra iray mifanila amin'ny efitra famehezana, izay toerana niandrasan'ireo fianakaviany sy ireo namana akaiky indrindra azy ireo. Rehefa avy niresaka tamin'i Rod sy i Kim nandritra ny fotoana fohy aho dia nanontany aho raha toa nanana fanontaniana izy ireo.

Namaly i Rod hoe: "Eny. Tonga ato ny fianakavian'ny nanome ny fony ho ahy, ary maniry ny hihaona aminao izy ireo."

Tsy nampoiziko izany ary nanontany aho hoe: "Izany hoe ny tianao holazaina dia ato izy ireo? Izao ve?"

Namaly i Rod hoe: "Eny."

Nihodina kely tao amin'ny zorony aho ary niantso ilay fianakaviana tany ivelan'ilay efitra famehezana. Nanatona anay i Betty sy ny zanany vavy ary ny vinantolahiny. Nofihinin'i Rod i Betty, sy nisaorany noho ny fahatongavany, ary nampahafantariny azy ny tenako avy eo. Hoy i Rod hoe: "Betty a! Izy no Loholona Renlund. Izy no mpitsabo nikarakara ny fon'ny zanakalahinao nandritra ny taona maro." Namakivaky ny efitra izy dia namihina ahy. Ary nandritra ireo minitra vitsivitsy taorian'izany dia nifamihina sy latsadranomasom-pifaliana ny rehetra.

Rehefa nilamindamina izahay dia nandeha tao amin'ny efitra famehezana, izay namehezana an'i Rod sy i Kim mandritra izao fiainana izao sy mandrakizay. I Rod, Kim, Betty, ary ny tenako dia afaka mijoro ho vavolombelona fa tena akaiky anay ny lanitra tamin'izay, ary nisy ireo hafa izay efa nodimandry niaraka taminay tamin'io andro io.

Ao anatin'ny fahaizany tsy manampetra Andriamanitra dia mamehy sy manasitrana ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana na dia eo aza ny zavadoza mitranga sy ny fahafatesana ary ny fahasaratana. Indraindray isika mampitaha ny zavatra tsapantsika ao amin'ny tempoly amin'ny fiainana sombin'ny lanitra.¹³ Tamin'io andro io, tao amin'ny tempolin'i Provo Utah, dia nisy dikany manokana tamiko ny teny nolazain'i C. S. Lewis: "[Ny olona mety maty] dia milaza momba ny sasany amin'ireo fijaliana tsy maharitra hoe, -Tsy misy fahasambarana afaka hanonitra izany;- noho ny tsy fahafantarany fa raha vao tratra ny Lanitra dia havadiny ho voninahitra izany fijaliana izany. . . . Ilay Voatahy dia hilaza hoe, -Tsy nipe-traka tany amin'ny toeran-kafa afa-tsy tao an-danitra izahay.-"¹⁴

Hankahery sy hanampy ary hanohana antsika Andriamanitra;¹⁵

ary hanamasina ho antsika ny fahoriantika lalina indrindra Izy.¹⁶ Rehefa manangona ny tantaram-pianakaviansika isika ary mankany amin'ny tempoly mba hisolo tena ireo razambentsika, dia manatanteraka amin'ny fotoana iray ihany ny maro amin'ireo fitahiana nampanantenainy ireo amin'ny lafy roan'ny voaly Andriamanitra. Torak'izany koa, voatahy isika rehefa manampy ny hafa ao amin'ny paroasy sy ny tsatoka misy antsika mba hanao toy izany koa. Ireo mpikambana izay monina lavitry ny tempoly dia mandray ireo fitahiana ireo koa amin'ny fandraisana anjara amin'ny asa atao momba ny tantaram-pianakaviana, ny fanangonana ny anaran'ny razambeny mba hanatanterahana ôrdônansin'ny tempoly ho azy ireo.

Nampitandrina anefa ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Afaka ny hanentana ny fanahintsika mandritra ny tontolo andro ireo zavatra niainan'ny hafa momba ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana. Saingy tsy maintsy manao zavatra isika mba hahatsapantsika mivantana marina ilay fifaliana." Nanohy izy hoe: "Manasa anareo aho mba hieritreritra ombambavaka ny karazana fahafoizantena, tsara kokoa raha fahafoizana fotoana, azonareo atao mba hanaovana asa atao any amin'ny tempoly sy tantaram-pianakaviana bebe kokoa amin'ity taona ity."¹⁷ Rehefa manaiky ny fanasan'ny Filoha Nelson ianareo, dia hahita sy hanangona ary hampifandray

ny fianakavianareo. Ankoatra izany dia hirotsaka eo aminareo sy eo amin'ny fianakavianareo ireo fitahiana tahaka ilay ony noresahan'i Ezekiela. Hahita fanasitranana ho an'izay ilaina sitraniana ianareo.

I Orson sy i Parley Pratt dia niaina ny vokatry ny fanasitranana sy ny famehezana avy amin'ny tantaram-pianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly tany amin'ny voalohandohan'ity fotoampitantanana ity. Niaina izany i Betty sy ny fianakaviany, ary i Rod. Afaka miaina izany koa ianao. Amin'ny alalan'ny sorompanavotany, i Jesoa Kristy dia manolotra ireo fitahiana ireo ho an'ny rehetra, na ny maty izany na ny velona. Noho ireo fitahiana ireo dia hahita isika, ara-panoharana, fa "tsy nipetraka tany amin'ny toeran-kafa afa-tsy . . . tao an-danitra [isika]." ¹⁸ Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Parley P. Pratt to Orson Pratt, May 25, 1853, Orson Pratt Family Collection, Church History Library, Salt Lake City; ao amin'ny Terryl L. Givens and Matthew J. Grow, *Parley P. Pratt: The Apostle Paul of Mormonism* (2011), 319.
2. Orson Pratt to Parley P. Pratt, Mar. 10, 1853, Parley P. Pratt Collection, Church History Library, Salt Lake City; ao amin'ny Givens and Grow, *Parley P. Pratt*, 319.
3. Tsara ho marihina fa tsy nanampy tamin'ny famoahana ilay boky momba ireo taranak'i William Pratt fotsiny ihany i Orson Pratt fa, taona maro taty aoriana, tamin'ny 1870, dia nanatontosa batisa isolaina tena mihoatra ny 2.600 tao amin'ny Endowment House (Trano fanatanterahana ny Fanafiana masina) tao Salt Lake City ho an'ireo olona maty tao amin'ilay boky (jereo ny Breck England, *The Life and Thought of Orson Pratt* [1985], 247).
4. Jereo ny Joseph Smith, *History of the Church*, 6:312–13.
5. Jereo ny "Anarana alefa izay ilaina hanaovana Ôrdônansy any amin'ny Tempoly," Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 29 feb. 2012. Ireo razambe izay hanaovana ôrdônansy any amin'ny tempoly amin'ny alalan'ny fisoloana tena dia tokony hisy rohim-pihavanana amin'ilay mpandefa. Ireo mpikamban'ny Fiangonana tsy an-kanavaka dia tsy tokony handefa anaran'olona avy amina vondron'olona tsy nahazoana lalana, toy ireo olo-malaza sy ireo Jiosy niharan'ny Fandringana Faobe.
6. Jereo ny Dallin H. Oaks, "In Wisdom and Order," *Tambuli*, Dec. 1989, 18–23; D. Todd Christofferson, "The Redemption of the Dead and the Testimony of Jesus," *Liahona*, Jan. 2001, 10–13; Boyd K. Packer, "Your Family History: Getting Started," *Liahona*, Aug. 2003, 12–17; Thomas S. Monson, "Constant Truths for Changing Times," *Liahona*, May 2005, 19–22; Henry B. Eyring, "Hearts Bound Together," *Liahona*, May 2005, 77–80; M. Russell Ballard, "Faith, Family, Facts, and Fruits," *Liahona*, Nov. 2007, 25–27; Russell M. Nelson, "Famonjena sy fisandratana," *Liahona*, may 2008, 7–10; Russell M. Nelson, "Taranaka mifandray amin'ny alalan'ny fitiavana," *Liahona*, may 2010, 91–94; David A. Bednar, "Hitodika ny fon'ny zanaka," *Liahona*, nôv. 2011, 24–27; Richard G. Scott, "Ny fifaliana avy amin'ny fanavotana ny maty," *Liahona*, nôv. 2012, 93–95; Quentin L. Cook, "Faka sy Sampana," *Liahona*, may 2014, 44–48; Thomas S. Monson, "Manafaingana ilay Asa," *Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany*, jona 2014, 4–5; Henry B. Eyring, "Ilay Fampanantenana Hampitodika ny Fo," *Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany*, jolay 2014, 4–5; David A. Bednar, "Asa Fitoriana, Tantaram-pianakaviana ary Asa Atao any amin'ny Tempoly," *Liahona*, ôkt. 2014, 14–19; Neil L. Andersen, "My Days' of Temples and Technology," *Liahona*, Feb. 2015, 26–33; Neil L. Andersen, "Sharing the Temple Challenge," Family Discovery Day, Feb. 2015, LDS.org; Quentin L. Cook, "The Joy of Family History Work," *Liahona*, Feb. 2016, 22–27; Gary E. Stevenson, "Aiza ny fanalahidy sy fahefan'ny Fisoronana?" *Liahona*, may 2016, 29–32; Dieter F. Uchtdorf, "Ho fiderana ireo izay manavotra," *Liahona*, may 2016, 77–80; Quentin L. Cook, "Alaivo sary an-tsaina ny tenanao hoe any amin'ny tempoly," *Liahona*, may 2016, 97–101; Dale G. Renlund, Ruth L. Renlund, and Ashley R. Renlund, "Family History and Temple Blessings," *Liahona*, Feb. 2017, 34–39; Dallin H. Oaks and Kristen M. Oaks, "Connected to Eternal Families," Family Discovery Day, Mar. 2018, LDS.org.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:15.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:21.
9. Jereo ny Boyd K. Packer, "Balm of Gilead," *Ensign*, nôv. 1987, 16–18; Jeremiah 8:22; 51:8.
10. Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona*, apr. 2018, 4.
11. Jereo ny Ezekiela 40–47; Bible Dictionary, "Ezekiel."
12. Ezekiela 47:8–9.
13. Jereo ny Spencer W. Kimball, "Glimpses of Heaven," *Ensign*, des. 1971, 36–37.
14. C. S. Lewis, *The Great Divorce: A Dream* (2001), 69.
15. Jereo ny Isaia 41:10.
16. Jereo ny "Fototra mafy orina," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, lah. 59.
17. I Russell M. Nelson sy i Wendy W. Nelson, "Open the Heavens through Temple and Family History Work," *Liahona*, ôkt. 2017, 19.
18. Lewis, *The Great Divorce*, 69.



**Nataon'i Douglas D. Holmes**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny
Fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany

Ny zavatra tokony ho takatry ny mpihazona ny fisoronana Aharôna tsirairay avy

Ny fanendrena anareo ho amin'ny Fisoronana Aharôna dia tena manan-danja amin'ny fanampiana ny zanak' Andriamanitra handray ny herin'ny Sorompanavotan'i Kristy.

Ry rahalahy isany, voninahitra lehibe tokoa ny miaraka aminareo amin'ity fihaonambe manan-tantara ity. Fony aho filohan'ny misiôna vaovao, dia faly ery aho nandray ny andiana misiônera vaovao voalohany tao aminay. Niomana hanao fivoriana fohy niaraka tamin'izy ireo ny misiôneranay vitsivitsy izay efa nahazo traikefa kokoa. Dia tsikaritra fa nandamina sezan'ankizy tamin'ny endrika faribolana izy ireo.

“Fa hataonareo inona ireo seza kely ireo?” Hoy aho nanontany.

Niteny tamim-pahamenamenarana ireo misiônera hoe: “Ho an'ireo misiônera vaovao.”

Mino aho fa misy fiantraikany lehibe eo amin'ny fomba fiheveran'ny hafa ny tenany sy izay mety hahatongavan'ny ny fomba fiheverantsika azy ireo.¹ Nipetraka tamin'ny sezan'olon-dehibe ireo misiôneranay vaovao tamin'izay andro izay.

Manahy aho fa indraindray isika dia toy ny manome sezan'ankizy ho an'ireo zatolahintsika ao amin'ny Fisoronana Aharôna mba hipetrahan'izy ireo, fa tsy manampy azy ireo hahatakatra fa Andriamanitra dia nanome andraikitra masina sy asa manan-danja azy ireo mba ho ataony.

Ny Filoha Thomas S. Monson dia nanoro hevitra antsika fa ny zatovolahy dia mila mahatakatra “ny dikan'ny hoe . . . mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra. Mila tarihina ho amin'ny fahatsiarovan-tena ara-panahy ny amin'ny fahamasinan'ny antso nanendrena azy izy ireo.”²

Anio aho dia mivavaka ny mba hitarihan'ny Fanahy Masina antsika hahazo fahatakarana lehibe kokoa momba ny hery sy ny fahamasinan'ny Fisoronana Aharôna sy ny hitarihany antsika hifantoka amim-pahazotoana kokoa amin'ny adidintsika ao amin'ny fisoronana. Ny hafatro dia ho an'ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna rehetra, ka tafiditra ao anatin'izany ihany koa ireo izay efa mihazona ny Fisoronana Melkizedeka.

Nampianatra ny Loholona Dale G. Renlund fa ny tanjon'ny fisoronana dia ny hanome an'ireo zanak' Andriamanitra fahafahana hahazo ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.³ Mba handraisana ny herin'ny Sorompanavotan'i Kristy eo amin'ny fiainantsika, dia tsy maintsy mino Azy isika, mibebaka amin'ny fahotantsika, manao sy mitandrina faneke mpihavanana masina amin'ny alalan'ireo ôrdônansy, ary mandray ny Fanahy Masina.⁴ Tsy fitsipika handraisantsika anjara indray mandeha fotsiny ireo, fa miara-miasa, mifanamafy sy mifampiorina ao anatin'ny dingana mitohin'ny fivoarana miakatra hatrany mba “[hanatona] an' i Kristy, [sy] hatao tanteraka ao Aminy.”⁵

Koa inona ary no anjara asan'ny Fisoronana Aharôna ao anatin'izany? Ahoana no hanampian'izany antsika



hahazo ny herin'ny Sorompanavotan'i Kristy? Inoako fa ao amin'ny fanalahidy izay hazonin'ny Fisoronana Aharôna no ahitana ny valin'izany, dia ny fanalahidin'ny fanompoan'ny anjely sy ny filazantsara fiomanana.⁶

Ny fanompoan'ny anjely

Lafin-javatra iray amin'ny fanompoan'ny anjely no tiako hanombohana azy. Alohan'ny hahafahan'ny zanak' Andriamanitra hino an'i Jesoa Kristy, dia mila mahafantatra ny momba Azy sy ampianarina ny filazantsarany izy ireo. Araka ny nolazain'i Paoly Apôstôly hoe:

“Hataony ahoana no fino izay Olona tsy reny? Ary hataony ahoana no fandre, raha tsy misy mpitory?

Ary hataony ahoana no fitory, raha tsy nirahina? . . .

“Koa ny finoana dia avy amin'ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy.”⁷

Efa hatrany am-boalohany Andriamanitra no “[naniraka] ny anjely hanompo ny zanak' olombelona, mba hampiseho . . . ny fiavian'i Kristy.”⁸ Ny anjely dia olona avy any an-danitra izay mitondra ny hafatr' Andriamanitra.⁹ Na amin'ny teny Hebreo na amin'ny teny Grika, ny foto-tenin'ny hoe *anjely* dia midika hoe “iraka.”¹⁰

Tahaka ny maha-iraka nahazo lalana ny anjely, izay nirahin' Andriamanitra mba hanambara ny teniny sy hampiorina ny finoana noho izany, dia mitovy be amin'izany ny hoe isika izay miha-zona ny Fisoronana Aharôna dia notendrena mba “hampianatra sy hanasa ny rehetra hanatona an' i Kristy.”¹¹ Adidin'ny fisoronana ny mitory ny filazantsara. Ary ny hery mifandraika amin'io adidy io dia tsy ho an'ireo mpaminany fotsiny, na ho an'ireo misiônera fotsiny ihany. Ho anareo izany!¹²

Koa ahoana ary no hahazoantsika an'io hery io? Ahoana no ahafahan'ny diakona 12 taona, na ny iray amintsika, hitondra finoana an'i Kristy any ampon'ny zanak' Andriamanitra? Atombo-tsika amin'ny fampitoerana ny teniny ao amintsika izany mba hahatonga ny herin'izany ho ao anatintsika.¹³ Nampantena Izy fa raha manao izany isika



dia hanana “ny herin' Andriamanitra . . . ho fandresen-dahatra ny olona.”¹⁴ Mety ho fahafahana hampianatra ao amin'ny fivorian'ny kôlejy na hitsidika ny tokantranan'ny mpikambana iray izany. Mety ho andraikitra tsy dia ôfisialy ilay izy, toy ny fifampiresahana amin'ny namana iray na olona iray ao amin'ny fianakaviana. Amin'ireo sehatra rehetra ireo, raha niomana isika, dia afaka mampianatra ny filazantsara amin'ny fomba fanaovan'ny anjely izany isika: dia amin'ny herin'ny Fanahy Masina.¹⁵

Vao haingana aho no nahafantatra momba an'i Jacob, mpihazona ny Fisoronana Aharôna ao Papouasie-Nouvelle-Guinée, nijoro ho vavolombelona ny amin'ny herin'ny Bokin'i Môrmôna sy ny fomba nanampian'izany azy hanohitra ny ratsy ka hanaraka ny Fanahy. Nampitombo ny finoako sy ny finoan'ny hafa ny teniny. Nitombo ihany koa ny finoako rehefa nahare mpihazona ny Fisoronana Aharôna nampianatra sy nijoro ho vavolombelona tao amin'ny fivorian'ny kôlejin'izy ireo aho.

Ry zatovolahy, iraka nahazo lalana ianareo. Ianareo dia afaka mitondra ny finoana an'i Kristy any ampon'ny zanak' Andriamanitra amin'ny alalan'ny teny sy ny asa ataonareo.¹⁶ Hoy ny Filoha Russell M. Nelson hoe: “Ho azy ireo ianareo dia toy ny anjely izay manompo.”¹⁷

Ny Filazantsara fiomanana

Ny finoana an'i Kristy izay mitombo dia mitarika mandrakariva amin'ny

fananana faniriana hiova na hibe-baka.¹⁸ Ka noho izany dia mazava ho azy raha miaraka amin'ny fanalahidin'ny fanompoan'ny anjely ny fanalahidin'ny filazantsara fiomanana, dia ny “filazantsaran'ny fibebahana sy ny batasa sy ny famelana ny fahotana.”¹⁹

Rehefa mandalina ny adidinareo ao amin'ny Fisoronana Aharôna ianareo, dia hahita didy iray mazava, dia ny hanasa ny hafa hibe-baka sy hivoatra.²⁰ Tsy midika akory izany hoe hijoro eny an-tsisin-dalana isika dia hiantsoantso hoe: “Mibebaha ianareo!” Fa matetika kokoa izany dia midika hoe mibebaka *isika*, mamela heloka isika, ary rehefa manompo ny hafa isika dia manolotra ny fanantenana sy ny fiadanana hoentiny ny fibebahana, satria niainantsika manokana ilay izy.

Efa niaraka tamin'ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna aho raha namangy ireo mpikambana namany ao amin'ny kôlejiny izy ireo. Hitako ny nanalefahan'ny fitiavana nasehon'izy ireo ny fon'ny hafa sy ny nanampian'izany ireo rahalahiny hahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra. Nahare zatovolahy iray aho nijoro ho vavolombelona tamin'ireo namany momba ny herin'ny fibebahana. Rehefa nanao izany izy, dia nalefaka ny fon'ny olona, nisy ireo nanao fanoloran-tena, ary tsapa ny hery manasitran'i Kristy.

Nampianatra ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: “Zavatra iray ny mibebaka. Fa zavatra iray hafa ihany koa ny mahazo ny famelana ny helotsika. Ao amin'ny Fisoronana Aharôna no misy



Ireo mpisorona izay nanao batisa ny fianakaviana Mbuelongo tany Sydney, Australie, dia lasa nahatakatra ny dikan'ny hoe "nomen'i Jesoa Kristy fahefana."

ny hery ahafahana mitondra izany.²¹ Ny ôrdônansin'ny batisa sy ny fana-san'ny Tompo izay an'ny Fisoronana Aharôna dia vavolombelon'ny fibebahantsika ho fahazoana famelan-keloka ary mahatanteraka izany.²² Nanazava izany araka izao fomba izao ny Filoha Dallin H. Oaks: "Didina isika mba hibe-baka amin'ny fahotantsika sy hana-tona ny Tompo amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina ary handray ny fana-san'ny Tompo. . . . Rehefa manavao ny fanekempihavanantsika tamin'ny batisa amin'io fomba io isika, dia havo-zin'ny Tompo ilay hery manadion'ny batisantsika."²³

Ry rahalahy isany, tombontsoa lehibe ny manatanteraka ireo ôrdônansy izay mitondra famelan-keloka ho an'ireo fo mibebaka amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.²⁴

Vao haingana no nisy nitantara tamiko ny momba ny mpisorona iray izay sahirana tamin'ny fitenenana, izay vao sambany no nanamasina ny fana-san'ny Tompo. Rehefa nanao izany izy, dia nisy fanahy mahery vaika tonga teo aminy sy ny mpiangona. Afaka fotoana vitsy nandritra ilay fivoriana, dia nanao fijoroana ho vavolombelona tsotra nefa mazava momba ny herin' Andriamanitra izay tsapany nandritra ilay ôrdônansy izy.

Tany Sydney, Australie, dia nisy mpikambana efatra tao amin'ny kôle-jin'ny mpisorona nanao batisa ny olona tao amin'ny fianakaviana Mbuelongo. Nitantara tamiko ny fiantraikan'io traikefa io tamin'ny fomba mahery vaika teo amin'ny zanany lahy ny renin'ny iray amin'ireo mpisorona ireo. Ireo mpisorona ireo dia lasa nahatakatra ny dikan'ny hoe "manana ny fahefana avy amin'i Jesoa Kristy."²⁵

Araka ny efa fantatrarao, ny mpisorona amin'izao dia afaka mandray anjara amin'ny fanantanterahana batisa isolaina tena any amin'ny tempoly. Vao haingana ny zanako lahy 17 taona no nanao batisa ny tenako ho an'ireo razambenay sasany. Samy nahatsapa fankasitrahana lalina noho ny Fisoronana Aharôna sy ny tombontsoa amin'ny fanaovana asa ho an'ny famonjena ny zanak' Andriamanitra izahay.

Ry zatovolany, rehefa mandray anjara amim-pahazotoana amin'ny andraikitrareo ao amin'ny fisoronana ianareo, dia mandray anjara miaraka amin' Andriamanitra amin'ny asany, dia ny "manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona."²⁶ Ny traikefa tahaka izany dia mampitombo ny fanirianareo sy manomana anareo hampianatra ny fibebahana sy hanao batisa ireo niova fo amin'ny maha-misiônera anareo.

Izy ireo koa dia manomana anareo amin'ny asa fanompoana mandritra ny fiainana ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka.

I Jaona Mpanao Batisa, ilay ohatra ho antsika

Ry mpihazona ny Fisoronana Aharôna, manana tombontsoa sy adidy isika ny ho lasa mpiara-manompo amin'i Jaona Mpanao Batisa. Nalefa ho iraka nahazo lalana i Jaona mba hijoro ho vavolombelona ny amin'i Kristy sy hanasa ny rehetra hibe-baka sy hatao batisa, izany hoe nampiasa ny fanalahidin'ny Fisoronana Aharôna izay noresahantsika izy. Dia nanao fanambarana i Jaona tamin'izay hoe: "Izaho dia manao batisa anareo amin'ny rano ho amin'ny fibebahana; fa Ilay avy ao aoriako no mahery noho izaho . . . ; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo."²⁷

Noho izany, ny Fisoronana Aharôna, miaraka amin'ny fanalahidin'ny fanompoan'ny anjely sy ny filazantsara fiomanana, dia manomana ny lalan'ny zanak' Andriamanitra mba handray ny fanomezana ny Fanahy Masina, izay fanomezana lehibe indrindra azo omena antsika eto amin'ity fiainana ity, amin'ny alalan'ny Fisoronana Melkizedeka.²⁸

Andraikitra lehibe nomen' Andriamanitra ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna izany!

Fanasana sy fampanantenana

Ry ray aman-dreny sy mpitarika ao amin'ny fisoronana, tsapanareo ve ny halehiben'ny torohevitra ny Filoha Monson mba hanampy ny zatovolany nahatakatra "ny dikan'ny hoe . . . mpitondra ny fisoronan' Andriamanitra?"²⁹ Ny fahatakarana sy ny fanajana ny Fisoronana Aharôna dia hanomana azy ireo ho lasa mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka mahatoky, sy ho misiônera feno hery, ary ho vady sy raim-pianakaviana feno fahamarinana. Amin'ny alalan'ny fanompoany, dia ho takany sy ho tsapany ny maha-tena misy ny herin'ny fisoronana, ny hery hiasana amin'ny anaran'i Kristy ho famonjena ireo zanak' Andriamanitra.

Ry zatovolahy, manana asa ampanaovina anareo Andriamanitra.³⁰ Ny fanendrena anareo ho amin'ny Fisoronana Aharôna dia tena manandanja amin'ny fanampiana ny zanany handray ny herin'ny Sorompanavotan'i Kristy. Mampanantena anareo aho fa raha ataonareo laharam-pahamehana eo amin'ny fiainanareo ireo adidy masina ireo, dia hahatsapa ny herin' Andriamanitra tahaka izay tsy mbola nahatsapanareo azy teo aloha mihi-tsy ianareo. Ho takatrareo ny mahanakalahin' Andriamanitra anareo, izay nantsoina tamin'ny antso masina mba hanao ny asany. Ary tahaka an'i Jaona Mpanao Batisa, ianareo dia hanomana ny lalana ho an'ny fiavian'ny Zanany Lahy. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ireo fahamarinana ireo aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Izaon no nitranga tamin'i Mosesy. Taorian'ilay fihaonany miavaka tamin' Andriamanitra, dia nanomboka niova ny fiheverany ny tenany, lasa nahita ny tenany toy ny zanak' Andriamanitra izy. Io fomba fijery io dia nanampy azy hanohitra an'i Satana, izay niantso azy hoe “zanak'olona” (jereo ny Mosesy 1:1–20). Jereo koa ny Thomas S. Monson, “Mijery ny hafa araka izay mety hahatongavany,” *Liahona*, Nôv. 2012, 68–71; Dale G. Renlund, “Amin'ny fijerin' Andriamanitra,” *Liahona*, nôv. 2015, 93–94.
2. Thomas S. Monson, Fivorian'ny mpitarika mialoha ny fihaonamben'ny Fiangonana, mar. 2011.
3. Jereo ny Dale G. Renlund, “Ny fisoronana sy ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy,” *Liahona*, nôv. 2017, 64–67.
4. Jereo ny 2 Nefia 31–32; 3 Nefia 11:30–41; 27:13–21; Etera 4:18–19; Mosesy 6:52–68; 8:24.
5. Môronia 10:32; jereo koa ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 7.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana; 84:26–27; 107:20.
7. Rômana 10:14–15, 17. Nampianatra io fahamarinana io koa i Joseph Smith hoe: “Ny finoana dia azo avy amin'ny fihainoana ny tenin' Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fijoroan'ireo mpanompon' Andriamanitra ho vavolombelona; ary izany fijoroana ho vavolombelona izany dia miaraka hatrany amin'ny Fanahin'ny faminaniana sy ny fanambarana” (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* [2007]).
8. Môronia 7:22; jereo ny Almà 12:28–30; 13:21–24; 32:22–23; 39:17–19; Helamàna 5:11; Môronia 7:21–25, 29–32; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:35; 29:41–42; Mosesy 5:58; jereo ihany

- koa ny Matio 28:19; Romana 10:13–17.
9. Jereo ny George Q. Cannon, *Gospel Truth*, nofantenin'i Jerrell L. Newquist (1987), 54.
10. Jereo ny James Strong, *The New Strong's Exhaustive Concordance of the Bible* (1984), Hebrew and Chaldee dictionary section, 66, Greek dictionary section, 7.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:59.
12. Jereo ny Henry B. Eyring, “Mba hahatonga azy ho matanjaka ihany koa,” *Liahona*, nôv. 2016, 75–78; Almà 17:3; Helamàna 5:18; 6:4–5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 28:3.
13. Jereo ny 1 Jaona 2:14; Almà 17:2; 26:13; 32:42. Ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu: pour les détenteurs de la Prêtrise d'Aaron* dia fitaovana sarobidy mba hanampiana amin'ny fanatanterahana izany.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:21; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:85.
15. Jereo ny 2 Nefia 32:3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:14; 50:17–22.
16. Jereo ny Môronia 7:25.
17. Russell M. Nelson, “Honoring the Priesthood,” *Ensign*, mey 1993, 40; jereo koa ny Almà 27:4.
18. Jereo ny Almà 34:17; Helamàna 14:13.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:27.
20. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:46, 51–59, 73–79. Ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu: pour les détenteurs de la Prêtrise d'Aaron* dia fitaovana sarobidy mba hanampiana antsika hahatakatra ny adidintsika.
21. Gordon B. Hinckley, “The Aaronic Priesthood—a Gift from God,” *Ensign*, mey 1988, 46.
22. Nanazava ny Loholona D. Todd Christofferson hoe: “Ny batisan'ny rano no dingana farany na manan-danja indrindra amin'ny dingan'ny fibebahana. Ny fialana amin'ny fahotana, miaraka amin'ny fanekempihavanana ny fankatoavana ataontsika no mamarana ny fibebahantsika. Mazava ho azy fa tsy vita hatramin'ny farany ny fibebahana raha tsy misy izany fanekempihavanana izany” (“Building Faith in Christ,” *Liahona*, sept. 2012, 14–15). Jereo koa ny D. Todd Christofferson, “Ilay fanomezana masin'ny fibebahana,” *Liahona*, nôv. 2011, 38–41; Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 26:24 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra masina).
- Ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo dia manome antsika “fahafahana isan-kerinandro mba hanavao ireo fanekempihavanana masina izay mamela antsika handray ny fahasavana manavotry ny Mpamonjy miaraka amin'ilay vokatra manasitrana ara-panahy avy amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana” (“Understanding Our Covenants with God,” *Liahona*, jolay 2012, 21). Jereo koa ny Dallin H. Oaks, “Always Have His Spirit,” *Ensign*, nôv. 1996, 59–61.
23. Dallin H. Oaks, “The Aaronic Priesthood and the Sacrament,” *Liahona*, jan. 1999, 44.
24. Nanazava ny Loholona David A. Bednar

- hoe: “Ireo ôrdônansin'ny famonjena sy ny fisandratana izay tanterahina ao amin'ny Fiangonana'ny Tompo naverina tamin'ny laoniny dia mihoatra lavitra noho ny hoe fomba fanao na zavatra atao mifono tandindona. Fa manorina fantsona nankatoavina izy ireo izay ahafahan'ireo fitahiana sy ny herin'ny lanitra mirotsaka eo amin'ny fiainan'ny olona tsirairay” (“Hitana mandrakariva ny famelana ny fahotanareo,” *Liahona*, mey 2016, 60).
25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:73.
26. Mosesy 1:39.
27. Matio 3:11.
28. Maro ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana izay niantso ny Fanahy Masina ho ny fanomezana lehibe indrindra eto amin'ny fiainana an-tany. Hoy ny Filoha Dallin H. Oaks hoe: “Ny fananana mandrakariva ny Fanahy Masina ho namana no fananana sarobidy indrindra afaka ho azontsika eto amin'ny fiainana an-tany” (“The Aaronic Priesthood and the Sacrament,” *Liahona*, jan. 1999, 44).
- Ny Loholona Bruce R. McConkie dia nampianatra hoe: “Raha resahina avy amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay, dia ny fiainana mandrakizay no lehibe indrindra amin'ny fanomezan' Andriamanitra rehetra. Fa rehefa hakelezina ho amin'izao fiainana an-tany izao ihany ilay fomba fijery, dia ny fanomezana ny Fanahy Masina no fanomezana lehibe indrindra afaka ho azon'ny olombelona iray” (“What Is Meant by ‘The Holy Spirit?’” *Instructor*, feb. 1965, 57).
- Ny filoha Wilford Woodruff dia nijoro ho vavolombelona hoe: “Raha manana ny Fanahy Masina miaraka aminareo ianareo, ary tokony hanana izany avokoa ny tsirairay, dia afaka milaza aminareo aho fa tsy misy fanomezana lehibe kokoa, tsy misy fitahiana lehibe kokoa, tsy misy fijoroana ho vavolombelona lehibe kokoa noho izany omena ny olona eto an-tany na iza izany na iza. Mety hanana ny fanompoan'ny anjely ianareo, mety hahita fahagagana maro, mety hahita zavatra mahatalanjona maro eto an-tany ianareo, saingy ambarako fa ny fanomezana ny Fanahy Masina no fanomezana lehibe indrindra afaka omena ny olona” (*Enseignements des présidents de l'église: Wilford Woodruff* [2004]).
- Ary nanampy ny Loholona David A. Bednar hoe: “Ny didy avy amin'Andriamanitra izay hankatoavintsika sy ny torohevitra tarihin'ny Fanahy avy amin'ny mpitarika ny Fiangonana izay harahintsika dia mifantoka indrindra amin'ny fahazoa-na ny fiarahan'ny Fanahy Masina. Raha jerena ifotony, ny fampianarana sy ny asa atao ao anatin'ny filazantsara rehetra dia mifototra amin'ny fanatonana an'i Kristy amin'ny alalan'ny fandraisana ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika” (“Raiso ny Fanahy Masina,” *Liahona*, nôv. 2010, 97).
29. Thomas S. Monson, Fivorian'ny mpitarika mialoha ny fihaonamben'ny Fiangonana, mar. 2011.
30. Jereo ny Mosesy 1:6.



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson

Teny fanolorana

Manambara fanovana rafitra manan-danja eo amin'ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka ato amintsika izahay mba hanatontosana ny asan'ny Tompo amin'ny fomba mahomby kokoa.

Misaotra anao ry Rahalahy Holmes tamin'ny hafatra manan-danja nozarainao.

Ry rahalahy isany, tena malahelo tokoa ny Filoha Thomas S. Monson sy ny Loholona Robert D. Hales isika. Kanefa isika dia mila “[m]androso hatra-ny hanao ny asan'ny Tompo.”¹

Feno fankasitrahana tokoa ny tena-ko amin'ny lehilahy tsirairay izay miha-zona ny fisoronana masina. Ianareo no fanantenan'ny Mpanavotra antsika izay maniry ny “mba hahazoan'ny olona tsirairay kosa miteny amin'ny anaran'ny Tompo Andriamanitra, dia Ilay Mpamonjy izao tontolo izao.”² Tiany ireo zanakalahiny voatendriny *rehetra* mba hisolo tena Azy, hiteny ho Azy, hiasa ho Azy, ary hitondra fitahiana eo amin'ny fiainan'ireo zanak' Andriamani-tra manerana izao tontolo izao mba “ho afaka hitombo eto an-tany [manontolo] koa ny finoana.”³

Ny sasany aminareo dia manompo any amin'ny toerana izay efa niorenan'ny Fiangonana an-taonany maro. Ny hafa kosa any amin'ny toerana izay vao tsy ela no niorina tao ny Fiangonana. Ho an'ny sasany dia lehibe ny paroasy misy azy. Ho an'ny hafa kosa dia kely ny sampana misy anareo no sady lavi-tra be. Na inona na inona toe-javatra

iainanareo manokana, ny tsirairay avy aminareo dia mpikambana iray ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana izay nomena adidy masina mba hianatra sy hampianatra, hitia sy hanompo ny hafa.

Izao hariva izao izahay dia manambara fanovana rafitra manan-danja eo amin'ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka ato amintsika mba hanatontosana ny asan'ny Tompo amin'ny fomba mahomby kokoa. *Any anivon'ny paroasy tsirairay, dia hikambana ho kôlejy iray ihany manomboka izao ny kôlejin'ny mpisorona avo sy ny kôlejin'ny loholona.* Ity fanamboarana ity dia hampitombo tokoa ny fahafahana sy ny fahaiza-manaon'ireo lehilahy izay miha-zona ny fisoronana hanompony hafa. Ireo lehilahy ho lasa loholona atsy ho atsy dia horaisina sy hokarakaraina ao amin'izany kôlejy izany. Any amin'ny tsatòka tsirairay, ny fiadidian'ny tsatòka dia hanohy hiahy ny kôlejin'ny mpisorona avo eo anivon'ny tsatòka. Kanefa ny mpikambana mandrafitra izany kôlejy izany dia miankina amin'izay antso ao amin'ny fisoronana *misy*, izay ho hazavaina rehefa avy eo.

Izao ny LoholonaD. Todd Christofferson sy ny Loholona Ronald A. Rasband ao amin'ny Kôle-jin'ny Apôstôly Roambinifolo dia

hampianatra antsika bebe kokoa mahakasika ireo fanovana lehibe ireo.

Ireo fanovana ireo dia efa nodiniana amam-bolana maro. Nanana fahatsapana filana fanatsarana maika ny fomba fikarakarantsika ireo mpikambana ao amintsika sy ny fanaovana tatitra mikasika ny fifandraisantsika tamin'izy ireo izahay. Mba hanaovana izany, dia mila manamafy orina ny kôlejin'ny fisoronana misy antsika isika mba hano-mezana torolalana bebe kokoa momba ny fanompoana amim-pitiavana sy feno fanohanana izay tian'ny Tompo hatao ho an'ireo Olomasiny.

Ireo fanovana ireo dia azo avy amin'ny fanentanam-panahy avy amin'ny Tompo. Rehefa ampiarintsika ireo dia ho mahomby kokoa mihoatra noho ny teo aloha isika.

Mirotsaka ao amin'ny asan'Ilay Andriamanitra Tsitoha isika. I Jesoa no Kristy! Mpanompony feno fanetrentena isika! Hitahy anareo anie Andriamanitra ry rahalahy eo am-pianarantsika sy eo am-panaovantsika ny adidintsika, izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. “Ndao handroso hatrany,” *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 20.
2. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 1:20
3. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 1:21





Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny kôlejin'ny loholona

Ny fananana kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka tokana ao amin'ny paroasy iray dia mampiray hina ireo mpihazona ny fisoronana amin'ny fanatontosana ny lafin-javatra rehetra amin'ny asa famonjena.

Tsy ela akory taorian'ny nanorena indray ny Fiangonana amin'izao fotoampitantanana farany izao dia nilaza tao anatin'ny fanambaran'ny iray ny Tompo hoe: “Ary amin'ny fivavaky ny finoanareo no handraisanareo ny lalàko, mba hahafantaranareo ny fomba hitondrana ny fiangonako ary hanananareo ny zavatra rehetra araka ny hitsiny eo anoloako.”¹ Izany fitsipika izany dia narahina hatrany tato amin'ny Fiangonana, ary izany fampanantenana izany dia najain'ny Tompo hatrany, hatramin'izay. Nambara tsikelikely ireo lamina momba ny rafitra sy fanompoana ao amin'ny fisoronana, nanomboka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith rehefa natsangana ho amin'izao androntsika izao ireo anjara fanompoana sy kôlejy ao amin'ny fisoronana. Fanamboarana lehibe no nambara sy nampiharina nandritra ny fitondran'ireo Filoha isany Brigham Young, John Taylor, ary Spencer W. Kimball, ary ireo hafa, mahakasika ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, ny Fitopololahy, ny mpisorona avo, ary ireo anjara fanompoana sy kôlejy hafa ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy Aharôna.² Ankehitriny, tao anatin'ny filazana manan-tantara natao fotoana vitsivitsy monja izay, dia nanambara

fanamboarana manan-danja iray fanampiny ny Filoha Russell M. Nelson.

Toy izao ny ampahany amin'ny zavatra nolazainy: “Izao hariva izao izahay dia manambara fanovana rafitra manan-danja eo amin'ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka ato amintsika mba hanatontosana ny asan'ny Tompo amin'ny fomba mahomby kokoa. *Any anivon'ny paroasy tsirairay avy dia hikambana ho kôlejin'ny loholona tokana manomboka izao ireo mpisorona avo sy ireo loholona . . .* [ary ny firafitry ny kôlejin'ny [mpisorona avon'ny tsatoka] dia hifototra amin'ny antso ao amin'ny fisoronana *amin'izao fotoana.*”

Dia nanampy ny Filoha Nelson hoe:

“Ireo fanovana ireo dia efa nodiniana amam-bolana maro. Nanana fahatsapana filana fanatsarana maika ny fomba fikarakarantsika ireo mpikambana ao amintsika izahay. . . . Mba hanatsarana izany bebe kokoa, dia mila manamafy orina ny kôlejin'ny fisoronana misy antsika isika mba hanomezana torolalana bebe kokoa momba ny fanompoana amim-pitiavana sy feno fanohanana izay kasain'ny Tompo hatao ho an'ireo Olomasiny.

“Ireo fanovana ireo dia azo avy amin'ny fanentanam-panahy avy

amin'ny Tompo. Rehefa ampiarintsika ireo dia ho mahomby kokoa mihoatra noho ny teo aloha isika.”³

Eo ambany fitarihan'ny Fiadidiana Voalohany dia hanampy antsipiriany misimisy kokoa ny Loholona Ronald A. Rasband sy ny tenako, izay atokisanay fa hamaly ireo fanontaniana izay mety hanananareo.

Kôlejin'ny loholona sy kôlejin'ny mpisorona avo

Voalohany, ho famerenana indray, dia inona avy ireo fanamboarana eo amin'ny vondron'ny mpisorona avo sy ny kôlejin'ny loholona eo anivon'ny paroasy? Eo anivon'ny paroasy, ireo mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny loholona sy ao amin'ny vondron'ny mpisorona avo dia hitambatra ho kôlejy tokana manomboka izao ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka miaraka amin'ny fiadidian'ny kôlejy tokana. Io kôlejy io, izay hitombo an'isa sy hitombo eo amin'ny lafiny firaisankina dia ho antsoina hoe “kôlejin'ny loholona”. Tsy hisy intsony ny vondron'ny mpisorona avo. Ilay kôlejin'ny loholona dia ahitana ireo loholona sy ireo olona azo aroso ho loholona rehetra ao amin'ny paroasy ary ireo mpisorona avo izay *tsy tafiditra* ao anatin'ny episkôpà, na ao amin'ny fiadidian'ny tsatôka, na ao amin'ny filankevitra avo, na patriarika am-perinasa amin'izao fotoana izao. Ny





kôlejin'ny mpisorona avo eo anivon'ny tsatòka dia ho ahitana ireo mpisorona avo *izay manompo* ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, ao amin'ireo episkôpà, ao amin'ny filankevitra avo, ary ireo patriarika am-perinasa.

Ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona

Ahoana no handrafetana ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona? Ny fiadidian'ny tsatòka dia hisaotra ireo mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo sy ireo fiadidian'ny kôlejin'ny loholona misy ankehitriny ary hiantso filohan'ny kôlejin'ny loholona sy mpanolotsaina vaovao ao amin'ireo paroasy tsirairay avy. Ilay fiadidian'ny kôlejin'ny loholona vaovao dia mety ahitana loholona sy mpisorona avo, amin'ny sokajin-taona samihafa sy manana traikefa samihafa, miaramanompo ao amin'ny fiadidian'ny kôlejy iray. Ny loholona na ny mpisorona avo dia samy afaka ny ho filoha na mpanolotsaina ao amin'ilay kôlejy. Tsy hoe “fandraisam-pahefana” ataon'ny mpisorona avo mba hitondrana ny kôlejin'ny loholona akory izany. Manantena izahay fa ireo loholona sy mpisorona avo dia hiara-hiasa ao anatin'izay mety ho fandaminana hita ao amin'ny fiadidian'ny kôlejy sy ao amin'ny fanompoana ataon'ny kôlejy. Ireo fanamboarana ao amin'ny kôlejy

ireo dia tokony hampiharina araka izay haingana indrindra azo atao.

Anjara fanompoana ao amin'ny kôlejin'ny loholona

Manova ny anjara fanompoana hazonin'ny mpikambana ao amin'ny kôlejy ve izao fanamboarana ny rafitry ny kôlejy izao? Tsia, izao zavatra izao dia tsy manafoana ny mety ho anjara fanompoana taloha nanendrena ny mpikambana tsirairay ao amin'ny kôlejy. Araka ny fantatrarao, ny lehilahy iray dia mety ho voatendry ao anatin'ny anjara fanompoana samy hafa ao amin'ny fisoronana mandritra ny fiainany manontolo, ary tsy foana akory ny fanendrena nisy azy teo aloha rehefa mandray fanendrena iray vaovao izy. Na dia mety hanompo ao anatin'ny anjara fanompoana mihoatra ny iray amin'ny fotoana iray aza indraindray ny mpihazona fisoronana iray, toy ny hoe rehefa sady patriarika na eveka ny mpisorona avo iray ohatra, dia mazàna izy no tsy miasa ao anatin'ireo anjara fanompoana rehetra misy azy ireo amin'ny fotoana iray. Ireo eveka sy Fitopololahy ohatra dia tsy am-perinasa intsony ao amin'ireo anjara fanompoana ireo rehefa nisaorana na nisaorana tamim-boninahitra. Noho izany, na inona na inona anjara fanompoana iray na maromaro ao amin'ny fisoronana izay

mety ho tanan'ny lehilahy iray, rehefa mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny loholona izy dia manompo araka ny maha-loholona azy.

Taona maro lasa izay dia nilaza ny Filoha Boyd K. Packer fa “lehibe kokoa noho izay mety ho anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana. . . . Tsy azo zarazaraina ny fisoronana. Tsy hoe betsaka kokoa ny fisoronana hazonin'ny Apôstôly iray mihoatra noho ny an'ny loholona iray. (Jereo ny F&F 20:38.) Rehefa [mandray ny fisoronana] ny lehilahy iray, dia mandray izany manontolo izy. Misy kosa anefa ireo anjara fanompoana ao anatin'ny fisoronana, dia fizarana eo amin'ny fahefana sy andraikitra. . . . Indraindray dia resahina ny maha -ambony kokoa- na -ambany kokoa- ny anjara fanompoana iray mihoatra noho ny anankiray hafa. Tsy hoe -ambony kokoa- na -ambany kokoa-, fa ireo anjara fanompoana ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka dia entina hilazana andraikitra samihafa sahanina.”⁴ Ry rahalahy isany, tena manantena aho fa tsy hilaza intsony isika hoe “nampiakarina” tao amin'ny anjara fanompoana ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka ny olona iray.

Mbola tendrena ho mpisorona avo hatrany ny loholona rehefa voantso ho ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, na ho mpikambana ao amin'ny filankevitra avo na episkôpà, na amin'ny fotoana hafa izay tapaky ny filohan'ny Tsatòka tamin'ny alalan'ny vavaka sy ny fanentanam-panahy. Rehefa tapitra ny maha ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, filankevitra avo, na episkôpà azy ireo dia mamonjy miaraka amin'ny kôlejin'ny loholona any amin'ny paroasiny izy ireo.

Fitarihana ny filohan'ny kôlejin'ny loholona

Iza no mitarika ny asan'ny filohan'ny kôlejin'ny loholona? Ny filohan'ny tsatòka no miahy ny Fisoronana Melkizedeka eo anivon'ny tsatòkany. Noho izany, dia ny filohan'ny tsatòka no tompon'andraikitra misahana ny filohan'ny kôlejin'ny loholona mivantana; ary izy no manome fampiofanana sy fitarihana avy amin'ny fiadidian'ny tsatòka sy amin'ny alalan'ny filankevitra avo. Ny eveka, amin'ny maha-mpisorona avo

mpiahy azy ao amin'ny paroasy dia mihaona tsy tapaka amin'ny filohan'ny kôlejin'ny loholona ihany koa. Mikaondoha miaraka aminy ny eveka ary manome torolalana araka ny tokony ho izy mikasika ny fomba tsara indrindra hanompoana sy hitahiana ireo mpi-kamban'ny paroasy, miara-miasa amin'ny fomba mirindra amin'ireo rafitra rehetra ao amin'ny paroasy.⁵

Ny tanjon'ireo fanovana ireo

Inona no tanjon'ireo fanamboarana ao amin'ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka ireo? Ny fananana kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka tokana ao amin'ny paroasy iray dia mampiray hina ireo mpihazona ny fisoronana amin'ny fanatontosana ny lafin-javatra rehetra ao amin'ny asa famonjena, tafiditra ao anatin'izany ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny asa fanaovana tantaram-pianakaviana izay teo ambany fitantanan'ireo vondron'ny mpisorona avo teo aloha. Izany dia mamela ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy ao anatin'ny sokajin-taona sy ny foto-piavianana rehetra hahazo tombotsoa avy amin'ny fomba fijery sy ny traikefan'ny tsirairay izay samihafa ny dingana efa nolalovany teo amin'ny fiainana. Izany ihany koa dia miteraka fahafahana fanampiny ho an'ireo mpihazona fisoronana efa nahazo traikefa kokoa mba hampianatra ny hafa, tafiditra ao anatin'izany ireo izay miomana ho lasa loholona, ireo mpikambana vaovao, ireo tanora tokan-tena, ary ireo izay miverina ho mazoto indray ao amin'ny Fiangonana. Tsy hay lazaina ny fientanentanana tsapako rehefa mandinika ny anjara asa lehibe tsy mitsahamitombo ho hananan'ny kôlejin'ny loholona amin'ny hoavy aho. Ny fahendrena sy traikefa sy fahaiza-manao ary tanjaka izay ho hita ao amin'ireo kôlejy ireo dia manokatra vanim-potoana sy lenta vaovao eo amin'ny fanompoana ao amin'ny fisoronana manerana ny Fiangonana manontolo.

Roapolo taona lasa izay, nandritra ny fihanonan'ny Fiangonana manerantany, dia nizara tantara iray aho, izay ny Loholona Vaughn J. Featherstone tao amin'ny Fitopololaha no nitantara

azy voalohany, tantara izay heveriko fa mendrika ho averina zaraina eto.

Tamin'ny 1918 dia mpamboly beteravy famokarana siramamy tany Lehi, Utah ny Rahalahy George Goates. Tonga aloha kokoa noho ny mahazatra ny ririnina io taona io ary nanimba ny ankamaroan'ny voliny tao an-tsaha. Ho an'i George sy i Francis zanany lahikely dia nananosarotra sy nitaky fotoana ny fijinjana. Nandritra izany fotoana izany dia namely mafy ny valan'aretina gripa. Namono an'i Charles zanak'i George ary ny zanak'i Charles mbola kely anankitelo ilay areti-mandrigana, dia zazavavy kely anankiroa sy tovolahy iray izany. Tao anatin'ny enina andro monja dia nanao dia in-telo samy hafa tany Ogden, Utah mba hanatitra ireo vatamangatsiaka hody mba halevina i George Goates izay tao anatin'ny fisaonana tanteraka. Rehefa nifarana izany fotoana sarotra dia sarotra izany dia nanomana ny saretiny i George sy Francis mba hiverina any amin'ny saham-beteravin'izy ireo.

“[Teny an-dalana] dia nifanena tamin'ny sarety maro nifanesy nitondra beteravy izay notaterin'ireo mpamboly mpiray monina ho any amin'ny orinasa izy ireo. Isak'izay mifanena amin'ny mpitondra sarety izy ireo dia mahe-no hoe: -Akory e, Dadatoa George,-Mamangy amin'ny fahoriana George a,- -Tena mafy ilay izy ry George a,- -Manana namana betsaka ianao ry George a.-

“Ny sarety farany dia nentin'i . . . Jasper Rolfe izay feno tasy ny tarehiny. Niarahaba tamim-piravoravoana izy dia nilaza hoe: -Vita izay izy rehetra ry Datatoa George a.-

“Nitodika tany amin'i Francis [ny Rahalahy Goates] dia nilaza hoe: -Raha mba ny antsika rehetra moa izy ireny.-

“Rehefa tonga teo amin'ny vavahadin'ny toeram-pambolena izy ireo dia nidina ilay sarety menamena lehibe fitondrana beteravy i Francis ary nanokatra ny vavahady teo ampandrosoan'ny rainy hiditra ny saha. Nosintonin'i [George] ny lamboridy mba hampijanonana ireo soavaly, . . . dia nandinika ilay saha izy. . . . Tsy nahitana na dia beteravy famokarana siramamy

iray aza ny saha manontolo. Dia nazava taminy avy eo ny tian'i Jasper Rolfe holazaina rehefa nilaza izy hoe: -Vita izay izy rehetra ry Datatoa George a.-

“Nidina ny sarety i [George] dia nandray tamin'ny tanany ny tany lonaka mora ambolena izay tena sarobidy aminy tokoa, ary naka . . . ravim-beteravy iray, nandinika nandritra ny fotoana fohy ireo tandindon'ny asa mafy nataony, toy ireny hoe tsy nampino azy ireny ny zavatra hitany.

“Dia nipetraka teo amin'ny ravim-beteravy nivangongo [izy] avy eo, io lehilahy io izay nankany antanindrazana handevina olon-tiana efatra tao anatin'ny enina andro; nanamboatra vatampaty, nihady fasana, ary nandray anjara mihitsy aza tamin'ny fampiakanoana ny maty—io lehilahy io izay tsy niasala na nihemotra na nihozongozona mihitsy tao anatin'ny fahoriana mafy nianjady taminy—dia nipetraka teo ambonin'ny ravim-beteravy ary nigogogogo nitomany toy ny zazakely.

“Dia nitsangana izy avy eo, namafa ny ranomasony, . . . niandrandra ny lanitra, ary nilaza hoe: -Misaotra Ray ô, noho ireo loholona ato amin'ny paroasinay.”⁶

Eny tokoa, isaorana anie Andriamanitra noho ireo lehilahy ao amin'ny fisoronana sy noho ny asa fanompoana



izay mbola ho ataon'izy ireo ao anatin'ny fankaherezana ny isambatan'olona sy ny fianakaviana ary ny fanorenana an'i Ziona.

Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ny Fiadidian'ny Fitopololahy dia efa nandinika ny momba ireo fanamboarana ireo nandritra ny fotoana elaela izay. Tamin'ny alalan'ny vavaka maro, ny fandalinana tsara ny fototra aratsoratra masina iorenan'ny kôlejin'ny fisoronana, ary ny fanamafisana fa izany tokoa no sitrapon'ny Tompo, dia mandroso hatrany isika ao anatin'ny faneken'ny rehetra, amin'ny dingana iray fanampiny raha ny marina, amin'ny fanohizana ny Famerenana amin'ny laoniny. Hita taratra ny fitarihan'ny Tompo, ary mifaly ny amin'izany ny tenako, eo am-pijoroako ho vavolombelona ny Aminy, ny fisoronany, ary ny fanendrena anareo ao amin'izany fisoronana izany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 41:3.
2. Jereo ohatra ny, William G. Hartley, "The Priesthood Reorganization of 1877: Brigham Young's Last Achievement," ao amin'ny *My Fellow Servants: Essays on the History of the Priesthood* (2010), 227–64; "To the Seventies," ao amin'ny James R. Clark, nat., *Ireo hafatry ny Fiadidiana Voalohany ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany* (1965), 352–54; Hartley, "The Seventies in the 1880s: Revelations and Reorganizing, ao amin'ny *My Fellow Servants*, 265–300; Edward L. Kimball, *Lengthen Your Stride: The Presidency of Spencer W. Kimball* (2005), 254–58; Susan Easton Black, "Early Quorums of the Seventies," ao amin'ny David J. Whittaker and Arnold K. Garr, ed., *A Firm Foundation: Church Organization and Administration* (2011), 139–60; Richard O. Cowan, "The Seventies' Role in the Worldwide Church Administration," ao amin'ny *A Firm Foundation*, 573–93.
3. Russell M. Nelson, "Introductory Remarks," *Liahona*, mey 2018, 54.
4. Boyd K. Packer, "What Every Elder Should Know—and Every Sister as Well: A Primer on Principles of Priesthood Government," *Tambuli*, nôv. 1994, 17, 19.
5. Jereo ny *Manuel 2: Administration de l'Eglise* (2010), 7.3.1.
6. D. Todd Christofferson, "The Priesthood Quorum," *Liahona*, jan. 1999, 47; jereo ihany koa ny Vaughn J. Featherstone, "Now Abideth Faith, Hope, and Charity," *Ensign*, jolay 1973, 36–37.



Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Endrey! Ny tafiky ny mpanjaka

Tena fifaliana ho an'ny mpihazona ny fisoronana Melkizedeka rehetra ny hanana ny fitahiana avy amin'ny fampianarana sy fianarana ary fanompoana ifampiantsorohana.

Ry rahalahiko malala ao amin'ny fisoronana, amin'ny fanetrentena lehibe no ijoroako eto anoloanareo amin'ity fotoana manan-tantara ity, rehefa nomen'ny mpaminany sy Filoha malalantsika, Russell M. Nelson izany andraikitra izany. Tena tiako sy tohanako ity lehilahin' Andriamantitra mahafinaritra ity sy ny Fiadidiana Voalohany vaovaontsika. Ampiaiko ny fijoroako ho vavolombelona ny an'ny Loholona D. Todd Christofferson sy ireo Rahalahiko hafa ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa ireo fiovana nolazaina tamin'ity hariva ity dia sitrapon'ny Tompo.

Araka ny nolazain'ny Filoha Nelson, ity dia zavatra nifampiresahana sy nosaintsainin'ireo Rahalahy zokiolona ato amin'ny Fiangonana, narahimbavaka, nandritra ny fotoana ela dia ela. Ny faniriana dia ny nikatsaka ny sitrapon'ny Tompo sy hampatanjaka ireo kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka. Voaray ny fanentanam-panahy, ary nampahalalan'ny mpaminanintsika anio hariva ny sitrapon'ny Tompo. "Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny

amin'ny mpaminany mpanompony!"¹ Voatahy tokoa isika manana mpaminany velona ankehitriny!

Nandritra ny fiainanay, izaho sy ny Rahavavy Rasband dia nandeha erak'izao tontolo izao nanao iraka ho an'ny Fiangonana sy arak'asa samihafa. Saika hitako avokoa ny karazana vondrona mpivavaka ato amin'ny Fiangonana: ny sampana kely tao Rosia izay azo nisaina tamin'ny tanana iray ny isan'ireo



mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka; ny paroasy vaovao sy mitombo faingana tao Afrika izay niara-nivory ho vondrona iray ny mpisorona avo sy ny loholona satria tena vitsy tokoa ny isan'ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka rehetra; ary ireo paroasy tena mijoro tsara ka mitaky ny fizarana ny kôlejin'izy ireo ho kôlejy roa ny isan'ny loholona!

Na taiza na taiza no nalehanay dia hitanay teo anoloan'ny mpanompony ny tanan'ny Tompo, izay nanomana mialoha ny olona sy ny fomba hitahiana ny zanany rehetra araka izay ilain'izy ireo. Tsy efa nampanantena va Izy fa Izy “dia ho eo anoloa[ntsika]” sy “eo ankavana[ntsika] sy eo ankavia[ntsika]” ary “ho ao am-pon[ntsika] ny Fanahiny, ary hanodidina [antsika] ny anjeliny mba hanohana [antsika]”?²

Raha mieritreritra anareo rehetra aho dia mahatsiaro ny hira iray hoe “Endrey! Ny Tafiky ny Mpanjaka.”

*Endrey! Ny tafiky ny mpanjaka,
Miaraka amin'ny saina, sabatra, ary
aron-tratra,
Mandeha mba handresy
Eo amin'ny sahan'ady lehiben'ny
fiainana.
Ireo laharana ao aminy dia feno
miaramila,
Miray hina, hentitra, sy matanjaka,
Izay manaraka ny Mpibaiko azy ireo
Sy mihira ny hiram-pifalian'izy ireo.*³

Ny Loholona Christofferson dia namaly fanontaniana maro izay azo antoka fa hipoitra avy amin'ilay fanambarana fa ny vondron'ny mpisorona avo sy ireo kôlejin'ny loholona, any anivon'ny paroasy, dia atambatra ho tafiky ny rahalahy ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka miray hina sy mahery.

Ireo fanovana ireo dia hanampy ireo kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana hampifandrindra ny asan'izy ireo. Hanatsotra ny fiaraha-miasan'ny kôlejy amin'ny episkôpà sy ny filankevitry ny paroasy ihany koa izy ireny. Ary hamela ny eveka hizara andraikitra bebe kokoa amin'ny kôlejin'ny loholona sy ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana izy ireny mba hahafahan'ny



eveka sy ireo mpanolotsaina azy mifantoka amin'ireo adidin'izy ireo voalohan'ny, indrindra ny fiahiana ny zatovovavy, sy ny zatovolahy izay mihazona ny Fisoronana Aharôna.

Tsy zavatra tsy mahazatra ny fiovana eo amin'ny fikambanana sy fiasan'ny Fiangonana. Tamin'ny 1883, ny Tompo dia nilaza tamin'ny Filoha John Taylor hoe: “[Mahakasika] ny fitantanana sy fandaminana ny Fiangonana sy ny Fisoronana . . . dia hambarako aminareo, isaky ny fotoany, amin'ny alalan'ireo fantsona notendreko, ny zavatra rehetra ilaina amin'ny fampandrosoana sy fanatanterahana ny Fiangonana amin'ny hoavy, ho fanatsarana sy fampandrosoana ny fanjakako.”⁴

Ankehitriny, teny kely ho anareo rahalahy mpisorona avo: fantaro fa tianay ianareo! Tia anareo ny Raintsika any An-danitra! Ampahany lehibe amin'ny tafiky ny mpanjaka ao amin'ny fisoronana ianareo, ary tsy afaka mampanandro ity asa ity isika raha tsy eo ny hatsaram-panahinareo, ny fanompoanareo, ny traikefanareo, ary ny fahamarinanareo. Nampianatra i Almà fa ny lehilahy dia antsoina hoe mpisorona avo noho ny finoana lehibe ananan'izy ireo sy ny asa tsara ataon'izy ireo mba hampianatra sy hanompo ny hafa.⁵ Angamba izao no ilàna izany traikefa izany mihoatra noho ny amin'ny fotoana hafa rehetra.

Any amin'ny paroasy maro dia mety hisy mpisorona avo izay hanana

fahafahana ankehitriny ny ho eo amban'ny fiahian'ny loholona iray izay ho filohan'ny kôlejin'izy ireo. Efa nisy loholona niahy mpisorona avo teo aloha: ireo loholona izay filohan'ny sampana any amin'ny faritra sasany eto amin'izao tontolo izao ka misy mpisorona avo mipetraka ao amin'ilay sampana, ary misy ireo sampana izay tsy misy afa-tsy ny kôlejin'ny loholona ao aminy kanefa misy mpisorona avo manatrika ao.

Tena fifaliana ho an'ny mpihazona ny fisoronana Melkizedeka rehetra ny hanana ny fitahiana avy amin'ny fampianarana sy fianarana ary fanompoana ifampiantsorohana miaraka amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny paroasy misy azy ireo. Na aiza na aiza no misy anareo ary na inona na inona toejavatra iainanareo, dia manasa anareo izahay mba hanaiky ombam-bavaka, sy amim-pahatokiana, ary amim-pifaliana ireo fahafahana vaovao mba hitarika na hotarihina ary mba hanompo amim-piraisankina amin'ny maha-vatabe iray ireo rahalahy ao amin'ny fisoronana.

Izao aho dia hiresaka momba ny zavatra hafa fanampiny, izay mety ilana fanazavana, rehefa mandroso amin'ny fampiharana ny sitrapon'ny Tompo mahakasika ny fandaminana ireo kôlejiny ao amin'ny fisoronana masina isika.

Inona avy ireo fanovana ho an'ny kôlejin'ny mpisorona avon'ny tsatòka? Hanohy hiasa ny kôlejin'ny mpisorona avon'ny tsatòka. Ny fiadidian'ny tsatòka



dia hitohy ho fiadidian'ny kôlejin'ny mpisorona avon'ny tsatòka. Saingy, araka ny nolazain'ny Loholona Christoferson, ireo mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avon'ny tsatòka manomboka izao dia ahitana mpisorona avo manompo *amin'izao fotoana izao* ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, mpikambana ao amin'ny episkôpà, mpikambana ao amin'ny filankevitra avon'ny tsatòka, ary ny patriarika amperinasa. Tsy mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avon'ny tsatòka ireo mpitam-boky sy mpitantsoatra mpanatanteraky ny paroasy sy ny tsatòka. Rehefa mitsidika ny paroasy iray ny olona iray izay mpisorona avo, patriarika, Fitopololahy, na Apôstôly amperinasa ka maniry ny hanatrika ny fivorian'ny fisoronana, dia hivory hiaraka amin'ny kôlejin'ny loholona izy.

Rehefa isaorana amin'ireo antso ireo amin'ny fotoany ireo rahalahy, dia hiverina any amin'ny rantsana misy azy izy amin'ny maha-mpikambana azy azy ao amin'ny kôlejin'ny loholona.

Inona no *anjara asan'ny* kôlejin'ny mpisorona avon'ny tsatòka? Ny fiadidian'ny tsatòka dia mivory miaraka amin'ireo mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona avo mba hikaondoha, hijoro ho vavolombelona, ary hanolotra fampiofanana. Hitohy ireo fivorian'ny tsatòka araka ny voalaza ao amin'ny boky torolalantsika miaraka amin'ny fanatsarana roa:

Voalohany, ny paroasy sy ny tsatòka dia tsy hanao ireo fivorian'ny kômity mpanatanteraky ny fisoronana intsony. Raha toa ka misy olana manokana mipoitra ao amin'ny paroasy, toy ny olana ara-pianakaviana manahirana na olana tsy mahazatra eo amin'ny lafiny fifanampiana, dia azo resahana ao anatin'ny fivorian'ny episkôpà somary hitarina izany. Ny raharaha tsy dia manahirana hafa dia azo resahina ao anatin'ny filankevitry ny paroasy. Ilay nantsoina hoe fivorian'ny kômity mpanatanteraky ny fisoronana eo anivon'ny tsatòka dia ho antsoina hoe “fivorian'ny filankevitra avo” ankehitriny.

Faharoa, tsy hatao intsony ilay fivoriana isan-taona ho an'ireo voatokana ho mpisorona avo ao amin'ny tsatòka. Ny fiadidian'ny tsatòka anefa dia hano-hy hanao fivoriana isan-taona ho an'ny kôlejin'ny mpisorona avo ao amin'ny tsatòka araka izay natao filazana anio.

Afaka manana kôlejy mihoatra noho ny iray ve ny paroasy iray? Ny valiny dia eny. Araka ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 107, andininy 89, rehefa misy mpihazona ny fisoronana Melkizedeka betsaka noho ny mahazatra ao amin'ny paroasy iray dia afaka manangana kôlejin'ny loholona mihoatra noho ny iray ireo mpitarika. Rehefa izany no mitranga dia tokony hisy fifandanjana eo amin'ny salan-taona sy traikefa ary anjara fanompoan'ny fisoronana sy ny tanjaka.

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa mandroso miaraka amin'ity fana-vaozana ny kôlejy ao amin'ny paroasintika sy tsatòkantsika ity isika dia hahita fitahiana marobe. Mamelà ahy hizara ohatra vitsivitsy.

Eo ambany fitarihan'ny eveka, betsaka kokoa ireo loharano avy amin'ny fisoronana afaka manampy amin'ny asa famonjena. Izany dia hahitana ny fanangonana an'i Isiraely amin'ny alalan'ny asan'ny tempoly sy tantaram-pianakaviana, fanaovana asa araka ireo zavatra ilain'ny fianakaviana sy ny isam-batan'olona, ary fanampiana ireo misiônera mba hitondra fanahy ho any amin'i Jesoa Kristy.

Rehefa miverina mba hizara ny traikefan'izy ireo amin'ny kôlejin'ny

loholona ireo mpitarika niahy teo aloha dia hisy fikambanana kôlejy matanjaka kokoa.

Hisy karazana fanomezam-pahasoavana sy fahafaha-manao zavatra bebe kokoa ao anatin'ny kôlejy.

Hisy fahaizana mandamim-potoana sy fahafahana bebe kokoa mba hanampiana amin'ireo zava-misy ilaina maika ao anatin'ny paroasy sy ny kôlejy ary amin'ny fanatontosana ireo asa fanompoana isan-karazany ataontsika.

Hisy fitomboan'ny fanofanana sy firaisan-kina rehefa mizara traikefa ny loholona vaovao sy ny mpisorona avo manan-traikefa, miara-mipetraka, ao amin'ny fivorian'ny kôlejy sy amin'ireo asa ampiandraiketina.

Antenaina fa hanana fotoana malalaka hanatontosany ny antsony mba hiandry ny ondriny sy hanompo ireo sahirana ireo eveka sy filohan'ny sampana.

Takatray fa samy hafa ny paroasy sy tsatòka tsirairay. Na eo aza ireo fahasamihafana ireo dia manantena izahay fa hanatanteraka ireo fanovana ireo haingana ianareo aorian'ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity. Nahazo fitarihana avy tamin'ny mpaminanin' Andriamanitra isika! Fitahiana sy andraikitra goavana izany. Aoka isika hanatontosa izany amin'ny fahamarinana sy fahazotoana rehetra!

Mampahatsiahy anareo aho fa ny fahefan'ny fisoronana dia tonga amin'ny alalan'ny fanokanana sy fanendrena, saingy ny tena herin'ny fisoronana, ilay hery mba hanao asa amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa Kristy, dia tsy afaka ny ho tonga raha tsy amin'ny alalan'ny fananana fiainana marina irery ihany.

Nanambara tamin'ny Mpaminany Joseph Smith, ilay mpaminanin'ny Famerenana amin'ny Laoniny ny Tompo nanao hoe:

“Indro ka jereo, hiahy ny ondrinareo Aho ka hanangana loholona ary hani-raka azy ireo ho any aminy.

“Indro, hohafainganiko amin'ny fotoany ny asako.”⁶

Izao tokoa ny fotoana iray izay hanafaingan'ny Tompo ny asany.

Aoka isika hampiasa ity fahafahana ity mba hisaintsainana sy hanatsarana

ny fiainantsika mba hifanitsy tsara kokoa amin'ny sitrapony, mba ho mendrika ireo fitahiana maro nampantenainy ho an'ireo marina sy mahatoky isika.

Ry rahalahy, misaotra anareo amin'ny zavatra rehetra ataonareo mba handraisana anjara amin'ity asa goavana ity. Enga anie isika handroso ato amin'ity tanjona lehibe sy be voninahitra ity.

*O, rehefa tapitra ny ady,
Rehefa mitsahatra ny fifanjahirana
sy disadisa,
Ka ho voaro miaraka ny rehetra
Ao anatin'ny lohasahan'ny
fiadanana,
Eo anoloan'ilay Mpanjaka
mandrakizay,
Hidera ny anarany mandrakizay
Ny olona marobe sy matanjaka,
Ary izao no ho hiran'izy ireo:*

*Fandresena, fandresena
ho an'ilay nanavotra antsika!
Fandresena, fandresena
ho an'i Jesoa Kristy, Tompontsika!
Fandresena, fandresena, fandresena
ho an'i Jesoa Kristy, Tompontsika!*⁷

Androany isika rehetra dia mijoro ho vavolombelon'ny Tompo izay manambara ny sitrapony amin'ny alalan'ny mpaminaniny, ny Filoha Russell M. Nelson. Mijoro ho vavolombelona aho fa izy no mpaminanin'ny Tompo eto an-tany. Mijoro ho vavolombelona aho momba ny Tompo Jesoa Kristy, izay Mpanavotra sy Mpamonjy lehibentsika. Asany ity, ary sitrapony ity, izay ijoroako ho vavolombelona matanjaka amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Amosa 3:7
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
3. Behold! A Royal Army,” *Hymns*, no. 251.
4. Ao amin'ny James R. Clark, comp., *Messages of the First Presidency of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints* (1965), 2:354.
5. Jereo ny Almà 13.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:72–73.
7. “Behold! A Royal Army,” *Hymns*, no. 251.



Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Fanompoana entanim-panahy

Mandray kokoa ny Fanahy Masina isika rehefa mifantoka amin'ny fanompoana ny hafa. Izany no antony ananantsika andraikitra ao amin'ny fisoronana mba hanompo ho an'ny Mpamonjy.

Ry rahalahiko malala, feno fankasitrahana aho noho ny fahafahako miresaka aminareo mandritra ity fihonamben'ny Fiangonana manerantany manan-tantara ity. Nanohana ny Filoha Russell M. Nelson isika ho filoha faha-17 an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Noho izaho voatahy miara-miasa aminy

isan'andro, dia tsapako ny fanamafisana avy tamin'ny Fanahy fa Andriamanitra no niantso ny Filoha Nelson hitarika ny Fiangonana marin'ny Tompo.

Ijoroako ho vavolombelona ihany koa fa ny Tompo no niantso ny Loholona Gerrit W. Gong sy ny Loholona Ulisses Soares hanompo ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Tia-ko izy ireo ary manohana azy ireo aho. Hitahy fiainana maro manerana izao tontolo izao sy taranaka maro izy ireo amin'ny alalan'ny asa fanompoany.

Mbola manan-tantara noho ny antony iray hafa ihany koa ity fihonambe ity. Ny Filoha Nelson dia nampandre momba ny dingana iray nentanim-panahy eo amin'ny drafitra nalaminy ny Tompo ho an'ny Fiangonany. Io drafitra io dia ahitana rafitra vaovao ho an'ireo kôlejin'ny fisoronana any amin'ny paroasy sy tsatòka mba hahafahantsika manatontosa tsara kokoa ireo andraikitsika ao amin'ny fisoronana. Ireny andraikitra ireny dia misy hifandraisany amin'ny fikarakaran'ny fisoronana ireo zanaky ny Raintsika.

Ny drafitry ny Tompo ahafahan'ireo Olomasiny manolotra fikarakarana





am-pitiavana dia naka endrika maro nandritra izay taona maro izay. Tany ampiandohan'ny vanimpotoana tany Nauvoo, dia nila fomba voarafitra ny Mpaminany Joseph Smith hikarakarana ireo mpikambana vaovao nahantra marobe tonga tao an-tanàna. Anisan'izy ireny ny efatra tamin'ireo ray aman-drenin'ny raibeko sy renibeko: ry Eyring, ry Bennion, ry Romney, ary ry Smith. Narafitry ny Mpaminany ara-jeografika ny fikarakarana ireo Olomasina ireo. Nantsoina hoe "paroasy" ireo fizarazaran'ny tanàna ireo tao Illinois.

Rehefa niampita ireo lohasaha ny Olomasina, dia narafitra ho "vondrona" ny fifampikarakaran'izy ireo. Ny iray tamin'ireo rain'ny raibeko (avy amin'ny raiko) dia niverina teo ampodiana avy tany amin'ny asa fitoriana nataony tany amin'ny faritra antsoina ankehitriny hoe Oklahoma raha nahita vondrona iray teny an-dalana. Nalemin'ny aretina tokoa izy ka nitsilany tao anatin'ny sarety kely izy sy ny namany.

Nandefa zatovovavy anankiroa ny mpitarika ilay vondrona mba hanampy izay mety ho tao anatin'ilay sarety. Ny iray tamin'izy ireo, izay rahavavy tanora niova fo tany Suisse, dia nijery ny iray tamin'ireto misiônera ireto ka nahatsapa fangorahana. Navotan'io vondrona Olomasina io ity misiônera ity. Sitrana izy ka afaka nandeha an-tongotra namita ny dia nankany amin'ny Lohasahan'i Salt Lake niaraka tamin'ilay tanora mpanavotra azy teo anilany. Nifankatia izy

ireo ary dia nifanambady. Lasa rain'ny raibeko izy, i Henry Eyring, ary renin'ny raibeko, Maria Bommeli Eyring.

Hoy ity rahavavy ity, taona maro taty aoriana, rehefa milaza momba ilay fahasahiranana lehibe tamin'ny fiampitana kaontinanta iray ny olona: "Tsia, tsy sarotra izany. Teny am-pandehana izahay dia niresaka nandritra ny dia manontolo momba ny maha fahagagana ny nahitanay roa ny filazantsara marin'i Jesoa Kristy. Izany no fotoana nahasambatra indrindra tsaroako."

Nanomboka tamin'io dia nampiasa fomba maro ny Tompo hanampiana ny Olomasiny hifampikarakara. Izao isika dia nomeny kôlejy maro matanjaka kokoa sy miray hina eny anivon'ny paroasy sy tsatôka, kôlejy izay miasa mifandrindra amin'ireo rafitra rehetra ao amin'ny paroasy.

Ireo paroasy monisipaly sy ireo vondrona, ary ireo kôlejy nampatanjahana dia samy nitaky zavatra roa farafahakeliny raha tiana hahomby teo amin'ny fanirian'ny Tompo ny hifampikarakaran'ireo Olomasina amin'ny fomba hikarakarany azy ireo. Nahomby izy ireo rehefa nanana fitiavana tahaka ny an'i Kristy ho an'ny tsirairay mihoatra noho ny fanirian'izy ireo hahazo tombontsoa ho an'ny tenany. Ny soratra masina dia miantso izany hoe "fiantrana . . . ny fitiavana madion'i Kristy" (Môrônia 7:47). Ary nahomby izy ireo rehefa mitarika ireo mpikarakara ny Fanahy Masina hahafantatra ny zavatra hain'ny Tompo fa tsara indrindra ho an'ilay olona izay ezahiny ampiana.

Imbetsaka tato anatin'ny herinandro maromaro no nisy mpikamban'ny Fiangonana naneho fihetsika teo imasoko toy ireny hoe efa novinanian'izy ireo izay ho ataon'ny Tompo, araka ny fanambarana natao teto androany. Mamelà ahy hanome ohatra roa fotsiny ihany. Ny iray: lahateny tsotra iray nandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo nataon'ny mpampianatra iray 14 taona tao amin'ny Fisoronana Aharôna izay mahatakatra ny zavatra azon'ny mpihazona ny fisoronana tanterahina mandritra ny fanompoan'izy ireo ny Tompo. Faharoa: mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka iray, izay

nentanim-panahy hanompo fianakaviana iray niaraka tamin'ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy.

Voalohany, avelao aho hizara aminareo ireo tenin'ilay zatovolahy nandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo tao amin'ny paroasy. Nanatrika tany aho. Ezaho tadidiana hoe nanao ahoana ianareo fony ianareo 14 taona ary henoy izy nilaza zavatra mihoatra noho izay tokony ho fantatry ny zatovolahy tanora toy izany:

"Tena tiako izany hoe mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny mpampianatra ato amin'ny paroasintika izany, nanomboka tamin'ny naha-14 taona ahy tamin'ny taon-dasa. Mbola manana ireo andraikitra rehetra sahanin'ny diakona ny mpampianatra, miampy vaovao hafa vitsivitsy.

"Satria mpampianatra ny sasany amintsika, ary ho tonga toy izany ny hafa indray andro any, ary voatahy ny olona rehetra ato amin'ny Fiangonana noho ny fisoronana, dia manan-danja tokoa ho antsika rehetra ny mahafantatra bebe kokoa momba ireo adidin'ny mpampianatra.

"Voalohany indrindra: ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 20:53 dia milaza hoe: -Ny andraikitra ny mpampianatra dia ny mitandrana mandrakariva ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana, ary ny miaraka amin'izy ireo sy ny manatanjaka azy.-

"Avy eo, ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 20:54-55 dia milaza hoe:

"-Ary ny mijery mba tsy hisy heloka ao amin'ny fiangonana, na fifanamafisam-po, na fandaingana, na fifosana, na fitenenan-dratsy;

"-Ary ny manao izay hiarahan'ny fiangonana mivory matetika, ary koa ny manao izay hahatontosan'ny mpikambana rehetra ny andraikiny.-"

Notohizan'ilay zatovolahy hoe:

"Milaza amintsika ny Tompo fa andraikitsika ny tsy mikarakara fotsiny ny Fiangonana fa mikarakara ny olona ao anatin'ny Fiangonana ihany koa amin'ny fomba izay ho nanaovan'i Kristy izany satria Fiangonany ity. Raha toa ka miezaka mitandrana ireo didy isika, mifaneho hatsaram-panahy,

marin-toetra, namana tsara, ary man-kamamy ny fiarahana, dia ho afaka hanana ny Fanahy miaraka amintsika ary hahafantatra izay tian'ny Ray any An-danitra hataontsika isika. Raha tsy manao izany isika dia tsy afaka manatontosa ny antsontsika.”

Nanohy niteny izy hoe:

“Rehefa misafidy ny hametraka ohatra tsara ny mpampianatra iray amin'ny fanaovana tsara ny famangiana isan-tokantrano, ny fiarahabana ireo mpikambana any am-piangonana, ny fanomanana ny fanasan'ny Tompo, ny fanampiana ao an-tokantrano, ary ny fampihavanana, dia misafidy ny hano-me voninahitra ny fisoronana ao aminy izy izay ary manatontosa ny antsony.

“Ny hoe mpampianatra tsara dia tsy midika fotsiny hoe tompon'andraikitra rehefa any am-piangonana na mandritra ny fiaraha-mientana ataon'ny Fiangonana. Nampianatra i Paoly Apôstôly hoe: -Aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana- (1 Timoty 4:12).”

Dia hoy ilay zatovolahy hoe:

“Na aiza na aiza misy antsika, na inona na inona ataontsika, dia afaka ny ho ohatra tsara amin'ny fahamarinana isika amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra.”

“Mamangy isan-tokantrano an-dry Brown izaho sy ny dadako.¹ Isaky ny mandeha any izahay dia mahafinaritra foana ny mitsidika sy mifankafantatra amin'izy ireo. Ny zavatra iray tena tiako momba an-dry Brown dia na oviana na oviana izahay no mankany dia vonona ny hihaino izy rehetra ary manana tantara mahafinaritra ho zaraina foana izy ireo.

“Rehefa fantatsika tsara ireo olona ao amin'ny paroasintsika noho ny fampianarana isan-tokantrano, dia manamora ny fanaovana ilay adidy manaraka sahanin'ny mpampianatra izany dia ny fiarahabana ireo mpi-kambana rehefa any am-piangonana. Manampy ireo mpikambana ao amin'ny paroasy hahatsapa ho tiana sy ho vonona handray ny fanasan'ny Tompo ny fanampiana ny olona hahatsapa

ho tongasoana sy ho isan'olona ao am-piangonana.

“Rehefa avy miarahaba ireo mpi-kambana izay tonga ao am-piangonana ireo mpampianatra dia manampy izy ireo amin'ny fanomanana ny fanasan'ny Tompo isaky ny alahady. Tena tiako ny mizara sy manomana ny fanasan'ny Tompo ato amin'ity paroasy ity satria tena mitsaoka amim-panajana tokoa ny rehetra. Mahatsapa mandrakariva ny Fanahy aho rehefa manomana sy mizara ny fanasan'ny Tompo. Fitahiana marina ho ahy ny fahafahako manao izany isaky ny alahady.

“Ny asa fanompoana sasany tahaka ny fizarana ny fanasan'ny Tompo dia zavatra hitan'ny olona ary misaotra antsika izy ireo noho ny fanaovana izany, saingy ny asa fanompoana hafa toy ny fanomanana ny fanasan'ny Tompo matetika dia tsy misy mahatsikaritra rehefa atao. Tsy manan-danja ny hoe *hitan'*ny olona isika eo am-panaovana asa fanompoana. Ny manan-danja dia hoe fantatry ny Tompo fa nanompo Azy isika.

“Amin'ny maha-mpampianatra antsi-ka dia tokony hiezaka hatrany isika hampatanjaka ny Fiangonana, sy ireo namantsika, ary ny fianakaviansika amin'ny alalan'ny fanatontosana ireo andraikitsika ao amin'ny fisoronana. Tsy mora foana izany, saingy tsy manome didy ho antsika ny Tompo -raha tsy efa nanomana lalana ho [antsika] mba hahazoan[tsika] manatontosa ny zavatra izay andidiany [antsika]- (1 Nefia 3:7).”

Raha namarana ny lahateniny ilay zatovolahy dia nitohy ny fitalanjonako noho ny fahamatorany sy ny fahendreny. Nofintininy toy izao izany “Fantatro fa ho tonga tsara kokoa isika raha toa ka misafidy ny hanaraka an'i [Jesoa Kristy].”

Nisy tantara momba ny asa fanompoan'ny fisoronana iray hafa notantaraina nandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo iray volana lasa izay. Mbola nanatrika tany koa aho tamin'izay. Tamin'ity indray mitoraka ity, ity mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka efa nahazoazo taona ity dia tsy nahafantatra fa rehefa niresaka izy dia namari-paritra mihitsy izay nirin'ny Tompo



hitranga ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana nahazo tanjaka. Izao ny ampahany tamin'ny tantarany:

Nasaina hanompo fianakaviana fito izy sy ny mpiara-mpampianatra isan-tokantrano aminy. Saika izy rehetra dia tsy te hovangiana. Rehefa nandeha tany an-tranon'izy ireo ireo mpamangy isan-tokantrano dia tsy nety namoha varavarana izy ireo. Rehefa niantso antelefaonina izy ireo dia tsy nisy namaly. Rehefa namela hafatra izy ireo dia tsy nisy namerina niantso. Nony farany dia nanapa-kevitra ny hanompo azy ireo amin'ny alalan'ny fanoratana taratasy ilay mpiara-manompo mpitarika. Nanomboka nampiasa valopy mavo midorehitra mihitsy aza izy, nanantena hahazo valiny.

Rahavavy tokantena malaindaina iray nifindra monina avy tany Eorôpa ny iray tamin'ireo fianakaviana fito ireo. Nanana zanaka kely roa izy.

Rehefa niezaka ny nifampiresaka taminy im-betsaka izy dia nahazo hafatra iray tao amin'ny finday. Nam-pahafantariny azy mazava fa sahirana be izy ka tsy afaka hihaona amin'ireo mpamangy isan-tokantrano. Nanana asa roa izy ary tao amin'ny tafika ihany koa. Manam-boninahitra mpitandro filaminana ny asany voalohany, ary ny ho tonga mpitsikilo no tanjona arak'asany, ary hiverina any amin'ny firenena niaviany avy eo ka hanohy hiasa any.

Tsy afaka nitsidika azy tany an-tranon'ny mihitsy ireo mpamangy isan-tokantrano. Nandefa hafatra tsy tapaka ho azy izy. Nandefa taratasy soratanana



ho azy izy isam-bolana, niampy karatra firariantsoa ho an'ny ankizy tsirairay.

Tsy nahazo valiny izy. Saingy fantatr'ilay rahavavy hoe iza ireo mpamangy azy, sy ny fomba ifandraisana amin'izy ireo, ary hikiry ao amin'izany asa fanompoan'izy ireo ao amin'ny fisoronana izany izy ireo.

Kanjo, indray andro dia nahazo hafatra maika be avy tamin'ilay rahavavy izy. Tena nila fanampiana mafy izy. Tsy fantany hoe iza no eveka fa fantany hoe iza ireo mpamangy azy.

Afaka andro vitsivitsy dia mila mandao an'ilay faritra izy hanao fiofanana miaramila mandritra ny iray volana maninjitra. Tsy afaka nitondra ny zanany niaraka taminy izy. Ny reniny, izay saika hikarakara ny zanany, dia vao nisidina nankany Eorôpa mba hikarakara ny vadiny, izay narary tampoka.

Nanana vola ampy hividianana tapakila ho any Eorôpa ho an'ny zanany kely indrindra ity rahavavy tokantena malaindaina ity saingy tsy nanana ho an'i Eric zanany lahy izay 12 taona.² Nangataka tamin'ireo mpamangy isan-tokantrano azy izy mba hitady fianakaviana OAF afaka handray an'i Eric ho ao an-tokantranon'izy ireo mandritra ny 30 andro manaraka.

Namaly ny hafany ilay mpamangy isan-tokantrano fa hanao izay rehe-tra vitany. Dia niresaka tamin'ireo mpitarika azy ao amin'ny fisoronana izy. Nanome lalana ny hiresahany amin'ny filan-kevitra ny paroasy ny eveka, izay mpisorona avo mpiahy, ka

anisan'izany ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana.

Vetivety ilay filohan'ny Fikambanana Ifanampiana dia nahita fianakaviana OAF tsara efatra, izay nanan-janaka mitovy taona tamin'i Eric, izay vonona hifandimby handray azy ao an-tokantranon'izy ireo isan-kerinandro avy. Nandritra ny volana manaraka, ireo fianakaviana ireo dia niantoka sakafo ho an'i Eric, nanokana efitrano ho azy na dia efa feno olona na kely aza ny tranon'izy ireo, nitondra azy tamin'ireo hetsika ho an'ny fianakaviana nandritra ny fahavaratra efa voamana mialoha, nitondra azy tany am-piangonana, ary nampandray anjara azy tamin'ny takarivampianakavian'izy ireo, sy ny sisa.

Ireo fianakaviana izay nanan-janaka nitovy taona tamin'i Eric, dia nampandray anjara azy tamin'ireo fivoriana sy ireo hetsika an'ny kôlejin'ny diakona. Nandritra ireo 30 andro ireo dia sambany no nandeha tany am-piangonana isaky ny alahady i Eric tamin'ny fiainany.

Rehefa niverina avy tamin'ilay fiofanana ny reniny dia nanohy nandeha tany am-piangonana i Eric, matetika niaraka tamin'ny iray tamin'ireo fianakaviana OAF nanolo-tena ireo na ireo hafa izay naka azy ho namana, anisan'izany ireo mpamangy isan-tokantranon'ny reniny. Taty aoriana dia natokana ho diakona izy ary nanomboka nizara tsy tapaka ny fanasan'ny Tompo.

Izao dia handeha jerentsika ny hoavin'i Eric. Tsy ho gaga isika raha lasa

mpitarika iray ato amin'ny Fiangonana any amin'ny firenena niavian-dreniny izy rehefa miverina any ny fianakaviany, izany rehetra izany dia noho ireo Olomasina izay niara-niasa tamin'ny firaisan-kina, teo ambany fitarihan'ny eveka, mba hanompo tamin'ny fiantrana tao am-pon'izy ireo ary niaraka tamin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Fantatsika fa ny fiantrana dia manan-danja mba hahavoavonjy antsika ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra. Nanoratra i Môrônia hoe: "Ary raha tsy manana fiantrana ianareo dia tsy azo vonjena mihitsy ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra" (Môrônia 10:21; jereo ihany koa ny Etera 12:34).

Fantatsika ihany koa fa ny fiantrana dia fanomezam-pahasoavana omena antsika rehefa avy manao ny zavatra rehetra azontsika atao isika. Tsy maintsy "mivava[ka] amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo [isika] mba hahazoana mameno [antsika] amin'izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanara-dia marina an'i Jesoa Kristy Zanany" (Môrônia 7:48).

Amiko dia toa mandray kokoa ny Fanahy Masina isika rehefa mifantoka amin'ny fanompoana ny hafa. Izany no antony ananantsika andraikitra ao amin'ny fisoronana mba hanompo ho an'ny Mpamonjy. Rehefa milofo amin'ny fanompoana ny hafa isika dia tsy mieritreritra firy momba ny tenantsika, ary afaka ho tonga avy hatrany amin-tsika ny Fanahy Masina ka hanampy antsika amin'ny fikatsahantsika mandritra ny androm-piainantsika ny hanana ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana eo amintsika.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa efa nanao dingana lehibe mandroso ny Tompo eo amin'ny drafiny hahatonga antsika ho entanim-panahy sy be fiantrana kokoa eo amin'ny asa fanompoana ataontsika ao amin'ny fisoronana. Feno fankasitrahana aho ny amin'ny fitiavany, izay omeny sesehana ho antsika tokoa. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Novaina ny anarana.
2. Novaina ny anarana.



Nataon'ny Filoha Dallin H. Oaks

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Ny herin'ny fisoronana

Ny fanandrianana ny fisoronana masina izay hazoninareo dia tena ilaina amin'ny asan'ny Tompo ao amin'ny fianakavianareo sy ao amin'ny antsonareo ao amin'ny Fiangonana.

Ry rahalahiko malala, nahare filazana mifono fanambarana avy tamin'ny Filoha Russell M. Nelson isika. Nahare fanazavana manan-danja nataon'ny Loholona isany Christofferson sy Rasband ary ny Filoha Eyring isika. Ny lahateny sisa mbola hozaraina anio, anisan'izany ny zavatra bebe kokoa avy amin'ny Filoha Nelson, dia hano-me fanazavana fanampiny momba ny zavatra ho ataonareo ankehitriny ao amin'ny andraikitrareo, ry mpitarika sy mpihazona ny fisoronan'ny Tompo. Mba hitondrana fanampiana amin'izany dia hiresaka fitsipika fototra vitsivitsy mahakasika ny fisoronana izay hazoninareo aho.

I. Ny Fisoronana

Ny Fisoronana Melkizedeka dia ilay fahefana masina nafindran' Andriamanitra mba hanatanterahana ny asany mba “[h]anatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona” (Mosesy 1:39). Tamin'ny taona 1829 izany dia nomena an'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tamin'ny alalan'ireo Apôstôlin'ny Mpamonjy, dia i Petera sy i Jakoba ary i Jaona (jereo ny F&F 27:12). Masina sy mahery vaika mihoatra lavitra ny fahafahantsika mamaritra azy izany.

Ireo *fanalahidin'*ny fisoronana no hery hitarihana ny fampiasana ny fahefan'ny fisoronana. Noho izany, rehefa nanome an'i Joseph sy i Oliver ny Fisoronana Melkizedeka ireo Apôstôly, dia nanome azy ireo koa ny fanalahidy hitarihana ny fomba hampiasana izany (jereo ny F&F 27:12–13). Saingy tsy ny fanalahidy rehetran'ny fisoronana no nomena tamin'izany fotoana izany. Ny fanalahidy iray manontolo sy ny fahalalana ilaina ho an'ity “fitantan'ny fotoam-pahafenoana” ity (F&F 128:18) dia nomena “andalana anampy andalana” (andininy 21). Nomena tao amin'ny Tempolin'i Kirtland fito taona

taty aoriana ireo fanalahidy fanampiny (jereo ny F&F 110:11–16). Ireo fanalahidy ireo dia nomena mba hitarihana ny fahefan'ny fisoronana tamin'ireo asa nampanaovina fanampiny tamin'izany fotoana izany, toy ny batista ho an'ny maty.

Ny Fisoronana Melkizedeka dia tsy toeram-boninahitra na anarana fiantsoana. Izy io dia hery masina eo am-pelatanan'ireo lehilahy mendrika mba ho ampiasaina ho tombontsoan'ny asan' Andriamanitra mahakasika ireo zanany. Tokony hotsaroantsika mandrakariva fa *tsy* ireo lehilahy mihazona ny fisoronana no antsoina hoe “fisoronana.” Tsy mety ny fitenenana hoe “ny fisoronana sy ny vehivavy.” Tokony hilaza isika hoe “ny *mpihazona* ny fisoronana sy ny vehivavy.”

II. Asa fanompoana

Andeha ary isika handinika ny zavatra andrasan'i Jesoa Kristy Tompo avy amin'ireo izay mihazona ny fisoronany, dia ny fomba hitondrantsika fanahy ho Azy.

Ny Filoha Joseph F. Smith dia nampianatra hoe: “Tena voalaza marina tokoa fa lavorary ny fomba nandaminana ny Fiangonana. Ny hany olona dia tsy tena mahalala tsara ny adidy izay andrasana aminy ireo rafitra ireo. Rehefa lasa mahalala tsara ny zavatra takina aminy izy ireo dia hanatanteraka amim-pahatokiana kokoa ny andraikiny, ary hihamatanjaka sy hahery kokoa ary hahataona olona bebe kokoa eto amin'izao tontolo izao ny asan'ny Tompo.”¹





Nampitandrina ihany koa ny Filoha Smith hoe:

“Ny anaram-boninahitra nomen’ Andriamanitra . . . mifandray amin’ireo anjara fanompoana maro sy ireo lamina ao amin’ny Fisoronana Masina dia tsy natao ho ampiasaina na horaisina tahaka ireo anaram-boninahitra fiantsoana noforonin’olombelona. Tsy natao hahazoana dera izy ireo na hanehoana ny fananam-pahefana, fa fanendrena kosa ho amin’ny asa fanompoana atao amim-panetrentena ao amin’ny asan’ily Tompo izay ambarantsika fa tompointsika. . . .

“ . . . Miasa ho an’ny famonjena fanahy isika, ary tokony hahatsapa isika fa izany no adidy lehibe indrindra nankinina tamintsika. Noho izany dia tokony hahatsapa ho vonona ny hamoy ny zavatra rehetra isika, raha ilaina, noho ny fitiavana an’ Andriamanitra, ho famonjena ny olona, ary ho an’ny fandresen’ny fanjakan’ Andriamanitra eto an-tany.”²

III. Anjara fanompoana ao amin’ny Fisoronana

Ao amin’ny Fiangonan’ny Tompo dia manana anjara andraikitra samihafa ireo anjara fanompoana ao amin’ny Fisoronana Melkizedeka. Ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana dia milaza fa ny mpisorona avo dia “filoha maharitra na mpanompo amin’ ireo tsatoka samy hafa miely patrana any ivelany” (F&F 124:134). Izany dia milaza fa ny loholona dia “mpanompo maharitra

amin’ ny fiangona[n’ny Tompo]” (F&F 124:137 Ireto misy fampianarana hafa mikasika ireo anjara andraikitra samy hafa ireo.

Ny mpisorona avo dia manompo sy mitantana ny zavatra ara-panahy (jereo ny F&F 107:10, 12). Araka ny nampianarin’ny Filoha Joseph F. Smith ihany koa hoe “Noho izy efa voatendry ho mpisorona avo, dia tokony ho tsapany fa voatery izy . . . ny haneho ohatra mendrika ny ho alain’ireo zokiolona sy tanora tahaka, ary hametraka ny tenany amin’ny toerana iray mba ho mpampianatra ny fahamarinana, tsy amin’ny alalan’ny fampianarana fotsiny ihany fa amin’ny alalan’ny ohatra indrindra indrindra: mizara amin’ireo zandry mpihazona ny fisoronana ny tombontsoa azo avy amin’ny traikefa azo nandritra ny taona maro, ka noho izany dia lasa hery eo anivon’ny fiarahamonina izay honenany ny tenany.”³

Mahakasika ny andraikitra ny loholona dia nampianatra ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo hoe: “Mpanompon’i Jesoa Kristy Tompo ny loholona. . . . Nomena andraikitra izy mba hanatanteraka ilay adidy ary hisolo tena ny Tompony . . . amin’ny fanompoana ny mpiara-belona aminy. Mpandraharahan’ny Tompo izy.”⁴

Ny Loholona McConkie dia nitsikera ilay fiheverana fa ny mpihazona ny fisoronana dia “loholona fotsiny ihany.” “Mitovy ihany ny fisoronana hazonin’ny loholona sy ny Filohan’ny

Fiangonana . . . ,” hoy izy. Inona no atao hoe loholona? Mpiandry ondry izy, mpiandry ondry manompo ao amin’ny valan’ondrin’ily Mpiandry Tsara.”⁵

Ao amin’io anjara andraikitra hanompo ao amin’ny valan’ondrin’ny Mpiandry Tsara io dia tsy misy fanavahana eo amin’ireo anjara fanompoan’ny mpisorona avo sy ny loholona ao amin’ny Fisoronana Melkizedeka. Manambara ny Tompo ao amin’ily fizarana 107 lehiben’ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana fa “Ny mpisorona avo, araka ny lamin’ ny Fisoronana Melkizedeka, dia manana zo hitarika eo amin’ ny toerany eo ambany fitarihan’ ny fiadidiana, amin’ ny fitantanana ny zavatra ara-panahy, ary koa amin’ ny anjara fanompoan’ ny loholona [na ireo anjara fanompoana misy ao amin’ny Fisoronana Aharôna]” (F&F 107:10; jereo ihany koa ny andininy 12).

Ny fitsipika manan-danja indrindra ho an’ny mpihazona ny fisoronana rehetra dia ilay fitsipika nampianarin’i Jakôba mpaminany ao amin’ny Bokin’i Môrmôna. Rehefa avy natokana ho mpisorona sy mpampianatra ny vahoaka izy sy i Joseph rahalahiny, dia hoy izy: “Ary dia nandrianinay ny adidinay ho an’ ny Tompo, tamin’ ny nandriananay ho andraikitra ny hamaliana ny fahotan’ ny olona eo ambony lohanay raha tsy nampianatra azy ny tenin’ Andriamanitra tamin’ ny fahazotoana rehetra izahay” (Jakôba 1:19).

Ry rahalahy isany, ny andraikitsika amin’ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika dia tsy azo ivazivaziana. Ireo fikambanana hafa dia mety ho afa-po amin’ireo fenit’izao tontolo izao eo amin’ny fanaovana asa amin’ny fizarana ny hafatr’izy ireo sy ny fanatanterahana ireo anjara andraikiny hafa. Fa isika mpihazona ny fisoronan’ Andriamanitra kosa dia manana ny hery masina izay mitantana mihitsy aza ny fidirana ho ao amin’ny fanjakana selestialin’ Andriamanitra. Isika dia manana ny tanjona sy ny andraikitra nofaritan’ny Tompo ao amin’ny sasinteny izay nambara ao amin’ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana. Isika dia tokony hanambara amin’izao tontolo izao:

“Mba hahazoan’ ny olona tsirairay . . . miteny amin’ ny anaran’ ny Tompo Andriamanitra, dia Ilay Mpamonjy izao tontolo izao;

“Mba ho afaka hitombo eto an-tany koa ny finoana;

“Mba ho azo aorina ny fanekempihavanako maharitra mandrakizay;

“Mba ho azon’ ny malemy sy ny tsotra ambara hatrany amin’ ny faran’ izao tontolo izao ny fahafenoan’ ny filazantsarako” (F&F 1:20–23).

Mba hanatanterahana io andraikitra masina io dia tsy maintsy mahatoky isika amin’ny “filofosana” amin’ny antson-tsika sy ny andraikitsika ao amin’ny fisoronana (jereo ny F&F 84:33). Ny Filoha Harold B. Lee dia nanazava ny dikan’ny hoe manandriana ny fisoronana: “Rehefa lasa mpihazona ny fisoronana ny olona iray dia lasa solontenan’ ny Tompo nahazo lalana. Ny antsony dia tokony ho raisiny ho toy ny hoe eo am-panaovana ny raharahan’ ny Tompo izy.” Izany no dikan’ny hoe manandriana ny fisoronana.”⁶

Noho izany, ry rahalahy isany, raha ny Tompo mihitsy no mangataka anareo hanampy ny iray amin’ireo zanany lahy na zanany vavy, izay nataony tamin’ny alalan’ireo mpanompony, dia hanao izany ve ianareo? Ary raha nataonareo ilay izy, dia hiasa tahaka ny solontenany nahazo lalana “eo am-panaovana ny raharahan’ny Tompo” ve ianareo, ka hiantehitra amin’ny fanampiana nampanantenany?

Nanana fampianarana hafa mikasika ny fanandrianana ny fisoronana ny Filoha Lee: “Rehefa mihazona fanitajery eo amin’ny zavatra iray ianao dia mahatonga izany zavatra izany ho toy ny lehibe kokoa noho ny fahafahanao mahita izany amin’ny maso tsotra izany. Andrianin’ily fanitajery ilay zavatra. Koa, . . . raha misy olona manandriana ny fisoronany, dia manao izay hahatonga izany ho lehibe kokoa noho izay niheverany azy tamin’ny voalohany sy ho manan-danja lavitra noho izay niheveran’ny olona hafa izany. Izany no fomba hanandriananao ny fisoronanao.”⁷

Inty misy ohatra iray amin’ny mpihazona ny fisoronana iray manandriana

ny andraikiny ao amin’ny fisoronana. Reko avy tamin’ny Loholona Jeffrey D. Erekson, izay namana niaraka tamiko tamin’ny fihaonamben’ny tsatoka iray tao Idaho izy ity. Fony izy loholona tanora vao nanambady, tena nahantra ary nahatsapa ho tsy afaka namita ny taom-pianarany farany tao amin’ny oniversite, dia nanapa-kevitra ny hanajanona ny fianarany i Jeffrey ary nanaiky tolotr’asa iray izay nahasrika azy. Andro vitsy taty aoriana dia tonga tao an-tranony ny filohan’ny kôlejin’ny loholona nisy azy. “Takatrao ve ny halehiben’ny fanalahidin’ny fisoronana izay hazoniko?” hoy ilay filohan’ny kôlejin’ny loholona nanontany. Rehefa niteny i Jeffrey hoe takany, dia nilaza taminy ilay filoha fa hatramin’ny nandrenesany ny fikasan’i Jeffrey hiala tao amin’ny oniversite, dia nampiferinaina azy nandritra ny alina maro tsy nahitan-tory ny Tompo mba hanome ity hafatra ity an’i Jeffrey: “Amin’ny maha-filohan’ny kôlejin’ny loholona misy anao ahy dia manoro hevitra anao aho tsy hiala ao amin’ny oniversite. Izany no hafatra ho anao avy amin’ny Tompo.” Nanohy ny fianarany i Jeffrey. Taona maro taty aoriana dia nifanena taminy aho rehefa lasa mpandraharaha nahomby izy ary nandre azy niteny tamin’ny mpihazona fisoronana maromaro izay nanatrika hoe: “Nisy fiantrakany lehibe teo amin’ny fiainako izany [torohevitra] izany.”

Nanandriana ny fisoronany sy ny antsony ny mpihazona fisoronana iray, ary nisy “fiatraikany lehibe” teo amin’ny fiainan’ny zanak’ Andriamanitra iray hafa izany.

IV. Fisoronana eo anivon’ny fianakaviana

Hatreto dia niresaka ireo anjara andraikitra ny fisoronana ao amin’ny Fiangonana aho. Izao aho dia hiresaka momba ny fisoronana eo anivon’ny fianakaviana. Atomboko amin’ireo fanalahidy izany. Ilay fitsipika hoe ny fahefan’ny fisoronana dia tsy azo ampiasaina raha tsy eo ambany fitarihan’ny olona mihazona ny fanalahidy ho an’izany anjara andraikitra izany dia fitsipika fototra ao amin’ny Fiangonana, saingy tsy mihatra amin’ny

fampiasana ny fahefan’ny fisoronana ao amin’ny fianakaviana.⁸ Ny raim-pianakaviana mihazona ny fisoronana no miahy ao amin’ny fianakaviany amin’ny alalan’ny fahefan’ny fisoronana izay hazoniny. Tsy mila mahazo ny fitarihana na ny fankatoavana avy amin’ny fanalahidin’ny fisoronana izy mba hanomezana torolalana ny olona ao amin’ny fianakaviany, hanao fivoriam-pianakaviana, hanome tsodranon’ny fisoronana ho an’ny vady aman-janany, na hanome tsondrano fanasitranana ho amin’ny olona ao amin’ny fianakaviany na ny hafa.

Raha hanandriana ny fisoronany eo anivon’ny fianakaviany ireo raim-pianakaviana dia hanampy amin’ny fampandrosoana ny asa nanirahana ny Fiangonana tahaka ny zavatra hafa mety hataon’izy ireo izany. Ireo raim-pianakaviana mihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia tokony hitandrina ny didy mba hananany ny herin’ny fisoronana mba hanomezana tsodrano ho an’ny olona ao amin’ny fianakaviany. Tokony hanao ihany koa izay hisian’ny fifandraisan’ny mpianakavy feno fitiavana ny raim-pianakaviana mba hana-nan’ny olona ao amin’ny fianakaviana faniriana hangataka tsodrano amin’ny rain’izy ireo. Ary tokony hanao izay hisian’ny tsodranon’ny fisoronana bebe kokoa ao amin’ny fianakaviana ireo ray aman-dreny.

Ry raim-pianakaviana isany, metetza ho “mpirara-miasa mitovy lenta” amin’ny vadinareo, araka ny ampianarin’ily fanambarana ho an’ny fianakaviana.⁹ Ary, ry raim-pianakaviana isany, rehefa nomena tombontsoa manokana ianareo mba hampiasa ny hery sy ny fitaoman’ny fahefan’ny fisoronana hazoninareo, dia ataovy “amin’ny fandresen-dahatra, ny fahari-po, ny hatsaram-panahy sy ny hamoram-po ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy” (F&F 121:41) izany. Tena manan-danja tokoa ao amin’ny fianakaviana izany fenitra avo amin’ny fampiasana ny fahefan’ny fisoronana izany. Ny Filoha Harold B. Lee dia nanome ity fampantenenana ity raha vantany vao lasa Filohan’ny Fiangonana ny tenany: “Tsy misy fotoana mahatonga ny herin’ny

fisoronana izay hazoninareo ho mahatalanjona kokoa noho ny amin'ny fotoana hisian'ny olana, aretina goavana, na fanapahan-kevitra lehibe vitsivitsy tsy maintsy raisina ao antokantranonareo. . . . Hita ao anatin'ny herin'ny fisoronana, izay herin'ny Andriamanitra Tsitoha, ny hery hanatontosana fahagagana raha sitraky ny Tompo izany, saingy mba hahafahantsika mampiasa izany fisoronana izany, dia tsy maintsy mendrika ny hampiasa azy isika. Ny tsy fahafahana mahatakatra io fitsipika io dia tsy fahafahana mandray ireo fitahiana avy amin'ny fihazonana izany fisoronana lehibe izany.”¹⁰

Ry rahalahiko malala, ny fanandrianana ny fisoronana masina izay hazoninareo dia tena ilaina amin'ny asan'ny Tompo ao amin'ny fianakavianareo sy ao amin'ny antsonareo ao amin'ny Fiangonana.

Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny Ilay Tompon'io fisoronana io aho. Amin'ny alalan'ny fijaliany manavotra sy ny fitsanganany tamin'ny maty, ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra dia manana ny fanomezana antoka hahazo ny tsy fahafatesana sy ny fahafahana hahazo ny fiainana mandrakizay. Tokony ho mahatoky sy hanana zotom-po isika tsirairay avy amin'ny fanaovana ny anjarantsika ao amin'ity asa lehiben' Andriamanitra Raintsika Mandrakizay ity, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* (1998), 343.
2. *Teachings of Joseph F. Smith*, 340, 343.
3. Joseph F. Smith, *Gospel Doctrine*, 5th ed. (1939), 182.
4. Bruce R. McConkie, “Only an Elder,” *Ensign*, June 1975, 66; tsy notazonina ny fanamafisana tamin'ny voalohany.
5. Bruce R. McConkie, “Only an Elder,” 66; tsy notazonina ny fanamafisana tamin'ny voalohany.
6. *Enseignements des présidents de l'Eglise: Harold B. Lee* (2000).
7. *The Teachings of Harold B. Lee*, ed. Clyde J. Williams (1996), 499.
8. Jereo ny Dallin H. Oaks, “Priesthood Authority in the Family and the Church,” *Liahona*, Nov. 2005, 24–27.
9. Jereo ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo Iza,” *Liahona*, mey 2017, 145.
10. *Teachings: Harold B. Lee*, 97.



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson

Manompo amin'ny hery sy fahefan' Andriamanitra

Hanompo amin'ny anarany isika, miaraka amin'ny heriny sy ny fahefany, ary ilay hatsaram-panahiny feno fitiavana.

Ry rahalahiko malala, misaotra anareo noho ny fanoloran-tenanareo ho an'ny Tompo sy ho amin'ny asany masina. Tena fifaliana ho ahy ny miaraka aminareo. Amin'ny maha-Fiadidiana Voalohany vaovao anay, dia misaotra anareo izahay noho ireo vavaka sy ny fanohanana atolotrareo. Feno fankasitrahana izahay noho ny fiainanareo sy ny fanompoana ataonareo ho an'ny Tompo. Ny fikelezanareo aina amin'ny adidy sy ny asa fanompoana tsy mila tambiny dia zava-dehibe eo amin'ny antsonareo tsy misy hafa amin'ny maha-zava-dehibe ny anay eo amin'ny antsonay. Ny nanompoako nandritra ny androm-piainako tato amin'ity Fiangonana ity dia nianarako fa tsy misy dikany mihitsy ny hoe *aiza* ianao no manompo. Ny zavatra tena manan-danja amin'ny Tompo dia ny hoe *ahoana* no fomba hanompoanao.

Maneho fankasitrahana lalina aho ho an'ny Filoha Thomas S. Monson, izay ohatra ho ahy tao anatin'ny 50 taona mahery. Ary maneho ny fitiavako lalina an'ireo mpanolotsainy aho, dia

ny Filoha Henry B. Eyring sy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf. Midera azy ireo aho noho ny asa fanompoana nataon'izy ireo ho an'ny Tompo sy ireo mpaminaniny. Ireo mpanompo roalahy feno fanoloran-tena ireo dia samy nahazo andraikitra vaovao. Manohy manompo amim-pahavitrihana sy amim-panoloran-tena izy ireo. Samy tiako sy omeko voninahitra izy ireo.

Tena fitahiana miavaka ny manompo ao amin'ny Fiangonana'ny Tompo izay marina sy velona, miaraka amin'ny fahefany sy ny heriny. Ny famerenana amin'ny laoniny ny fisoronan' Andriamanitra, tafiditra amin'izany ny fanalahidin'ny fisoronana dia mitondra ny lehibe indrindra amin'ireo fitahiana ara-panahy rehetra ho an'ireo Olomasin'ny Andro Farany izay mendrika. Hitantsika mirotsaka amin'ny vehivavy sy ny lehilahy ary ny ankizy manerana izao tontolo izao ireo fitahiana.

Mahita vehivavy mahatoky izay mahatakatra ilay hery tsy afa-misaraka amin'ny antson'izy ireo sy eo amin'ny fanafiana masina azy ireo ary eo

amin'ireo ôrdônansy hafa any amin'ny tempoly isika. Ireo vehivavy ireo dia mahafantatra ny fomba hahazoana fanampiana avy amin'ireo herin'ny lanitra mba hiarovana sy hampatanjana ny vady aman-janak'izy ireo sy ny olon-kafa izay tian'izy ireo. Izy ireo dia vehivavy matanjaka ara-panahy izay mitarika sy mampianatra ary manompo tsy amin-tahotra ao amin'ny antson'izy ireo miaraka amin'ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra!¹ Feno fankasitrahana azy ireo tokoa aho!

Tahaka izany ihany koa, dia mahita lehilahy mahatoky isika izay miaina ho mendrika ny hahazo ireo tombontsoa tokony ho azy amin'ny mahampihazona ny fisoronana azy. Mitarika sy manompo amin'ny fahafoizan-tena araka ny fomban'ny Tompo izy ireo, dia amim-pitiavana sy amin-katsarampanahy ary amim-paharetana. Mitahy, mitarika, miaro ary mankahery ny hafa izy ireo amin'ny alalan'ny herin'ny fisoronana izay hazoniny. Mitondra fahagagana ho an'ireo olona izay tompoiny izy ireo sady mitandrina ny fanambadiany sy ny fianakaviany tsy ho azon-doza. Mandositra ny faharatsiana izy ireo ary loholona masina ao Isiraely.² Feno fankasitrahana indrindra aho noho izy ireo!

Ankehitriny dia afaka milaza ahiahy ve aho? Izao ilay izy: Maro loatra amin'ireo rahalahy sy anabavintsika no tsy tena mahatakatra tsara ny hevitra ny hoe herin'ny fisoronana sy ny hoe fahefan'ny fisoronana. Ny zavatra ataony dia toy ireny hoe aleony manome fahafahampo ireo faniriana sy filàna feno fitiavan-tena ananany toy izay mampiasa ny herin' Andriamanitra hitahiana ireo zanany.

Matahotra aho sao maro loatra amin'ireo rahalahy sy anabavintsika no tsy mahatakatra ireo tombontsoa izay tokony ho azy ireo.³ Ny sasany amin'ireo rahalahintsika ohatra dia manao zavatra toy ireny tsy mahatakatra ny atao hoe fisoronana sy ny zavatra azon'izy ireo atao noho ny fisoronana ireny. Mamelà ahy ianareo hanome ohatra mazava vitsivitsy.

Vao tsy ela akory izay, dia nanatrika fivoriana fanasan'ny Tompo aho izay hanomezana anarana sy tsodranon-drany

ho an'ny zazakely iray. Notazonin'ilay raim-pianakaviana vao herotreronny teny an-tanany ilay zanany sarobidy, dia nomeny anarana, ary avy eo dia nanao *vavaka* nahafinaritra izy. Saingy tsy nomeny tsodrano ilay zaza. Nahazo anarana io zazavavikely io fa tsy nahazo tsodrano! Io loholona io dia tsy nahafantatra ny mahasamy hafa ny vavaka sy ny tsodranon'ny fisoronana. Tamin'ny hery sy ny fahefan'ny fisoronana nananany dia tokony ho afaka nanaome tsodrano ny zanany izy saingy tsy nanao izany. Hoy aho tao an-tsaina hoe: "Endrey izany fahafahana very fotsiny!"

Mamelà ahy hilaza ohatra hafa. Mahafantatra rahalahy isika izay manokana rahavavy ho mpitarika sy mpampianatra ao amin'ny Kilonga na Zatovovavy na Fikambanana Ifanampiana, saingy tsy manome tsodrano ho azy ireo, dia tsodrano hahafahany izy ireo manatanteraka ny antsony izany. Famporisihana sy torolalana fotsiny no omen'izy ireo. Mahita raim-pianakaviana mendrika isika izay tsy manome tsodranon'ny fisoronana ho an'ny vady aman-janany akory, nefa izany mihitsy no tena ilain'izy ireo. Naverina teto amin'ity tany ity ny fahefan'ny fisoronana, saingy mbola betsaka loatra ireo rahalahy sy anabavy izay misedra fitsapana mafy eo amin'ny fiainana kanefa tsy mbola nandray tsodranon'ny fisoronana tena izy. Tena mampalahelo izany! Zava-mampalahelo izay azontsika hialana.

Ry rahalahy, mihazona ny fisoronana masin' Andriamanitra isika! Manana ny fahefany isika hitahiana ny vahoakany. Eritrereto ilay fanomezan-toky miavaka izay nomen'ny Tompo antsika raha nilaza Izy hoe, "Na zovy na zovy tsofinao rano dia hotahiako."⁴ Voninahitra ho antsika ny miasa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy hitsofana rano ireo zanak' Andriamanitra araka izay sitrapony ho azy ireo. Ry filohan'ny tsatòka sy eveka isany, iangaviako ianareo mba hanao izay hahatakarany olona tsirairay ao amin'ireo kôlejy izay iadidianareo ny fomba fanomezana tsodranon'ny fisoronana, anisan'izany ny fahamendrehan'ny tena manokana sy ny fiomanana ara-panahy takiana



amin'izy ireo mba hahafahany miantso tanteraka ny herin' Andriamanitra.⁵

Ho an'ny lehilahy mpihazona ny fisoronana rehetra, manasa anareo aho hitaona ireo mpikambana hitandrina ny fanekempihavanan'izy ireo, hifady hanina sy hivavaka, handalina ny soratra masina, hanao fitsaohana any amin'ny tempoly, ary hanompo amim-pinoana amin'ny maha-lehilahy sy vehivavin' Andriamanitra azy ireo. Afaka manampy ny olon-drehetra isika hahita amin'ny masom-pinoana fa ny fankatoavana sy ny fahamarinana dia hisarika azy ireo hanakaiky an'i Jesoa Kristy kokoa, ary hahafahany izy ireo hankafy ny fiarahan'ny Fanahy Masina, ary hiaina fifaliana eo amin'ny fiainana!

Ny toetra iray mampiavaka hatrany ny Fiangonan'ny Tompo izay marina sy velona dia ny asa iray izay voarin-dra sy misy mitarika hatrany hanompo ny zanak' Andriamanitra tsirairay sy ny fianakavian'izy ireo avy.⁶ Koa satria Fiangonany ity, dia isika, amin'ny maha-mpanompony antsika, no hanompo ny tsirairay tsy misy hafa amin'ny nataony.⁷ Hanompo amin'ny anarany isika, miaraka amin'ny heriny sy ny fahefany, ary ilay hatsarampanahiny feno fitiavana.

Ny zavatra iray niainako tany Boston 60 taona mahery lasa izay dia nampianatra ahy hoe hatraiza no mety ho herin'ny fahafahana manompo olona iray isaky ny mandeha. Tamin'izany fotoana izany aho dia dokotera mpiofana ho mpandidy tao amin'ny



hôpitaliben'i Massachusetts, miasa isan'andro ny antoandro, isaky ny roa andro amin'ny alina, ary indray mandeha miasa indray mandeha tsy miasa amin'ny faran'ny herinandro. Voafetra ny fotoana nananako ho an'ny vadiko sy ireo zanakay efatra ary ny zavatra atao any amin'ny Fiangonana. Na izany aza, dia nanendry ahy ny filohan'ny sampana hamangy ny tokantranon'i Wilbur sy Leonora Cox, sady nanan-tena fa mety hiverina hanatrika ireo fivoriam-piangonana indray Rahalahy Cox. Efa nofehezina tany amin'ny tempoly izy sy i Leonora.⁸ Saingy efa antaonany maro no tsy nivavaka i Wilbur.

Namangy tany an-tokantranony izaho sy ny mpiara-mamangy tamiko. Rehefa niditra izahay dia noraisin-dRahavavy Cox tamimpientanentanana,⁹ saingy Rahalahy Cox kosa dia niala faingana nan-kany amin'ny efitrano iray hafa ary nanakatomb-baravarana.

Nanatona ilay varavarana nihidy aho ary nandondona. Kelikely avy eo aho dia naheno feo niteny hoe "Mandrosoa." Nosokafako ny varavarana ka hitako Rahalahy Cox mipetraka akaikina karazana fitaovana fandefasana radio. Nandrehitra sigara izy tao anatin'io efitrano kely io. Mazava fa tsy nahafaly azy loatra ny fahatongavako.

Talanjona aho nanopy ny masoko nanodidina ary nilaza hoe: "Rahalahy Cox, efa ela aho no naniry hianatra momba ny asa fandefasana radio. Mety afaka mampianatra ahy momba izany

ve ianao? Miala tsiny aloha fa tsy afaka mijanona ela kokoa aho anio hariva, saingy afaka miverina amin'ny fotoana hafa ve aho?"

Nisalalala kely izy aloha ary avy eo niteny hoe eny. Izy no nanombohan'ny fifandraisana izay lasa finamanana tena nahafinaritra. Niverina tany aho dia nampianatra ahy izy. Nanomboka nitia azy aho, sy nanaja azy. Rehefa nisesy ireo famangiana dia nipoitra ny hatsaran'io lehilahy io. Lasa mpinamana tena akaiky izahay, tahaka izany koa ireo vady malalanay mandrakizay. Avy teo, rehefa nandeha ny fotoana dia nifindra monina ny fianakavianay. Nanohy nikarakara ny fianakaviana Cox ireo mpitarika teo an-toerana.¹⁰

Teo amin'ny valo taona taorian'io famangiana voalohany io dia natsangana ny tsatòkan'i Boston.¹¹ Fantatrao ve hoe iza no filohan'ny tsatòka voalohany tamin'izany? Eny! Ny Rahalahy Cox! Nandritra ireo taona taty aoriana dia efa filohan'ny misiôna koa izy ary koa filohan'ny tempoly.

Taona maro taty aoriana, izaho efa mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, dia voatendry aho hanangana tsatòka vaovao tao amin'ny Comté de Sanpete, Utah. Nandritra ireo dinidinika fanao mahazatra dia sady faly aho no taitra nihaona indray tamin-dRahalahy Cox namana tsy foiko! Nahatsapa ho notaomin'ny Fanahy aho hiantso azy ho patriarika'ilay tsatòka vaovao. Rehafa avy nanokana azy aho dia nifamihina izahay ary nitomany.

Gaga ireo olona tao amin'ilay efitra hoe inona koa no mampitromany an'ireto lehilahy lehibe ireto. Saingy izahay dia nahafantatra. Rahavavy Cox ihany koa. Ranomasom-pifaliana ny anay! Tsaroonay mangina ilay dia tsy mampino tao anatin'ny fitiavana sy fibebahana izay nanomboka 30 taona lasa mahery izay, indray hariva tao an-tranon'izy ireo.

Tsy tapitra teo akory ny tantara. Nitombo ny fianakavian-dry Rahalahy sy Rahavavy Cox ka nahitana zanaka 3, zafikely 20 ary zafafy 54. Manginy fotsiny ny fiantraikan'izy ireo teo amin'ny misiônera an-jatony sy olona an'arivony fanampiny tao amin'ny tempoly, ary olona an-jatony fanampiny izay nandray tsodranon'ny patriarika tamin'ny tanan'i Wilbur Cox. Hanohy hipaka amin'ny taranaka maro manerana izao tontolo izao ny fitaoman'izy sy Leonora.

Ny zava-mitranga tahaka io nitranga tamin'i Wilbur sy Leonora Cox io dia mitranga isan-kerinandro, inay anie ho isan'andro, ato amin'ity Fiangonana ity. Manatanteraka ny asan'i Jesoa Kristy Tompo, miaraka amin'ny heriny sy ny fahefany, ireo mpanompony feno fahafaoizantena.

Ry rahalahy isany, misy varavarana maro azontsika sokafana, tsodranon'ny fisoronana azontsika omena, fo maro azontsika sitranina, enta-mavesatra maro azontsika entina, fijoroana ho vavolombelona maro azontsika hama-fisina, fiainana maro azontsika vonjena, ary fifaliana maro azontsika entina ao an-tokantranon'ireo Olomasin'ny Andro Farany, dia izany rehetra izany satria mihazona ny fisoronan' Andriamanitra isika. Isika no ireo lehilahy izay "nantsoina sy nomanina hatry ny fano-renana izao tontolo izao [. . .], araka ny fahalalana mialoha tao amin' Andriamanitra, noho ny finoan[tsika] fatratra," hanatanteraka ity asa ity.¹²

Anio hariva aho dia manasa anao ara-bakiteny hiara-hijoro amiko ao amin'ity firahalahiansika goavana maharitra mandrakizay ity. Rehefa manonona ny anjara fanompoanao ao amin'ny fisoronana aho dia iangaviana ianao hitsangana ary hijanona eo ihany aloha. Ireo diakona, mitsangàna azafady! Ireo mpampianatra, mitsangàna! Ireo



Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonani Jesoa Kristy ho an'ny Olomasi'ny Andro Farany

NY FIADIDIANA VOALOHANY



Dallin H. Oaks
Mpanolotsaina Voalohany



Russell M. Nelson
Filoha



Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Faharoa

NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



M. Russell Ballard



Jeffrey R. Holland



Dieter F. Uchtdorf



David A. Bednar



Quentin L. Cook



D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen



Ronald A. Rasband



Gary E. Stevenson



Dale G. Renlund



Gerrit W. Gong



Ulisses Soares

NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY



L. Whitney Clayton



Craig C. Christensen



Lynn G. Robbins



Juan A. Uceda



Patrick Kearon



Carl B. Cook



Robert C. Gay

FITOPOLOLAHY MANAMPAHEFANA AMBONY

(manaraka ny abidia)



Marcos A. Adukatlis



Jose L. Alonso



Wilford W. Andersen



Ian S. Aldern



Mervyn B. Arnold



Steven R. Bangarter



W. Mark Bassett



David S. Baxter



Randall K. Bennett



Shayne M. Bowen



Mark A. Bragg



Craig A. Cardon



Matthew L. Carpenter



Yoon Hwan Choi



Kim B. Clark



Weatherford T. Clayton



Lawrence E. Colbridge



Valeri V. Cordon



J. Dean Comish



Claudio R. M. Costa



Joaquin E. Costa



LeGrand R. Curtis Jr.



Massimo De Feo



Benjamin De Hoyos



Edward Dube



Kevin R. Duncan



Timothy J. Dyches



Larry J. Echo Hawk



David F. Evans



Enrique R. Fabeella



Bradley D. Foster



Randy D. Funk



Eduardo Gavaret



Jack N. Gerard



Carlos A. Godoy



Taylor G. Godoy



Christoffa Golden



Walter F. Gonzalez



C. Scott Grow



O. Vincent Harek



Donald L. Hallstrom



Kevin S. Hamilton



Allen D. Haynie



Mathias Held



David P. Homer



Paul V. Johnson



Larry S. Kacher



Jorg Kiebigat



Joni L. Koch



Erich W. Kopschke



Hugo E. Martinez



James B. Martino



Richard J. Maynes



Kyle S. McKay



Peter F. Meus



Hugo Montoya



Marcus B. Nash



K. Brett Natress



S. Gifford Nielsen



Brent H. Nielson



Adrian Ochao



Allan E. Pecker



S. Mark Palmer



Addison de Paula Parella



Kevin W. Pearson



Anthony D. Perkins



Paul B. Peper



John C. Pingree Jr.



Rafael E. Prio



Michael T. Ringwood



Gary B. Sablin



Evan A. Schmultz



Gregory A. Schwitzer



Joseph W. Shari



Steven E. Snow



Vern P. Stanfill



Brian K. Taylor



Michael John U. Teh



Jose A. Teixeira



Amulio Valenzuela



Juan Pablo Villar



Terence M. Vinson



Takashi Wada



Taniel B. Wakolo



Scott D. Whiting



Larry Y. Wilson



Chi Hong (Sam) Wong



Kazuhiko Yamashita




Jorge F. Zaballos



Claudio D. Zivic



Dean M. Davis



Gerald Causse



W. Christopher Waddell



W. Christopher Waddell



W. Christopher Waddell



W. Christopher Waddell

W. Christopher Waddell
Mpanolotsaina Faharoa

Gerald Causse
Beka Mpiary

Dean M. Davis
Mpanolotsaina Voaohary

MPIANDRAIKITRA AMBONY

SEKOLY ALAHADY



Devin G. Duriant
Mpanolotsaina Voaohary




Tad R. Callister
Fihia



Brian K. Ashton
Mpanolotsaina Faharoa



Michelle D. Craig
Mpanolotsaina Voaohary



Bonnie H. Cardon
Fihia



Becky Craven
Mpanolotsaina Faharoa



Sharon Eubank
Mpanolotsaina Voaohary



Jean B. Bingham
Fihia




Reyna I. Aburto
Mpanolotsaina Faharoa



Lisa L. Hartness
Mpanolotsaina Voaohary



Joy D. Jones
Fihia




Cristina B. Franco
Mpanolotsaina Faharoa



Douglas D. Holmes
Mpanolotsaina Voaohary



Stephen W. Owen
Fihia



M. Joseph Brough
Mpanolotsaina Faharoa

KILONGA

ZATOVOLAHY



mpisorona! Ireo eveka! Ireo loholona!
Ireo mpisorona avo! Ireo patriarika!
Ireo fitopololahy! Ireo apôstôly!

Izao ry rahalahy isany, iangavia-
na ianareo hitsangana eo ihany ary
hiara-hihira amin'ny amboaram-peo
ireo andininy telo amin'ny "Rise Up, O
Men of God."¹³ Eo am-pihiranareo dia
eritrereto ny adidinareo amin'ny maha-
tafika maherin' Andriamanitra anareo,
hanampy hanomana an'izao tontolo
izao ho amin'ny Fiavian'ny Tompo
fanindroany. Izany no andraikitsika.
Izany no tombontsoantsika. Izany no
hijoroako ho vavolombelona amin'ny
anaran'i Jesoa Kristy. Amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko," *Liahona*, nov. 2015, 96.
2. Jereo ny Russell M. Nelson, "Ny saran'ny fananana herin'ny fisoronana," *Liahona*, mey 2016, 66–69; jereo ihany koa ny *Almà* 13:7–8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:17–20, 35–38.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–22; 107:18–19; ary ny Dikantenin'i Joseph Smith, *Genesisy* 14:30–31 (ao amin'ny *Torolalana* ho an'ny Soratra Masina).
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:47.
5. Ny mampifandray ny herin'ny fisoronana sy ny fahamarinan'ny tena manokana dia velabelarina ao amin'ny endriny feno kokoa ao amin'ny Russell M. Nelson, "Ny saran'ny fananana herin'ny fisoronana," 66–69; jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:34–37, 41–44.
6. Ny anjara toerana manan-danja sahanin'ny asa iray voarindra sy misy mitarika hanompo ny isam-batan'olona dia fianakaviana dia hita taratra na oviana na oviana ary na aiza na aiza no misy ny Fiangonan'ny Jesoa Kristy miorina. Jereo ohatra ny *Lioka* 10:1–20; *Asan'ny apostoly* 6:1–6; *Efesiana* 4:11–14; *Môsîa* 18:9, 18–19, 27–29; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:42, 51, 57.
7. Jereo ny 3 *Nefia* 17:9–10, 20–21.
8. *Tempolin'i Manti Utah*, 15 jona 1937.
9. Ny fifadian-kanina sy ny vavaka nataon'i Leonora isaky ny alatsinainy nandritra ny taona maro dia azo antoka fa nitondra fitaomana mahery vaika ho amin'ny tsara.
10. Tamin'ny 1954 dia niantso an'i Wilbur ny filohan'ny sampana Ira Terry ho filohan'ny Sekoly Alahadin'ny sampana. Nanaiky ilay antso i Wilbur ary namoy mandrakizay ireo fahazarana rehetra nifanipaka tamin'ny Tenin'ny Fahendrena. Natokany hanompoana tao amin'ny asan'ny Mpa-monjy ny androm-piainany sisa.
11. Tamin'ny taona 1962.
12. *Almà* 13:3.
13. "Rise Up, O Men of God," *Hymns*, no. 324.



Fivoriana Alahady Maraina | 1 Aprily 2018

Nataon' ny Loholona Larry Y. Wilson
Ao amin'ny Fitopololahy

Raiso ho mpitari-dalana anao ny Fanahy Masina

Endrey izany fanomezana tsy manam-paharoa tonga amin'ireo izay mametraka ny finoany ao amin'i Jesoa Kristy. Ny Fanahy Masina izany fanomezana izany.

Amin'ity alahadin'ny Paska ity, ny saintsika dia mitodika amin'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy Tompo tamin'ny maty sy ilay fasana foana izay manome ho an'ny mpino rehetra ny fanantenana amin'ny fandresen'i Kristy ny zavatra sasantsasany izay tsy ho resy raha tsy noho Izy. Mino aho, miaraka amin'i Paoly Apôstôly, fa tahaka ny "nananganan['] Andriamanitra" an'i Kristy tamin'ny maty no hamelo[many] ny tenan[tsika] mety maty amin'ny Fanahy, Izay mitoetra ao anatin[tsika]."¹

Ny hoe *mamelona* dia midika hoe manome aina. Tahaka an'i Kristy izay mamerina ny vatantsika amin'ny fiainana aorian'ny fahafatesana ara-batana amin'ny alalan'ny herin'ny Fitsanganana tamin'ny maty, dia afaka mamelona antsika ihany koa Izy, na manome aina antsika avy ao amin'ny fahafatesana ara-panahy.² Mamaky isika ao amin'ny bokin'i Mosesy fa i Adama dia nandalo io karazana famelomana io: "Ary dia toy izany no nanaovana batisa [an'i Adama] ary nidina teo aminy ny Fanahin' Andriamanitra ka nateraky ny Fanahy toy izany izy ary novelomina ny toe-panahy tao anatin'ny."³

Endrey izany fanomezana tsy manam-paharoa tonga amin'ireo izay mametraka ny finoany ao amin'i Jesoa Kristy. Izany fanomezana izany dia ilay Fanahy Masina manome antsika ilay antsoin'ny Testamenta Vaovao hoe "aina ao amin'i Kristy."⁴ Saingy matetika ve isika no mandray ny fanomezana lehibe toy izany ho zontsika?

Ry rahalahy sy ranabavy, voninahitra mahatalanjona ho antsika ny "mandray . . . ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana [antsika],"⁶ toy ny asehon'izao traikefa manaraka izao.

Nandritra ny ady tany Korea dia niasa tao amin'ny sambo mpitatitra miaramila niantsona tao Japana i Lietnà Frank Blair.⁷ Tsy tena goavana ilay sambo ka tsy nanana mpitondra fivavahana ôfisialy, koa nangataka an-dRahalahy Blair ilay kapiteny mba ho mpitondra fivavahana tsy ôfisialy, rehefa tsikariny fa olona nanam-pinoana sy fitsipika, ary nohajain'ilay ekipa manontolo fatratra ilay zatovolohy.

Nanoratra i Lietnà Blair hoe: "Rai-kitra tao anatin'ny rivo-doza goavana ny sambonay. Nahatratra 14 metatra ny haavon'ny onja. Niambina aho . . .

ka nandritra izany fotoana izany dia nijanona tsy niasa ny iray tamin'ireo maoteranay anankitelo ary voalaza fa nisy triatra teo afovoan'ilay sambo. Roa sisa ny maotera nanananay, ka ny iray tamin'izany dia efa antsasany sisa ny heriny. Tena tra-doza mafy izahay."

Namita ny fiambenany i Lietnà Blair ary efa handeha hatory izy raha nandondona ny varavarany ny kapiteny. Nangataka izy hoe: "Afaka mivavaka ho an'ity sambo ity ve ianao?" Nanaiky ny hanao izany i Lietnà Blair mazava ho azy.

Afaka nivavaka tsotra izao i Lietnà Blair tamin'io fotoana io ka hanao hoe: "Ry Ray any An-danitra ô, mba tahio ny sambonay ary arovy izahay," dia namonjy fandriana avy teo. Fa nivavaka kosa izy ny mba hahafantatra raha toa ka nisy zavatra *azony natao* mba hanampiana amin'ny fiarovana ilay sambo. Ho valin'ny vavaka nataon-dRahalahy Blair dia nibitsika taminy ny Fanahy Masina mba handeha teo amin'ny fitoeran'ny kapitenin-tsambo ka hiresaka amin'ny kapiteny ary haka fampahalalana misimisy kokoa. Hitany fa niezaka namantatra ny hafainganam-pandeha hampandehana ireo maotera sisa tavela ilay kapiteny. Niverina tany an'efitranony i Lietnà Blair mba hivavaka indray.

Nivavaka izy nanao hoe: "*Inona no azoko atao* mba hanampiana amin'ny famahana ireo olana eo amin'ireo maotera?"

Ho valin'izany dia nibitsika ny Fanahy Masina fa mila mandeha manodidina ilay sambo izy ka handinika mba hanangonana fampahalalana fanampiny. Dia niverina tany amin'ilay kapiteny izy ka nangataka fahazoan-dalana handeha manodidina ny tokotanin-tsambo. Dia nivoaka tany amin'ny rivo-doza izy, niaraka tamin'ny tady fiarovana aina nifatotra teo amin'ny valahany.

Raha nijoro teo amin'ny vodin'ilay sambo izy dia nandinika ireo helisy goavam-be, raha nivoaka avy tao anaty rano izany rehefa tafakatra teo antendron'ny onja ilay sambo. Iray ihany no tena niasa tanteraka, ary nihodinkodina mafy izany. Dia nivavaka indray i Lietnà Blair rehefa avy nandinika ireo. Ny valiny mazava azony dia hoe

niasa mafy loatra ilay maotera hany ka mila hahena. Koa niverina tany amin'ilay kapiteny izy dia nangataka ny hanaovana izany. Gaga ilay kapiteny, nilaza taminy fa vao nandroso hevitra mifanohitra amin'izany ny injeniera-n'ilay sambo, fa tokony hampitombo ny hafainganam-pandehan'ilay maotera tsara izy ireo mba hitsoahana ilay rivo-doza. Na izany aza dia nisafidy ny hanaraka ny torohevitr'i Lietnà Blair ilay kapiteny ka nanena ny fiasan'ilay maotera. Tonga teny amin'ny rano tony ilay sambo ny maraina mangiran-dratsy.

Adiny roa taty aoriana vao nijanona tsy niara-niasa intsony ireo maotera tsara. Niaraka tamin'ny antsakany ny hery nananan'ilay maotera sisa tavela dia afaka niantsona teny amin'ny seranana ilay sambo.

Nilaza tamin'i Lietnà Blair ilay kapiteny nanao hoe: "Raha toa ka tsy nanena ny fiasan'io maotera io tamin'ny fotoana nanaovantsika izany isika, dia ho nanary izany teo afovoan'ny rivo-doza."

Raha tsy nisy io maotera io dia tsy ho nisy fomba hamoriana ilay sambo. Ho nivadika ilay sambo ka nilentika. Nisaoatra ilay mpitondra fivavahana OAF tanora ilay kapiteny ka nilaza fa nino izy fa ny fanarahana ireo fitaomampanahin'i Lietnà Blair no nanavotra ilay sambo sy ny epikany.

Somary mampihetsi-po izany tantara izany. Na dia tsy hiatrika toe-javamiseho mampatahotra ohatra izany aza isika, io tantara io dia ahitana torolalana manan-danja momba ny fomba *ahafahantsika* mandray matetika kokoa ny fitarihan'ny Fanahy.

Voalohany, rehefa fanambarana no resahina, dia tsy maintsy mampifanitsy araka ny tokony ho izy ny fifandraisantsika amin'ny an'ny lanitra isika. Nanana fiainana madio sy mahatoky i Lietnà Blair. Raha toa ka tsy nankatò dia tsy ho nandray ny fahatokisana arapanahy nilaina mba hanaovana vavaka tahaka ny nataony ho fiarovana ny sambo nisy azy sy handray torolalana mazava toy izany. Tsy maintsy manao ezaka mba hampifanitsy ny fiainantsika amin'ireo didin' Andriamanitra isika tsirairay mba ho tarihiny.

Tsy afaka maheno ny fanairana avy any an-danitra isika indraindray satria tsy mendrika. Ny fibebahana sy ny fankatoavana no fomba ahazoana fifandraisana mazava indray. Ny teny hoe *mibebaka* ao amin'ny Testamenta Taloha dia midika hoe "mitodika" na "miamboho."⁷ Rehefa mahatsapa ho lavitra an'Andriamanitra ianao dia mila mandray ny fanapahan-kevitra hiamboho ny fahotana fotsiny, ka hahita Azy eo hiandry anao, miaraka amin'ny sandriny mivelatra hamihina. Sondriana hitarika anao Izy, ary vavaka iray fotsiny no ilainao atao mba hahazoana indray izany fitarihana izany.⁸

Faharoa, i Lietnà Blair dia tsy nangataka fotsiny tamin'ny Tompo mba *hamaha* ny olany. Nanontany izay *azon'ny natao* izy mba ho ampahany amin'ilay vahaolana. Torak'izany koa, afaka manontany ny Tompo isika hoe: "Tompo ô, inona no tokony hataoko *mba hahatonga ahy ho ampahany amin'ny vahaolana*?" Ho solon'ny fitanisana ireo olantsika ao anatin'ny vavaka sy ny fangatahana amin'ny Tompo mba hamaha azy ireny, dia tokony hikatsaka fomba mitarika asa bebe kokoa isika hahazoana ny fanampian'ny Tompo sy hanolorana tena mba hanao asa araka ny fitarihan'ny Fanahy.

Misy lesona manan-danja fahate-lo ao amin'ny tantaran'i Lietnà Blair. Afaka nivavaka sady nanana fitokisana tony toy izany ve izy raha tsy naha-zo fitarihana avy tamin'ny Fanahy tamin'ny zava-nitranga teo aloha? Ny fahatongavan'ny rivo-doza iray dia tsy fotoana iray hamafana ny vovoka eo amin'ny fanomezana ny Fanahy Masina ka hamantarana ny fomba fampiasana izany. Io zatovolahy io dia nanaraka lamina efa nampiasaina imbetsaka teo aloha mazava ho azy, anisan'izany ny naha-misiônera tamin'ny fotoana feno izy. Mila ny Fanahy Masina ho mpitari-ka antsika isika eny amin'ny rano tony ka tsy ho vaovao amintsika ny feony ao anatin'ny tafiotra mahery vaika.

Ny sasany dia mety hihevitra fa tsy tokony hanantena fitarihana isan'andro avy amin'ny Fanahy isika satria "tsy mety ny hibaiko [an' Andriamanitra amin'ny zava-drehetra]," raha tsy izany

dia ho lasa mpanompo kamo isika.⁹ Ny soratra masina, anefa, dia nomena ireo misiônera sasany tany aloha izay nangataka tamin'i Joseph Smith mba handray ny fanambarana tokony ho noraisin'izy ireo. Tao anatin'ny andininy iray teo aloha, ny Tompo dia nilaza tamin'izy ireo mba ho tonga eo amin'ny sahan'ny misiôna “*araka izay hifandinihan'izy ireo Amiko*.”¹⁰

Naniry fanambarana mazava momba ny drafitra amin'ny diany ireo misiônera. Tsy mbola nianatra nika-tsaka tari-dalana manokana amin'ny zavatra mahakasika ny tena manokana izy ireo. Ny Tompo dia niantso io fitondrantena io hoe: hakamoana. Mety ho faly loatra ireo mpikambana tany amin'ny fiandohan'ny Fiangonana fa nanana mpaminany marina ka saika tsy hianatra ny fomba ahazoana fanambarana ho an'ny tenany manokana izy ireo. Ny fizakan-tena arapanahy dia ny mihaino ny feon'ny Tompo amin'ny alalan'ny Fanahiny ho an'ny fiainanao manokana.

Nanome torohevitra ny zanany lahy i Almà hoe “milà hevitra amin'ny Tompo *amin'izay ataonao rehetra*.”¹¹ Ny miaina toy izany, ilay antsointsika matetika hoe “miaina araka ny Fanahy”, dia voninahitra lehibe. Mitondra fitoniana sy fahazoana antoka izany ary koa ireo vokatry ny Fanahy toy ny fitiavana, sy fifaliana, ary fiadanana.¹²

Nanavotra an'i Lietnà Blair sy ireo tantsambo namany tamin'ny tafiotra mahery ny fahafahany nandray fanambarana. Misy karazana tafiotra misa-fotofoto amin'izao fotoana izao. Ny fanoharana momba ny hazon'aina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna¹³ dia manolotra sary mahery vaika ny amin'ny fomba ahazoana fiarovana ara-panahy eto amin'izao tontolo izao. Io nofy io dia milaza momba ny zavon'ny haizina nipoitra tampoka mba hitondrana fandranganana ara-panahy tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana nandeha teo amin'ilay lalana miverina any amin' Andriamanitra.¹⁴

Rehefa mandinika io sary io aho dia mahita ao an-tsaiko andian'olona marobe mandeha amin'izany lalana izany, ny sasany mihazona mafy ny



anja-by, fa ny maro hafa dia manaraka fotsiny ny tongotry ny olona eo anoloan'izy ireo. Tsy mitaky eritreritritra na ezaka be io farany io. Afaka manao zavatra sy mieritreritra izay ataon'ny hafa sy eritreretin'ny hafa fotsiny ianao. Mandaitra tsara izany rehefa mibaliaka ny masoandro. Saingy mipoitra tsy misy fampitandremana ireo tafiotry ny fitaka sy ny zavon'ny sandoka. Amin'ireo trangan-javatra ireo, dia miantoka ny fiainana na ny fahafatesana ara-panahy ny fahafantarana ny feon'ny Fanahy Masina.

Ny fampanantenana mahery vaika nataon'i Nefia dia hoe: “na zovy na zovy no mihaino ny tenin' Andriamanitra sy . . . *hihazona mafy izany*, dia tsy ho faty na oviana na oviana izy; ny fakam-panahy sy ny zana-tsipika mirehitry ny fahavalo dia tsy afaka hampanaiky azy koa ho amin'ny fahajambana ka hitarika azy any amin'ny famongorana.”¹⁵

Tsy ampy ny fanarahana ny tongotr'ireo olona eo anoloanareo eo amin'ilay lalana. Tsy afaka manao zavatra sy mieritreritra izay ataon'ny hafa sy eritreretin'ny hafa fotsiny isika; mila manana fiainana misy fitarihana isika. Tsy maintsy eo amin'ny anja-by ny tanantsika tsirairay. Dia afaka mandeha

eo amin'ny Tompo isika miaraka amin'ny fahatokisana feno fanetrentena, sady mahafantatra fa Izy dia “hitarika [antsika] amin'ny tanana sy hanome [antsika] ny valin'ny fivava[tsika].”¹⁶ Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Romana 8:11; jereo ihany koa ny Jaona 14:16.
2. Jereo ny 2 Nefia 2:21; Almà 42:9.
3. Mosesy 6:65.
4. Romana 12:2; jereo ihany koa ny 2 Nefia 26:24.
5. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 45:57.
6. Traikefa nozaraina rehefa nahazo lalana avy tamin'i Frank Blair. Tao amin'ny Ivontoeran'ny fihaonambe Rahalahy Blair, izay 89 taona amin'izao, nandritra ity lahateny ity.
7. Ny teny Hebreo izay nadika hoe “mibebaka” ao amin'ny Ezekielia 14:6, ohatra, dia ny hoe *miondrika* (dikanteny). Midika hoe “miamboho,” na “miverina” izany. (Jereo ny James Strong, *The Exhaustive Concordance of the Bible* [1890], no. 7725.)
8. Jereo ny Jakôba 6:5; Môsià 16:12; Almà 5:33; 19:36; 29:10; 3 Nefia 9:14.
9. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 58:26.
10. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 58:25; nampiana fanamafisana.
11. Almà 37:37; nampiana fanamafisana.
12. Jereo ny Galatiana 5:22.
13. Jereo ny 1 Nefia 8; 12; 15.
14. Jereo ny 1 Nefia 8:23–24; 12:17.
15. 1 Nefia 15:24; nampiana fanamafisana.
16. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 112:10.



Nataon'i Reyna I. Aburto

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny
Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

Niray saina

Mba hahatratrarana ny tanjontsika farany, dia mila ny tsirairay isika, ary tokony ho iray isika.

Iray amin'ireo zava-boahary miavaka indrindra eto an-tany ny lolo monarque. Nandritra ny dianay nankany Mexique mba hira-hankalaza ny Krismasy tamin'ny fianakavian'ny vadiko, dia nitsidika toerana fialofan'ny lolo izahay, izay hipetrahan'ny lolo monarque an-tapitrisany mandritra ny ririnina. Nahavariana ny nahita zavatra tena nanaitra toy izany ary nahavariana anay ny nisaintsaina ny ohatry ny

firaikan-kina sy ny fankatoavana ireo lalàna masina izay asehon'ireo zava-boaharin' Andriamanitra.¹

Mpitety tany tena mahay ny lolo monarque. Mampiasa ny toerana misy ny masoandro izy ireo mba hahitana ny lalana tokony halehany. Isaky ny lohataona dia manao dia an'arivony kilaometatra avy any Mexique manka-ny Kanadà izy ireo, ary isaky ny farano dia miverina ao amin'io alan-kazo

kesika sarobidy ao Mexique io izy ireo.² Manao izany isan-taona amin'ny alalan'ny kopak'elatra kely isak'izay mandeha izy ireo. Mandritra ny dian'izy ireo, dia mitangorona mifanetiny eny amin'ny hazo izy ireo amin'ny alina mba hiarovany tena amin'ny hatsiaka sy ny mpihaza azy.³

Antsoina hoe kaleidôskôpy ny andian-dolo iray.⁴ Tena kanto ery izany sary izany e! Miavaka sy hafa ny lolo tsirairay ao amin'ny kaleidôskôpy iray, kanefa ireo zava-boahary izay toa malemy ireo dia namboarin'ny Mpahary be fitiavana iray mba hanana fahafahana ny ho velon'aina, hanao dia lavitra, hitombo, ary hanome aina rehefa mitety tsirairay ireo voninkazo, manaparitaka vovom-bony. Ary na dia samy hafa aza ny lolo tsirairay, dia miara-miasa izy ireo mba hahatonga izao tontolo izao ho lasa toerana kanto sy mamokatra kokoa.

Tahaka ireo lolo monarque, isika dia eo am-panaovana dia miverina any amin'ny fonenantsika any an-danitra izay hiarahantsika indray amin'ireo Ray aman-drenintsika any An-danitra.⁵ Tahaka ireo lolo, isika dia nomena toetra araka an' Andriamanitra izay mamela antsika hitety ny fiainana, mba "[h]ahatratra ny tanjona nahariana [antsika]."⁶ Tahaka azy ireo, raha mam-pifamihina ny fontsika isika,⁷ dia hiaro antsika "toy ny reniakoho manangona ny zanany eo ambany elany"⁸ ny Tompo ary hampiditra antsika ao anatin'ny kaleidôskôpy tsara tarehy iray.

Ry zazavavy sy zazalahy, ry zoto-vovavy sy zatovolahy, ry rahavavy sy ranadahy, miara-manao izany dia izany isika. Mba hahatratrarana ny tanjontsika farany, dia mila ny tsirairay isika, ary tokony ho iray isika. Nandidy antsika ny Tompo hoe: "Aoka ho iray ianareo; ary raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy."⁹

I Jesoa Kristy no ohatra tsara indrindra amin'ny firaisan-kina amin'ny Rainy. Iray tanjona, iray ao anatin'ny fitiavana, ary iray amin'ny asa Izy ireo, ka ny "sitrapon'ny Zanaka dia efa voa-telina ao amin'ny sitrapon'ny Ray."¹⁰

Ahoana no hahafahantsika manaraka ny ohatra tonga lafatra ny Tompo amin'ny firaisan-kina amin'ny Rainy ka



Tahaka ireo andiana lolo mpifindra monina mitanjozotra mamonjy ny fodiany any Mexique, isika koa dia eo amin'ny diantsika mody any amin'ny fonenantsika any an-danitra.

hiray hina kokoa amin' Izy ireo sy eo amintsika samy isika?

Misy lamina iray azo hakana hevitra ao amin'ny Asan'ny Apôstôly 1:14. Mivaky toy izao izany hoe: “[Ireo lehilahy ireo dia] *niray saina* naharitra nivavaka mbamin'ny vehivavy.”¹¹

Heveriko fa manan-danja ny hoe mipoitra im-betsaka ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ilay andian-teny hoe “*niray saina*”, ary ao no ahitantsika mikasika ny zavatra nataon'ireo mpanara-dia an'i Jesoa Kristy avy hatrany taorian'ny niakaramy tany an-danitra amin'ny maha-olona efa nitsangana tamin'ny maty Azy, sy ireo fitahiana voarain'izy ireo noho ny ezaka nataony. Zava-dehibe ihany koa ny ahitantsika ohatra mitovy amin'izany teo anivon'ireo mahatoky tao amin'ny kaontinanta Amerikana tamin'ny fotoana nitsidihan'ny Tompo sy nanompoa-ny azy ireo. Ny hoe “*niray saina*” dia midika hoe nifanara-tsaina, niray hina, ary niaraka tsy nisaratsaraka.

Ny sasany amin'ireo zavatra nataon'ireo Olomasina mahatoky tamim-piraisan-kina tany amin'ireo toerana roa ireo dia izao: nijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy izy ireo, nandalina ny tenin' Andriamanitra, ary nifanombo tamim-pitiavana.¹²

Niray tanjona, niray tao amin'ny fifankatiavana, ary niray tamin'ny asa ireo mpanara-dia ny Tompo. Fantany hoe iza izy ireo, fantany izay tokony nataony, ary nataony noho ny fitiavany an' Andriamanitra sy ny fifankatiavan'izy ireo izany. Tao anatin'ny kaleidôskôpy tena kanto nandroso tao anatin'ny firaisan-tsaina izy ireo.

Ny sasany tamin'ireo fitahiana noraisin'izy ireo dia ireto avy: heniky ny Fanahy Masina izy ireo, nisy fahagagana nitranga teo anivony, nitatra ny Fiangonana, tsy nisy fifandirana teo anivon'ny vahoaka, ary nitahy azy ireo tamin'ny zavatra rehetra ny Tompo.¹³

Afaka milaza isika fa noho ny fahafantarany mivantana ny Tompo no nahatonga azy ireo hiray hina fatratra toy izany. Akaiky Azy hatrany izy ireo, ary vavolombelon'ny iraka masina nampanaovina Azy, sy ireo fahagagana notanterahany, ary ny Fitsanganany

tamin'ny maty izy ireo. Nahita sy nitsapa ireo holatra teo amin'ny tanany sy ny tongony izy ireo. Fantatr'izy ireo marina fa Izy no ilay Mesia nampanantenaina, ilay Mpanavotra izao tontolo izao. Fantatr'izy ireo fa “Izy no loharon'ny fanasitranana, ny fiadanana ary ny fivoarana mandrakizay rehetra.”¹⁴

Na dia mbola tsy nahita ny Mpanomjintsika tamin'ny masontsika aza isika dia afaka mahafantatra isika fa velona Izy. Rehefa manakaiky Azy isika, rehefa mikatsaka ny hahazo fijoroana ho vavolombelona an'ny tena manokana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina momba ny asa nanirahana Azy isika, dia hahazo fahatakarana tsara kokoa ny amin'ny tanjontsika. Hitoetra ao am-pontsika ny fitiavan' Andriamanitra.¹⁵ Hanana fahavononana ny ho iray ao amin'ny kaleidôskôpin'ny fianakaviansika sy ny paroasintsika ary ny fiarahamonina misy antsika isika. Ary hifanombo “ao anatin'ny fomba vaovao kokoa sy tsaratsara kokoa”¹⁶ isika.

Mitranga ny fahagagana rehefa miara-miasa eo ambany fitarihan'ny Fanahy ny zanak' Andriamanitra mba hanampy ny hafa izay mila fanampiana.

Marobe ireo tantara rentsika mikasika ny fitiava-namana izay miseho eo anivon'ny olona rehefa misy loza mamely. Ohatra, rehefa niharan'ny tondra-drano mahery vaika ny tanànan'i Houston tamin'ny taon-dasa, dia nanadino ny filàny manokana ny olona ka nandeha namonjy ny hafa. Nandefa antso avo hangatahana fanampiana avy amin'ny fiarahamonina ny filohan'ny kôlejin'ny loholona iray, ary nisy andian-tsambokely miisa 77 voavory haingana mba ho ampiasaina. Nitety ireo toerana manodidina izay tra-boina ireo mpamonjy voina ary nitatitra fianakaviana iray manontolo maromaro tany amin'ny iray amin'ireo trano fivoriantika, ary tao izy ireo no nahazo toerana nialofana sy fanampiana tena nilaina. Niara-niasa tamin'ny fananana tanjona iray ireo mpikambana sy tsy mpikambana.

Tany Santiago, Chili, dia nana-faniriana hanampy mpifindra monina avy tany Haiti tao amin'ny fiaraha-monina nisy azy ny filohan'ny

Fikambanana Ifanampiana iray. Rehefa niara-nikaondoha tamin'ireo mpitarika azy tao amin'ny fisoronana izy, dia nahita hevitra izy sy ireo mpitarika hafa ny hanokatra kilasy fianarana teny Espaniôla ho an'ireo mpifindra monina ireo, mba hanampiana azy ireo hahazo aina bebe kokoa ao amin'ny fiaraha-monina vaovao izay hiainany. Isaky ny sabotsy maraina, dia niara-nivory tamin'ireo mpianany izay liana be tokoa ireo misiônera. Ny fahatsapana fraisan-kina tao amin'izany trano izany dia ohatra manentana fanahy nasehon'ny olona avy amin'ny foto-piaviana samihafa izay nanompo tamin'ny firaisan-tsaina.

Tao Mexique dia nisy mpikambana an-jatony nanao dia tao anatin'ny ora maro mba hanampiana ireo izay tsy maty fo aman'aina noho ny horohorontany mahery vaika anankiroa. Tonga niaraka tamin'ny fitaovana sy ny milina ary ny fitiavana ny namany izy ireo. Rehefa nivondrona tao amin'ny iray amin'ireo trano fivoriantika ireo mpirotsaka an-tsitraro mba hiandry ireo toromarika, dia latsa-dranomaso ny ben'ny tanàna tao amin'ny tanànan'i Ixhuatán rehefa nahita ny fanehoana tamin'ny fomba lehibe toy izany “ny fitiavana madion'i Kristy.”¹⁷

Amin'izao fotoana izao ny Tompo dia manome antsika ny fahafahana hiara-hanao filankevitra isam-bolana ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana ao amin-tsika, mba hahafahantsika ho lasa mpandray anjara mavitrika kokoa ao amin'ny kaleidôskôpin'ny paroasy sy ny sampana misy antsika, izay toerana tsapantsika fa efa mahazatra antsika sy ilàna antsika rehetra.

Samy hafa ny tsirairay amin'ny lalana alehantsika, kanefa hifanotronantsika ny fandehanana amin'izy ireny. Ny lalantsika dia tsy mahakasika ny zavatra nataontsika na ny toerana efa nalehantsika. Izany dia mahakasika ny toerana izay halehantsika sy izay hahatongavantsika, izay ataontsika amim-piraisan-kina. Rehefa miara-manao filankevitra miaraka amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina isika, dia afaka mahita hoe aiza ho aiza no misy antsika ary tokony ho

aiza ho aiza isika izao. Ny Fanahy Masina dia manome antsika fomba fijery izay tsy haintsika jerena amin'ny masontsika voajanahary, satria "miparitaka eo anivontsika ny fanambarana,"¹⁸ ary rehefa atambatsika izany fanambarana izany, dia afaka mahatakatra bebe kokoa isika.

Rehefa miasa amim-piraisan-kina isika, dia tokony ho ny fitadiavana sy ny fanaovana ny sitrapon'ny Tompo no tanjontsika, ny zavatra mandrisika antsika dia tokony ho ny fitiavana tsapantsika ho an' Andriamanitra sy ny namantsika;¹⁹ ary ny fanirantsika lehibe indrindra dia tokony ho ny "miasa amin'ny zotom-po tokoa,"²⁰ mba hahafahantsika manomana ny lalana ho an'ny fiverenan'ny Mpamonjintsika amim-boninahitra. Ny hany fomba ahafahantsika manantanteraka izany dia "amin'ny firaisan-tsaina."

Tahaka ireo lolo monarque, andeha isika hiara-hanohy ny lalantsika miaraka amin'ny tanjona, isika tsirairay avy miaraka amin'ny toetrantsika manokana sy ny anjara biriky entintsika manokana, hiasa mba hahatonga ity tontolo ity ho tsara tarehy sy mamokatra kokoa, dingana kely iray isak'izay mandeha ary mifanaraka amin'ny didin' Andriamanitra.

Nampanantena antsika i Jesoa Kristy Tompontosika fa rehefa miaramivory amin'ny anarany isika dia eo afovoantsika Izy.²¹ Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy ary nitsangana tamin'ny maty Izy indray marainan'ny lohataona izay kanto tokoa tahaka ny androany. Izy no Manjakatokana amin'ny manjakatokana rehetra, "ny Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo."²²

Enga anie isika mba ho iray ao amin'ny Ray sy ao amin'ny Zanany Lahitokana, rehefa tarihin'ny Fanahy Masina isika, izany no vavaka ataoko amim-panetrentena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Abrahama 3:26; 4:7, 9–12, 15, 18, 21, 24–25.
2. Zava-misy iray mahaliana momba ny lolo monarque ny hoe mila taranaka telo mifandimby ny fanaovana ny dia mianavaratra mankany Kanadà. Kanefa "taranaka matanjaka" iray no manao ny

dia iray manontolo mianatsimo mankany Mexique, mijanona ao mandritra ny ririnina, ary manao ny dingana voalohany amin'ny dia miverina any avaratra. (Jereo ny "Flight of the Butterflies" [horonan-tsary, 2012]; "Flight: A Few Million Little Creatures That Could," WBUR News, 28 sept. 2012, wbur.org.)

3. Jereo ny "Why Do Monarchs Form Overnight Roosts during Fall Migration?" learner.org/jnorth/tm/monarch/sl/17/text.html.
4. Jereo ny "What Is a Group of Butterflies Called?" amazingbutterflies.com/frequentlyaskedquestions.htm; jereo koa ny "kaleidoscope," merriam-webster.com. Ny hoe *kaleidôskôpy* dia avy amin'ny teny Grika hoe *kalos* ("tsara tarehy") sy *eidōs* ("endrika").
5. Jereo ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao," *Liahona*, mey 2017, 145.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:19; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:25.
7. Jereo ny Môsià 18:21.
8. 3 Nefia 10:4.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27.
10. Môsià 15:7.
11. Asan'ny Apostoly 1:14; nampiana fanamafisana.
12. Ny sasany amin'ireo zavatra nataon'ny Olomasina tao Jerosalema: nifidy Apôstôly iray vaovao sy lehilahy fito tsara laza, ary nanohana azy ireo (jereo ny Asan'ny Apostoly 1:26; 6:3–5) niara-nivory tamin'ny andron'ny Pentekôsta (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:1); nijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:22–36; 3:13–26; 4:10, 33; 5:42) niantso ny olona hibe-baka sy nanao batista azy ireo (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:38–41); naharitra tamin'ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo, ary tamin'ny vavaka (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:42); niray toerana sy niombom-pananana (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:44–46; 4:34–35); nankany amin'ny tempoly (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:46); "nihilana ny sakafony tamim-pifaliana sy fahatsoram-po" (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:46); nidera an' Andriamanitra sy nahita fitia teo imason'ny olona rehetra (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:47); nanaiky ny finoana (jereo ny Asan'ny Apostoly 6:7); nanolo-tena mba haharitra tamin'ny fivavahana sy "ny fampianarana ny teny" (jereo ny Asan'ny Apostoly 6:4). Ny sasany amin'ireo zavatra nataon'ny Olomasina tao amin'ny kaontinanta Amerikana: nitory ny filazantsaran'i Kristy (jereo ny 3 Nefia 28:23); nanangana ny Fiangonan'i Kristy (jereo ny 4 Nefia 1:1); nanao batista ny olona (jereo ny 4 Nefia 1:1); nifampitondra araka ny hitsiny ny olona tsirairay (jereo ny 4 Nefia 1:2); niarahany nanana ny zavatra rehetra teo anivony (jereo ny 4 Nefia 1:3); nanorina tanàna indray (jereo ny 4 Nefia 1:7–9); nampaka-bady (jereo ny 4 Nefia 1:11); nandeha araka ny didy izay efa noraisiny avy tamin'ny Tompo

(jereo ny 4 Nefia 1:12); nitozo tamin'ny fifadian-kanina sy ny vavaka (jereo ny 4 Nefia 1:12); niara-mivory matetika mba hivavaka sy handre ny tenin'ny Tompo (jereo ny 4 Nefia 1:12).

13. Ny sasany amin'ireo fitahiana noraisin'ireo Olomasina tao Jerosalema: feno ny Fanahy Masina izy ireo (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:4; 4:31) nandray ny fanomezam-pahasoavana amin'ny fomba fiteny sy ny faminaniana izy ireo ary nilaza ny asa mahatalanjon' Andriamanitra (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:4–18) fahagagana sy famantarana maro no nataon'ny Apôstôly (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:43) nisy fahagagana nitranga (jereo ny Asan'ny Apostoly 3:1–10; 5:18–19; 6:8, 15); nihamaro ny olona niditra tao amin'ny Fiangonana (jereo ny Asan'ny Apostoly 2:47; 5:14). Ny sasany amin'ireo fitahiana noraisin'ireo Olomasina tao amin'ny kaontinanta Amerikana: niova fo ho an'ny Tompo ny olona (jereo ny 3 Nefia 28:23; 4 Nefia 1:2) nisy taranaka iray notahiana (jereo ny 3 Nefia 28:23); tsy nisy fifahafanana na fifanjihirana teo anivony izy ireo (jereo ny 4 Nefia 1:2, 13, 15, 18); tsy nisy na mpanefofo na mahantra (jereo ny 4 Nefia 1:3); "natao afaka avokoa izy ary mpandray anjara amin'ny fanomezam-pahasoavana avy any an-danitra" (jereo ny 4 Nefia 1:3); nisy fandriam-pahalemana teo amin'ny tany (jereo ny 4 Nefia 1:4); nisy fahagagana lehibe nitranga (jereo ny 4 Nefia 1:5, 13); nampiroborobo azy ireo izaitsizy tokoa ny Tompo (jereo ny 4 Nefia 1:7, 18); nihamahery izy ireo, nitombo fain-gana izaitsizy, ary nanjary vahoaka meva sy mahafinaritra izaitsizy tokoa (jereo ny 4 Nefia 1:10); notahiana araka ny hama-roan'ny fampantanenana izay efa nataon'ny Tompo taminy izy ireo (jereo ny 4 Nefia 1:11); "tsy nisy fifandirana teo amin'ny tany, noho ny fitiavan' Andriamanitra izay nitoetra tao am-pon'ny vahoaka" (jereo ny 4 Nefia 1:15); "tsy nisy fialonana, na adiady, na tabataba, na fijangajangana, na fandain-gana, na vonoan'olona, na izay mety ho fomban'ny fahalotoam-pitondratena; ary marina tokoa fa tsy ho nety nisy vahoaka sambatra kokoa toa azy teo anivon'ny vahoaka rehetra izay noharian'ny tanan' Andriamanitra" (jereo ny 4 Nefia 1:16); "tsy nisy mpandroba, na mpamono olona, tsy nisy koa Lamanita, na izay mety ho fomba-fomban'ny -ita; fa izy kosa dia iray, zanak'i Kristy ary mpandovan'ny fanjakan' Andriamanitra" (jereo ny 4 Nefia 1:17); nitahy azy tamin'izay nataony rehetra ny Tompo (jereo ny 4 Nefia 1:18).
14. Jean B. Bingham, "Ka ho tanteraka ny fifalianareo," *Liahona*, nov. 2017, 85.
15. Jereo ny 4 Nefia 1:15.
16. Jeffrey R. Holland, "Iraka avy amin'ny Fiangonana," *Liahona*, nov. 2016, 62.
17. Môrônia 7:47.
18. Neil L. Andersen, in "Handbook Training Emphasizes Work of Salvation," *Liahona*, apr. 2011, 76.
19. Jereo Matio 22:37–40.
20. Jakôba 5:61.
21. Jereo ny Matio 18:20.
22. 1 Timoty 6:15.



Nataon'ny Loholona Massimo De Feo

Ao amin'ny Fitopololahy

Ny fitiavana madio no tena ahafantarana ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy rehetra

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mifototra amin'ny fitiavan'ny Ray sy ny Mpamonjy ho antsika ary ny fitiavantsika Azy ireo sy ny fifankatiavantsika.

Tiantsika ny Filoha Thomas S. Monson ary malahelo azy isika, ary tiantsika sy tohanantsika ny Filoha Russell M. Nelson. Manana toerana miavaka ato am-poko ny Filoha Nelson.

Tamin'ny izaho mbola ray vao herotrerony dia nody avy tany an-tsekoly indray andro ny zanakay lahy kely, izay dimy taona tamin'izay, dia nanontany ny reniny hoe: “Fa inona no asa ataon'i Dada e?” Nanazava izy avy eo fa nanomboka niady hevitra ireo mpiara-mianatra taminy vaovao mikasika ny asan'ny rain'izy ireo. Nisy anankiray nilaza fa ny rainy no lehiben'ny pôlisy tao amin'ilay tanàna, ny iray kosa nanambara tamimpireharehana fa ny rainy no lehiben'ny orinasa goavana iray.

Koa rehefa nanontaniana momba ny rainy ilay zanako lahy dia namaly tsotra hoe: “Ny dadako dia miasa anaty

birao eo amin'ny solosaina iray.” Ary rehefa nahatsikaritra izy fa tsy nanaitra ireo namany kely vaovao loatra ny valinteniny dia nampiany hoe: “Sady



ny dadako koa ange no lehiben'izao rehetra izao e!”

Mino aho fa izany angamba no namarana ilay fifanakalozan-kevitra.

Nolazaiko ny vadiko hoe: “Fotoana izao hampianarana azy antsipiriana-javatra misimisy kokoa momba ny drafitry ny famonjena sy hoe iza marina no miahia izao rehetra izao.”

Fa rehefa nampianatra ny drafitry ny famonjena tamin'ireo zanakay izahay dia nitombo ny fitiavan'izy ireo ny Ray any An-danitra sy ny Mpamonjy satria nianatra izy ireo fa drafitra feno fitiavana ilay izy. Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mifototra amin'ny fitiavan'ny Ray sy ny Mpamonjy ary ny fitiavantsika Azy ireo sy ny fifankatiavantsika.

Nilaza ny Loholona Jeffrey R.

Holland hoe: “Ny *didy* lehibe voalohany mifandray amin'ny mandrakizay dia ny mitia an' Andriamanitra amin'ny fo *ntsika* rehetra sy ny herintsika rehetra sy ny saintsika rehetra ary ny tanjatsika rehetra—izany no ilay didy lehibe voalohany. Saingy ny *fahamarinana* lehibe voalohany mifandray amin'ny mandrakizay dia ny hoe, tia *antsika* amin'ny fony rehetra sy ny heriny rehetra sy ny sainy rehetra ary ny tanjany rehetra Andriamanitra. Io fitiavana io no vato iorenan'ny mandrakizay ary tokony ho vato iorenan'ny fiainantsika isan'andro.”¹

Ny fitiavana madio dia takiana amin'ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy rehetra, amin'ny maha-vato iorenan'ny fiainantsika isan'andro azy.

Nampianatra ny mpaminany Môrmôna hoe: “Noho izany ry rahalahiko malala dia mivavaha amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo mba hahazoana mameno anareo amin'izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanara-dia marina an'i Jesoa Kristy Zanany”²

Eny tokoa, ny fitiavana no tena ahafantarana ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy rehetra.

Ny tena mpianatra dia tia manompo. Fantatr'izy ireo fa ny fanompoana dia fanehoana fitiavana madio sy fane-kempihavanana iray izay ataon'izy ireo amin'ny batisa.³ Na inona na inona antsony ato am-piangonana na ny andraikiny any amin'ny fiarahamonina



dia mahatsapa faniriana tsy mitsahamitombo ny hitia sy hanompo ny Tompo sy ny hafa izy ireo.

Tia mamela heloka ny tena mpianatra. Fantany fa ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia mandrakotra ny fahotana sy ny fahadisoana rehetra ataontsika tsirairay. Fantany fa ny sarany izay nefainy dia “sarany mahafaoka ny rehetra.” Tafiditra ao avokoa ny hetra, ny sarany, ny fandania ary ny trosa mifandray amin'ny fahotana sy ny fahadisoana ary ny zavatra ratsy natao. Ny tena mpianatra dia mailaka ny hamela heloka sady mailaka ny mangataka famelan-keloka.

Ry rahalahy sy ranabavy malalako isany, raha sahirana amin'ny fahitana ny hery hamelana heloka ianareo dia aza eritreretina ny zavatra nataon'ny hafa taminareo, fa diniho kosa ny zavatra efa nataon'ny Tompo taminareo, dia hahita fiadanana ao amin'ireo fitahiana manavotry ny Sorompanavotany ianareo.

Ny tena mpianatra dia tia manao ny Tompo ao anatin'ny fiadanam-po. Mpanetry tena sy mpankatò izy ireo satria tiany Izy. Manam-pinoana hanekena tanteraka ny sitrapon'ny Tompo izy ireo, tsy hoe amin'ny zavatra ataony fotsiny ihany fa amin'ny fomba sy ny fotoana nanaovany izany koa. Ny tena mpianatra dia mahafantatra fa ny tena fitahiana dia tsy voatery izay tadiaviny foana fa izay tian' Andriamanitra ho azy ireo kosa.

Ny tena mpianatra dia tia ny Tompo mihoatra izao tontolo izao ary miorina mafy tsy azo hozongozonina amin'ny finoany. Mitoetra ho matanjaka sy mafy

orina izy ireo ao anatin'ny tontolo izay miovaova sy misafotofoto. Ny tena mpianatra dia tia mihaino ny feon'ny Fanahy sy ny an'ireo mpaminany ary tsy voafitaky ny feon'izao tontolo izao. Ny tena mpianatra dia tia “mitsangana eo amin'ny toerana masina”⁴ ary tia manao izay mahamasina ny toerana itsanganan'izy ireo. Na aiza na aiza alehan'izy ireo, dia mitondra ny fitiavan'ny Tompo sy fiadanana any am-pon'ny hafa izy ireo. Ny tena mpianatra dia tia mankatò ny didin'ny Tompo, ary mankatò izy ireo satria tiany ny Tompo. Rehefa tia sy mitandrana ny fanekem-pihavanany izy ireo dia lasa vaovao ny fony ary miova ny tena toetrany.

Ny fitiavana madio no tena ahafantarana ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy rehetra.

Nianatra ny atao hoe fitiavana madio aho tamin-dreniko. Tsy mpikamban'ny Fiangonana izy.

Inday andro taona maro lasa izay, dia nitsidika an-dreniko aho, izay narin'ny homamiadana. Fantatro fa ho faty izy, saingy nampiasa saina ahy ny hoe nijaly izy. Tsy niteny na inona na inona aho, saingy noho ny fahafantaran'ny ahy tsara dia niteny izy hoe: “Hitako fa miasa saina ianao.”

Dia nahagaga ahy avy eo fa nanontany ahy tamin'ny feo malefaka izy hoe: “Afaka mampianatra ahy mivavaka ve ianao? Te hivavaka ho anao aho. Fantatro fa atombokao amin'ny hoe -Ry Ray Malala any An-danitra-izany, saingy inona avy eo no tokony hoteneniko?”

Raha nandohalika teo an-tongom-pandriany aho ary nivavaka ho ahy izy, dia nahatsapa fitiavana izay mbola tsy tsapako hatrizay aho. Fitiavana tsotra sy marina ary madio izany. Na dia tsy nahalala momba ny drafity ny famonjena aza izy dia nanana ny drafity ny fitiavany manokana izy tao am-pony, dia ny drafity ny fitiavan-dreny ho an'ny zananilahy. Nijaly izy, na ny hery hivavahana azy nananosarotra azy. Zara raha reko ny feony, saingy tena tsapako marina tokoa ny fitiavany.

Tsaroako aho nieritreritra hoe: “Amin'ny fomba ahoana ny ahafahan'ny olona iray ao anatin'ny fanaintainana be toy izao mivavaka ho an'ny olona hafa? Izy anefa no mila fanampiana.”

Dia tonga mazava tsara tato antsaiko avy eo ny valiny: ny fitiavana madio. Tiany loatra aho ka hadinony hatramin'ny tenany. Nandritra ny fotoana sarotra indrindra taminy dia tia ahy nihoatra ny tenany izy.

Koa moa ve tsy izany no nataon'ny Mpamonjy, ry rahalahy sy ranabavy malala isany? Mazava ho azy, amin'ny fomba fijery mandrakizay sy mivelatra kokoa. Fa nandritra ilay fanaintainany lehibe indrindra, tao amin'ilay saha izay hariva izay, dia Izy no nila fanampiana, nijaly tamin'ny fomba izay tsy ho azon-tsika sary an-tsaina sy tsy ho takatsika mihitsy. Saingy ny manan-danja indrindra, dia nanadino ny Tenany Izy ary nivavaka ho antsika mandra-pahefany ny sarany manontolo. Ahoana no nahavitany nanao izany? Noho ny fitiavany madio ho an'ny Ray, izay naniraka Azy, sy ho antsika. Tia ny Ray sy tia antsika mihoatra ny tenany Izy.

Nanefa ny saran'ny zavatra izay tsy nataony Izy. Nanefa ny saran'ny ota izay tsy nataony Izy. Satria nahoana? Noho ny fitiavana madio. Rehefa nandoa ny sarany manontolo Izy dia afaka nanolotra ho antsika ireo fitahiana azo tamin'ny zavatra nefainy raha toa ka mibebaka isika. Nahoana Izy no nanolotra izany? Noho ny fitiavana madio hatrany.

Ny fitiavana madio no tena ahafantarana ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy rehetra.

Nilaza ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “Enga anie isika hanomboka dieny

izao, izao androany izao, haneho fitiavana amin'ny zanak' Andriamanitra rehetra, na olona ao amin'ny fianakaviansika izy ireo, na namantsika, na olona zara raha fantatra, na olona tsy fantatra mihitsy. Rehefa mifoha isika isa-maraina dia aoka isika hanapa-kevitra ny haneho fitiavana sy halemem-panahy amin'izay zavatra rehetra mety hiseho.”⁵

Ry rahalahy sy ranabavy, ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia filazantsaran'ny fitiavana. Ny didy lehibe indrindra dia mahakasika ny fitiavana. Ho ahy dia tsy misy afa-tsy ny fitiavana. Ny fitiavan'ny Ray, izay nanao sorona ny Zanany ho antsika. Ny fitiavan'ny Mpamonjy, izay nahafofy ny rehetra ho antsika. Ny fitiavan'ny reny na ny ray izay vonona ny hanome ny zava-drehetra ho an'ny zanany. Ny fitiavan'ireo izay manompo amim-pahanginana ka tsy fantatry ny ankamaroantsika saingy fantatry ny Tompo tsara. Ny fitiavan'ireo izay mamela heloka foana ny rehetra. Ny fitiavan'ireo izay manome bebe kokoa noho ny mandray.

Tiako ny Raiko any An-danitra. Tiako ny Mpamonjy ahy. Tiako ny filazantsara. Tiako ny Fiangonana. Tiako ny fianakaviako. Tiako ity fiainana mahafinaritra ity. Ho ahy dia tsy misy afa-tsy ny fitiavana.

Enga anie ity andro fahatsiarovana ny fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty ity ho andro fanavaozana ara-panahy ho antsika tsirairay. Enga anie ity andro ity ho fiantombohan'ny fiainana feno fitiavana, ilay “vato iorenan'ny fiainantsika isan'andro.”

Enga ny fontsika ho feno ny fitiavana madion'i Kristy, ilay tena ahafantarana ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy rehetra. Izany no vavaka ataoko, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jeffrey R. Holland, “Rahampitso dia hanao fahagagana eo aminareo ny Tompo,” *Liahona*, mey 2016, 127.
2. Môrônia 7:48.
3. Jereo ny Môsià 18:10.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:32.
5. Thomas S. Monson, “Ny fitiavana—fitsipika fototry ny filazantsara,” *Liahona*, mey 2014, 94.



Nataon'ny Loholona Claudio D. Zivic
Ao amin'ny Fitopololahy

Izay maharitra hatramin'ny farany no hovonjena

Aoka isika ho mahatoky amin'ny zavatra efa ninoantsika sy fantatsika.

Ry rahalahy sy anabavy malalako, tena ankasitrahako tanteraka ny fahafahako miresaka aminareo momba ny sasany amin'ireo fahatsapako.

Taona maro lasa izay izaho sy ny vadiko dia nanatrika ny lanonampitokanana ny toerana misy fampirantiana ho an'ny ankizy ao amin'ny tranom-bakoka mikasika ny Tantaran'ny

Fiangonana ao Salt Lake City. Tamin'ny faran'ilay lanonana ny Filoha Thomas S. Monson dia nanatona anay, ary raha nandray ny tananay izy dia niteny hoe: “Mahareta, dia handresy ianao,” fampianarana iray lehibe izay ekentsika rehetra, mazava ho azy, ny fahamarinany.

Nanome toky antsika i Jesoa Kristy fa “izay maharitra hatramin'ny farany no hovonjena.”¹



Ny hoe maharitra dia “miorina mafy amin’ny finivana tsy ho diso amin’ireo didin’ Andriamanitra na dia eo aza ny fakam-panahy, ny fanoherana ary ny fahoriana.”²

Na dia ireo izay efa nanana traikefa ara-panahy mahery vaika sy efa nanompo tamim-pahatokiana aza indray andro any dia mety hivily lalana na ho lavo ka lasa malaindaina raha tsy maharitra hatramin’ny farany. Enga anie isika hahery hihazona foana ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ny andian-teny hoe: “Tsy hitranga amiko izany.”

Raha nampianatra tao Kapernaomy i Jesoa Kristy dia “maro tamin’ny mpianany no nihemotra ka tsy niaranandeha taminy intsony.

“Dia hoy Jesosy tamin’ny roa ambin’ny folo lahy: Hianareo koa va mba te-hiala?”³

Mino aho fa androany i Jesoa Kristy dia manontany antsika rehetra izay efa nanao fanekempihavanana masina taminy manao hoe: “Hianareo koa va mba te-hiala?”

Mivakaka aho ny mba hamaliantsika toy ny nataon’i Simona Petera, miaraka amin’ny fahatongavan-tsaina lalina ny amin’izay homeny mandrakizay ho antsika, ka hanao hoe: “Tampo ô, hankany amin’iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin’ny fiainana mandrakizay.”⁴

Aoka isika ho mahatoky amin’ny zavatra efa ninoantsika sy fantatsika. Raha tsy niaina nifanaraka tamin’ny fahalalantsika isika dia andao hiova. Ny mpanota izay mikiry amin’ny fahotany, sy tsy mibebaka, dia mihamilentika hatrany hatrany ao amin’ny fahalotoana, mandra-pitakian’i Satana azy ireo ho azy samirery, izay mety hahavery ny fahafahany mibebaka sy ho voavela heloka ary hahazo ireo fitahiana rehetra amin’ny mandrakizay.

Efa nahare fanamarinan-tena maro avy amin’ireo izay nijanona tsy handray anjara mavitrika intsony ato am-piangonana sy izay tsy nanana fahatakarana momba ny tanjon’ny dia eto an-tany aho. Manainga anareo aho mba hieritreritra ary hiverina, satria mino aho fa tsy misy afaka hamorona

filan-tsiny eo anatrehan’i Jesoa Kristy Tompotsika.

Raha natao batisa isika dia nanao fanekena, tsy tamin’olonolona fotsiny fa tamin’ny Mpamonjy, izay nanekentsika “ny hitondra [eo amintsika] ny anaran’ i Jesoa Kristy, manana ny finivana hanompo Azy hatramin’ny farany.”⁵

Ny fanatrehana ny fivoriana fanasan’ny Tompo no iray amin’ireo fomba manan-danja indrindra ahafahantsika mandrefy ny finivantsika hanompo Azy, sy ny herintsika ara-panahy ary ny fitombon’ny finoantsika an’i Jesoa Kristy.

Ny fandraisana ny fanasan’ny Tompo no zavatra manan-danja indrindra ataontsika amin’ny Andro Sabata. Nohazavain’ny Tompo tamin’ireo Apôstôliny io ôrdônansy io talohan’ny nahafatesany. Nataony ihany koa izany tany amin’ny Kaontinanta Amerikana. Miteny amintsika Izy fa raha mandray anjara amin’io ôrdônansy io isika, dia ho fijoroana ho vavolombeona amin’ny Ray izany fa mahatsiaro Azy mandrakariva isika, ary mampanantena antsika Izy fa, raha manao izany isika dia hana-na ny Fanahiny miaraka amintsika.⁶

Ao amin’ny fampianaran’i Almà zanany an’i Siblôna isika dia mahita torohevitra sy fampitandremana feno fahendrena izay manampy antsika hijanona ho mahatoky amin’ny fanekempihavanantsika:

“Ezaho izay tsy hanandratanao tena ao amin’ny avonavona; eny, ataovy izay

tsy hireharehanao amin’ny fahendrena na amin’ny herinao fatratra.

Mampiasà fahasahiana fa tsy fianjonanjonana; ary ataovy koa izay hifehezanao ny filanao rehetra mba hahatonga anao ho feno fitiavana; ataovy izay hifadianao ny fidonahanam-poana.”⁷

Taona maro lasa izay, raha tany am-pialan-tsasatra, dia naniry ny hitaingina lakana kayak voalohany indrindra teo amin’ny fiainako aho. Nanofa lakana kayak iray aho dia nirotsaka an-dranomasina, sady feno hafanam-po be.

Minitra vitsy taty aoriana dia nava-diky ny onja ilay lakana. Tao anatin’ny ezaka mafy, sady nitazona ilay fivoy tamin’ny tanana ilany no nitazona ilay lakana tamin’ny ilay hafa, dia tafape-traka tsara indray aho.

Niezaka namoy ny lakako indray aho, saingy minitra vitsy taorian’izay ihany dia niongana indray ilay lakana. Nikiry niezaka mafy hatrany aho, fa tsy nisy vokany, mandra-pitenenan’ny olona iray nahay ny fitaingenana lakana kayak tamiko fa mety misy triatra ny vatan’ny lakana ka mety feno rano izany, izay nahatonga azy ho tsy marina sy tsy voafehy. Nosintoniko nankeny amin’ny sisiny ilay lakana dia novohako ny vavany, inona tokoa fa rano be no nivoaka avy tao.

Mieritreritra aho fa indraindray isika dia mamakivaky ny fiainana miaraka amin’ny fahotana, tahaka ilay loaka





tamin'ilay lakako, izay manembantsembana ny fivoarantsika ara-panahy.

Raha mikiry amin'ny fahotantsika isika, dia hadinontsika ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny Tompo, na dia tsy mandroso aza isika noho ny fitotonganana aterak'ireo fahotana ireo amin'ny fiainantsika.

Tahaka ilay triatra tamin'ny lakako dia mila jerena ireo zavatra tsy mety amin'ny fiainantsika. Ny fahotana sasany dia ho mila ezaka bebe kokoa ny fibebahana aminy noho ny sasany.

Tokony hanontany tena isika noho izany hoe: "Aiza ho aiza no misy antsika raha ny toetrantsika manoloana ny Mpamonjy sy ny asany no jerena? Eo amin'ny toeran'i Petera ve isika, raha nandà tsy nahafantatra an'i Jesoa Kristy izy? Sa ve efa nandroso isika ka manana ilay toetra sy finiavana nanana ny taorian'ilay "iraka lehibe" azony avy amin'ny Mpamonjy?"⁸

Tokony hiezaka hankatò ny didy rehetra isika ary hijery akaiky ireo izay tena sarotra amintsika ny mitandriana azy. Ho eo anilantsika ny Tompo, hanampy antsika amin'ny fotoana ilana fanampiana sy mampalemy Izy,

ary raha maneho faniriana marina sy manao zavatra mifanaraka amin'izany isika, "ny zavatra malemy dia hatao[ny] tonga matanjaka."⁹

Hanome antsika ny hery handresena ny fahotana ny fankatoavana. Mila mahatakatra ihany koa isika fa ny fitsapana ny finoantsika dia mitaky antsika mba hankatò, matetika izany dia tsy mila ny fahafantarana ny vokany.

Manolotra rakipohy izay hanampy antsika haharitra hatramin'ny farany aho:

1. Isan'andro dia mivavaka sy mamaky ny soratra masina.
2. Isan-kerinandro dia mandray ny fanasan'ny Tompo miaraka amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina.
3. Mandoa ny fahafolonkarenantsika sy ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina isam-bolana.
4. Isaky ny roa taona, isan-taona ho an'ny zatovo, dia manavao ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly.
5. Mandritra ny fiainantsika manontolo dia manompo ao amin'ny asan'ny Tompo.

Enga anie ireo fahamarinana lehiben'ny filazantsara hampiorina ny saintsika, ary eng azie isika hihazona ny fiainantsika tsy hisy fahotana izay mety hanembantsembana ny diantsika milamina mamakivaky ny ranomasin'ny fiainana.

Misy vidiny ny fahombiazana ao amin'ny lalan'ny Tompo, ary ny hany lalana hahatratrarana izany dia ny fandoavana izany vidiny izany.

Tena feno fankasitrahana aho fa naharitra hatramin'ny farany ny Mpamonjy antsika, ka nahatanteraka ilay sorompanavotany lehibe.

Nijaly noho ny fahotantsika, ny fanaintainantsika, ny fahakiviansika, ny alahelontsika, ny rofintsika, ary ny tahotsika Izy, dia izany no ahafantarany ny fomba hanampiana antsika, ny fomba hanomezana aingam-panahy antsika, ny fomba hampiononana antsika, ny fomba hankaherezana antsika, mba hahatonga antsika haharitra ka hahazo ilay satroboninahitra natokana ho an'ireo izay tsy resy.

Tsy mitovy ny fiainantsika tsirairay. Isika rehetra dia samy mandalo fotoampitsapana, fotoam-pifaliana, fotoana hanapahan-kevitra, fotoana handresena sakana, ary fotoana hanararaotana fahafahana.

Na manao ahoana na manao ahoana ny mety ho toe-piainantsika manokana, dia mijoro ho vavolombelona aho fa tsy mitsaha-miteny ny Raintsika any An-danitra manao hoe: "Tiako ianao. Manohana anao Aho. Miaraka aminao Aho. Aza milavo lefona. Mibebaha ary mahareta eo amin'ilay lalana izay nasehoko anao. Dia manome toky anao aho fa hifankahita indray isika any amin'ny fonenantsika selestialy." Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Matio 24:13.
2. Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Maharitra," scriptures.lds.org.
3. Jaona 6:66-67.
4. Jaona 6:68.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37.
6. Jereo ny 3 Nefia 18:7.
7. Almà 38:11-12.
8. Jereo ny Marka 16:15.
9. Etera 12:27.



Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Ny Fanahiny miaraka aminareo

Mivavaka amin'ny foko manontolo aho ny mba handrenesana ny feon'ny Fanahy, izay alefa aminareo amin-kalalan-tanana.

Ry rahalahiko sy ranabaviko, feno fankasitrahana aho noho ny fahafahako miresaka aminareo amin'izao Sabatan'ny Tompo, amin'ny fihonamben'ny Fiangonany manerantany izao, amin'ity vanim-potoan'ny Paska ity. Misaotra ny Raintsika any An-danitra aho noho ny nanomezany ny Zanakalahy Malalany, izay tonga an-tsitraro teto an-tany mba ho Mpanavotra antsika. Feno fankasitrahana



aho mahafantatra fa nanao sorona ho an'ny fahotantsika Izy ary nitsangana tamin'ny maty. Isan'andro aho dia feno fitahiana noho ny fahafantarako fa, noho ny Sorompanavotany, dia afaka ny hitsangana amin'ny maty aho indray andro any, haina mandrakizay ao anatin'ny fianakaviana be fitiavana.

Fantatro ireo zavatra ireo amin'ny alalan'ilay *hany fomba* ahafahantsika tsirairay mahafantatra azy ireo. Efa niresaka tato an-tsaiko sy tato am-poko ny Fanahy Masina fa marina izany, tsy indray mandeha ihany fa matetika. Nila izany fanamafisana tsy tapaka izany aho. Samy mandalo loza izay ilantsika ny fankahe-rezan'ny Fanahy avokoa isika rehetra. Nahatsapa izany aho indray andro rehefa niara-nijoro tamin'ny raiko tao anatin'ny hôpitaly iray. Nijery ny reniko niala aina izahay. Teo am-pijerenay ny tarehiny dia nitsiky izy rehefa lasa ny fanaintainana. Taorian'ny fotoana kely nangina dia ny raiko no niteny voalohany. Hoy izy: "Lasa nody ilay ankizivavy kely."

Nolazainy tamin'ny fomba malefaka izany. Toa nahatsapa fiadanana izy. Nizara zavatra izay fantany fa marina izy. Nanomboka nanangona tsimoramora ireo zavatra ny reniko manokana

izy. Nivoaka teo amin'ny lalantsaran'ilay hôpitaly izy hisaotra ireo mpitsabo mpanampy sy ireo dokotera izay nikarakara azy nandritra ny andro maro.

Nanana ny Fanahy Masina ho nama-na ny raiko tamin'izay andro izay, izay nanampy azy hahatsapa sy hahafantatra ary hanao ny zavatra nataony tamin'io andro io. Nahazo ilay fampanantenana izay ananan'ny maro izy, manao hoe: "Mba hananany ny Fanahiny miaraka aminy" (F&F 20:79).

Ny fanantenako anio dia ny ham-pitombo ny fanirianareo sy ny fahafahanareo handray ny Fanahy Masina. Tsarovy fa Izy no mpikambana fahatelo ao amin'Ny Andriamanitra. Ny Ray sy ny Zanaka dia olona nitsangana tamin'ny maty. Ny Fanahy Masina dia olona fanahy. (Jereo ny F&F 130:2.) Safidinao ny handray Azy sy ny hanasa Azy ho ao am-ponao sy ao an-tsainao na tsia.

Ny fepetra ahafahantsika mandray izany fitahiana avy any an-danitra izany dia hazavaina ao amin'ireo teny izay lazaina isan-kerinandro saingy mety tsy takatry ny fontsika sy ny saintsika foana angamba Mba handefasana ny Fanahy amintsika dia tsy maintsy mahatsiaro ny Mpamonjy mandrakariva isika ary mitandrina ny didiny (F&F 20:77).

Izao vanim-potoana izao dia manampy antsika hahatsiaro ny sorona nataon'ny Mpamonjy sy ny fitsanganany avy tao am-pasana ho lasa olona nitsangana tamin'ny maty. Maro amintsika no efa nanana sary an-tsaina ireo tranga ireo tao amin'ny fitadidiany. Indray mandeha izaho sy ny vadiko dia nitsangana teo ivelan'ny fasana iray tao Jerosalema. Maro no mino fa izay ilay fasana nivoahan'ilay Mpamonjy voahombo tamin'ny hazo fijaliana ho lasa Andriamanitra velona sy tafatsangana tamin'ny maty.

Nanondro tamin'ny tanany ilay mpitari-dalana tamin'izay andro izay ary nilaza taminay hoe: "Avia, jereo fa foana ny fasana"

Niondrika izahay hidirana tao. Nahita vato fipetrahana izahay niankina tamin'ny rindrina. Saingy nisy sary iray hafa tonga tato an-tsaiko, toa tena izy tahaka ny zavatra hitanay tamin'izay andro izay ny fahitako azy. I Maria

ilay izy, izay navelan'ireo Apôstôly teo amin'ny fasana. Izany no zavatra navelan'ny Fanahy ho hitako, sy ho reko tao an-tsaiko mihitsy aza, tamin'ny fomba tena mazava tahaka ny hoe teo aho.

“Fa Maria nijanona nitomany teo ivelan'ny fasana; ary raha nitomany izy, dia niondrika nitsirika ny tao am-pasana.

“Ka nahita anjely roa nitafy lamba fotsy nipetraka teo, ny anankiray teo an-doha tamin'ilay nandrian'ny fatin'i Jesosy, ary ny anankiray teo an-tongotra.

“Ary hoy ireo taminy: Ravehivavy, nahoana hianao no mitomany? Ary hoy izy tamin'izy ireo, satria nalain'olona ny Tompoko ka tsy fantatro izay nametrahany Azy.

“Rehefa nilaza izany izy, dia nitodika ka nahita an' i Jesosy nitsangana teo, nefa tsy fantany ho Jesosy.

“Hoy Jesosy taminy: Ravehivavy, nahoana hianao no mitomany? Iza no tadiavinao? Nataony fa mpiandry saha Izy ka hoy izy taminy: Tompoko, raha Ianao no naka Azy teto, lazao amiko izay nametrahanao Azy, ary Izaho dia haka Azy.

“Hoy Jesosy taminy: Ry Maria! Dia nitodika izy ka niteny Taminy hoe: Rabôny! Izany hoe: Mpampianatra ô.

“Hoy Jesosy taminy: Aza manendry Ahy; fa tsy mbola niakatra tany amin'ny Ray Aho; fa mandehana mankany amin'ny rahalahiko, ka lazao aminy hoe: Miakatra ho an'ny Raiko sy ny Rairareo Aho, ary amin'ny Andriamanitro sy Andriamanitrareo” (Jaona 20:11–17).

Nivavaka aho ny mba hanomezana ahy fahafahana hahatsapa zavatra tahaka ny tsapan'i Maria teo am-pasana sy ny zavatra tsapan'ny mpianatra roa hafa teo amin'ny lalana nankany Emaosy raha niara-nandeha tamin'ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty izy ireo, nieritreritra Azy ho mpitsidika an'i Jerosalema:

“Ary ireo nanery Azy ka nanao hoe: Mitoera aty aminay; fa efa ho hariva izao, ka lasan-davitra ny andro. Dia niditra hitoetra tao aminy Izy.

“Ary raha niara-nipetraka nihinana teo aminy Izy, dia nandray ny mofo ka nisaotra, dia namaky sy nanolotra azy.



“Dia nahitrata ny mason'izy ireo, ka nahalala Azy; fa Izy kosa dia tonga tsy hitany.

“Dia niresaka hoe izy: Tsy nango-rakoraka va ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dālana Izy ka namoaka ny hevitra ny Soratra Masina tamintsika?” (Lioka 24:29–32).

Naverina nandritra ny fivoriana Fanasan'ny Tompo iray natrehako 70 taona mahery lasa ny sasany tamin'ireo teny ireo. Tamin'izany andro izany dia tamin'ny hariva no nanatanterahana ny fivoriana fanasan'ny Tompo. Maizina ny tany ivelany. Nihira ireo teny efa mahazatra ireo ny mpiangona. Efa reko imbetsaka izany. Saingy ny fahatsiarovako tena naharitra dia ny momba ny fahatsapana iray nandritra ny alina iray manokana. Mampanatona ahy bebe kokoa ny Mpamonjy izany. Angamba raha tononiko ny tonony dia ho tonga amintsika rehetra indray izany:

*Mitoera aty f'hariva izao,
Ny andro endrey mandao.
Mihamaizina ihany ity ny andro,
Ka mandrosoa Ianao.
Vahiny irin'ny foko indrindra,
Mba mitoera re!*

*Mitoera aty f'hariva izao,
Fa teo anilanao
Nangorakoraka ity foko
Nitafa taminao.
Ny teninao nankahery ahy,
Ho akaikinao re.*

*Mpamonjy ô, tomoera anio,
Fa indro hariva izao.*

*Mpamonjy ô, tomoera anio,
Fa indro hariva izao.¹*

Sarobidy mihoatra noho ny fahatsiarovana zavatra nitranga ny fahatsiarovana ny Fanahy Masina nikasika ny fontsika sy ny fanamafisany tsy tapaka ny fahamarinana. Sarobidy mihoatra ny fahitana amin'ny maso, na ny fahatsiarovana teny nolazaina sy novakiana ny fahatsiarovana ireo fahatsapana niaraka tamin'ilay feo malefaky ny Fanahy. Mahalana aho no nahatsapa izany mitovy tanteraka tamin'ny fahatsapan'ireo izay nandeha teo amin'ny lalana ho any Emaosy, izay malefaka fa tsy hay disoana toy ny afo mirehitra ao am-po. Matetika kokoa izany dia fahatsapana hazavana sy fahatokiana.

Manana ny Fanahy Masina ho nama-na isika, ilay fampanantenana tsy hay sandaina, ary ananantsika ihany koa ny fitarihana marina momba ny fomba ahazoana izany fanomezana izany. Ireto teny ireto dia lazain'ny mpanompon'ny Tompo nahazo lalana, miaraka amin'ny tanany eo ambony lohantsika: “Raiso ny Fanahy Masina.” Amin'io fotoana io izaho sy ianao dia mahazo toky fa ho avy amintsika Izy. Saingy ny adidintsika dia ny misafidy ny hanokatra ny fontsika handraisana ny fiasan'ny Fanahy, mandritra ny androm-piainana.

Mitondra torolalana ny zavatra niainan'ny Mpaminany Joseph Smith. Nanomboka ny asa fanompoany sy

nanohy izany izy tamin'ny fanapahan-kevitra fa tsy ampy ny fahendreny manokana mba hahafantarana ny lalana tokony haleha. Nifidy ny hanetry tena teo anoloan' Andriamanitra izy.

Avy eo dia nanapa-kevitra ny hisafidy an' Andriamanitra i Joseph. Nivavaka izy tao anatin'ny finoana fa hamaly Andriamanitra. Tonga ny valiny fony izy zatovolahy. Tonga ireo hafatra ireo rehefa nila nahafantatra ny fomba tokony hananganan' Andriamanitra ny Fiangonany izy. Nananatra sy nitarika azy nandritra ny fiainany ny Fanahy Masina.

Nankatò fitaomam-panahy izy tamin'ny fotoana naha-sarotra izany. Ohatra, nahazo fitarihana izy mba handefa ny Roambinifololahy ho any Angletera tamin'ny fotoana izay tena nilany azy ireo. Nalefany izy ireo.

Nanaiky ny fanitsiana sy ny fankaherezana avy tamin'ny Fanahy izy tamin'ny fotoana nigadrany sy nampijaliana mafy ny Olomasina. Ary nankatò izy rehefa nandeha tany Carthage na dia efa fantany aza fa hiatrika loza mahafaty izy.

Naneho ohatra ho antsika ny Mpaminany Joseph momba ny fomba hahazoana fitarihana sy fankaherezana ara-panahy tsy tapaka amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Ny safidy voalohany nataony dia ny manetry tena teo anoloan' Andriamanitra.

Ny faharoa dia ny mivavaka sady manam-pinoana an'i Jesoa Kristy Tompo.

Ny fahatelo dia ny mankatò tante-raka. Ny fankatoavana dia mety hidika hoe miroso haingana. Mety hidika hoe miomana izany. Na mety hidika ho miandry aingam-panahy misimisy kokoa amim-paharetana izany.

Ary ny fahefatra dia ny mivavaka mba hahafantatra ny filàna sy ny ao am-pon'ny hafa ary ny fomba hanampiana azy ireo ho an'ny Tompo. Nivavaka ho an'ireo Olomasina izay tao anatin'ny fahoriana i Joseph raha tao am-ponja. Nanana fahafahana aho nandinika ireo mpaminanin' Andriamanitra rehefa nivavaka, nangataka fitaomam-panahy, nandray fitarihana ary nanao zavatra nifanaraka tamin'izany izy ireo.



Efa hitako ny habetsaky ny vavaka ataon'izy ireo ho an'ny olona tiany sy tompoiny. Ny fiahian'izy ireo ny hafa dia toa manokatra ny fon'izy ireo mba handraisana fanentanam-panahy. Afaka ny ho marina izany ho anao.

Hanampy antsika hanompo ny hafa ho an'ny Tompo ny fanentanam-panahy. Efa hitanao tamin'ny fiainanao izany, tahaka ny efa hitako. Nilaza tamiko ny evekako indray andro, tamin'ny fotoana naha-tao anatin'ny fahasahiranana lehibe ny vadiko, nanao hoe: -Isaky ny mahare olona mila fanampiana aho ato amin'ny paroasy, ka rehefa tonga any amin'ilay olona aho mba hanampy, dia mahita fa efa tonga teo talohako ny vadinao. Ahoana no hanaovany izany?"

Tahaka ireo mpanompo lehibe rehetra ao amin'ny fanjakan'ny Tompo izy. Toa misy zavatra anankiroa ataon'izy ireo. Ny mpanompo lehibe dia nahafeno ny fepetra hananana ny Fanahy Masina ho namana miaraka aminy tsy tapaka. Ary nahafeno ny fepetra hananana ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana izy ireo, dia ny fitiavana madion'i Kristy izany. Nitombo tao anatin'izy ireo izany fanomezam-pahasoavana izany rehefa nampiasan'izy ireo tamin'ny fanompoana noho ny fitiavana ny Tompo.

Ny fomba iarahana ny vavaka sy ny aingam-panahy ary ny fitiavana ny Tompo miasa ao amin'ny fanompoana ataontsika dia voafaritra tsara ao anatin'ireto teny ireto:

"Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako hianareo, dia hataoko izany.

"Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko.

"Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay,

"Dia ny Fanahin'ny fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo.

"Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; hankatỳ aminareo Aho.

"Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao; fa hianareo no hahita Ahy; satria velona Aho, dia ho velona koa hianareo.

"Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Raiko, ary hianareo ato amiko, ary Izaho ao aminareo.

"Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia Ahy; ary izay tia Ahy no ho tian'ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy" (Jaona 14:14-21).

Zaraiko ny fijoaroako ho vavolombelona manokana fa ny Ray amin'izao fotoana izao dia mahafantatra ny aminao, sy ny fahatsapanao, ary ny zavatra ilain'ny olona tsirairay manodidina anao ara-panahy sy ara-nofo. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Ray sy ny Zanaka dia mandefa ny Fanahy Masina amin'ireo rehetra izay manana izany fanomezana izany, sy mangataka izany fitahiana izany, ary mikatsaka ny ho mendrika izany.

Tsy misy misisika an-tery ao amin'ny fiainantsika na ny Ray, na ny Zanaka, na ny Fanahy Masina. Afaka misafidy

malalaka isika. Hoy ny Tompo tamin'ny olon-drehetra:

“Indro, efa mitsangana eo ambaravarana Aho ka mandondona; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hira-misakafo aminy, ary izy amiko.

“Izay maharesy dia havelako hiaramipetraka amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny seza fiandrianany.

“Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy” (Apokalypsy 3:20–22).

Mivavaka amin'ny foko manontolo aho ny mba handrenesanareo ny feon'ny Fanahy, izay alefa aminareo amin-kalalan-tanana. Ary mivavaka aho ny mba hanokafanareo foana ny fonareo mba handray Azy. Raha mangataka omban'ny tena finiavana sy am-pinoana an'i Jesoa Kristy ianareo mba hahazo fitariham-panahy, dia ho azonareo amin'ny fomban'ny Tompo sy amin'ny fotoany izany. Nataon' Andriamanitra izany tamin'i Joseph Smith fony izy tanora. Ataony izany ankehitriny amin'ny mampinanintsika velona, ny Filoha Russell M. Nelson. Napetrak' Andriamanitra teo amin'ny lalan'ireo zanany hafa ianareo mba hanompo azy ireo ho Azy. Fantatro izany tsy tamin'ny alalan'ny zavatra hitan'ny masoko ihany fa mahery vaika kokoa tamin'ny alalan'ny zavatra nobitsihan'ny Fanahy tato am-poko.

Efa nahatsapa ny fitiavan'ny Ray sy ny an'ny Zanany Malala ho an'ireo zanak' Andriamanitra rehetra eto amin'izao tontolo izao aho sy ho an'ireo zanany any amin'ny tontolon'ny fanahy. Efa nahatsapa ny fananarana sy ny fitarihana avy amin'ny Fanahy Masina aho. Mivavaka aho ny mba hananana ilay fifaliana amin'ny fananana ny Fanahy miaraka aminareo ho nama-nareo tsy tapaka. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. “Mitoera aty f'hariva izao,” (Demeure auprès de moi, Seigneur, *Cantiques*, lah. 93).



Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Zava-madinika sy tsotra

Mila ampahatsiahivina isika fa rehefa mitambatra mandritra ny fotoana ela ireo zavatra toa madinika ireo dia mahatanteraka zavatra lehibe.

I.

Ry rahalahy sy anabavy malala, tahaka anareo koa, izaho dia voakasika lalina sy nahazo hery ary nahazo fitaomam-panahy tamin'ny alalan'ireo hafatra sy hira ary ny zavatra tsapa tamin'ity fotoana niarahana teto ity. Azoko antoka fa miray feo amiko ianareo amin'ny fanehoana fankasitrahana an'ireo rahalahy sy anabavintsika izay nanolotra ho antsika ny fanamafisana orina entin'ity fotoana hiarahana eto ity, amin'ny maha-fitaovana azy ireo eo am-pelatanan'ny Tompo.

Feno fankasitrahana aho noho ny fahafahako miresaka aminareo mpanatrika eto amin'izao Alahadin'ny Paska izao. Androany isika dia miaramankalaza amin'ireo Kristianina hafa ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy Tompo tamin'ny maty. Ho an'ny mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia andry iankinan'ny finoantsika ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty ara-bakiteny.

Noho isika mino na ireo tantara ao amin'ny Baiboly na ny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna mikasika ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty ara-bakiteny, dia inoantsika koa ireo fampianarana maro ao amin'ny soratra masina fa hisy fitsanganana amin'ny

maty mitovy amin'izany hihatra amin'ireo olombelona rehetra niaina teto an-tany hatrizay. Manome antsika ilay antsoin'ny Apôstôly Petera hoe “fanantenana velona” (1 Petera 1:3) izany fitsanganana amin'ny maty izany. Izany fanantenana velona izany dia ilay finoantsika mafy orina fa tsy fiasaran'ny fisiansika akory ny fahafatesana fa dingana iray ihany izay ilaina eo amin'ilay drafitra feno famindram-pon'ny Raintsika any Andanitra ho an'ny famonjena ny zanany. Mitaky fiovana avy amin'ny mety maty mankany amin'ny tsy fahafatesana izany drafitra izany. Ny zava-dehibe ao anatin'izany fiovana izany dia ny filentehan'ny fahafatesana sy ny fiposahan'ny maraina lehibe izay tanteraka noho ny Fitsanganan'ilay Tompo sy Mpanavotra antsika tamin'ny maty izay ankalazaintsika amin'izao Alahadin'ny Paska izao.

II.

Ao amin'ilay hira tena tsara izay nosoratan'i Eliza R. Snow dia mihira izao isika:

*Endrey voninahitra be,
Fanavotana re.
Fitiavana, famindram-po,
No tafaraka soa!¹*

Mivory ao anatin'ireo fivoriana isika, tafiditra ao anatin'izany ity fihonambe ity mba hifampianatra sy hifampahery ho fanatanterahana izany dafitra sy lamina masina izany.

Amin'ity maraina ity aho dia nanapa-kevitra fa ny fampianaran'i Almà ho an'i Helamàna zanany lahy izay voarakitra ao amin'ny Bokin'i Mòrmòna no lahatsoratra hampiasaiko: "Amin'ny alalan'ny zava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe" (Almà 37:6).

Ampianarina zava-madinika sy tsotra maro isika ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Mila ampahatsiahivina isika fa rehefa mitambatra mandritra ny fotoana ela ireo zavatra toa madinika ireo dia mahatanteraka zavatra lehibe. Maro ireo lahateny mikasika io lohahevitra io izay nataon'ireo Manampahafana Ambony sy ireo mpampianatra hafa manana ny maha-izy azy. Tena

amin'ireo faka misandrahak'ily hazo eo akaiky eo izay mitombo moramora sy tsikelikely. Indro misy ohatra iray mitovy amin'izany izay hitako tany amin'ny lalana anankiray hafa.

Kely loatra ka tsy azo refesina isan'andro na isam-bolana mihitsy aza ny hery manosika izay nampitresaka ireo sisin-dalana vita amin'ny béton ireo, kanefa faran'izay mahery vaika ny vokany rehefa taty aoriana.

Mitovy amin'izany ny vokany mahery vaika entin'ireo zava-madinika sy tsotra rehefa mandeha ny fotoana izay ampianarina antsika ao amin'ny soratra masina sy ampianarin'ireo mpaminany velona. Eritrereto ny fandalinana soratra masina izay nampianarina fa tokony hampidirintsika ao anatin'ny fiainantsika isan'andro. Na eritrereto ny vavaka ataon'ny tena manokana na ny vavaka ataon'ny mpianakavy amim-pandohalihana izay fomba fanao

ilay Mpijoro ho vavolombelona izay manazava antsika sy mitarika antsika any amin'ny fahamarinana, araka izay nohazavain'ny Filoha Eyring.

Ny loharano iray hafa hahazoana fivoarana ara-panahy dia ny fanohizana ny fampiharana ny fibebahana na dia amin'ny fandikan-dalàna izay toa bitika aza. Afaka manampy antsika hahafantatra ny fomba tsy nampahomby antsika sy ny fomba ahafahantsika manao zavatra amin'ny fomba tsaratsara kokoa ny tomban'ezaka avy amin'ny fitaomam-panahy ataontsika manokana. Tokony hialoha ny fandraisantsika ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro ny fibebahana toy izany. Atolotra ao amin'ilay hira ao amin'ny fihirana hoe "Have I Done Any Good?" (Nanao soa teto an-tany ve aho androany) ireo asa sasantsasany tokony hoeritreretina ao anatin'io dingan'ny fibebahana io.

Nanao soa teto an-tany ve aho androany?

Ka nanampy ireo mila izany?

Nankahery ny malahelo ve aho ary nampifaly ny hafa koa?

Raha tsy izay dia tsy nahomby tokoa.

Nisy enta-mavesatra nihamaivana ve androany

Noho ny finiavako hizara?

Nisy marary sy trotraka nila fanampiana ve tany ho any?

*Ka teo ve aho nikarakara?*²²



manan-danja loatra io lohahevitra io ka nahatsapa aho fa tokony hiesaka momba izany indray.

Izaho dia nahatsiaro ny herin'ireo zava-madinika sy tsotra rehefa mandeha ny fotoana, tamin'ny alalan'ny zavatra iray izay hitako raha nanao dia an-tongotra vao maraina. Inty no sary nalaiko. Tresaka ilay sisin-dalana béton matevina sy mafy. Moa ve izany vokatra ny zavatra lehibe sy matanjaka izay manosika avy ao ambany? Tsia, io fitresahana io dia vokatra ny iray

mahazatra ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany mahatoky. Eritrereto ny fanatrehana seminera ho an'ny zato-vo na ny fanatrehana ny kilasin'ny institiota ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotreron'ny. Na dia toa madinika sy tsotra aza ireo fomba fanao tsirairay ireo dia miteraka fivoarana sy fitomboana ara-panahy mahery vaika rehefa mandeha ny fotoana. Miseho izany satria ny tsirairay amin'ireo zava-madinika sy tsotra ireo dia manasa ny Fanahy Masina ho namana,

Tena zava-madinika tokoa ireo, kanefa tena ohatra tsara maneho ny zavatra nampianarin'i Almà an'i Helamàna zanany lahy hoe: "Ary ny Tompo Andriamanitra dia miasa amin'ny alalan'ny fitaovana mba hanatanteraka ny fikasany lehibe sy mandrakizay; ary amin'ny alalan'ny zavatra tena madinika no . . . itondran'ny Tompo ny famonjena ho an'ny fanahy maro" (Almà 37:7).

Ny Filoha Steven C. Wheelwright dia nanolotra ho an'ny mpanatrika tany amin'ny Oniversiten'i Brigham Young-Hawái ity famaritana tena tsara mikasika ny fampianaran'i Almà ity: "Nohamafisin'i Almà tamin'ny zanany lahy, fa tena marina tokoa fa ilay lamina arahin'ny Tompo rehefa mampihatra

finoana Azy isika sy manaraka ny toroheviny amin'ny fanatanterahana zavatra madinika sy tsotra, dia ny fanaovany fahagagana madinika isan'andro ho antsika ary asa mahatalanjona ho antsika rehefa mandeha ny fotoana.”³

Ny Filoha Howard W. Hunter dia nampianatra fa “matetika ireo zavatra fanao mahazatra . . . no mitondra vokany tsara indrindra eo amin'ny fiainan'ny hafa raha oharina amin'ireo zavatra izay matetika sokajian'izao tontolo izao ho toy ny zavatra tena lehibe.”⁴

Misy fampianarana laika iray mampandresy lahatra mikasika an'io fitsipika io ihany avy amin'i Dan Coats Senatera teo aloha an'i Indiana: “Ny hany fiomanana ho an'ilay fanapahan-kevitra lalina tokona izay afaka manova fiainana iray na firenena iray mihitsy aza dia ireo fanapahan-kevitra an-jatony sy an'arivony nataon'ny tena manokana ireo, izay zara raha neritre-retina sy mamaritra ny toetran'ny tena ary toa heverina ho tsy manan-danja.”⁵

Ireo fanapahan-kevitra manokana izay “toa heverina ho tsy manan-danja” ireo dia ahitana ny fomba fampiasantsika ny fotoantsika, ny zavatra jerentsika amin'ny fahitalavitra sy ny internet, ny zavatra vakintsika, ny zavakanto sy ny mozika avelantsika hanemitra antsika manodidina any am-piasana sy any antokantrano, ny fialamboly tadiavintsika, ary ny fomba fampiharantsika ny fanolorantenantsika ny ho marin-toetra. Ny zavatra iray hafa izay toa madinika sy tsotra dia ny mahalala fomba sy sariaka rehefa mifandray amin'ny hafa.

Tsy misy amin'ireo zava-madinika sy tsotra izay mampitsiriritra ireo ka hoe hampisondrotra antsika any amin'ny zavatra lehibe raha tsy ampiharina tsy tapaka. Nisy nilaza fa ny Filoha Brigham Young dia niteny hoe: “Ny fiainantsika dia voarafitra amin'ireo toe-javatra kely sy tsotra izay lasa tena manan-danja rehefa atambatra ary mamintina ny fiainan'ilay lehilahy na ilay vehivavy iray manontolo.”⁶

Voahodidin'ny fitaoman'ireo haino aman-jery sy ny fahasimban'ny kolontsaina isika izay hitondra antsika manaraka ny riaka any amin'ny fampidinana ny fenitr'ireo soatoavintsika raha tsy



manohitra tsy tapaka isika. Mba handrosoana mifanohitra amin'ny riaka mankany amin'ilay tanjontsika mandrakizay, dia tsy maintsy mivoy tsy tapaka isika. Manampy ny maha-ao anatin'ny ekipa iray izay miaraka mivoy, tahaka ny ekipa mpivoy lakana miara-miasa. Raha hitarina kokoa io ohatra io, dia mahery tokoa ny koriandrano ka raha toa mijanona mivoy isika, dia ho entin'ny riaka midina any amina toerana izay tsy nokatsahintsika, izay tsy azo ihodivirana raha toa ka tsy miezaka mandroso tsy tapaka isika.

Rehefa avy nitantara zava-nitranga iray izay toa madinika nefa nisy vokany lehibe i Nefia, dia nanoratra hoe: “Afa-ka manatanteraka zava-dehibe amin'ny alalan'ny zava-madinika ny Tompo”

(1 Nefia 16:29). Ahitana ohatra tsy hay hadinoina momba izany ny Testamenta Taloha. Hitantsika ao ny nikaikeran'ireo menaran'afo ny Isiraelita. Olona maro no maty noho ny kaikitr'izy ireo (jereo ny Nomery 21:6). Rehefa nivavaka i Mosesy mba hahazo fanamaivana-na, dia nentanin'ny fanahy izy hanao “menarana varahina . . . ka nanantona azy tamin'ny hazo lava.” Ary “izay olona voakaikitra ny menarana ka nijery ilay menarana varahina dia velona” (andininy 9). Zava-madinika toy izany tokoa moa dia niteraka vokany maha-gaga tahaka izany! Kanefa araka ny nohazavain'i Nefia rehefa nampianatra io ohatra io izy tamin'ireo izay nikomy tamin'ny Tompo, na dia nanomana lalana tsotra hahafahan'izy ireo ho sitrana

aza ny Tompo, “noho ny fahatsoran’ny lalana, na noho ny hamorany, dia nisy maro ireo izay maty” (1 Nefia 17:41).

Io ohatra sy fampianarana io dia mampahatsiahy antsika fa ny fahatsoran’ny lalana na ny fahamoran’ily asa asaina atao dia tsy midika hoe ampahany tsy manan-danja izany eo amin’ny fanatanterahantsika izay faniriana tsara ananantsika.

Torak’izany koa, na dia ireo fihe-tsika madinika maneho tsy fanka-toavana na ireo tsy fanarahana kely ireo fomba fanao mifanaraka amin’ny tokony ho izy aza dia afaka mitarika antsika hankany amin’ny vokany izay efa nampitandremana antsika mba hosorohina. Manome ohatra mikasika izany ny Tenin’ny Fahendrena. Tsy azo refesina angamba ny vokatra ny sigara iray na ny toaka iray vera na ny zava-mahadomelina indray mampiasa eo amin’ny vatana. Saingy rehefa mandeha ny fotoana dia mahery vaika ny vokany ary mety tsy ho azo averina amin’ny teo aloha intsony. Tsarovy ny fitresahan’ily sisin-dalana noho ny fitombon’ny fakan’ily hazo tsikelikely. Tena azo antoka fa azo sorohina tanteraka ny voka-dratsin’ny firosahana ao anatin’izay zavatra rehetra mampiankin-doha toy ny zava-mahadomelina manimba ny vatantsika na ny pôrnôgrafia izay mampikororosy fahana ny saintsika, raha toa ka tsy mirosaka ao anatin’izany velively isika, na dia indray mandeha monja aza.

Taona maro lasa izay dia nohavain’ny Filoha M. Russell Ballard tamin’ireo mpanatrika ny fihaonambe hoe “ahoana no ahafahan’ny zava-madinika sy tsotra hisy voka-dratsy sy hanimba eo amin’ny famonjena olona iray.” Nampianatra izy hoe: “Ireo zava-madinika ireo rehefa atambatra, dia afaka ny ho lasa mafy tsy hay tapahina, toy ny tsiratsiraka malemiley, izay atambatra ho lasa kofehy, dia avy eo lasa kofehy mirandana ary farany lasa tady. Tokony hahafantatra foana ny hery ananan’ireo zava-madinika sy tsotra ireo isika eo amin’ny fanorenana ny fiainam-panahy,” hoy izy. “Ary sady tokony hahafantatra koa isika fa i Sata-na dia hampiasa ireo zava-madinika

sy tsotra mba hitarihana antsika any amin’ny fahakiviana sy ny fahoriana.”⁷

Nanome fampitandremana mitovy amin’izany an’ireo izay nanatrika azy tany BYU–Hawaii ny Filoha Wheelwright: “Ao anatin’ny tsy fanaovana ireo zava-madinika sy tsotra no mampihozongozona ny finoana sy mampitsahatra ny fahagagana ary mihantona aloha ny fivoarana mankany amin’ny Tompo sy ny fanjakany, ary avy eo manomboka miharava satria nosoloina fikatsahana zavatra ara-nofa sy faniriana hanana ny zavatr’izao tontolo izao ilay fikatsahana ny fanjakan’Andriamanitra.”⁸

Iaintsika ny fanarahana ny lamina ara-panahin’ny zava-madinika sy tsotra mba hiarovana amin’ny voka-dratsy mitambatambatra izay manimba ny fivoarantsika ara-panahy. Nanoritsoritra io fitsipika io ny Loholona David A. Bednar nandritra ny fivoriamben’ny vehivavy tao BYU ka nilaza hoe: “Isika dia afaka mianatra zavatra betsaka mikasika ny toetoetra sy ny lanjan’io lamina ara-panahy io avy amin’ny fomba . . . fanatetevana rano amin’ny fatrany tena kely hiditra ny tany,” izay mifanohitra amin’ny fanondrahana na fanatobasana rano be any amin’ny toerana mety tsy ilana izany.

Nanazava izy hoe: “Ilay rano mitete tsy tapaka dia miditra lalina any anaty tany ary manome hamandoana tena betsaka izay ahafahan’ny zavamaniry mirosoroboro. Torak’izany koa raha toa izaho sy ianao ka mifantoka ary mahazo matetika teten’ny famahanana ara-panahy tsy tapaka, dia hilentika lalina any anatintsika ny fakan’ny filazantsara ka afaka hiorina mafy sy hanana fototra tsara ary afaka hamokatra voa mahatalanjona sy matsiro.

Dia notohizany hoe: “Ny lamina ara-panahin’ny zava-madinika sy tsotra izay mitondra zavatra lehibe dia miteraka fiorenana mafy, sy fikirizana, sy fanolorantena lalina ary fiovam-po feno kokoa amin’i Jesoa Kristy Tompo sy ny filazantsarany.”⁹

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra io fitsipika io tamin’ny alalan’ireo teny izay ankehitriny hita ao amin’ny Fotopampianarana sy Fane-kempihavanana: “Aoka tsy hisy olona

hihevitra azy ireny ho toy ny zavatra madinika; fa betsaka . . . ny mikasika ny olomasina no miankina amin’ireny zavatra ireny” (F&F 123:15).

Tao anatin’ireo fiezahana tany ampiandohana hanorina ny Fiangonana tany Missouri, dia nanoro hevitra ny Tompo ny mba hananana faharetana satria “tsy maintsy mitranga amin’ny fotoany avy ny zava-drehetra” (F&F 64:32). Dia nanome ity fampianarana lehibe ity Izy avy eo: “Koa aza ketraka amin’ny fanaovan-tsoa fa mandatsaka ny fanorenan’ny asa lehibe ianareo. Ary avy amin’ny zavatra madinika no hivoahan’izay lehibe” (F&F 64:33).

Mino aho fa maniry daholo isika ny hanaraka ny fanamby nampanaovin’ny Filoha Russell M. Nelson mba hibo-sesika handroso “eo amin’ny lalan’ny fanekempihavanana.”¹⁰ Ny fanolorantantsika hanao izany dia atanjahan’ny fanarahana tsy tapaka ireo “zava-madinika” izay ampianarin’ny filazantsaran’i Jesoa Kristy sy ireo mpitarika antsika ao amin’ny Fiangonana. Mijoro ho vavolombelona ny Aminy aho ary mangataka ny hirotsahan’ny fitahiany eo amin’ireo rehetra izay mikatsaka ny hanohy eo amin’ny lalan’ny fanekempihavanany, amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. “Endrey fahendrena, fitia” *Fihirana sy Hiran’ny ankizy*, lah. 37.
2. “Have I Done Any Good?” *Hymns*, no. 223.
3. Steven C. Wheelwright, “The Power of Small and Simple Things” (Brigham Young University–Hawaii devotional, Aug. 31, 2007), 2, devotional.byuh.edu.
4. *Enseignements des Présidents de l’Église: Spencer W. Kimball* (2015), 165.
5. Dan Coats, “America’s Youth: A Crisis of Character,” *Imprimis*, vol. 20, no. 9 (Sept. 1991), 4; jereo koa ny Elder Wilford Andersen in his column in the *Mesa Tribune*, May 1996.
6. Brigham Young, lahateny tao amin’ny Tabernakelin’i Ogden, 19 July 1877, araka ny taterina ao amin’ny “Discourse,” *Deseret News*, Oct. 17, 1877, 578.
7. M. Russell Ballard, “Small and Simple Things,” *Ensign*, May 1990, 7, 8.
8. Steven C. Wheelwright, “The Power of Small and Simple Things,” 3.
9. David A. Bednar, “By Small and Simple Things Are Great Things Brought to Pass” (Brigham Young University Women’s Conference, Apr. 29, 2011), womensconference.byu.edu.
10. Russell M. Nelson, “As We Go Forward Together,” *Liahona*, Apr. 2018, 7.



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson

Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika

Ao anatin'ireo andro ho avy, dia tsy azo heverina ny ho velon'aina ara-panahy raha tsy misy ny fitaoman'ny Fanahy Masina izay mitarika, sy manoro hevitra, ary mampionona tsy tapaka.

Voninahitra lehibe tokoa ny nankalaza ny Paska niaraka taminareo tamin'ity alahadin'ny fihonamban'ny Fiangonana manerantany ity! Tsy misy zavatra afaka ny hanan-danja kokoa noho ny fahatsiarovana ny zava-nitranga manan-danja indrindra izay niseho teto amin'ity tany ity amin'ny alalan'ny fitsaohana ilay Olona manan-danja indrindra izay niaina teto amin'ity tany ity. Ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia mitsaoka Azy izay nanomboka ny Sorompanavotany tsisy fetra tao amin'ny Sahan'i Getsemane isika. Vonona ny hijaly noho ny fahotana sy ny fahalementsika tsirairay avy Izy, ary izany fijaliana izany dia nahatonga Azy “hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra.”¹ Nohomboina teo amin'ny hazofijaliana tao Kalvary Izy² ary nitsangana tamin'ny maty ny andro fahatelo amin'ny

maha-olona voalohany nitsangana tamin'ny maty Azy amin'ireo zanaky ny Raintsika any An-danitra. Tiako Izy ary mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy! Izy no mitondra sy mitarika ny Fiangonany.

Raha tsy nisy ny Sorompanavotana tsisy fetran'ny Mpanavotra antsika, dia tsy hisy olona na iza na iza ho nanana fanantenana ny hiverina any amin'ny Raintsika any An-danitra. Raha tsy nisy ny Fitsanganany tamin'ny maty, dia ho ny fahafatesana no hiafaran'ny fisiansika. Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy antsika dia nahatonga ny fiainana mandrakizay ho afaka ho azon'ny olona rehetra ary ny tsy fahafatesana ho zavatra efa azon'ny rehetra.

Noho ny iraka mahatalanjona nampanaovina Azy sy ny fiadanana omeny ireo mpanara-dia Azy no nahatsapanay sy i Wendy vadiko fampiononana ny alin'ny 2 janoary 2018, rehefa

nofohazin'ny antso an-telefaonina izahay, izay nilaza taminay fa niampita ny voaly ny Filoha Thomas S. Monson.

Tena malahelo ny Filoha Monson izahay! Manome voninahitra ny fiainany sy ny lova navelany izahay. Tena natanjaka ara-panahy izy, ka namela marika tsy hay kosehina teo amin'ireo rehetra izay nahafantatra azy sy teo amin'ny Fiangonana izay tiany.

Ny alahady 14 janoary 2018, tao amin'ny efitra ambony indrindra tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake City, dia narafitra indray araka ny lamina tsotra kanefa masina izay napetraky ny Tompo ny Fiadidiana Voalohany. Ary tamin'ny fivoriana masina omaly maraina, dia nanangana ny tanany ny mpikamban'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao hanamafy ny zavatra efa notanterahin'ireo Apôstôly taloha kelin'izany. Feno fankasitrahana amim-panetrentena aho noho ny fanohananao maharitra.

Feno fankasitrahana ihany koa aho noho ireo izay dimbiasako amin'ity andraikitra ity. Tombontsoa ho ahy ny nanompo tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nandritra ny 34 taona sy ny nananako fifandraisana akaiky tamin'ireo Filohan'ny Fiangonana 10 tamin'ireo 16 teo aloha. Nianatra zavatra maro tamin'izy ireo aho.

Feno fankasitrahana an'ireo razambe kokoa aho. Mpikambana niova fo





tao amin'ny Fiangonana tany Eorôpa avokoa ireo ray aman-drenin'ireo ray aman-drenibeko anankivalo. Nahafy ny zavatra rehetra ny tsirairay tamin'ireo fanahy mahery fo ireo hankanesana any Ziona. Kanefa, tao anatin'ireo taranaka nifandimby taty aoriana, dia tsy ny razambeko rehetra akory no nijanona ho mpanolo-tena tahaka izany. Vokatry izany, dia tsy nohezaina tao anatin'ny tokantrano nifantoka tamin'ny filazantsara aho.

Tena tiako ny ray aman-dreniko. Tena mamiko izy ireo ary nampianatra ahy lesona tena manan-danja. Tsy ho ampy mihitsy ny fisaorako azy ireo noho ny fiainana feno fifaliana tao an-trano izay naorin'izy ireo ho ahy sy ny mpiray tampo amiko. Kanefa tetsy ankilan'izay, dia fantatro fa nisy zavatra tsy ampy teo amin'ny fiainako, na dia mbola zazalahikely aza aho. Indray andro dia niakatra tao anaty fiara fitateram-bahoaka aho dia nandeha tany amin'ny fivarotam-bokin'ny OAF hitady boky momba ny Fiangonana. Tiako ny nianatra momba ny filazantsara.

Rehefa lasa nahatakatra ny Tenin'ny Fahendrena aho, dia tiako hiaina izany lalàna izany ny ray aman-dreniko. Ka noho izany, indray andro fony aho mbola tena kely, dia nandeha tao amin'ny lakavinay aho dia natontoko ho vaky teo amin'ny tany vita amin'ny simenitra ny tavoahangy rehetra nisy zava-pisotro misy alikaola! Efa nampioziko ny hanasazian'ny raiko aho, saingy tsy niteny na inona na inona momba izany mihitsy izy.

Rehefa nihalehibe aho ka nanombo ka nahatakatra ny hatsaran'ny drafty ny Ray any An-danitra, dia matetika aho no niteny tao an-tsaiko hoe: "Tsy mila fanomezana hafa intsony aho rehefa Krismasy! Te ho voafehy amin'ny ray aman-dreniko fotsiny aho." Tsy nitranga izany fotoan-dehibe nandrandraiko izany raha tsy efa 80 taona mahery ireo ray aman-dreniko, ary dia nitranga tokoa izany. Tsy haiko ny manambara amin'ny fahafenoany ny fifaliana tsapako tamin'io andro io,³ ary isan'andro dia tsapako io fifaliana noho ny namahezana azy ireo sy ny namehezana ahy tamin'izy ireo.

Tamin'ny 1945, fony aho mbola tao amin'ny sekoly fianarana ho mpitsabo, dia nanambady an'i Dantzel White aho tao amin'ny tempolin'i Salt Lake. Nahazo zanaka vavy tsara tarehy sivy izahay sy zanaka lahy iray sarobidy. Ankehitriny dia anisan'ireo antompifaliana lehibe eo amin'ny fiainako ny fianakavianay izay tsy mitsahamitombo hatrany.

Tamin'ny 2005, rehefa akaiky ho 60 taona nivadiana, dia nodimandry tampoka i Dantzel malalako. Nandritra ny fotoana maharitra, dia efa saika tsy nahafahako nanao na inona na inona ny alaheloko. Kanefa dia nanampy ahy ny hafatry ny Paska sy ny fampanantenana ny fitsanganana amin'ny maty.

Taorian'izay dia nomen'ny Tompo an'i Wendy Watson aho ho eto anilako. Nofehezina tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izahay tamin'ny 6 aprily 2006. Tia-ko ange izy e! Vehivavy mahatalanjona izy, fitahiana lehibe ho ahy sy ho an'ny

fianakaviako, ary ho an'ny Fiangonana manontolo.

Ireo fitahiana tsirairay ireo dia tonga noho ny fikatsahana sy ny fihainoana ny bitsiky ny Fanahy Masina. Hoy ny Filoha Lorenzo Snow: "Izaon'ny tombontsoa lehibe ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany tsirairay . . . dia ny zontsika hahatsapa ny fiasan'ny Fanahy isan'andro eo amin'ny fiainantsika."⁴

Anisan'ireo zavatra napetraky ny Fanahy imbetsaka tato an-tsaiko hatramin'ny nahazoako ny antsoko vaovao ho Filohan'ny Fiangonana ny hoe hatraiza ny fahavononan'ny Tompo hanambara ny sainy sy ny sitrapony. Ny tombontsoa noho ny fandraisana fanambarana dia anisan'ireo fanomezana lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra ho an'ireo zanany.

Amin'ny alalan'ireo fanehoana avy amin'ny Fanahy Masina no hanampian'ny Tompo antsika amin'ireo asa feno fahamarinana rehetra ataontsika. Tsaroako tao amin'ny efitrano fandidiana iray, dia nijoro teo akaikin'ny marary iray aho, tsy nahafantatra tsara ny fomba hanatanterahana fandidiana iray tsy mbola natao mihitsy, ary nahatsapa ny Fanahy Masina naneho tamiko tao an-tsaiko ny paikady hanaovana izany.⁵

Mba hanamafisana ny fangatahako an'i Wendy ho vady ka hanekeny izany, dia hoy aho taminy: "Fantatro ny atao hoe fanambarana sy ny fomba handraisana izany." Ho fiderako azy noho ny valinteniny, sy araka izay vao nianarako fa efa toetrany mihitsy, dia efa nikatsaka sy nandray fanambarana ho an'ny tenany manokana momba anay izy, izay nanome azy herim-po hiteny hoe eny.

Amin'ny maha-mpikambana ahy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nivavaka isan'andro aho mba hahazo fanambarana ary nisaotra ny Tompo isak'izay niteny tao an-tsaiko sy tao am-poko Izy.

Alaivo sary an-tsaina anie ny maha-fahagagana ny fahazoana fanambarana e! Na inona na inona antsontsika ato amin'ny Fiangonana, dia afaka mivavaka amin'ny Raintsika any An-danitra isika, ary mandray fitarihana sy torolalana, mahazo fampitandremana momba

ireo loza sy zavatra mety hahavariana, ary lasa afaka manatanteraka ireo zavatra izay tsy vitantsika samirery tsotra izao. Raha mandray marina ny Fanahy Masina isika ary mianatra mamantatra sy mahatakatra ny bitsiny, dia hotarihinana amin'ireo toe-javatra lehibe na kely.

Raha nanao ilay asa sarotra fisafidiana mpanolotsaina roa aho vao haingana, dia nanontany tena hoe ahoana no ahafahako mifidy roa monja amin'ireo lehilahy roa ambin'ny folo izay tiako sy hajaiko.

Koa satria fantatro fa ny aingampanahy tsara dia miainga avy amin'ny fahafantarana tsara, dia nihaona tamimbavaka tamin'ireo Apôstôly tsirairay aho.⁶ Taorian'izay aho dia nandeha nitokana tao amin'ny efitrano iray tao amin'ny tempoly ary nikatsaka ny sitrapon'ny Tompo. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Tompo dia nanoro ahy mba hifidy ny Filoha Dallin H. Oaks sy ny Filoha Henry B. Eyring mba ho mpanolotsaiko ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Tahaka izany ihany, mijoro ho vavolombelona aho fa ny Tompo no nanentana ny fanahy teo amin'ny fiantsoana ny Loholona Gerrit W. Gong sy ny Loholona Ulisses Soares mba hotendrena ho Apôstôliny. Miarahaba azy ireo aho sy isika rehetra, tonga soa ato amin'ity firahalahiana miavaka natao hanompoana ity.



Rehefa nivory amin'ny maha-Filankevitra ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Roambinifololahy izahay, dia lasa efitranon'ny fanambarana ny efitrano fivorianay. Tena tsapa fa eo ny Fanahy. Rehefa sahirana mafy tamin'ireo toe-javatra sarotra tokony ho vahana izahay, dia misy zavatra mampiantanentana mitranga rehefa milaza amin-kalalahana ny eritreriny sy ny heviny ny Apôstôly tsirairay. Na dia mety ho tsy mitovy aza ny fomba fijerinay any am-boalohany, dia tsy miova mihitsy ny fifankatiavana tsapanay. Manampy anay hamantatra ny sitrapon'ny Tompo ho an'ny Fiangonany ny firaisanay hina.

Mandritra ny fivorianay dia tsy misy mihitsy izany hoe ny hevitra ny antsasa-manila no ampanjakaina! Mifampihaino amimbavaka izahay ary mifampiresaka mandra-piray saina anay. Ary rehefa samy manaiiky tanteraka izahay, dia mampiantanentana ery ny fitaomana mampiray avy amin'ny Fanahy Masina! Miaina ny zavatra fantatry ny Mpaminany Joseph Smith izahay tamin'izy nampianatra hoe: "Rehefa mitovy ny fahatsapana ananantsika dia mahazo hery avy amin' Andriamanitra isika."⁷ Tsy misy mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany na ny Kôlejin'ny Roambinifololahy handray fanapahan-kevitra ho an'ny Fiangonana kanefa tsy mangataka ny hevitra ny Tompo!

Ry rahalahy sy anabavy, ahoana no ahafahantsika ho lasa ireo lehilahy sy vehivavy, ireo mpanompo tahaka an'i Kristy, izay tian'ny Tompo hahatongavantsika? Ahoana no ahafahantsika mahita ny valin'ireo fanontaniana izay mampisavorovoro ny saintsika? Raha misy zavatra ampianarin'ilay zavatra mahatalanjona niainan'i Joseph Smith tao amin'ilay Alakely masina antsika, dia tsy inona izany fa ny hoe misokatra ny lanitra ary miresaka amin'ireo Zanan' Andriamanitra.

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nametraka fomba ho arahantsika eo amin'ny fitadiavana valiny ho an'ireo fanontaniansika. Rehefa notarihin'ilay fampanantenana nomen'i Jakoba i Joseph zazalahikely, hoe raha tsy

manana fahendrena isika dia afaka mangataka amin' Andriamanitra,⁸ dia napetrany mivantana tamin'ny Ray any An-danitra ny fanontaniany. Nikatsaka fanambarana ho an'ny tenany manokana izy, ka dia nanokatra ity fotoampitanana farany ity ny fikatsahany izany.

Tahaka izany koa, hanokatra inona ho anareo ny fikatsahana ataonareo? Inona no fahendrena tsy ananana-reo? Inona no tsapanareo fa ilainareo fantarina na takarina haingana? Araho ny ohatry ny Mpaminany Joseph. Mitadiava toerana mangina azonareo aleha foana. Manetre tena eo anoloan' Andriamanitra. Aborahy amin'ny Rainareo any An-danitra izay ao amponareo. Mitodiha any Aminy mba hahazoana valim-panontaniana sy fampiononana.

Mivavaha amin'ny anaran'i Jesoa momba ny zavatra manahirana ny sainareo, ny tahotrareo, ny fahalemenareo, eny, ny zavatra tena irin'ny fonareo. Dia mihainoa avy eo! Soraty ny eritreritra izay tonga ao an-tsainareo. Raketo an-tsoratra ny zavatra tsapanareo ary araho asa izay bitsihin'ny Fanahy aminareo fa tokony hataonareo. Rehefa mamerimberina izany dingana izany ianareo isan'andro, isam-bolana, ary isan-taona, dia "hitombo ny fahai-zanareo mampihatra ny fitsipiky ny fanambarana."⁹

Tena *te* hiresaka aminareo ve Andriamanitra? Eny! "Toy ny tsy ahafahan'ny olona maninjitra ny sandriny malemy mba hanakanana ny renirano-n'i Missouri tsy hikoriana amin'ny lalany efa voatendry . . . no tsy ahafahana manakana ny Tsitoha tsy hampidina fahalalana avy any an-danitra ho eo ambony lohan'ny Olomasin'ny Andro Farany."¹⁰

Tsy mila manontany tena mikasika izay marina ianareo.¹¹ Tsy mila manontany tena ianareo hoe iza no azonareo itokiana. Amin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny tena manokana, no ahafahanareo mahazo fijoroana ho vavolombelona anareo manokana fa tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna, fa mpaminany i Joseph Smith, ary ity no Fiangonan'ny Tompo. Na inona na inona mety holazain'ny hafa na hataony, dia tsy misy olona afaka

hanaisotra ny fijoroana ho vavolombelona napetraka tao am-ponareo sy ao an-tsainareo momba izay marina.

Mamporisika anao aho hampitombo ny fahafahanao ara-panahy amin'izao fotoana izao handray fanambarana ho an'ny tenanao manokana, satria ny Tompo dia nampanantena fa “raha mangataka ianao dia handray fanambarana miampy fanambarana, fahalalana miampy fahalalana, mba hahafantarenao ireo mystery sy ireo zavatra mitondra fiadanana—izay mitondra fifaliana, izay mitondra fiainana mandrakizay.”¹²

Eny, mbola maro ireo zavatra tian'ny Rainao any An-danitra ho fantatrao. Araka ny nampianarin'ny Loholona Neal A. Maxwell hoe: “Ho an'ireo izay manana maso hahitana sy sofina hihainoana, dia mazava fa ny Ray sy ny Zanakà dia mampahafantatra ny tsiambaratelon'izao tontolo rehetra izao!”¹³

Tsy misy na inona na inona manokatra ny lanitra tahaka ny fitambaran'ny fahadiovana lehibe, ny fankatoavana marina, ny fikatsahana amin-kitsim-po, ny fivokisana amin'ny tenin'i Kristy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna,¹⁴ ary ny fanokanana fotoana matetika hanaovana asa any amin'ny tempoly sy tantaram-pianakaviana.

Azo antoka fa mety hisy fotoana hahatsapanao fa toa mikatona ny lanitra. Mampianantena aho anefa fa rehefa manohy mankatò ianao, sy maneho fankasitrahana noho ireo fitahiana rehetra omen'ny Tompo anao, ary rehefa manaja amim-paharetana ny fotoan'ny Tompo ianao, dia homena ny fahalalana sy ny fahatakarana izay katsahinao. Ho tonga aorian'izay ireo fitahiana rehetra nomanin'ny Tompo ho anao, ary fahagagana ihany koa aza. Izany no zavatra entin'ny fanambarana ho an'ny tena manokana ho anao.

Velom-panantenana aho ny amin'ny hoavy. Ho feno fahafahana mivoatra ho antsika tsirairay izany, sy fahafahana mitondra anjara biriky, ary mitondra ny filazantsara manerana ny vazan-tany rehetra. Kanefa fantatro ihany koa ny zavatra miandry amin'ny hoavy. Miaina ao anatin'ny tontolo manahirana sy feno fifandirana tsy mitsaha-mitombo isika. Ny fahafahana mampiasa tsy



tapaka ny tambajotran-tserasera sy ireo vaovao mandeha ao anatin'ny 24 ora isan'andro dia manototra antsika amin'ireo hafatra tsy an-kitsahatra. Raha te hanana fanantenana ny hahay hifantina tsara izay mahasoà ao anatin'ireo hafatra tsy tambo ho isaina sy ireo filôzôfian'olombelona izay manafika ny fahamarinana isika, dia tsy maintsy mianatra mandray fanambarana.

I Jesoa Kristy, Mpamonjy sy Mpanavotra antsika dia hanatanteraka ny sasany amin'ireo asany lehibe indrindra eo anelanelan'izao fotoana izao sy ny fotoana hiverenany indray. Hahita famantarana mahagaga isika fa Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanani-lahy dia mitantana ity tany ity amin'ny fahamboniana sy amim-boninahitra. Saingy ao anatin'ireo andro ho avy, dia tsy azo heverina ny ho velon'aina ara-panahy raha tsy misy ny fitaoman'ny Fanahy Masina izay mitarika, sy manoro hevitra, ary mampionona tsy tapaka.

Ry rahalahy sy anabavy malalako, miangavy anareo aho mba hampitombo ny fahafahanareo ara-panahy mandray fanambarana. Enga anie ity

alahadin'ny Paska ity mba ho fotoana hanombohan'ny fanovana eo amin'ny fiainanareo. Misafidiana ny hanao ireo asa ara-panahy takina mba hahazoana ny fanomezana ny Fanahy Masina sy handrenesana ny feon'ny Fanahy matetika kokoa sy mazava kokoa.

Miombona amin'i Môrônia aho mamporisika anareo amin'ity Sabatan'ny Paska ity mba “hanatonanareo an'i Kristy sy hihazonanareo ny fanomezam-pahasoavana tsara rehetra,”¹⁵ manomboka amin'ny Fanomezana ny Fanahy Masina, izay fanomezana afaka manova ary tena hanova ny fiainanareo.

Mpanara-dia an'i Jesoa Kristy isika. Ny fahamarinana manan-danja indrindra azon'ny Fanahy Masina hijoroana ho vavolombelona aminareo dia hoe i Jesoa *no* i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra velona. Velona Izy! Izy no mpisolovava antsika eo anatrehan'ny Ray, Ilay Ohatra ho antsika, ary ilay Mpanavotra antsika. Amin'ity alahadin'ny Paska ity isika dia mankalaza ny Sorompanavotany, ny Fitsanganany tamin'ny maty ara-bakiteny, ary ny maha-Andriamanitra Azy.

Ity no Fiangonany, izay naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho, miaraka amin'ny fanehoako ny fitiavako anareo tsirairay avy, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 19:18.
2. Jereo ny Lioka 23:33.
3. Jereo ny Almà 26:16.
4. *Enseignements des Présidents de l'Église: Lorenzo Snow* (2012), 76.
5. Jereo ny Russell M. Nelson, “Sweet Power of Prayer,” *Liahona*, May 2003, 7–8.
6. Jereo ny 3 Nefia 28:1.
7. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 393–94.
8. Jereo ny Jakoba 1:5.
9. *Teachings: Joseph Smith*, 132.
10. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 121:33.
11. Jereo ny Môrônia 10:5.
12. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 42:61.
13. Neal A. Maxwell, “Meek and Lowly” (Brigham Young University devotional, Oct. 21, 1986), 9, speeches.byu.edu.
14. Jereo ny 2 Nefia 32:3.
15. Môrônia 10:30.



Nataon'ny Loholona Gerrit W. Gong
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Tafatsangana i Kristy

Alahadin'ny Paska anio. Mijoro ho vavolombelona amim-panajana sy amin'ny fomba manetriketrika aho ny amin' Ilay Kristy velona, Izy izay "maty, nalevina, sy nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo."

Ry rahalahy sy anabavy, fony ireo zanakay lahy mbola kely dia nitantaraiko tantara fandrotsirotsiana momban'ny alika kely mahafatifaty sy niventesako hira fandrotsirotsiana izy ireo, anisan'izany ilay hoe "Tafatsangana i Kristy, aleloia!"¹ Indraindray dia misangisangy aho manova ny tononkira ho hanao hoe: Matoria amin'izay izao ô—aleloia! Mazàna resin-tory vetivety ireo zanakay lahy, na farafaharatsiny fantatr'izy ireo fa raha toa ka heveriko fa matory izy ireo dia hitsahatra ny hihira aho.

Tsy misy teny, na avy amiko izany na avy amin'ny hafa, ahafahako maneho ireo fahatsapana mahery vaika nanenika ahy hatramin'ny nandraisan'ny Filoha Russell M. Nelson ny tanako tamim-pitiavana, niaraka tamin'i Susan malalako teo anilako, ny nanolora-ny ahy ity antso masina avy amin'ny Tompo ity izay tsy nampoiziko mihitsy ary nampirotsaka ny ranomasoko imbetsaka nandritra ireo andro vitsivitsy lasa izay.

Amin'izao Sabatan'ny Paska izao dia amim-pifaliana no hikaloiko ny "Aleloia." Ny hiran'ny fitiavana manavotry ny Mpanavotra antsika izay tafatsangana² dia mankalaza ny firindran'ireo fane-kempihavanana (izay mampifandray

antsika amin' Andriamanitra sy antsika samy isika) amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (izay manampy antsika hanaisotra ny lehilahy sy vehivavy araka ny nofo sy hanaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina).³

Ireo fane-kempihavanana ataontsika sy ny Sorompanavotana miaraka dia mitondra hery hahafahana mahavita zavatra ary manandratra antsika. Izy ireo miaraka dia manampy antsika ho mahatoky ary hamela. Izy ireo miaraka dia mampalefaka, miaro, manamasina, ary manavotra.



Hoy ny Mpaminany Joseph Smith: "Mety ho fotopampianarana feno fahasahiana ho an'ny sasany ny firesahantsika momba ny—hery izay mirakitra na mamehy etỳ an-tany sy mamatotra any an-danitra. Kanefa nandritra ireo vanim-potoana rehetra teto an-tany, tamin'ny fotoana rehetra nanomezan'ny Tompo ny lehilahy na ny andian-dehilahy ny fotoampitantan'ny fisoronana tamin'ny alalan'ny fanambarana mivantana, dia nomena mandrakariva io hery io."⁴

Toy izany ihany koa ny amin'ny ankehitriny. Ireo fane-kempihavanana sy ôrdônansy masina, izay tsy misy any an-kafa, dia raisina any amin'ireo trano masin'ny Tompo miisa 159 any amin'ny firenena 43. Ireo fitahiana nampanantenaina dia tonga amin'ny alalan'ireo fanalahidin'ny fisoronana, fotopampianarana, ary fahefana naverina tamin'ny laoniny, izay maneho ny finoantsika sy ny fankatoavantsika ary ireo fampantenenan'ny Fanahy Masiny ho antsika amin'ny vaninandro iainantsika, ho an'izao fotoana izao sy ny mandrakizay.

Ry rahalahy sy anabavy avy amin'ny firenena, fokom-pirenena, ary samy hafa fiteny rehetra manerana ny Fiangonana eran-tany, misaotra noho ny finoa-na sy fanantenana ary fihantrana velona anananareo amin'ny dingana rehetra ataonareo. Misaotra anareo noho ny fijoroana ho vavolombelona sy traikefa amin'ny filazantsara tafaverina amin'ny laoniny anananareo izay feno tokoa.

Ry rahalahy sy ranabavy malala, iray isika. Afaka ny "mifamihina ao amin'ny firaisan-kina sy ny fifankatiavan[tsika samy isika]"⁵ amin'ny zava-drehetra sy amin'ny toerana rehetra isika.⁶ Taha-ka ny nanasan'i Jesoa Kristy Tompo antsika tsirairay avy, na aiza na aiza misy antsika, na manao ahoana na manao ahoana toe-javatra misy antsika, dia miangavy aho hoe "avia, fa ho hitanareo."⁷

Anio aho dia manokana amim-panetrentena ny hery manontolon'ny fanahiko sy ny saina rehetra izay ananako,⁸ na manao ahoana na manao ahoana izany amin'izao sy amin'ny hoavy, ho an'ny Mpamonjiko, ho an'i Susan malalako sy ny fianakavianay,

ho an'ireo Rahalahiko, ary ho anareo tsirairay avy ry rahalahy sy anabavy.

Izay rehetra mendrika sy mandrakizay dia mifototra amin'ny tena fisian' Andriamanitra ilay Raintsika Mandrakizay ary i Jesoa Kristy Zanany sy ny Sorompanavotany, izay hijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona.⁹ Alahadin'ny Paska anio. Mijoro ho vavolombelona amim-panajana sy amin'ny fomba manetriketrika aho ny amin' Ilay Kristy velona—Izy izay “maty, nalevina, sy nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo, ary niakakatra tany an-danitra.”¹⁰ Izy no Alfa sy Omega¹¹, izay niaraka tamintsika hatrany am-boalohany ary mbola hiaraka amintsika hatramin'ny farany.

Mijoro ho vavolombelona ny amin'ireo mpaminanin'ny andro farany aho, nanomboka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ka hatramin'ny Filoha Russell M. Nelson, izay tohanantsika amim-pifaliana ankehitriny. Araka ny voalazan'ilay hiran'ny Kilonga manao hoe: “Araho ny mpaminany, fantany ny lalana.”¹² Mijoro ho vavolombelona aho, araka ny naminaniana ao amin'ny soratra masina, ka anisan'izany ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy fa “ny fanjakan'ny Tompo dia voaorina indray eto an-tany ho fanomanana ny fiavian'ny Mesia fanindroany.”¹³ Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. “Tafatsangana i Kristy,” *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, lah. 107.
2. Jereo ny Alma 5:26.
3. Jereo ny Môsià 3:19.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:9.
5. Môsià 18:21.
6. Jereo ny Môsià 18:9.
7. Jaona 1:39.
8. Jereo ny 1 Nefia 15:25.
9. “Ary efa nandray ny Fanahy Masina izay mijoro ho vavolombelona amin'ny Ray sy ny Zanaka ho fanatanterahina ny fampanantenana izay efa nataony fa raha toa ianareo miditra amin'ny lalana dia handray” (2 Nefia 31:18).
10. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 49.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:1.
12. “Suis les Prophètes,” *Chants pour les Enfants*, 58–59.
13. Teny Fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.



Nataon'ny Loholona Ulisses Soares

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Miteny amin'ny herin'ny Fanahy Masina ireo mpaminany

Ny fananana mpaminany dia mariky ny fitiavan' Andriamanitra ny zanany. Izy ireo dia mampahafantatra ireo fampanantenana sy ny toetoetra marin' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy.

Ry rahalahy sy anabavy malala, na aiza na aiza mety misy anareo, dia te haneho ny fisaorako lalina sy amin-kitsim-po ny fanohanana nataonareo omaly aho. Na dia mahatsiaro ny tenako ho tsy mahay miteny sy tsy mahay mandaha-teny tahaka an'i Mosesy aza aho dia izao tenin'ny Tompo taminy izao no ampaherezako ny tenako:

“Iza moa no nanao ny vavan'ny olona? ary iza no mampahamoana, na mampaharenina, na mampahiratra, na mampahajamba? Tsy Izaho Jehovah?”

“Koa ankehitriny, dia mandehana, fa Izaho no homba ny vavanao ka hanoro anao izay holazainao” (Eksodosy 4:11–12; jereo koa ny andininy 10).

Mahazo fampaherezana amin'ny alalan'ny fitiavan'ilay vady malalako



sy ny fanohanany koa aho. Ohatra teo amin'ny hatsaran-toetra sy ny fitiavana ary ny fanolorantena tanteraka amin'ny Tompo sy amiko ary amin'ny fianakaviako izy. Tiako amin'ny foko rehetra izy ary feno fankasitrahana aho noho ny fitarihana tsara entiny eo aminay.

Ry rahalahy sy anabavy, te hijoro ho vavolombelona aminareo aho fa mpaminanin' Andriamanitra eto an-tany ny Filoha Russell M. Nelson. Tsy mbola nahita velively olona tsara fanahy sy be fitiavana kokoa noho izy aho. Na dia nahatsapa ho tsy ampy fahaizana aza aho teo anatrehan'ity antso masina ity, dia nahatonga ahy hahatsapa ho fenon'ny fitiavan'ny Mpamonjy ny teniny sy ny fijeriny feno hatsaram-panahy teny amin'ny masonry, rehefa nanolotra ahy ity andraikitra ity izy. Misaotra ry Filoha Nelson! Manohana anao aho ary tiako ianao.

Moa ve tsy fitahiana ny fananana mpaminany sy mpahita ary mpanambara eto an-tany amin'izao andro iainantsika izao, izay mikatsaka ny hahafantatra ny sitrapon'ny Tompo ary hanaraka izany? Mampahery ny mahafantatra fa tsy irery isika eto amin'izao tontolo izao na dia eo aza ireo olana atrehantsika eo amin'ny fiainana. Ny fananana mpaminany dia mariky ny fitiavan' Andriamanitra ny zanany. Mampahafantatra ireo fampanantenana sy ny toetoetra marin' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy amin'ny olon'izy ireo. Fantatro izany tamin'ny alalan'ireo zavatra niainako manokana.

Valo ambin'ny folo taona lasa izay dia nandray antso an-tariby avy tamin'ny Filoha James E. Faust, izay Mpanolotsaina Faharoa tao amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'izany, izahay mivady. Niantso anay mba ho filohan'ny misiôna sy ho mpiara-miasa tany Portugal izy. Nilaza taminay izy fa tsy manana afa-tsy enina herinandro izahay mialoha ny hanombohan'ny misiôna. Na dia nahatsapa ho tsy ampy fiomanana sy tsy ampy fahaizana aza izahay dia nanaiky ilay antso. Ny ahiainay lehibe indrindra tamin'izany fotoana izany dia ny fahazoana ny visa izay takina mba hanompoana any amin'izany firenena izany, satria raha araka ny zavatra



niseho taloha dia fantatray fa maharitra enim-bolana ny fikarakarana ny fahazoana izany.

Dia nanontany anay ny Filoha Faust raha toa ka manana finoana izahay fa hanatanteraka fahagagana ny Tompo ary ho afaka ny hamaha haingana kokoa ilay olana mikasika ny visa izahay. Eny mahery vaika ny valinteninay, ary tonga izahay dia nanomboka nanao ny fikarakarana. Nomaninay ireo taratasy takina hahazoana visa, dia nentinay ny zanakay telo izay mbola kely, ary nandeha faran'izay haingana vitanay tany amin'ny consulat izahay. Vehivavy tsara fanahy iray no nandray anay tany. Raha teo am-pijerena ireo taratasy sy teo am-pamantarana ireo zavatra hataonay any Portugal izy, dia nitodika taminay ary nanontany hoe: "Tena handeha hanampy ny olona any amin'ny fireneko tokoa ve ianareo?" Namaly tsara izahay hoe eny ary nana-zava fa hisolo tena an'i Jesoa Kristy sy hijoro ho vavolombelona momba Azy sy ny asa masina nanirahana Azy teto ambonin'ny tany izahay. Niverina tany izahay efatra herinandro taty aoriana, ka nahazo ireo visa ary tonga tany amin'ny sahan'ny misiôna tao anatin'ny enina herinandro araka ny nangatahan'ny mpaminanin'ny Tompo taminay.

Ry rahalahy sy anabavy, amin'ny foko manontolo no ijoroako ho vavolombelona fa miteny amin'ny herin'ny Fanahy Masina ireo mpaminany. Mijoro

ho vavolombelona momba an'i Kristy sy ny asa masina nanirahana Azy teto an-tany izy ireo. Izy ireo dia sain'ny Tompo sy fon'ny Tompo ary nantsoina mba hisolo tena Azy sy hampianatra antsika ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba hiainana indray eo anatrehan' Andriamanitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy. Voatahy isika rehefa mampihatra ny finoantsika sy manaraka ireo fampianaran'izy ireo. Rehefa manaraka izany isika dia hisy fifaliana kokoa sy tsy dia ho sarotra ny fiainantsika, mora kokoa ny mizaka ireo olantsika, ary manorina fitaovam-piarovana arapanahy manodidina antsika izay hiaro antsika amin'ireo fanafihan'ny fahavalo amin'izao androntsika izao isika.

Amin'ity andron'ny Paska ity dia mijoro ho vavolombelona amimpahamatorana lehibe aho fa nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy, velona Izy ary mitarika ny Fiangonany eto an-tany amin'ny alalan'ny mpaminany sy mpahita ary mpanambara Izy. Mijoro ho vavolombelona aho fa izy no Mpamonjy sy Mpanavotra an'izao tontolo izao ary amin'ny alalany no ahafahantsika ho voavonjy sy hasandratra eo anatrehan' Andriamanitra malalantsika. Tiako sy mamiko Izy. Te hanaraka Azy aho sy hanao ny sitrapony ary hitovy bebe kokoa Aminy. Ireo zavatra ireo dia lazaiko amim-panentrentena amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson

Manompo

Hampihatra fomba iray vaovao kokoa sy masina kokoa hikarakarana sy hanompoana ny hafa isika.

Misaotra anareo ry Loholona Gong sy Loholona Soares tamin'ny fanehoam-pinoanareo vokatry ny fo. Tena feno fankasitrahana ihany koa izahay ny aminareo sy ny vadinareo.

Ry rahalahy sy anabavy malala, mikatsaka fitarihana tsy tapaka avy amin'ny Tompo izahay ny amin'ny fomba ahafahantsika manampy ireo mpikambantsika hitandrina ireo didin'

Andriamanitra, indrindra fa ireo didy roa lehibe ny hitia an' Andriamanitra sy ireo namantsika.¹

Amam-bolana maro no nikatsahanay fomba iray tsaratsara kokoa hanompoana hamaliana ny filana ara-panahy sy ara-batan'ireo olontsika amin'ny fomban'ny Mpamonjy.

Nanao fanapahan-kevitra izahay ny hanatsahatra ny fampianarana sy ny famangiana isan-tokantrano araka izay

nahafantarantsika azy ireny. Ho solony dia hampihatra fomba iray vaovao kokoa sy masina kokoa hikarakarana sy hanompoana ny hafa isika. Ireny ezaka ireny dia antsointsika hoe “manompo.”

Ireo ezaka fanompoana mahomby kokoa dia tontosaina amin'ny alalan'ireo fanomezam-pahasoavana voajanahary ananan'ireo ranabavy sy ny hery tsy manan-tsahalan'ny fisoronana. Ilaintsika rehetra ny fiarovana toy izany amin'ireo fanangolen'ilay fahavalo.

Ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy ny Rahavavy Jean B. Bingham, Filoha Maneran-tanin'ny Fikambanana Ifanampiana dia hana-zava ny fomba fiasan'ireo rahalahy voatondro ao amin'ny fisoronana sy ireo ranabavy voatondro ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, manomboka izao, ny amin'ny fanompoana sy ny fiahiana ireo mpikamban'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao.

Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifololahy no mikambana amin'ny fankatoavana ireo hafatr'izy ireo. Amim-pankasitrahana sy amim-bavaka no hanokafantsika ity fizarana vaovao ao amin'ny tantaran'ny Fiangonana ity. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Lioka 10:27.





Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

“Miaraka amin'izy ireo sy manatanjaka azy”

Ny vavaka ataontsika anio dia enga anie ny vehivavy sy ny lehilahy rehetra handao ity fihaonambe ity amin'ny fanoloran-tena lalina kokoa ny hifampikarakara amin'ny fo tokoa.

Raha atao amin'ny teny hafa izay nolazain'i Ralph Waldo Emerson, dia ireo fotoana tsaroana indrindra eo amin'ny fiainana dia ireo izay hahatsapantsika firotsahan'ny fanambarana.¹ Ry Filoha Nelson, tsy fantatro hoe “firotsahana” firy no mbola hovoarainay amin'ity faran'ny herinandro ity. Ny sasany aminay dia manana fo malemy saingy mieritreritra aho fa vitanao ihany koa ny mikarakara izany. Izany ka mpaminany!

Araka ny zavatra mahatalanjona nambaran'ny Filoha Nelson sy fijoroana ho vavolombelona nataony omaly hariva sy tamin'ny maraina dia mijoro ho vavolombelona manokana aho fa ireo fanambarana ireo dia ohatra amin'ny fanambarana izay efa nitarika ity Fiangonana ity hatrany amin'ny fiantombohany. Ary mbola porofo fa manafaingana ny asany ny Tompo amin'ny fotoany.²

Ho an'ireo rehetra izay te hahafantatra misimisy kokoa momba ireo zavatra ireo dia fantaro raha vantany vao mifarana ity fivoriana amin'ny fihaonam-be ity dia hisy taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany halefa

ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay izay manana adiresy mailaka. Misy antontan-taratasy misy fanontaniana sy valiny izay mipaingo miaraka amin'izay ho an'ireo mpitarika rehetra ao amin'ny fisoronana sy any amin'ny vondrona fanampiny. Farany, ireo fitaovana ireo dia hivoaka avy hatrany ao amin'ny ministering.lds.org. “Mangataha dia hahazo ianareo; mitadiava dia hahita ianareo.”³

Izaio dia hiompana amin'ny asa mahafinaritra izay nampanaoavin'ny Filoha Nelson ahy sy ny Rahavavy Jean Bingham aho. Rahalahy sy anabavy, rehefa mihamatotra ny asan'ny kôlejy sy ny vondrona fanampiny ao amin'ny firafiny, dia tsy mahagaga raha tokony ho matotra ihany koa ny tenantsika—mila amin'izay mety ho asa atao ho fahazarana fotsiny, tsy misy fihetseham-po, ka miditra amin'ilay maha-mpianatra tena nasehon'ny Mpamonjy teo am-pamaranana ny asa fanompoany teto an-tany. Rehefa nio-mana handao an'ilay andiana mpanaradia vitsivitsy mbola tsy manan-tsiny sy somary sahiran-tsaina Izy, dia tsy nitanisa dingana asam-pitantanana

marobe tokony hataon'izy ireo na nanolotra tatitra maro ho fenoina atao telo sosona. Tsia, nofintininy tamin'ny didy fototra tokana ny asan'izy ireo: “ny mba hifankatiavanareo; . . . tahaka ny nitiavako anareo. . . . Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia.”⁴

Eo am-piezahantsika hanatona an'io idealy araka ny filazantsara io, ilay fomba fanompoan'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana vao nambara, ankoatra ireo zavatra maro hafa, dia hahitana ireto singa ireto, ka ny sasany amin'izany dia efa nampiasain'ny Fikambanana Ifanampiana tamimpahombiazana tokoa.⁵

- Tsy hampiasa ny teny hoe fampianarana isan-tokantrano sy famangiana isan-tokantrano intsony isika. Anisan'ny anton'izany dia satria ny ankamaroan'ireo ezaka fanompoana ataontsika dia ho eo amin'ny sehatra hafa noho ny tokantrano, ary koa satria ny fifandraisana ataontsika dia tsy ho faritana amin'ny fampianarana lesona voaomana iray, na dia azo atao tsara aza ny mizara lesona raha ilaina izany. Ny tena tanjon'io fanompoana io, na inona na inona antsipiriany, tahaka ny voalaza momba ny vahoaka tamin'ny andron'i Almà, dia ny “[h]iahy ny olony, sy [ny h]amahana azy . . . amin'ny zavatra mikasika ny fahitsiana.”⁴
- Hanohy hamangy tokantrano ihany isika raha azo atao, saingy ny toe-javatra misy eo an-toerana toy ny hamaroan'ny olona ho vangiana, ny halavirana, ny fandriampahalemana, sy ny toe-javatra sarotra hafa dia mety tsy ahafahana mamangy ny tokantrano rehetra isam-bolana. Araka ny torohevitra ny Fiadidiana Voalohany taona maro lasa izay, ataovy izay rehetra azonao atao.⁷ Ankoatra izay mety ho tetiandro apetrakao ho an'ny tena famangiana, dia azo ampidirina ao amin'io tetiandro io ny antso an-telefaonina, ny taratasy kely soratana, ny sms, ny mailaka, ny tafatafa an-tsary, ny resadresaka any amin'ny fivoriana'ny Fiangonana, ny tetikasa fanompoana



iarahana, ny fiaraha-mientana ara-tsôsialy, ary zavatra azo atao tsy hita isa any amin'ny tontolon'ny tambajotran-tserasera Na izany aza, tokony hantitranteriko fa io fomba fijery vaovao izay mivelatra kokoa io dia tsy ahitana ilay teny mahamena- tra izay hitako vao tsy ela tamin'ny sary nipetaka tamin'ny aro donan'ny fiarakodia iray. Izay mivaky hoe “Raha nampaneno klaxon taminao aho dia raiso hoe efa vita vangy izay ianao.” *Miangavy*, miangavy re aho ry rahalahy (tsy meloka amin'izany ireo rahavavy—fa miresaka amin'i- reo rahalahy ato amin'ny Fiangonana aho), amin'ireo fanambarana ireo dia tiana hitombo ny fikarakarana, sy ny fiahiana, fa tsy hoe hihena.

- Amin'io fomba fanompoana vaovao, sy mifototra kokoa amin'ny filazan-tsara io, dia tsapako fa manomboka sahiran-tsaina ianareo mikasika ny hoe inona no azo ekena ho ao amin'ny tatitra. Aza taitra, satria tsy misy tatitra izany, raha ilay karazana tatitra atao amin'ny andro faran'ny volana aloha e, hoe “vao teo mihitsy aho vao nahavita.” Eo amin'iny lafiny iny isika dia eo am-pihezahana ny ho matotra ihany koa. Ny hany tatitra ho atao dia ny isan'ny dinidika vitan'ireo mpitarika tamin'ireo ekipa mpiara-manompo ao amin'ny paroasy mandritra ny telovolana

iny. Araka ny maha-mora izany, ry namako, ireo dinidinika ireo dia tena manan-danja. Raha tsy misy izany fampahalalana izany dia tsy hisy fomba ahafahan'ny eveka mandray ny mombamomba ireo zavatra ilaina ara-panahy sy ny ara-batan'ny olony. Tsarovy fa ny rahalahy mpanompo dia misolotena ny episkôpa sy fiadidian'ny kôlejy fa tsy misy azy ireo. Ny fanalahidin'ny eveka sy ny ny filohan'ny kôlejy dia tena mihoatra lavitra an'ity fandaharampanompoana ity.

- Noho io tatitra io izay tsy mitovy amin'izay efa nataontsika, dia *izahay* aty amin'ny foiben'ny Fiangonana dia tsy mila mahafantatra hoe *manao ahoana* na *taiza* na *oviana* no niresahana tamin'ireo olona ireo fa ny zavatra ilainay fantatra sy raha-rahinay dia ny hoe ianareo *manao* izany ary nitahy azy ireo tamin'izay fomba rehetra vitanareo.

Ry rahalahy sy anabavy, omen' Andriamanitra fahafahana haneho fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny maha-Fiangonana iray manontolo antsika haneho “fivavahana madio . . . tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra”⁸—“hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany” ary ny “hampionona ireo izay mila

fampiononana,”⁹ hanompo ireo kam-boty sy ny mpitondratena, ny manambady sy ny mpitovo, ny matanjaka sy ny ory, ny marofy sy ny salama, ny faly sy ny malahelo—Raha fehezina, isika rehetra, isika tsirairay, satria isika rehetra samy mila mahatsapa ilay hafanan'ny finamanana sy mandre fanambarana finoana mafy orina. Kanefa, mampitan-drina anareo aho, ny fomba fiantsoana vaovao, sy ny fahafahana mandamina ny fanatanterahana azy, ary ny fihenany isan'ny tatitra dia tsy hampiova na dia kely aza ny fanompoana ataontsika raha tsy hoe raisintsika ho toy ny fanasana hifampikarakara amin'ny fomba iray vaovao masina kokoa sy miavaka izany, araka izay vao nolazain'ny Filoha Nelson teo. Rehefa mampitraka ny masontsika ara-panahy isika hiaina feno kokoa ny lalàn'ny fitiavana, dia manome voninahitra ireo taranaka maro nanompo tamin'izany fomba izany nandritra ny taona maro. Mamelà ahy hilaza ohatra iray vao haingana amin'ny fahafoizantena toy izany, amin' ny fanantenana fa maro lavitra kokoa no handray ilay didin'ny Tompo hoe “miaraka [amin'ireo rahalahy sy anabavintsika] sy manatanjaka”¹⁰ azy ireo.

Tamin'ny 14 janoary lasa teo, andro alahady, taoriana kelin'ny tamin'ny 5 ora hariva, dia nifampitafatafa tao an-tranon'izy ireo tany Tempe, Arizona i Brett sy Kristin Hamblin, mpivady tano- ra namako, rehefa avy nanompo tao amin'ny episkôpà i Brett ny androtrio ary i Kristin kosa avy sahirana tamin'ny fikarakarana ny zanak'izy ireo dimy nandritra ny manontolo andro.

Tampoka teo, i Kristin, izay toa azo noheverina fa tafavoaka velona taorian'ny ady tamin'ny homamiadan'ny nono ny taona talohan'io, dia lasa tsy nahatsiaro tena. Raha nantsoina ireo mpamonjy voina dia nisy ekipa tonga niezaka namelona azy. Raha nivavaka nitalaho i Brett, dia antso an-telefaonina roa monja no nataony vetivety: ny iray ho an-dreniny, nanga-taka azy hanampy amin'ireo ankizy, ary ny iray ho an'i Edwin Potter, mpampianatra azy isan-tokantrano. Tahatahaka izao ny fandehan'ny fifampiresahan'izy ireo tamin'izany:

Hoy i Edwin, nahatsikaritra ny anaran'ilay mpiantso: "Brett, ka inona no vaovao?"

Ny valintenin'i Brett izay efa nila hikiakiaka dia hoe "Tongava aty fa mila anao aho, izao!"

Minitra vitsivitsy monja dia tonga nijoro teo anilany ilay namany tao amin'ny fisoronana, nanampy tamin'ny fikarakarana ireo ankizy ary avy eo nitondra an-drahalahy Hamblin tamin'ny fiara nankany amin'ny hôpitaly nanaraka ny fiara mpamonjy voina nitondra ny vadiny. Rehefa tonga tany dia nambaran'ireo mpitsabo fa maty i Kristin, tsy ampy 40 minitra taorian'ny nanombohany tsy nahatsiaro tena.

Rehefa nidradradradra nitomany i Brett dia nofihinin'i Edwin tsotra fotsiny izy ary niara-nitomany taminy koa izy nandritra ny fotoana ela dia ela. Avy teo dia navelan'i Edwin niara-nalahelo tamin'ny fianakaviana hafa izay tafavory i Brett ary izy kosa nandeha fiara nihazo ny tranon'ny eveka mba hilaza aminy ny zavatra izay vao nitranga. Nanainga avy hatrany ho any amin'ny hôpitaly ny eveka mahavariana iray, ary i Edwin kosa nanohy ny dia ho any an-tranon-dry Hamblin. Rehefa tonga tany izy sy i Charlotte vadiny izay efa nihazakazaka namonjy tany koa, dia niara nilalao tamin'ireo zanaky ry Humblin dimy kamboty reny, izay 3 ka hatramin'ny 12 taona. Nampisakafo hariva azy ireo izy, nanao fampisehoana an-kira tsy nomanina ary nanampy azy ireo hiomana hatory.

Taty aoriana dia nitantaraka tamiko i Brett fa: "Ny lafiny mahatalanjona ao anatin'ity tantara ity, dia tsy ny fahaton-gavan'i Edwin rehefa niantso azy aho. Amin'ny hamehana dia misy foana ireo olona vonona ny hanampy. Tsia, fa ny ampahany mahatalanjona ao amin'ity tantara ity dia hoe izy no tonga tao an-tsaiko. Nisy olon-kafa teo amin'ny manodidina. Nanana anadahy sy rahavavy i Kristin, izay nipetraka manodididina ny 5 km niala teo. Nanana eveka tsara izahay, ny tsara indrindra. Saingy ny fifandraisana nisy teo aminay sy i Edwin dia nahatonga ahy hiantso azy avy hatrany rehefa nila fanampiana aho. Ny Fiangonana dia manome

antsika fomba voarafitra tsara ahafahana miaina tsara kokoa ilay didy faharoa, dia ny mitia sy manompo ary manorina fifandraisana amin'ireo rahalahy sy anabavintsika, izay manampy antsika hanakaiky kokoa an'Andriamanitra."¹¹

Toy izao no nambaran'i Edwin momba ilay traikefa, "Ry Loholona Holland, ny mampihomahy kely ao anatin'izany rehetra izany dia ilay hoe, efa mpampianatra isan-tokantranonay nandritra ny fotoana ela i Brett, ela kokoa noho ny fotoana naha-mpampianatra isan-tokantranon'izy ireo ahy. Nandritra izany fotoana izany, dia toy ny namana no namangiany anay fa tsy noho ny adidy fotsiny. Tena ohatra lehibe izy, ohatra velona amin'ny tokony ho mpihazona fisoronana mazoto sy mandray andraikitra. Izaho sy ny vadiko ary ireo zanakay lahy, izahay, dia tsy mihevitra azy ho toy ilay olona voatery hizara hafatra isaky ny faran'ny volana, fa ho toy ny namana iray izay monina eo ambany kelinay ao ambadika kely ao, izay vonona hanao izay rehetra azony atao mba hitahiana anay. Faly aho fa afaka nanonitra na dia kely fotsiny aza amin'ny trosa izay tokony efaiko aminy."¹²

Ry rahalahy sy ranabavy, miaraka



aminareo aho amin'ny fanomezamboninahitra ny mpampianatra isam-paritra, sy ny mpampianatra avy amin'ny paroasy, ary ny mpampianatra isan-tokantrano sy ny mpamangy isan-tokantrano tsirairay izay nitia sy nanompo tamim-pahatokiana tamin'io fomba io teo amin'ny tantarantsika. Ny vavaka ataontsika anio dia enga anie ny vehivavy sy ny lehilahy rehetra, ary ireo tovolahy sy tovovavy, handao ity fihao-nambe ity amin'ny fanoloran-tena lalina kokoa ny hifampikarakara amin'ny fotokoa, ka ny fitiavana madion'i Kristy no hany hery manosika azy hanao izany. Na dia eo aza izay tsapantsika ho fahalementsika sy ny tsy fahafahana izay tsapantsika, ary isika rehetra dia manana olana avokoa, kanefa enga anie isika hiara-hiasa mifanila amin'ny Tompon'ny tanim-boaloboka,¹³ manome an'Andriamanitra sady Raintsika rehetra fanampiana amin'ny andraikiny mavesatra amin'ny famaliana vavaka, mitondra fankaherezana, mamafa ranomaso, ary mankahery ireo lohalika mitolefika.¹⁴ Rehefa manao izany isika, dia ho lasa tena mpanara-dia marina an'i Kristy izay tokony hahatongavantsika. Amin'izao Alahadin'ny Paska izao dia enga anie isika hifankatia tahaka ny nitiavany antsika,¹⁵ izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Ralph Waldo Emerson, *The Conduct of Life* (1860), 268.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 88:73.
3. Lioka 11:9.
4. Jaona 13:34–35.
5. Jereo ny "Tazonny hatrany ny fifandraisana aminy amin'ny fotoana rehetra, na aiza na aiza, amin'ny fomba rehetra," *Liahona*, Jan. 2018, 7.
6. Môsîà 23:18; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 20:53.
7. Jereo ny "Watching Over and Strengthening Members," Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 10 des. 2001.
8. Jakoba 1:27.
9. Môsîà 18:8–9.
10. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 20:53.
11. Brett Hamblin, taratasy manokana, feb. 2018.
12. Edwin Potter, taratasy manokana, feb. 2018.
13. Jereo ny Jakoba 5:71, 75.
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 81:5.
15. Jereo ny Jaona 15:12.



Nataon'i Jean B. Bingham

Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

Manompo tahaka ny ataon'ny Mpamonjy

Enga anie isika haneho ny fankasitrahantsika sy ny fitiavantsika an' Andriamanitra amin'ny fanompoana am-pitiavana an'ireo rahavavy sy anadahintsika mandrakizay.

Fitahiana lehibe tokoa ny miaina amin'ny vanim-potoana isian'ny fanambarana tsy tapaka avy amin' Andriamanitra! Rehefa miandrindra sy manaiky tanteraka ilay "andro fampodiana ny zavatra rehetra"¹ izay efa tanteraka sy ho tanteraka amin'ny alalan'ireo zava-mitranga amin'izao androntsika izao izay efa nolazain'ny mpaminany isika, dia efa eo ampiomana ho amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany.²

Tsy misy fomba tsaratsara kokoa hiomanana hihaona Aminy noho ny fiezahana ny ho lasa *tahaka* Azy amin'ny alalan'ny fifanompoana am-pitiavana! Araka ny nampianarin'i Jesoa Kristy ireo mpanara-dia Azy tamin'ny fiandohan'ity fotoam-pitantanana ity hoe: "Raha tia Ahy ianao dia hanompo Ahy."³ Ny fanompoantsika ny hafa dia fanehoana ny maha-mpianatra antsika sy ny fankasitrahantsika ary ny fitiavantsika an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Zananilahy.

Indraindray isika dia mieritreritra fa mila manao zavatra goavana sy mitaky herim-po vao "raisina" ho manompo ny hafa. Kanefa ny fanaovana asa

fanompoana tsotra dia afaka ny hisy fiantraikany lalina amin'ny hafa, sy amintsika ihany koa. Inona no nataon'ny Mpamonjy? Tamin'ny alalan'ireo fanomezana lehibe indrindra dia ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganana amin'ny maty, izay ankalazaintsika amin'izao maraina kanton'ny Paska izao, dia "tsy nisy olona hafa nanana akony teo amin'ireo rehetra efa niaina sy ireo mbola hiaina eto an-tany."⁴ Kanefa



Izy koa dia nitsiky, niresaka, niara-nandeha, nihaino, nanokana fotoana, namporisika, nampianatra, namoky sy namela heloka. Nitovy ny nanompoany ny fianakaviana sy ny namana, ny mpi-ray monina sy ny vahiny, ary nanasa ireo olom-pantatra sy ireo olon-tiany Izy mba higoka ireo fitahiana lehibe entin'ny filazantsarany. Ireo asa fanompoana sy fitiavana "tsotra" ireo dia manome ny maodely arahina ho an'ny fanompoana ataontsika ankehitriny.

Rehefa manana tombontsoa hisolo tena ny Mpamonjy ianao amin'ny fiezahana manompo, dia manontania tena hoe: "Ahoana no ahafahako mizara ny fahazavan'ny filazantsara amin'ity olona na ity fianakaviana ity? Taomin'ny Fana-hy mba hanao inona aho?"

Ny manompo dia azo tanterahina amin'ny fomba manokana maro isankarazany. Koa manao ahoana ary izany?

Ny ohatra amin'ny hoe manompo dia ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana izay mifampila hevitra am-bavaka momba ny andraikitra nomena. Tsy hoe hano-lotra taratasikely fotsiny ny mpitarika amin'izany, fahifampila hevitra momba ny olona tsirairay sy ny fianakaviana mihitsy rehefa manome andraikitra an'ireo ranadahy sy rahavavy mpanompo. Mety ho fiara-mandeha an-tongotra, na mandeha mamonjy takariva hila-laovana, na manao asa fanompoana, na miara-manompo mihitsy aza izany. Mety ho famangiana any an-trano na fiantsoana an-tariby na firesahana amin'ny Internet na fandefasana SMS izany. Mety ho fanomezana karatra firariantsoa amin'ny tsingerin-taona nahaterahana na famporisihana ny mpilalao amin'ny baolina kitra izany. Mety ho fizarana soratra masina na teny voalaza tamin'ny lahatenin'ny fihaonambe izay mety hanan-danja ho an'io olona iray io izany. Mety ho fifanakalozan-kevitra momba ny fanontaniana ara-potopampianarana iray sy fizarana fijoroana ho vavolombelona mba hitondrana fanazavana sy fiadanam-po izany. Mety ho fidirana ho isan'ny fiainan'ny olona iray sy fikarakarana ny momba azy izany. Mety ho fanaovana dinidinika amin'ny

fanompoana ihany koa izany mba hire-sahana ny zavatra ilaina sy ny hery ananana, izay atao amin'ny fomba malina sy araka ny tokony ho izy. Mety ho ny filankevitry ny paroasy izay mifandamina mba hanomezana ny zavatra ilaina misimisy kokoa izany.

Io karazana fanompoana io dia nanome hery ny rahavavy iray izay nifindra monina lavitra ny tany fiaviany rehefa nanomboka nahavita ny fianarany ny vadiny. Tsy nisy telefona nandeha kanefa nanana zazakely mila karakaraina izy, hany ka tsy nahita izay naleha tao amin'ilay toerana vaovao, tena very sy nanirery izy. Tsy nampandre mialoha ity rahavavy iray tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana fa tonga teo am-baravarana nitondra kiaro kely ho an'ilay zazakely, nampiditra azy roa tao amin'ny fiarakodiany ary nitondra azy ireo ho any amin'ny trano fivarotana enta-madinika. Nitantara ilay rahavavy feno fankasitrahana hoe: "Izy no nampisy fizorany ny fiainako!"

Ny tena fanompoana marina dia hita taratra tamin'ny rahavavy zokin-jokiny iray any Afrique, izay nasaina nitady rahavavy iray tsy tonga niangona nandritra ny fotoana ela. Rehefa nankany an-tranon'ilay rahavavy izy, dia hitany fa nokapohina sy norobaina ilay rahavavy, zara raha nanan-kohanina izy ary tsy nanana akanjo neritreretiny hoe mety hanaovana amin'ny fivoriana alahadin'ny Fiangonana. Ilay vehivavy notendrena hanompo any aminy dia nitondra sofina vonon-kihaino sy vokatra avy tao an-jaridainy sy soratra masina ho vakiana ary finamanana. Tsy ela ilay rahavavy "tsy tonga" dia niverina niangona ary ankehitriny izy dia manana antso satria fantany fa tiavina sy omen-danja izy.

Ny fanakambanana ny ezaky ny Fikambanana Ifanampiana toy izany amin'ny kôlejin'ny loholona izay miova rafitra ankehitriny dia hitondra firaisankina izay afaka ny hiteraka vokany mahatalanjona. Ny fanompoana dia lasa ezaka mifandray iray hanatantehana ilay andraikitra ny fisoronana mba "[h]amangy ny tranon'ny mpikambana tsirairay" sy "[h]itandrina mandrakariva ireo mpikambana ao

amin'ny fiangonana, ary ny miaraka amin'izy ireo sy ny manatanjaka azy"⁵ ary koa mba hanatanteraka ny tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana ny hifanampy mba hiomana amin'ireo fitahian'ny fiainana mandrakizay.⁶ Ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana, izay miaramiasa eo ambany fitarihan'ny eveka dia afaka ny hoentanin'ny Fanahy eo am-pikatsahana ny fomba tsara indrindra hiambenana sy hikorakarana ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana tsirairay avy.

Mamelà ahy hanome ohatra iray. Nararin'ny homamiadana ny renimpianakaviana iray. Nanomboka nitsabo tena izy, ary avy hatrany ireo rahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia nanao asa, nandamina ny fomba tsara indrindra hanampiana amin'ny sakafo, fitaterana amin'ny fotoana hanaovana fizahana ara-pahasalamana, ary fanampiana hafa. Namangy azy matetika izy ireo, ary nankahery tamin'ny fiarahany taminy. Tamin'izay fotoana izay koa ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka dia nirotsaka nanao asa. Nanome sandry izy ireo hanavaozana ny efitrano fandriana sy ny efitrano fidiovana mba hanamora kokoa ny fikarakarana ilay rahavavy marary. Nanolo-tànana sy fola-damosina ireo zatovolahy mba handraisana anjara amin'izany ezaka lehibe izany. Ary ireo zatovovavy dia nandray anjara: nifandamina am-pifaliana izy ireo mba hitondra ny alika mandehandeha isan'andro. Rehefa nandeha ny fotoana, dia nanohy ny fanompoana ny paroasy, nanampy sy nanamboatra rehefa ilaina izany. Nazava fa asa feno fitiavana izany, ny mpikambana tsirairay dia nanome avy amin'ny tenany, naneho tao anatin'ny firaisankina ny fikarakarana tamin'ny fomban'ny tsirairay izay sady nitahy ilay rahavavy nijaly no nitahy ny olona tsirairay tao amin'ny fianakaviany.

Taorian'ny ezaka feno herim-po, dia resin'ny homamiadana ilay rahavavy tamin'ny farany ary nodimandry. Moa ve ilay paroasy nisento fa afaka adidy ka nieritreritra fa vita tsara ny asa sady tapitra? Tsia, nanohy nitondra ny alika mandehandeha ireo zatovovavy, nanohy



nanompo an'ilay raim-pianakaviana sy ny fianakaviany ireo kôlejin'ny fisoronana, ary ireo rahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia nanohy nanolo-tanana am-pitiavana mba hampatanjahana sy hanomezana izay zavatra ilaina. Rahalahy sy ranabavy, izany no fanompoana, izany ny mitia tahaka ny nitiavan' ny Tompo.

Ny fitahiana iray hafa entin'ireo filazana nentanim-panahy ireo dia ny fahafahana ho an'ireo zatovovavy 14 hatramin'ny 18 taona handray anjara amin'ny fanompoana amin'ny fiarahany miasa amin'ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, tahaka ireo zatovolahy mitovy taona aminy izay miara-manompo amin'ireo rahalahy mihazona ny Fisoronana Melkizedeka. Mizara ny fanomezam-pahasoavany manokana sy mitombo ara-panahy ny zatovo rehefa manompo miaraka amin'ny olon-dehibe ao amin'ny asan'ny famonjena. Ny fampandraisana anjara ireo zatovo amin'ny andraikitra fanompoana dia afaka hampivelatra ihany koa ny fikarakarana ny hafa ataon'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny kôlejin'ny loholona amin'ny fampitomboana ny isan'ny mpikambana mandray anjara amin'izany.

Rehefa mieritreritra ireo zatovovavy mampirapiratra fantatro aho, dia faly tokoa ho an'ireo rahavavy ao amin'ny Fikambana Ifanampiana izay hana-na tombontsoa hahazo ny fitahiana



entin'ny fahavitrihana sy ny talenta ary ny fahakingana ara-panahy ananan'ny zatovovavy iray rehefa miara-manompo izy ireo na rehefa tompoiny izy ireo. Ary faly torak'izany koa aho amin'ny fahafahana ananan'ireo zatovovavy mba hofanina sy hampianarina ary hampatanjahan'ireo rahavavy ao amin'ny Fikambana Ifanampiana. Ity fahafahana mandray anjara amin'ny fananganana ny fanjakan'Andriamanitra ity dia tombontsoa goavana ho an'ireo zatovovavy, izay manampy azy hiomana bebe kokoa amin'ny fanatanterahana ireo andraikiny amin'ny maha-mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy eo amin'ny fiarahamonina ary amin'ny maha-mpiara-miasa mitondra anjara biriky ao amin'ny fianakaviany. Araka ny nozarain'ny Rahavavy Bonnie L. Oscarson omaly hoe ireo zatovovavy dia “*maniry* ny hanompo. Mila mahafantatra izy ireo fa manan-danja ary ilaina ao amin'ny asa famonjena.”⁷

Raha ny marina dia efa manompo ny hafa ireo zatovovavy, fa tsy misy fanendrena na sehoseho ivelany. Misy fianakaviana iray fantatro nifindra monina ho any amin'ny toerana any amin'ny kilometatra an'arivony izay tsy nisy olona fantany. Tanatin'ny herinandro voalohany, dia nisy zatovovavy 14 taona ao amin'ny paroasin'izy ireo tonga tao an-tranony niaraka amin'ny “biscuits” eran'ny lovia, niarahaba azy ireo tonga soa teo amin'ilay faritra. Nijoro tao

aoriany am-pitsikiana ny reniny izay nanaiky ny hanatitra azy ho fanohanana ny fanirian'ny zananivavy hanompo.

Nisy renim-pianakaviana iray hafa indray sahiran-tsaina indray andro fa tsy nody tao an-trano tamin'ny ora mahazatra ny zananivavy 16 taona. Rehefa tonga ilay tovovavy nony farany, dia nametrahan'ny reniny fanontaniana maneho fahasorenana momba izay nalehany. Namaly somary menamena-tra ilay zatovovavy 16 taona hoe nioty voninkazo izy ho an'ilay vehivavy mananotena izay nipetraka tsy lavitra azy ireo. Tsikariny fa toa manirery ilay rahavavy zokinjokiny ary nahatsapa fitaomam-panahy izy ny hamangy azy. Nanohy namangy ilay ramatoa antitra ilay zatovovavy ary nankatoavin'ny reniny izany. Lasa mpinamana izy ireo, ary ny fifandraisana mamy nisy teo aminy dia nitohy nandritra ny taona maro.

Ny tsirairay tamin'ireo zatovovavy ireo sy ny maro hafa toa azy ireo koa dia mahatsikaritra ny filàn'ny olona iray dia manao asa izy ireo hanomezana fanampiana. Ireo zatovovavy dia manana faniriana mandeha ho azy ny hika-rakara sy hizara izay azo tarihina tsara amin'ny alalan'ny fanompoana miaraka amin'ny rahavavy efa lehibe iray.

Na firy na firy ny taonantsika, rehefa mandinika ny fomba hanompoana am-pahombiazana isika dia manontany hoe: “Inona no ilainy?” Rehefa ampiarahina amin'ny faniriana hanompo tena avy amin'ny fo io fanontaniana io, dia tarihin'ny Fanahy Masina isika hanao izay hankahery sy hampatanjaka ilay olona. Efa nandre tantara tsy tambo isaina aho momba ny ranadahy sy rahavavy izay voatahy noho ny fihetsika tsotra mandray sy miarahaba tonga soa ao am-piangonana, na mailaka na SMS mitondra fisaintsainana lalina, na fifandraisana mivantana tanaty fotoan-tsarotra, na fanasana handray anjara amin'ny hetsika ataon'ny vondrona iray, na fanoloran-tanana hanampy amin'ny toe-javatra iray manahirana. Mety mila fijerena manokana na mila atao lohalaharana amin'ny fanampiana ataon'ireo ranadahy sy rahavavy ireo ray aman-dreny tokan-tena, ireo vao niofa fo, ireo mpikambana malaindaina, ireo

mpitondra tena na ireo tanora manana olana. Ny fandrindrana ny asa eo amin'ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana dia mahatonga ny fizarana andraikitra ho araka ny tokony ho izy.

Amin'ny farany, tontosa tsirairay ny tena fanompoana marina rehefa ny fitiavana no nanosika hanao izany. Ny tombony sy ny voka-tsoa ary ny fahagagana entin'ny fanompoana tena avy amin'ny fo dia ny hoe manova fiainana tokoa izany! Rehefa misokatra ny fontsika sady vonona hitia sy handray sy hamporisika ary hampahery, dia tsy ho hay toherina ny herin'ny fanompoana ataontsika. Rehefa ny fitiavana no manosika antsika dia hitranga ny fahagagana, ary hahita fomba isika hitondrana ireo rahavavy sy anadahintsika “tsy tonga” ho ao amin'ny fandraisana tsy an-kanavaka amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Ny Mpamonjy no ohatra arahintsika amin'ny zavatra rehetra, tsy vitan'ny amin'ny hoe inona ny zavatra tokony hataontsika fa koa amin'ny hoe *nahoana* isika no tokony hanao izany.⁸ “Ny fiainany tetỳ an-tany dia fanasana ho antsika, mba hampiakatra avoavo kokoa ny fijerintsika sy hanadino ireo olantsika manokana ka hanolo-tanana ho an'ny hafa.”⁹ Rehefa raisintsika ilay fahafahana hanompo eram-po an'ireo rahavavy sy anadahintsika, dia hotahiana isika ho lasa mitombo kokoa ara-panahy, ho lasa mifanaraka kokoa amin'ny sitrapon' Andriamanitra, ary ho afaka ny hahatakatra bebe kokoa ilay drafiny hanampiana ny tsirairay hiverina any Aminy indray. Ho fantatsika mora kokoa ireo fitahiana omeny ary haniry mafy ny hampita izany fitahiana izany amin'ny hafa isika. Hiara-hihira bambaray ny fontsika hanao hoe:

*Ampio aho ho tia ny hafa
toy izay nitiavanao,
Handray hery ao aminao aho
fa te ho mpanomponao.
Vonona aho hiahy ny hafa
Tompo ô, hanaraka Anao aho.*¹⁰

Enga anie isika haneho ny fankasitrahantsika sy ny fitiavantsika an' Andriamanitra amin'ny fanompoana

am-pitiavana an'ireo rahavavy sy anadahintsika mandrakizay.¹¹ Ny vokatra ho azo dia ny firaisan-kina tahaka ny fahatsapan'ny vahoaka tany Amerika tranainy nandritra ny 100 taona tao-rian'ny nisehoan'ny Mpamonjy tany amin'ny tanin'izy ireo.

“Ary ny zava-nitranga dia tsy nisy fifandirana . . . noho ny fitiavan' Andriamanitra, izay nitoetra tao ampon' ny vahoaka.

“ . . . Ary tsy nisy fialonana, na adia-dy, . . . ary marina tokoa fa tsy ho nety nisy vahoaka sambatra kokoa toa azy teo anivon' ny vahoaka rehetra izay noharian'ny tanaan' Andriamanitra.”¹²

Mijoro ho vavolombelona am-pifaliana aho fa ireo fanovana voaray tamin'ny fanambarana ireo dia fanentanam-panahy avy amin' Andriamanitra ary raha mandray azy ireo amin'ny fo feno finiavana isika dia ho lasa vonona kokoa hihaona amin'i Jesoa Kristy Zananilahy amin'ny Fiaviany Fanindroany. Ho kely kokoa isika sisa dia ho lasa vahoakan'i Ziona ary hahatsapa fifaliana lehibe isika miaraka amin'ireo izay nampiantsika manerana ny lalana hizerantsika amin'ny maha-mpianatry ny Tompo antsika. Ny mba hanaovantsika izany no vavaka ataoko amin-kafanam-po sy amim-panetrentena, amin'ny anarana'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Asan'ny Apostoly 3:19–21.
2. Jereo ny Robert D. Hales, “Preparations for the Restoration and the Second Coming: -My Hand Shall Be over Thee,-” *Liahona*, Nov. 2005, 88–92.
3. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 42:29.
4. “Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly,” *Liahona*, mey 2017, ao anatin'ny fonony ao aloha.
5. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 20:47, 53.
6. Jereo ny Boky Torolalana 2: *Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 9.1.1.
7. Bonnie L. Oscarson, “Ireo zatovovavy ao amin'ilay asa,” *Liahona*, mey 2018, 38.
8. Jereo ny Efesiana 5:2.
9. Russell T. Osguthorpe, “What If Love Were Our Only Motive?” (Fampaherezam-panahy an'ny Brigham Young University, 8 mar. 2011), 7, speeches.byu.edu.
10. “Seigneur je te suivrai,” *Cantiques*, no. 141.
11. Jereo ny Môsià 2:17.
12. 4 Nefia 1:15–16.



Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Indro ny Lehilahy!

Ireo izay mahita fomba hahitana marina an'ilay Lehilahy dia mahita ny varavarana mankany amin'ny fahasambarana lehibe indrindra sy ny balsama manasitrana ireo fahoriana tena mafy eo amin'ny fiainana.

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, ry namako malala, feno fankasitrahana aho fa tafaraka aminareo amin'izao faran'ny herinandron'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany mahafinaritra izao. Izaho sy i Harriet dia mifaly miaraka aminareo amin'ny fanohanana ireo Loholona Gong sy Soares ary ireo rahalahy sy

anabavy maro hafa izay nandray antso vaovao lehibe nandritra ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity.

Na dia malahelo ilay namana malahako, Filoha Thomas S. Monson, aza aho, dia tiako sy tohanako ny mpaminany sy Filohantsika, Russell M. Nelson, ary ireo mpanolotsaina azy.

Feno fankasitrahana koa aho noho ny fiarahana miasa akaiky kokoa indray amin'ireo Rahalahy malala namako ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary voninahitra ho ahy izany.

Mialoha ny zava-drehetra, dia feno fanetrentena lalina sy tena faly aho noho ny maha-mpikambana ahy ao amin' Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, izay ahitana lehilahy sy vehivavy ary anki-zy an-tapitrisany vonona ny *hanolotra fanampiana any amin'izay misy azy*, na inona na inona fahaiza-manaony na antsony, ary miezaka amin'ny fony manontolo hanompo an' Andriamanitra sy ireo zanany, amin'ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra.

Andro masina androany. Alahadin'ny Paska izany izay ankalazana ilay maraina lehibe izay nanapahan'ny Mpamonjintsika ny famatoran'ny fahafatesana¹ sy nivoahany tamimpandresena tao am-pasana.





Ilay andro lehibe indrindra teo amin'ny tantara

Vao haingana aho no nanontany tao amin'ny internet hoe: “Inona no andro iray tena nanova ny fizotran'ny tantara?”

Ny valin'izany dia nanomboka tany amin'ny manaitra sy hafahafa ka hatrany amin'ny mitondra hevi-baobao sy mampieritreritra. Anisan'izany, ny andro izay nidobohan'ny planeta kely tamin'ny fahagolan-tany iray tany amin'ny Saikinosy Yucatán. Na ny nahavitan'i Johannes Gutenberg ny miliny fanontana printy tamin'ny 1440; ary mazava ho azy ilay andro tamin'ny 1903 izay nampisehoan-dry Wright mirahalany an'izao tontolo izao fa tena afaka manidina raolombelona.

Raha toa ka apetraka aminareo io fanontaniana io dia inona no holazainareo?

Mazava ny valin'izany ato an-tsaiko.

Mba hahitana ilay andro tena manan-danja indrindra teo amin'ny tantara, dia tsy maintsy miverina any amin'ilay alina teo amin'ny 2.000 taona latsaka kely lasa izay isika, tao amin'ny Sahan'i Getsemane rehefa nandohalika nivavaka mafy i Jesoa Kristy ary nanolotra ny tenany ho onitra ho an'ny fahotantsika. Nandritra io sorona lehibe sy tsy misy fetra io, izay nifono fijaliana tsy nisy toy izany teo amin'ny vatana sy fanahy, no nivoa-dra ny mason-kodin'i Jesoa Kristy, ilay Andriamanitra mihitsy. Noho ny fitiavany lavorary dia nanolotra ny zavatra rehetra Izy mba

hahazoantsika ny zava-drehetra. Ny sorona masina nataony izay sarotra takarina ary ny fontsika sy ny saintsika iray manontolo ihany no afaka mahatsapa azy, dia mampahatsiahy antsika ilay trosantsika, dia ny fankasitrahana avy amin'ny rehetra tokony hasetrin-tsika an'i Kristy noho ilay fanomezana masina natolony izany.

Rehefa nandroso ny alina dia nentina teo anoloan'ireo manampahefana ara-pivavahana sy ara-pôlitika i Jesoa izay nanaraby Azy, nikapoka Azy, ary nanameloka Azy ho faty tamin'ny fomba mahamenatra. Nihantona tamimpangirifiriana teo amin'ny hazofijaliana Izy “[mandra-pahavita]” izany nony farany.² Napetraka tao amin'ny fasana nindramina iray ny vata-mangatsiakany. Ary avy eo ny marainan'ny andro fahatelo, dia nivoaka avy tao am-pasana tamin'ny naha-olona feno voninahitra sy nitsangana tamin'ny maty azy Izy izay namirapiratra ary feno hazavana sy fahamboniana.

Eny, maro ireo zava-nitranga nandritra ny tantara izay nisy fiantraikany lalina teo amin'ny hoavin'ireo firenena sy vahoaka. Saingy raha atambatra izy ireo dia tsy afaka ny oharina akory amin'ny maha-zava-dehibe an'ilay zava-nitranga tamin'io maraina voalohan'ny Paska io.

Inona no mahatonga ilay sorona tsy misy fetra sy ilay Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty ho toy ny zava-nitranga faran'izay manan-danja teo amin'ny tantara, izay nisy fiantraikany bebe kokoa noho ireo ady teto amin'izao tontolo izao sy ireo loza mahery vaika ary ireo fahitan-java-baovao aratsiantifika izay nanova ny fiainana?

Noho i Jesoa Kristy dia afaka ny ho velona indray isika

Hita ao anatin'ny fanamby roa lehibe tsy hay resena izay atrehantsika tsirairay avy ny valin'izany.

Voalohany, ho faty daholo isika rehetra. Na tanora toy ny inona, na tsara tarehy toy ny inona, na mitandrina toy ny inona aza ianao, dia ho faty ny vatanao indray andro any. Hitomany anao ireo namanao sy ny fianakavianao. Tsy afaka ny hamerina anao ho velona indray anefa izy ireo.

Saingy noho i Jesoa Kristy dia tsy haharitra ny fahafatesanao. Hikambana amin'ny vatanao indray ny fanahinao indray andro any. Tsy hiharan'ny fahafatesana intsony izany vatana nitsangana tamin'ny maty izany,³ ary hiaina any amin'ny mandrakizay ianao, tsy hahatsapa fanaintainana sy fijaliana ara-batana intsony.⁴

Hitranga izany noho i Jesoa Kristy izay nanolotra ny ainy ary naka izany indray.

Nanao izany ho an'ireo rehetra izay mino Azy Izy.

Nanao izany ho an'ireo rehetra izay tsy mino Azy Izy.

Nataony izany na dia ho an'ireo izay nanaraby sy nanompa ary naniratsira ny anarany aza.⁵

Noho i Jesoa Kristy dia afaka ny ho velona indray isika

Faharoa, nanota daholo isika. Hanakana antsika mandrakizay tsy hiaina miaraka amin' Andriamanitra ny fahotantsika satria “tsy misy zavatra tsy madio afaka miditra ao amin'ny fanjakany.”⁶

Noho izany, dia tsy afaka niverina teo anatrehany ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy rehetra. Izany no nitranga mandra-pahatonga an'i Jesoa Kristy, ilay Zanakondry tsy manantsiny, nanolotra ny ainy ho fanonerana ny fahotantsika. Noho i Jesoa izay tsy nanan-trosa tamin'ny fahamarinana, dia afaka nanefa ny trosantsika Izy mba hanatanterahana ny fitakian'ny fahamarinana ho an'ny fanahy rehetra. Ary tafiditra ao anatin'izany izaho sy ianao.

Nanonitra ny saran'ny otantsika Izy. Izy rehetra.

Tamin'io andro faran'izay manan-danja teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao io, dia nosokafan'i Jesoa ilay Kristy ny vavahadin'ny fahafatesana ary nesoriny ireo sakana izay nanakana antsika tsy hiditra ilay efitra masin'ny fiainana mandrakizay. Noho ilay Tompontsika sy Mpamonjintsika, izaho sy ianao dia nomena fanomezana tena sarobidy ary tsy voavidy vola. Na nanao ahoana na nanao ahoana ny lasantsika, dia afaka ny mibebaka sy manaraka ilay lalana izay mitondra any amin'ilay hazavana

sy voninahitra selestialy isika, voahodindin'ireo zanaka mahatokin'ny Ray any An-danitra.

Ny antony hifaliantsika

Izany no ankalazaintsika ny Alahadin'ny Paska. Mankalaza ny fahavelomana isika!

Noho i Jesoa Kristy dia hitsangana avy ao amin'ny fahakiviana nateraky ny fahafatesana isika sy hamihina ireo izay tantsika ary ho latsa-dranomaso satria diboky ny hafaliana ary feno fankasitrahana. Noho i Jesoa Kristy dia afaka ny ho olona miaina mandrakizay isika, tontolo tsisy fiafarana.

Noho i Jesoa Kristy dia tsy hoe afaka ny ho voafafa fotsiny ny fahotantsika fa afaka ny hohadinoina ihany koa.

Afaka ny ho lasa madio sy nasandratra isika.

Afaka ny ho masina.

Noho ilay Mpamonjy malalantsika dia afaka ny hisotro mandrakizay ny rano avy amin'ilay loharano miboiboi-ka ao anatin'ny fiainana mandrakizay isika.⁷ Afaka mitoetra mandrakizay ao an-tranon'ilay Mpanjakantsika mandrakizay isika, ao anatin'ny voninahitra tsy azo sary an-tsaina sy fifaliana tonga lafatra.

Moa ve isika "[Mahita] ilay Lehilahy"?

Na dia eo aza ireo zavatra rehetra ireo, dia maro ny olona eto amin'izao tontolo izao ankehitriny no tsy mahafantatra na tsy mino ilay fanomezana sarobidy nomen'i Jesoa Kristy antsika.

Mety efa nandre mikasika an'i Jesoa Kristy izy ireo sy nahafantatra azy ho toy ny olona manana ny toerany teo amin'ny tantara, saingy tsy hitan'izy ireo amin'ny maha-tena Izy Azy Izy.

Rehefa mieritreritra an'izany aho, dia mahatsiaro ny Mpamonjy nijoro teo anoloan'i Pontio Pilato, mpanapaka Romana tany Joda, ora vitsy talohan'ny nahafatesan'ny Mpamonjy.

Fomba fijery arak'izao tontolo izao tanteraka no nentin'i Pilato nijerena an'i Jesoa. Nanana asa tsy maintsy natao i Pilato, ary nahitana andraikitra roa lehibe tao anatin'izany: fanangonana ireo hetra ho an'i Roma ary ny fitandroana ny filaminana. Nentin'ny sinedriona Jiosy iray teo anoloany ny lehilahy iray izay lazain'izy ireo fa manohintohina ireo zavatra anankiroa ireo.⁸

Rehefa avy nanontany ilay gadrany i Pilato dia nanambara hoe: "Tsy hitako izay helony, na dia kely akory aza."⁹ Saingy tsapany fa tsy maintsy mampitony ireo mpiampanga an'i Jesoa izy, ka dia nangataka ny hanatanterahana ilay fomba fanao teo an-toerana izay nanome fahafahana ny hamotsotra gadra iray mandritra ny vanim-potoan'ny Paska i Pilato. Moa ve izy ireo hangataka azy mba hamotsotra an'i Jesoa fa tsy i Barabasy mpandroba sy mpamono olona?¹⁰

Nangatahan'ireo andian'olona mahery setra nitabataba anefa i Pilato mba hamotsotra an'i Barabasy ary hanombo an'i Jesoa amin'ny hazofijaliana.

"Nahoana?" Hoy i Pilato nanontany. "Fa inona moa no ratsy nataony?"

Saingy niorakoraka mafy kokoa fotsiny izy ireo. "Homboy amin'ny hazofijaliana Izy!"¹¹

Nodidin'i Pilato ireo lehilahiny mba hikoravasy an'i Jesoa, izay ezaka nataony farany mba hanomezana fahafahampo an'ireo andian'olona mahery setra.¹² Dia notanterahin'izy ireo izany, ka nihoson-dra sy notorotoroina Izy. Norabirabian'izy ireo Izy, dia nasiany fehiloa tsilo teo amin'ny lohany ary nampitafiny lamba volomparasy Izy.¹³

Nieritreritra angamba i Pilato fa ho afa-po amin'izany ireo andian'olona mahery setra izay lian-dra. Mety mba hangoraka ilay lehilahy izy ireo. "Indro, izaho mitondra Azy mivoaka ho eto aminareo," hoy i Pilato, "mba ho fantatrareo fa tsy hitako izay helony, na dia kely akory aza. . . . Indro ny Lehilahy!"¹⁴

Nijoro teo anatrehan'ny vahoakan'i Jerosalema ilay Zanakalahin' Andriamanitra, Izy tenany mihitsy.

Afaka nahita an'i Jesoa izy ireo saingy tsy nojeren'izy ireo tsara Izy.

Tsy nanana maso mba hijerena izy ireo.¹⁵

Raha amin'ny hevi-teny itarina dia asaina koa isika mba "[hijery] ilay lehilahy." Miovaova ireo hevitra momba Azy eto amin'izao tontolo izao. Ireo mpaminany fahiny sy mpaminany maoderina dia mijoro ho vavolombelona fa Zanakalahin' Andriamanitra Izy. Izaho ihany koa dia mijoro ho vavolombelona ny amin'izany. Zava-dehibe sy manandanja ny fahafantarantsika tsirairay avy manokana. Noho izany rehefa misaintsaina ny fiainan'i Jesoa Kristy sy ny asa fanompoana nataony ianao, dia inona no hitanao?


Ireo izay mahita fomba hahitana marina an'ilay Lehilahy dia mahita ny varavarana mankany amin'ny fahasambaran'ny lehibe indrindra sy ny balsama manasitrana ireo fahoriana tena mafy eo amin'ny fiainana.

Noho izany, raha rakotry ny alahelo sy ny fahoriana ianao, dia jereo ilay Lehilahy.

Raha mahatsapa ho very na hadino ianao dia jereo ilay Lehilahy.

Raha kivy na nilaozana na miahiahy na trotraka ianao, dia jereo ilay Lehilahy.





ny tanjona sy fifaliana ary fiadanana eto amin'ity fiainana eto an-tany ity ary hahazo ny fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jereo ny Môsîà 15:23.
2. Jaona 19:30.
3. Jereo ny Almà 11:45.
4. Jereo ny Apokalipsy 21:4.
5. Jereo ny 1 Korintiana 15:21-23.
6. 3 Nefia 27:19.
7. Jereo ny Jaona 4:14.
8. Jereo ny Lioka 23:2.
9. Jaona 18:38. Mba hialan'i Pilato amin'ny fitsarana an'i Jesoa dia niezaka nandefa ilay raharaha tany amin'i Heroda Antipasy izy. Raha toa ka ho melohin'i Heroda, izay nandidy ny hamonoana an'i Jaona Mpanao Batisa (jereo ny Matio 14:6-11), i Jesoa, dia azon'i Pilato ekena tsy am-pihevarena any ilay fitsarana ary ambarany fotsiny fa toe-javatra teo an-toerana izay nekeny izany mba hitandroana ny filaminana. Saingy tsy niteny na inona na inona tamin'i Heroda i Jesoa (jereo ny Lioka 23:6-12), ka naverin'i Heroda tany amin'i Pilato indray Izy.
10. Jereo ny Marka 15:6-7; Jaona 18:39-40. Nanoratra ny manampahaizana iray momba ny Testamenta Vaovao hoe: "Toa fomba fanao mandritra ny Paska ny famotsoran'ny Governora Romana ho an'ny vahoaka Jiosy gadra malaza sasany izay voaheloka ho faty" (Alfred Edersheim, *The Life and Times of Jesus the Messiah* [1899], 2:576). Ny dikan'ny anarana hoe *Barabasy* dia hoe "zanaky ny ray." Mahaliana ny tsy fanampoizana ilay fangatahana ny vahoakan'i Jerosalema mba hisafidy ny iray tamin'ireo lehilahy anankiroa ireo.
11. Jereo ny Marka 15:11-14.
12. Faran'izay mafy izany fikaravasiana izany ka nantsoina hoe "fahafatesana eo anelanelana" (Edersheim, *Jesus the Messiah*, 2:577).
13. Jereo ny Jaona 19:1-3.
14. Jaona 19:4-5.
15. Nanambara i Jesoa tany am-piandohana hoe: "Fa efa adala ny fon'izao olona izao. Ary efa lalodalovana ny sofiny, ary efa nakimpiny ny masony, fandrao hahita ny masony, sy handre ny sofiny, ka hahalala ny fony, dia hibe-baka izy, ka hahasitrana azy Aho." Ary niteny tamin'ireo mpianany tamim-demim-panahy i Jesoa hoe: "Fa sambatra ny masonareo, fa mahita, ary ny sofinareo, fa mandre" (Matio 13:15-16). Moa ve isika hamela ny fontsika ho lasa mafy, sa hanokatra ny masontsika sy ny fontsika isika mba hahafahantsika mahita marina ilay lehilahy?
16. Jereo ny Môsîà 4:20.
17. Isaia 40:29.
18. Jereo ny Dieter F. Uchtdorf, "Ilay dia mahafinaritrin'ny fiainana an-tany" (Fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy ny mpivady vao herotrerony, 14 jan. 2018), broadcasts.lds.org.
19. 2 Nefia 25:26.

Hampahery anao Izy.

Hanasitrana anao Izy sy hampisy lanjany ny dia ataonao. Hampidina ny Fanahiny Izy ary hameno fifaliana lehibe izaitsizy ny fanahinao.¹⁶

Izy dia "mampahatanjaka ny reraka . . . , ary izay kely hery dia omeny hery be."¹⁷

Rehefa mijery marina ilay Lehilahy isika, dia mahafantatra Azy sy mikatsaka ny hampifanaraka ny fiainantsika amin'ny sitrapony. Mibebaka sy miezaka manatsara ny toetrantsika isika ary mihamanakaiky kokoa Azy isan'andro. Matoky Azy isika. Maneho ny fitiavantsika Azy isika amin'ny alalan'ny fitandremana ny didiny sy ny fanajana ireo fanekempihavanantsika masina.

Amin'ny teny hafa dia lasa mpianany isika.

Mandrakotra ny fanahintsika ilay hazavany manadio. Mampitraka antsika ny famindrampony. Maivana ny enta-mavesatsika ary mitombo ny fiadanantsika. Rehefa mijery marina an'ilay Lehilahy isika dia mahazo ilay fampanantenana fa hanana hoavy feno fitahiana izay hanentana ny fanahintsika sy hanohana antsika ao anatin'ireo zava-tsarotra lalovana eo amin'ny fiainana. Rehefa manao jery todika isika dia hahatsapa fa misy lamina masina, ary misy antony avokoa ireo zavatra miseho.¹⁸

Rehefa manaiky ny sorona nataony, sy lasa mpianany ianao ary tonga any amin'ilay fiakaran'ny fiainanao eto an-tany amin'ny farany, dia inona no hitranga amin'ireo fahoriana nozakainao teto amin'ity tany ity?

Hanjavona izy ireo.

Ary ireo fahadisoam-panantenana sy famitahana ary fanenjehana natrehanao?

Hanjavona.

Ary ny fifaliana, ny ratram-po, ny fahatsapana ho meloka, sy ny henatra ary ny tebiteby nolalovanao?

Hanjavona.

Hadino.

Tokony hahagaga ve raha "miresaka an'i Kristy isika, mifaly amin'i Kristy, mitory an'i Kristy, maminany ny amin'i Kristy, . . . mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany?"¹⁹

Tokony hahagaga ve raha miezaka amin'ny fontsika iray manontolo isika mba hijery marina an'ilay Lehilahy?

Ry rahalahy sy anabavy malalako, mijoro ho vavolombelona aho fa ny andro tena manan-danja indrindra teo amin'ny tantaran'ny olombelona dia ilay andro nandresen'i Jesoa Kristy, ilay Zanakalahin' Andriamanitra velona, ny fahafatesana sy ny fahotana ho an'ny zanak' Andriamanitra rehetra. Ary ny andro tena manan-danja indrindra eo amin'ny fiainako sy ny fiainanao dia ilay andro izay hahazantsika "[mijery] ilay lehilahy"; rehefa hitantsika araka ny tena maha-izy Azy Izy; rehefa mandray amin'ny fontsika sy ny saintsika iray manontolo ilay heriny manavotra isika; rehefa manolo-tena ny hanaraka azy miaraka amin'ny fientanentanana sy hery vaovao isika. Enga anie izany mba ho andro izay miverimberina foana eo amin'ny fiainantsika.

Apetrako aminareo ny fijoroako ho vavolombelona sy ny tsodrano fa raha "mijery ilay lehilahy" isika, dia hahita



Nataon'ny Eveka Gérald Caussé
Eveka Mpiahy

Natao hikarakarana olona izany

Ny Fiangonana dia natao hikarakarana anareo, izay mpianatry ny Tompo. Ireo izay tia sy manaraka Azy ary nitondra ny anarany tamin'ny alalan'ny fanekempihavanana.

T eo am-piomanana tamin'ny fananganana ny Tempoly tsara tarehin'i Paris Frantsa, dia niaina zavatra izay tsy ho hadinoko na oviana na oviana aho. Tamin'ny 2010, rehefa hita ny toerana hanorenana ny tempoly, dia nangataka ny hihaona taminay ny ben'ny tanàna mba hamantatra zavatra bebe kokoa momba ny Fiangonantsika. Dingana lehibe dia lehibe tokoa tamin'ny fahazoana ny fahazoan-dalana hanorenana io fihaonana io. Nanomana tamim-pitandremana fatratra ny famelabelarana izahay izay nahitana sary maro be tena nanaitra naneho an'ireo tempolin'ny Olomasin'ny Andro Farany. Ny fanantenako nivaivay indrindra dia hoe enga anie ka handresy lahatra ny ben'ny tanàna hanohana ny tetik'asanay ny hakanton'ny rafitranon'izy ireo.

Akory ny hagagako raha nilaza ilay ben'ny tanàna fa tian'izy sy ny ekipany kokoa raha izy ireo no manao ny fikarohany manokana mba hahafantarany mazava tsara hoe karazam-piangonana toy ny ahoana ny antsika, toy izay hijery ilay famelabelarana nomaninay. Ny volana manarak'izay dia nasaina niverina izahay mba handre

ny tatitra nomen'ny mpanolotsaina iray an'ny ben'ny tanàna, izay prôfesora mpampianatra momba ny tantaran'ny fivavahana ihany koa. Nitsangana izy dia nilaza hoe: "Ambonin'ny zavatra rehetra dia nirianay ny hahatakatra hoe iza ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonareo. Voalohany dia nanatrika



ny iray tamin'ireo fivoriana fanasan'ny Tompo fanaonareo izahay. Nipetraka tany aoriana izahay tao amin'ilay trano fiangonana dia nandinika tsara ny olona teo anivon'ireo mpiangona sy ny zavatra nataon'izy ireo. Dia nihaona tamin'ireo mpiray monina aminareo izahay, ireo olona mipetraka manodidina ny foiben'ny tsatòkanareo, dia nanontanianay azy ireo hoe karazan'olona toy ny ahoana ianareo Môrmôna."

"Dia inona ary no hevitra notsoahinareo?" Hoy aho nanontany, sady nahatsapa tahotra kely. Namaly izy hoe: "Hitany fa Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no manakaiky indrindra ny Fiangonan'i Jesoa Kristy tany am-piandohana raha ampitahaina amin'ny fiangonana hafa izay fantatray." Efa saika hanohitra aho dia hiteny hoe: "Tsy tena marina tanteraka izany! Tsy hoe ny fiangonana manakaiky indrindra akory izany, fa io no Fiangonan'i Jesoa Kristy. Ilay Fiangonany ihany, ny Fiangonana marina!" Saingy nosakanako ny tenako ary naleoko kosa nanolotra vavaka mangina fanehoam-pankasitrahana. Dia nanoro hevitra anay avy eo ny ben'ny tanàna fa, araka ny zavatra hitan'izy ireo, dia tsy misy antony tokony hanoheran'izy ireo ny fananganana tempoly iray eo anivon'ny fiaraha-monin'izy ireo.

Ankehitriny, rehefa nieritreritra izany zavatra niainana mahagaga izany aho, dia mahatsapa fankasitrahana noho ny fahendren'ilay ben'ny tanàna sy ny fahaizany mamantatra. Fantany fa ny iray amin'ireo zavatra manan-danja indrindra hahatakarana ny Fiangonana dia tsy ny fijerena izany amin'ny alalan'ny endrik'ireo tranon'ny Fiangonana ety ivelany, na amin'ny mahafikambanana tsara rindra an'izany, fa amin'ny alalan'ireo mpikambana mahatoky an-tapitrisany ao aminy, izay miezaka isan'andro ny hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy.

Ny famaritana ny Fiangonana dia mety miainga avy amin'ny andininy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay milaza hoe "Ary ireo [izany hoe ireo mpianatry ny Tompo] izay natao batisa tamin'ny anaran'i Jesoa dia nantsoina hoe fiangonan'i Kristy."¹

Raha lazaina amin'ny teny hafa, dia natao hikarakarana olona ny Fiangonana. Natao hikarakarana anareo izany, dia ny mpianatry ny Tompo. Ireo izay tia sy manaraka Azy ary nitondra ny anarany tamin'ny alalan'ny fanekempihavanana.

Indray mandeha ny Filoha Russell M. Nelson dia nampitaha ny Fiangonana tamin'ny fiara iray tsara tarehy. Samy tia avokoa isika rehefa madio sy mampiratra ny fiarantsika. Kanefa ny tanjona nanaovana ilay fiara dia tsy ny hiseho ho toy ny milina misarika ny maso. Ny hampikisaka ny *olona* ao anatin'ilay fiara no tanjon'izany.² Tahaka izany ihany, isika, amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika, dia mankasitraka noho ny fananana toerana tsara tarehy hivavahana izay madio sy voakarakara tsara, ary isika ihany koa dia mankafy ny fananana ireo fandaharan'asa mandeha tsara. Saingy rafitra hoenti-manampy fotsiny ihany ireo. Ny hany tanjontsika dia ny hanasa ny zanakalahy sy ny zanakavavy tsirairay' Andriamanitra hanatona an'i Kristy sy hitarika azy eny amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Tsy misy zavatra mana-danja kokoa noho izany. Ny asantsika dia ny hikarakara olona sy hanao sy hitandrina fanekempihavanana.

Moa ve tsy mahatalanjona fa ny anarana nomena tamin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny dia mampitambatra

ireo singa roa manan-danja indrindra ao amin'ny fanekempihavanana'ny filazan-tsara tsirairay? Ny voalohany dia ny anaran'i *Jesoa Kristy*. Azy ity Fiangonana ity, ary ny Sorompanavotany sy ny fanekempihavanany manamasina no hany lalana mankany amin'ny famonjena sy ny fisandratana. Ny anarana faharoa dia manondro *antsika*: ny Olomasina, na raha lazaina amin'ny teny hafa, dia ireo vavolombelony sy mpianany.

Nianatra ny maha-zava-dehibe ny fifantohana amin'ny olona aho fony aho filohan'ny tsatoka tany Frantsa. Tany am-piandohan'ny fanompoako, dia nieritreritra ny sasany tamin'ireo tanjona sarotra tanterahina ho an'ilay tsatoka aho: ny fananganana paroasy vaovao, ny fananganana trano fivoriana vaovao, eny fa hatramin'ny fananganana tempoly iray tao amin'ny vondrom-paritray aza. Rehefa nisaorana aho enin-taona taty aoriana, dia tsy nisy tanteraka ireo tanjona ireo na dia iray aza. Mety ho toy ny hoe tsy fahombiazana tanteraka izany, kanefa nandritra ireo enin-taona ireo dia lasa niova be ny tanjoko.

Rehefa nipetraka teny an-dampihazo aho tamin'ny andro nisaorana ahy, dia heniky ny fahatsapana fankasitrahana lalina sy ny fahatontosan-javatra aho. Nijery ny endrik'ireo mpikambana an-jatony izay nanatrika aho. Afaka nahatsiaro zavatra niainana ara-panahy nifandray tamin'ny tsirairay avy tamin'izy ireo aho.

Tao ireo rahalahy sy anabavy izay niroboka tao amin'ny ranon'ny batisa, sy ireo izay nataoko sonia ny fahazoandalana voalohany hidiranan'izy ireo ny tempoly mba ahafahan'izy ireo mandray ireo ôrdônansy masin'ny tempoly, ary ireo tanora sy mpivady izay natokako na nisaorako tamin'ny nahamisiônera nanompo tamin'ny fotoana feno azy ireo. Tao ihany koa ireo maro hafa izay notompoiko rehefa nandalo fitsapana sy fahoriana teo amin'ny fiainany. Nahatsapa fitiavan-drahalahy mahery vaika ho an'ny tsirairay avy tamin'izy ireo aho. Nahatsapa fifaliana marina aho tamin'ny fanompoana azy ireo ary nifaly tamin'ny fahatokian'izy ireo tamin'ny Mpamonjy sy ny finoany Azy izay nitombo tokoa.

Nampianatra ny Filoha M. Russell Ballard hoe: "Ny manan-danja indrindra amin'ny andraikitsika ao am-piangonana dia tsy ny antontan'isa izay taterina, na ny fivoriana hatao, fa ny hoe moa ve ny olona tsirairay, izay notompoina tsirairay tahaka izay nataon'ny Mpamonjy, nahazo hery sy nahazo risi-po ary niova tamin'ny farany sa tsia."³

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, moa ve isika tena miaina araka ireo fitsipiky ny filazantsara, sa ve isika misahirana manao ireo asan'ny Fiangonana fotsiny? Ny fanalahidy dia ny manaraka ny ohatry ny Mpamonjy amin'ny zavatra rehetra. Raha manao izany isika, dia hifantoka ho azy amin'ny famonjena ny isam-batan'olona fa tsy hanatanteraka asa sy hamita ireo fandaharan'asa fotsiny.

Efa nanontany tena ve ianareo hoe mba hanao ahoana re raha mitsidika ny paroasy na ny sampana misy anareo ny Mpamonjy ny alahady ho avy izao? Hanao inona Izy? Mety hamaky loha Azy ve ny hahalala hoe nety tsara ireo fitaovana nojeren'ny maso izay nampiasaina, na nety tsara araka ny tokony ho izy ny filaharan'ny seza tao amin'ny efitrano fianarana? Sa ve Izy hitady olona azony tiavina, ampianarina, ary hotahiana? Angamba Izy hitady mpikambana vaovao na namana horaisina an-tanandroa, rahalahy marary na anabavy mila fampiononana, na tanora



iray tsy manana fijoroana ho vavolombelona mafy orina izay nila fankaherezana sy risi-po.

Iza avy ireo kilasy hotsidihan'i Jesoa? Tsy ho gaga aho raha ny ankizy ao amin'ny Kilonga no hotsidihany voalohany. Tsy maintsy hoe handohalika Izy dia hiresaka amin'izy ireo sady hifampibanjina. Hanambara ny fitiavany azy ireo Izy, hitantara tantara aminy, hidera azy ireo amin'ny sary nataony, ary hijoro ho vavolombelona momba ny Rainy any An-danitra. Ho tsotra, sy marina ary tsy misy fitaka ny fihetsiny. Afaka manao toy izany koa ve isika?

Mampanantena anareo aho fa rehefa miezaka manao izay tian'ny Tompo ataonareo ianareo, dia tsy hisy zavatra ho lasa manan-danja kokoa noho ny fitadiavana ireo olona azonareo ampiana sy tahiana. Rehefa any am-piangonana ianareo dia hifantoka amin'ny fampianarana ny isam-batan'olona sy amin'ny fikasihana ny fon'izy ireo. Ny zavatra hanahiran-tsaina anareo dia ny hanao izay hisian'ny zavatra iainana ara-panahy fa tsy ny hanomana atrik'asa lavorary, ny hanompo ireo mpikambana namanareo fa tsy ny hanisy marika ny efamira kely iray mba hilazana ny fiakaran'ny isan'ny fitsidihana nataonareo. Tsy ny momba anareo no hanahiran-tsaina anareo fa ny momba *ireo* izay antsoin-tsika hoe rahalahy sy anabavintsika.

Indraindray isika dia miresaka mikasika ny hoe *mandeha* any am-piangonana. Ny Fiangonana anefa dia mihoatra lavitra ny trano na ny toerana iray manokana. Mitovy ihany ny mahatena misy sy velona izany na any amin'ireo toerana faran'izay sahirana any amin'ireo faritra lavitra indrindra eto an-tany, na aty amin'ny foiben'ny Fiangonana aty Salt Lake City. Ny Tompo mihitsy no nilaza hoe: "Na aiza na aiza no hiangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho."⁴

Afaka mahatsapa hatrany izay tsapantsika ao amin'ny Fiangonana isika na aiza na aiza alehantsika: any am-piasana, any an-tsekoly, any ampialan-tsasatra, ary indrindra fa ao antokantranontsika. Ny maha-eo antsika sy ny hery mitaona ananantsika dia afaka



ny ho ampy hahatonga ny toerana rehefa misy antsika ho toerana masina.

Tadidiko ny resaka iray nifanaovako tamin'ny namana iray tsy mpikambana ao amin'ny Fiangonantsika. Gaga izy rehefa nahafantatra fa afaka mandray ny fisoronana izay mety ho lehilahy rehetra mendrika ao amin'ny Fiangonantsika. Dia nanontany izy hoe: "Fa misy mpihazona ny fisoronana firy ao amin'ny paroasin'ao?"

Dia namaly aho hoe: "Eo anelanelan'ny 30 ka hatramin'ny 40."

Sanganehana izy, ka dia nanohy hoe: "Iray ihany ny mpitandrina amin'ireo mpiara-mivavaka amiko. Fa nahoa-na ianareo no mila mpitandrina be dia be toy izany rehefa alahady maraina."

Noho izaho liana be tamin'ny fanontaniany, dia nahatsapa ho notaomim-panahy aho hamaly hoe: "Miombon-kevitra aminao aho. Heveriko fa tsy mila mpihazona ny fisoronana maro be toy izany izahay ao am-piangonana rehefa alahady. Fa sainy *mila* mpihazona ny fisoronana iray isan-trano izahay. Ary rehefa tsy misy mpihazona ny fisoronana ao amin'ny tokantrano iray, dia olona hafa mpihazona ny fisoronana no antsoina mba hiaro sy hanompo izany fianakaviana izany."

Tsy fandehanana mivavaka isaky ny alahady fotsiny ny anay. Mitohy isan'andro ao anatin'ny herinandro ny fitsaohanay, na aiza na aiza misy anay ary na inona na inona ataonay. Ny tokantranonay indrindra indrindra no "toerana voalohany hampiharany ny

fivavahanay."⁵ Ao an-tokantranontsika isika matetika indrindra no mivavaka, manome tsodrano, mianatra, mampianatra ny tenin' Andriamanitra, ary manompo amin'ny fitiavana madio. Afaka mijoro ho vavolombelona avy amin'ny zavatra niainako manokana aho fa ny tokantranontsika dia toerana masina izay afaka hanjakan'ny Fanahy, tahaka ny any amin'ireo toerana ôfisialy fitsaohantsika, na mihoatra izany aza indraindray.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ity Fiangonana ity no Fiangonan'i Jesoa Kristy? Ny tanjany sy ny fahavelomany dia avy amin'ny asa ataon'ireo mpianany an-tapitrisany isan'andro, izay miezaka isan'andro ny hanaraka ny ohatra tsara indrindra hasehony amin'ny alalan'ny fikarakarana ny hafa na aiza na aiza misy azy ireo. Velona i Kristy, ary mitarika ity Fiangonana ity Izy. Ny Filoha Russell M. Nelson no mpaminany izay nofidiny mba hitondra sy hitarika antsika amin'izao androntsika izao. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ireo zavatra ireo aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. 3 Nefia 26:21.
2. Jereo ny Russell M. Nelson, Fivoriana'ny mpitarika nandritra ny fihonamben'ny Fiangonana, Apr. 2012.
3. M. Russell Ballard, "O Be Wise," *Liahona*, nov. 2006, 20.
4. Matio 18:20.
5. Russell M. Nelson, "L'importance doctrinale du mariage et des enfants" (fivoriana fanofanana ny mpitarika maneran-tany, feb. 2012), broadcasts.lds.org.



Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Miomàna hihaona amin' Andriamanitra

*Ny fanatontosana ireo asa masina nampandraiketina
amim-pahamarinana sy firaisankina ary fitovian-jo dia hanomana
antsika hihaona amin' Andriamanitra.*

Raha niresaka momba ny fitokanana ny Tempolin'i Kirtland (izay natrehany) i Eliza R. Snow, dia nilaza izy hoe: “Mety azo haverina ireo fombafomba natao nandritra io fitokanana io, saingy tsy misy teny afaka mamariparitra ny zava-nitranga masina tamin'io andro manan-tantara io. Nisy anjely niseho tamin'ny olona sasany, raha toa ka nahatsapa ny fanatrehan' Andriamanitra ny rehetra nanatrika teo, ary heniky ny fifaliana tsy hay lazaina sy feno voninahitra ny fo tsirairay.”¹

Ireo fisehoana masina nitranga tao amin'ny Tempolin'i Kirtland dia fototry ny tanjon'ny Fiangonana i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny izay hanatanteraka ny famonjena sy ny fisandratan'ireo zanaky ny Raintsika any An-danitra.² Eo am-piomanantsika hihaona amin' Andriamanitra dia afaka mahafantatra ireo asa masina nampandraiketina antsika isika amin'ny alalan'ny fandinihana ny momba ireo fanalahidy masina naverina tamin'ny laoniny tao amin'ny Tempolin'i Kirtland.

Tao amin'ny vavaka fitokanana nataony dia nitalaho tamimpanetrentena tamin'ny Tompo ny

Mpaminany Joseph Smith mba “hanai-ky ity trano ity . . . izay nandidiana any haorina.”³

Herinandro taty aoriana, tamin'ny alahadin'ny Paska, dia niseho tao anatin'ny fahitana mahatalanjona ny Tompo ary nanaiky ilay tempoliny. Nitranga tamin'ny 3 aprily 1836 izany, saika ho 182 taona katroka amin'izao alahadin'ny Paska izao. Vanim-potoan'ny Paska fahizay ihany koa tamin'izay, anisan'ireo fotoana mahalana hifanindrian'ny Paska sy ny Paska fahizay. Rehefa nifarana ilay fahitana dia mpaminany fahiny anankitelo, i Mosesy sy Elià ary i Elia, no niseho sy nanome fanalahidy izay tena nilaina ho an'ny fanatanterahana ny tanjon'ny Tompo ho an'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny amin'izao fotoampitantanana izao. Io tanjona io dia nofaritana tamin'ny fomba tsotra nefa mazava hoe fanangonana an'i Isiraely sy famehezana azy ireo ho fianakaviana ary fanomanana izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian'ny Tompo fanindroany.⁴

Ny fisehoan'i Elia sy i Mosesy dia “fampitahana mahavariana . . . [amin'ny] fomban-drazana Jiosy, izay milaza

fa hiaraka ho avy any amin'ny faran'ny fotoana i Mosesy sy i Elia”⁵ Ao amin'ny fotopampianarantsika ity fisehoana ity dia nahatanteraka ny fototry ny famerenana ireo fanalahidy sasany amin'ny laoniny izay “omena . . . ho an'ny andro farany sy ho an'ny fotoana farany izay ao amin'ny fitantanany fotoam-pahafenoana.”⁶

Ny Tempolin'i Kirtland, na ny toerany izany na ny habeny, dia azo lazaina fa tsy dia fantatra loatra. Saingy raha ny lanjany lehibe ho an'ny zanak'olombelona no resahina, dia *nandrafitra ny mandrakizay izany*. Naverin'ireo mpaminany fahiny tamin'ny laoniny ireo fanalahidin'ny fisoronana hanatanterahana ireo ôrdônansin'ny famonjena mandrakizay ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Niteraka fifaliana sesehena ho an'ireo mpikambana mahatoky izany.

Ireo fanalahidy ireo dia mitondra “hery avy any ambony”⁷ hanatanterahana asa masina nampandraiketina izay mandrafitra ny tanjona fototry ny Fiangonana.⁸ Tamin'io andron'ny Paska mahafinaritra tao amin'ny Tempolin'i Kirtland io dia fanalahidy anankitelo no naverina tamin'ny laoniny:

Voalohany, niseho i Mosesy ary nanolotra ny fanalahidin'ny fanangonana an'i Isiraely avy any amin'ny vazantany efatra, izany hoe ny asa fitoriana ny filazantsara.⁹

Faharoa, niseho i Elià ary nanolotra ireo fanalahidin'ny fotoampitantanana ny filazantsaran'i Abrahama, izay ahitana ny famerenana amin'ny laoniny ny fanekempihavanan'i Abrahama.¹⁰ Nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson fa ny tanjon'ireo fanalahidin'ny fanekempihavananana dia ny hanomana ireo mpikambana ho amin'ny fanjakan' Andriamanitra. Hoy izy hoe: “Fantatsika hoe iza isika ary inona no andrasan' Andriamanitra amintsika.”¹¹

Fahatelo, niseho i Elia ary nanolotra ireo fanalahidin'ny hery famehezana amin'izao fotoampitantanana izao, izany hoe ny fanaovana tantaram-pianakaviana sy ny ôrdônansin'ny tempoly izay ahafahana manatanteraka ny famonjena ny velona sy ny maty.¹²

Eo ambany fitarihan'ny Fiadidiana

Voalohany sy ny Kôlejin'ny Roambini-fololahy, dia misy filankevitra mpanatanteraka telo ao amin'ny foiben'ny Fiangonana izay mitantana ireo asa masina nampandraiketina mifototra amin'ireo fanalahidy naverina tamin'ny laoniny tao amin'ny Tempolin'i Kirtland ireo. Izany dia ny Filankevitra mpanatanteraky ny asa fitoriana, ny Filankevitra mpanatanteraky ny fisoronana sy ny fianakaviana, ary ny Filankevitra mpanatanteraky ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana.

Aiza ho aiza izao no misy antsika amin'ny fanatanterahana ireo asa masina nampandraiketina ireo?

Voalohany, mahakasika ny famerenan'i Mosesy tamin'ny laoniny ireo fanalahidin'ny fanangonana an'i Isiraely, amin'izao fotoana izao dia misy misiônera efa ho 70.000 eo no mandeha maneran-tany mitory ny filazantsarany mba hanangonana ireo olom-boafidiny. Izany no fiantombohan'ny fahatantehanan'ny asa lehibe sy mahatalanjona hitan'i Nefia mialoha teo anivon'ny Jentilisa sy ny fianakaviamben'i Isiraely. Nahita ny androntsika i Nefia dia ny fiparitahan'ny Olomasin' Andriamanitra manerana izao tontolo izao, saingy ho vitsy an'isa izy ireo noho ny faharatsiana. Saingy hitany mialoha anefa fa "[h]ampirongoana azy ho fiadiany ny fahamarinana sy ny herin' Andriamanitra tamim-boninahitra lehibe."¹³ Rehefa jerena eo amin'ny tantara fohin'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny ny ezaka eo amin'ny asa fitoriana dia tena mahavariana mihitsy izany. Mahita ny fahatanterahan'ny fahitan'i Nefia isika. Na dia azo lazaina aza fa vitsy an'isa isika dia hanohy ny ezaka ataontsika sy hiantefa amin'ireo izay hamaly ny hafatry ny Mpamonjy isika.

Faharoa, niseho i Elià ary nanolotra ny fotoampitantanan'ny filazantsaran'i Abrahama sady nanambara fa ao amin-tsika sy ny taranatsika no hitahiana ny taranaka fara aman-dimby rehetra. Nandritra ity fihaonambe ity dia fitarihana manan-danja no natolotra mba hanohanana ny fanatanterahana ireo Olomasina ary hampiomanana azy ireo ho amin'ny fanjakan' Andriamanitra.¹⁴



Ny fanambarana tao amin'ny fivorian'ny fisoronana mikasika ireo kôlejin'ny loholona sy ny mpisorona avo dia hampipoaka ny hery sy ny fahefan'ny fisoronana. Ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, izay antsoina ankehitriny hoe "fanompoana," izay nampianarina mazava tsara nandritra ity fivoriana ity dia hanomana ireo Olomasin'ny Andro Farany hihaoana amin'Andriamanitra.

Fahatelo, nanolotra ireo fanalahidin'ny famehezana an'ity fotoampitantanana ity i Elia. Ho antsika izay mbola velona amin'izao fotoana izao dia tena mahatalanjona mihitsy ny fitombon'ny tempoly sy ny fanaovana tantaram-pianakaviana. Izao hafainganampandeha izao dia mbola hitohy sy hihafaingana mandra-pahatonga ny Fiavian'ny Mpamonjy fanindroany, raha tsy izany dia "hofongorona tanteraka ny tany manontolo amin'ny fiaviany."¹⁵

Ny asan'ny tantaram-pianakaviana, izay tahian'Andriamanitra amin'ny alalan'ny teknôlôjia, dia nitombo izaitsizy nandritra ireo taona vitsivitsy lasa izay. Tsy fahendrena ny lasa matoritory raha ny mahakasika an'ity asa masina nampandraiketina ity ka hanantena fa i Nenitoa Rasoa na ny havana mazoto hafa no hisahana izany. Mamelà ahy hizara aminareo ny teny hentitra nola-zain'ny Filoha Joseph Fielding Smith: "Voakasik'ity adidy lehibe ity avokoa ny olon-drehetra. Na ny apôstôly na ny loholona [na rahavavy] tsotra indrindra

dia takiana hanao izany. Ny anjara toerana, na ny mari-pahamendrehana, na ny fotoana ela nanompoana tato amin'ny Fiangonana dia tsy tokony hanamarina ny tsy firaharahian'ny olona iray ny famonjeny ny razambeny."¹⁶

Ankehitriny isika dia manana tempoly manerana izao tontolo izao sy ny loharano avy amin'ny kitapom-bola fanampiana amin'ny fankanesana any amin'ny tempoly mba hanampiana ireo olona sahirana izay lavitry ny tempoly.

Isika tsirairay dia tokony hanombatombana ny ezaka ataontsika amin'ny fanatontosana ny asa fitoriana, sy ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana, ary ny fiomanana hihaoana amin'Andriamanitra.

Ny fahamarinana sy ny firaisankina ary ny fitovian-jo eo anoloan' Andriamanitra dia mitondra fanorenana ho an'ireo asa masina nampandraiketina ireo

Raha mahakasika ny fahamarinana, izao fiainana izao no fotoana hiomanantsika rehetra hihaoana amin' Andriamanitra.¹⁷ Ny Bokin'i Môrmôna dia manome ohatra maro maneho ny vokatra mampalahelo rehefa tsy nahanandrina ny didin' Andriamanitra ny olona sy vondron'olona.¹⁸

Nandritra ny fiainako dia niova izaitsizy ny olana sy ny ahiahin'izao tontolo izao, manomboka amin'ireo zavatra tsisy dikany loatra ka hatramin'ireo tsy fahadiovana ara-pitondrantena goavana. Deraina mihitsy ny namborahana

sy nanamelohana ny fisian'ny tsy fahadiovam-pitondrantena tsy nifanekena.¹⁹ Izany tsy fahadiovam-pitondrantena tsy nifanekena izany dia mifanohitra amin'ny lalàn' Andriamanitra sy ny fiarahamonina. Ireo izay mahatakatra ny draftir' Andriamanitra dia tokony hanohitra ihany koa ny tsy fahadiovam-pitondrantena nifanekena, izay fahotana ihany koa. Ny fanambarana ho an'izao tontolo izao dia mampitandrina "fa ireo izay mandika ny fanekempihavanan'ny fahadiovam-pitondrantena, ireo izay mamono ny vadiny sy ny taranany [na olona hafa raha ity no resahina] . . . dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra indray andro any."²⁰

Rehefa mijery ny manodidina antsika isika dia mahita ny faharavana entin'ny faharatsiana sy ny fiankinandoha eny rehetra eny. Raha toa isika mahatsiaro tena ho voakasika manokana amin'ny fitsarana farany ataon'ny Mpamonjy amintsika, dia tokony hikatsaka ny hibe-baka. Manahy aho fa betsaka ny olona no tsy mahatsiaro ho tompon'andraikitra intsony eo anatrehan' Andriamanitra ary tsy mitodika ao amin'ny soratra masina na ny mpaminany intsony hahazoana fitarihana. Raha toa isika, amin'ny maha fiarahamonina antsika, mandinika ireo vokatra ny fahotana, dia hisy fanoherana lehibe am-pahibemaso manohitra ny pôrnôgrafia sy ny faniratsirana ny vehivavy.²¹ Araka ny voalazan'i Almà tamin'i Kôriantôna zanany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hoe: "Ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana."²²

Mahakasika ny firaisankina, dia nanambara ny Mpamonjy hoe: "Raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy."²³ Fantatsika fa avy amin'ny devoly ny fanahin'ny fifandirana.²⁴

Amin'izao androntsika izao dia lehibe loatra ny tsy firaharahiana ilay didy hoe tokony hiray hina ao amin'ny soratra masina, ary ho an'olona maro dia ny fanavakavahana saranga no hifantohana,²⁵ izay matetika mifototra amin'ny toerana misy anao eo amin'ny fiarahamonina, ny maha lahy na vavy, ny volon-koditra, ary ny harena. Any amin'ny firenena maro, ary saika na aiza



na aiza mihitsy, dia mizarazara be ny olona raha ny amin'ny tokony ho fomba fiainana. Ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo, ny hany kolontsaina arahintsika ary ampiantarintsika dia ny kolontsainan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ny firaisankina katsahintsika dia ny mba hiray amin'ny Mpamonjy sy ireo fampianarany.²⁶

Rehefa mijery ireo tanjona fototry ny Fiangonana isika dia miainga avy amin'ny **fitovian-jo eo anatrehan' Andriamanitra**²⁷ avokoa izy ireo sy amin'ny fanarahana ny kolontsain'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Raha mahakasika ny asa fitoriana, ireo fepetra fototra ho an'ny batisa dia ny fanetrentena eo anoloan' Andriamanitra ary ny fanatonana amin'ny fo torotoro sy ny fanahy manenina.²⁸ Tsy heverina akory ny fianarana natao, ny harena, ny volon-koditra, na ny firenena niaviana.

Ankoatra izany dia manompo amim-panetrentena na aiza na aiza hiantsoina azy ireo ny misiônera. Tsy mikasa hanompo araka ny fenitra napetrak'izao tontolo izao izy ireo na ho fiomanana amin'ny lalan-kasany amin'ny ho avy. Manompo amin'ny fo, sy ny hery, sy ny saina, ary ny tanjak'izy ireo manontolo izy ireo na aiza na aiza toerana handefasana azy ireo. Tsy mifidy izay ho misiônera hiara-hiasa aminy izy ireo, ary mikatsaka amim-pahazotoana ny hanana ireo toetra tahaka ny an'i Kristy,²⁹ izay ivon'ny kolontsain'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Ny soratra masina dia manome fitarihana ho an'ireo fifandraisantsika

manan-danja indrindra. Nampianatra ny Mpamonjy fa ny didy lehibe indrindra dia ny "[mitia] an'i Jehovah Andriamanitrao." Ary ny faharoa dia ny "[mitia] ny namananao tahaka ny tenanao."³⁰

Ny Mpamonjy dia nampianatra ihany koa fa ny olona rehetra dia namantsika.³¹ Nataon'ny Bokin'i Môrmôna mazava tsara fa tsy tokony hisy karazana -ita, na foko, na saranga.³² Tsy maintsy miray hina isika sy manan-jo mitovy eo anatrehan'Andriamanitra.

Miorina amin'ny fanekena izany ireo ôrdônansy masina sy ireo andraikitra avy amin' Andriamanitra. Ny zavatra andrandraiko dia ny hoe mitovy amin'ny zavatra iainako ny zavatra iainanao ao amin'ny tempoly. Rehefa tapitra ny asa fanaoko isan'andro any San Francisco, ka tonga ao amin'i Tempolin'i Oakland aho, dia hiaina fahatsapana fitiavana sy fiadanana hanenika ahy. Ny ampahany lehibe amin'izany dia ny fahatsapana fa akaiky kokoa an' Andriamanitra sy ny tanjony aho. Ireo ôrdônansin'ny famonjena no hifantohako voalohany indrindra, saingy ny ampahany lehibe amin'izany fahatsapana mahafinaritra izany dia ny fitovian-jo sy ny firaisankina izay manenika ny tempoly. Ny tsirairay dia samy mitafy akanjo fotsy. Tsy hita taratra ny harena, na ny saranga, na ny fianarana nolalovana; mpiray tampo manetry ny tenantsika eo anoloan' Andriamanitra avokoa isika rehetra.

Ao amin'ny efitra masina fanaovana famehezana dia mitovy ho an'ny rehetra ny ôrdônansin'ny fanambadiana mandrakizay. Tiako be ny hoe ny mpivady farany izay tsotra sy ny mpivady farany izay manan-katao dia miaina zavatra mitovy tsisy hafa. Mitovy ny karazana akanjo tafian'izy ireo ary mitovy ny fanekempihavanana ataon'izy ireo eo amin'ny alitara mitovy. Mitovy ihany koa ny tsodrano mandrakizain'ny fisoronana raisin'izy ireo. Izany dia tanterahina ao anatin'ny tempoly tsara tarehy iray natsangana avy tamin'ny fahafolonkaren'ny Olomasina mba ho trano masin'ny Tompo.

Ny fanatontosana ireo asa masina nampandraiketina amin'ny alalan'ny fahamarinana sy ny firaisankina ary

ny fitovian-jo eo anatrehan' Andriamanitra dia mitondra fahasambara-na sy fiadanan'ny tena manokana eto amin'ity izao tontolo izao ity ary manomana antsika ho amin'ny fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy.³³ Manomana antsika hihaona amin' Andriamanitra izany.³⁴

Mivavaka izahay, na manao ahoana na manao ahoana toe-javatra misy anao amin'izao fotoana izao, ny hifampiresahanao amin'ny evekanao ary ny mba hahatonga anao ho mendrika ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly.³⁵

Feno fankasitrahana isika fa mihabetsaka kokoa ireo mpikambana miomana hankany amin'ny tempoly. Nandritra ny taona maro dia nitombo betsaka ny isan'ny olon-dehibe mendrika hihazona fahazoan-dalana hidirana ny tempoly. Nandritra ireo roa taona lasa farany teo dia nitombo izaitsizy ny fahazoan-dalana voafetra natokana ho an'ny zatovo mendrika. Tena mazava fa tsy mbola matanjaka toy ny amin'izao ny fitambaran'ireo mpikambana mahatokin'ny Fiangonana.

Ho famaranana dia manàna fahatokiana fa ireo mpitarika zokiny ao amin'ny Fiangonana izay miahy ireo tanjona masina nampandraiketina ny Fiangonana dia mandray fanampiana avy any an-danitra. Izany fitarihana izany dia avy amin'ny Fanahy ary indraindray dia avy amin'ny Mpamonjy mivantana. Samy omena ireo karazana fitarihana ara-panahy roa ireo. Feno fankasitrahana aho noho ny nandraisako izany fanampiana izany. Saingy omena amin'ny fotoan'ny Tompo ny fitarihana, andalana anampy andalana ary fitsipika anampy fitsipika,³⁶ rehefa "misafidy tsotra izao ny hampianatra anay ny Tompo mahefa ny zava-drehetra."³⁷ Ny fitarihana ho an'ny Fiangonana manontolo dia tsy omena afa-tsy amin'ny mpaminaniny ihany.

Samy nanana tombontsoa avokoa isika rehetra hanohana ny Filoha Russell M. Nelson ho mpaminanintsika sy ho Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany nandritra ity fihaonambe ity. Ny Roambinifololahy, na izy manontolo izany na ny olona tsirairay ao aminy,

dia niaina zavatra ara-panahy tena sarobidy tokoa tamin'ny nametrahanay ny tananay teo ambonin'ny lohan'ny Filoha Nelson, ka ny Filoha Dallin H. Oaks, no mpitondra teny, ary nanendry azy sy nanokana azy ho Filohan'ny Fiangonana. Mijoro ho vavolombelona aho fa efa notendrena mialoha izy ary efa voaomana nandritra ny fiainany manontolo mba ho mpaminanin'ny Tompo amin'ny androntsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Eliza R. Snow, ao amin'ny Janiece Johnson and Jennifer Reeder, *The Witness of Women: Firsthand Experiences and Testimonies from the Restoration* (2016), 124; jereo ihany koa ny Eliza R. Snow, ao amin'ny Edward Tullidge, *The Women of Mormondom* (1877), 65.
2. Jereo ny *Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 2.2.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:4.
4. Jereo ny Russell M. Nelson, "Epistles of the Lord" (lahateny natao nandritra ny seminera ho an'ny filohan'ny misiôna vaovao, 25 jona 2015), 1-2.
5. Stephen D. Ricks, "The Appearance of Elijah and Moses in the Kirtland Temple and the Jewish Passover," *BYU Studies*, vol. 23, no. 4 (Fall 1983), 485.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:30.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:38; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:16; 84:20-21.
8. Jereo ny *Boky torolalana 2*, 2.2. Ny andraikitra fahefatra, ny mikarakara ny mahantra sy ny sahirana, dia tsy nilana fanalahidy naverina tamin'ny laoniny, saingy tena miantehitra amin'ny rafitry ny Fiangonana nentanin-panahy.
9. Ny Filankevitra mpanatanteraky ny



- asa fitoriana no mitantana ity asa masina nampandraiketina ity. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:11.
10. Ny Filankevitra mpanatanteraky ny fisoronana sy ny fianakaviana no mitantana ity asa masina nampandraiketina ity. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:12.
 11. Russell M. Nelson, "Fanekempihavanana," *Liahona*, nov. 2011, 88.
 12. Ny Filankevitra mpanatanteraky ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana no mitantana ity asa masina nampandraiketina ity. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:13-16.
 13. 1 Nefia 14:14; jereo koa ny 1 Nefia 14:5, 7, 12.
 14. Jereo ny Môsià 18:9; Almà 6:1; 32:37; jereo koa ny Jeffrey R. Holland, "Iraka avy amin'ny Fiangonana," *Liahona*, nov. 2016, 61-62, 67.
 15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:3.
 16. Joseph Fielding Smith, *Doctrines du Salut*, comp. Bruce R. McConkie (1955), 2:148-49.
 17. Jereo ny Almà 34:32.
 18. Lohahevitra miverimberina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny hoe raha toa ny olona mitandrana ireo didy dia hiroborobo eo amin'ny tany, saingy raha tsy mitandrana ireo didy izy ireo dia hoesorina tsy ho eo anatrehan'ny Tompo. Jereo ao anatin'ny maro hafa ny 2 Nefia 1:9; 4:4; Almà 9:13.
 19. Nitranga tao anatin'ny hetsika #MeToo izany.
 20. "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona*, mey 2017, 145.
 21. Jereo ny Ross Douthat, "Let's Ban Porn," *New York Times*, Feb. 11, 2018, SR11.
 22. Almà 41:10.
 23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27.
 24. Jereo ny 3 Nefia 11:29.
 25. Jereo ny David Brooks, "The Retreat to Tribalism," *New York Times*, Jan. 2, 2018, A15.
 26. Jereo ny Jaona 17:21-22.
 27. Jereo ny 2 Nefia 26:33: "Ho an' Andriamanitra dia mitovy ny rehetra," tafiditra amin'izany ny "mainty na fotsy, na andevo na olon'afaka, na lahy na vavy."
 28. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37.
 29. Jereo ny *Torio ny filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera* (2004), toka 6.
 30. Jereo ny Matio 22:36-39.
 31. Jereo ny Lioka 10:29-37.
 32. Jereo ny 4 Nefia 1:17.
 33. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.
 34. Jereo ny Almà 34:32.
 35. Ireo fanontaniana apetraka amin'ny dinidiniky ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly dia fomba tsara hanombatombanana ny hoe manao ahoana ny fiainantsika ny filazantsara.
 36. Jereo ny 2 Nefia 28:30; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:12; 128:21.
 37. Neal A. Maxwell, *All These Things Shall Give Thee Experience* (2007), 31.



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson

Ndao handroso hatrany

Ny fanirianareo hankato dia hitombo rehefa mahatsiaro sy misaintsaina ny zavatra tsapanareo nandritra izay roa andro lasa izay ianareo.

Ry rahalahy sy anabavy malalako, eto am-pamaranantsika ity fihaonambe manan-tantara ity dia miara-misaotra ny Tompo aminareo aho noho ny fitarihany sy ny fitaomampanahy avy aminy. Nahafinaritra sy nanome hery tokoa ny hira. Tsy vitan'ny hoe nanome hery ireo hafatra fa sady nampiova fiainana ihany koa!

Tao anatin'ny fivoriana masina no nanohanantsika Fiadidiana Voalohany vaovao. Lehilahy roa mahafinaritra no

nantsoina ho ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Ary Manam-pahefana Ambony Fitopololahy valo vaovao koa no nantsoina.

Ankehitriny dia hira ankamamiana iray no mamintina ny fahavononantsika nohavaozina, sy ny fanambintsika, ary ny andraikitsika mba handroso hatrany:

'Ndao handroso hatrany hanao ny asan'ny Tompo, Rahatrizay dia handray ny valisoa;



*Ny sabatra no ho fiadiana,
Ho an'ny marina.*

*Aza matahotra fahavalo;
Sahia, ny Tompo eo akaikinao.
Tsy hahoantsika izay fanenjehana,
Fa ny Tompo no hotoavina.¹*

Mamporisika anareo aho handalina matetika ireo hafatra avy amin'ity fihao-nambe ity—na dia averimberina mihitsy aza—mandritra ireo enimbolana ho avy. Tadiavo amim-pahamalinana ireo fomba hampidirana ireny hafatra ireny ao amin'ny takarivan'ny mpianakavinareo, ny fampianaranareo ny filazantsara, sy ireo resaka ataonareo amin'ny fianakaviana sy namana, eny fa na dia ireo resaka ifanaovanareo amin'ireo izay tsy iray finoana amintsika aza. Maro ireo olona tsara handray ireo fahamarinana nampianarina tamin'ity fihaonambe ity raha toa ka zaraina amim-pitiavana. Ary ny fanirianareo hankato dia hitombo rehefa mahatsiaro sy misaintsaina ny zavatra tsapanareo nandritra izay roa andro lasa izay ianareo.

Manamarika fotoam-pitarihana vaovao ity fihaonamben'ny Fiangonana ity. Nitondra fivoarana manan-danja eo amin'ny fomba hifanomboana ny Tompo. Hifanombo, ireo rahavavy sy rahalahy—lehibe sy zatovo—amin'ny fomba vaovao, fomba masina kokoa. Hohatanjahina ireo kôlejin'ny loholona entina hitahiana ny fiainan'ireo lehilahy, vehivavy ary zanaka manerana an'izao tontolo izao. Hanohy hanompo araka ny fombany miavaka sy feno fitiavana ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, ka manitatra ny fahafahana ho an'ireo rahavavy tanora mba hiaraka amin'izy ireo araka ny fanendrena voalamina.

Ny hafatsika ho an'izao tontolo izao dia tsotra sy avy amin'ny fo: manasa ny zanak' Andriamanitra rehetra ao amin'ny andaniny roa amin'ny voaly isika mba hanatona ny Mpamonjy azy ireo, handray ireo fitahian'ny tempoly masina, sy hanana fialiana maharitra, ary ho mendrika hahazo ny fiainana mandrakizay.²

Ny fisandratana any am-parany any dia mitaky ny fahatokiansika tantetraka amin'izao fotoana izao amin'ireo

fanekempihavanana ataontsika sy ireo ôrdônansy raisintsika ao amin'ny tranon'ny Tompo. Ankehitriny dia 159 ireo tempoly amperinasa ananantsika ary maro no eo an-dalam-piorenana. Te hampanakaiky kokoa ny tempoly amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana misandrahaka izahay. Koa ankehitriny dia am-pifaliana no hanambarana ny fananganana tempoly fito hafa. Ireo tempoly ireo dia ho hita ao amin'ireto toerana manaraka ireto: Salta, Argentine; Bengaluru, Inde; Managua, Nicaragua; Cagayan de Oro, Philippines; Layton, Utah; Richmond, Virginia; ary ao amin'ny tanàn-dehibe iray mbola hotapahana ao Russie.

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, mety tsy hampiova ny fiainanao ny fananganana ireo tempoly fa ny fanokananao fotoana ho ao amin'ireny tempoly kosa anefa dia hampiova izany. Mitsodrano anareo aho mba hahafantatra ireo zavatra izay azonareo ahilika mba hahazoanareo mandan'ny fotoana bebe kokoa ao amin'ny tempoly. Mitsodrano anareo aho mba hisian'ny filaminana sy fitiavana bebe kokoa ao an-tokantranonareo ary fanihana lalina kokoa mba hikarakara ireo fifandraisana misy eo amin'ny fianakaviana mandrakizainareo. Mitsodrano anareo aho mba hanananareo finoanareo bebe kokoa an'i Jesoa Kristy Tompo sy hanananareo fahafahana lehibe kokoa mba hanaraka Azy amin'ny maha-mpianany marina anareo.

Mitsodrano anareo aho mba hanandratra ny feonareo amin'ny fijoroana ho vavolombelona, tahaka izao ataoko izao, fa isika dia mirotsaka amin'ny asan'ilay Andriamanitra Mahery! I Jesoa no ilay Kristy. Ity no Fiangonany izay tarihany amin'ny alalan'ireo mpianompo voahosony. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho, miaraka amin'ny fanehoako ny fitiavako anareo tsirairay avy, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. “Ndao handroso hatrany,” *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 20.
2. Voafaritry ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7 ho ny “fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan' Andriamanitra rehetra.”

Tatitra momba ny antontan'isa ho an'ny taona 2017

Ho fampahafantarana ny mpikamban'ny Fiangonana, ny Fiadidiana Voalohany dia namoaka ireto antontan'isa manaraka ireto momba ny fivoarana sy ny toetoe try ny Fiangonana hatramin'ny 31 Desambra 2017 teo.

Rantsan'ny Fiangonana

Tsatòka	3.341
Misiôna	421
Distrika	553
Paroasy sy sampana	30.506

Isan'ny mpikamban'ny Fiangonana

Totalin'ny isan'ny mpikambana	16.118.169
Isan'ireo zaza vaovao voarakitra	106.771
Mpikambana vaovao vita batisa	233.729

Misiônera

Misiônera amin'ny fotoana feno	67.049
Misiônera mpanao asa soa ho an'ny Fiangonana	36.172

Tempoly

Tempoly notokanana tamin'ny 2017 (Paris Frantsa, Tucson Arizona, Meridian Idaho, Cedar City Utah)	4
Tempoly naverina notokanana tamin'ny 2017 (Idaho Falls Idaho)	1
Tempoly miasa tamin'ny faran'ny taona	159

Ity manaraka ity dia lisitr'ireo zavatra niainana nofantenina izay notantaraina nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.

Mpandahateny	Tantara
Reyna I. Aburto	(78) Ireo Olomasin'ny Andro Farany any Chili sy Pérou ary Mexique dia nanolotra fanampiana taorian'ny loza nitranga.
Neil L. Andersen	(24) Mamaky ireo lahatenin'ny Filoha Nelson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana taloha i Kathy Andersen, ary mivavaka izy mba hahazo antoka lalindalina kokoa ny amin'ny anjara asan'ny Filoha Nelson amin'ny maha-mpaminany azy.
M. Russell Ballard	(9) Rehefa nahita ny hakelin'ny voan-tsinapy iray tany Jerosalema i M. Russell Ballard, dia nahatsiaro ireo fampianaran'ny Mpamonjy momba ny finoana izy.
David A. Bednar	(30) Nanaraka ny fanasan'ny Filoha Thomas S. Monson mba handalina ny Bokin'i Môrmôna sy hampihatra ny fahamarinana ao aminy i Russell M. Nelson sy i Henry B. Eyring.
Jean B Bingham	(104) Ny rahavavy iray ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia nanompo ny reny tanora "very sy irery" iray. Ny rahavavy Afrikana iray dia nanompo ny rahavavy iray izay voakapoka sy voaroba. Mikarakara ny rahavavy iray izay miady amin'ny homamiadana ny mpikamban'ny paroasy iray. Miasa mba hanolorana ny zavatra ilain'ny mpiray monina aminy ireo zatovovavy.
Gérald Caussé	(111) Mialoha ny nankatoavana ny fananganana ny Tempolin'i Paris, Frantsa, dia manatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo iray ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra monisipaly. Fony izy filohan'ny tsatôka dia nifaly tamin'ny fahatokian'ireo mpikambana tao amin'ny tsatôka tamin'ny Mpamonjy sy ny finoan'izy ireo Azy izay nitombo tokoa i Gérald Caussé. Nilaza amin'ny namana iray i Gérald Caussé fa ny fianakaviana rehetra dia mila mpihazona ny fisoronana ao an-tokantrano.
D. Todd Christofferson	(55) Ny kôlejin'ny loholona iray dia nijinja ny volin'ny mpamboly iray taorian'ny nahafatesan'ny olona maro tao amin'ny fianakaviany noho ny valan'aretina gripa.
Quentin L. Cook	(114) Mitondra hafaliana amin'ny mpikambana ny fisehoana masina nitranga tamin'ny fitokanana ny Tempolin'i Kirtland. Mahatsapa fitiavana sy fiadanana ao amin'ny Tempolin'i Oakland, Californie i Quentin L. Cook.
Massimo De Feo	(81) Nolazain'ny zanak'i Massimo De Feo tamin'ny mpiara-mianatra taminy fa ny rainy no "lehiben'izao rehetra izao." Ny renin'i Massimo De Feo izay eo am-pialan'aina dia naneho fa tia azy mihoatra noho ny tenany izy.
Devin G. Durrant	(42) Ny kilalao atao iray nandritra ny takarivan'ny mpianakavy dia nanorina ny fahatokian-tenan'i Devin G. Durrant fony izy zazalahy. Maka sary eo ivelan'ny tempoly ny fianakaviana Durrant.
Larry J. Echo Hawk	(15) Ny fianakaviana Echo Hawk dia mampionona ny ray aman-drenin'ny mpamily mamo iray izay nahafaty ny rahalahy sy ny zaobavin'i Larry J. Echo Hawk.
Henry B. Eyring	(61) Ny ray aman-drenin'ny raiben'i Henry B. Eyring dia niraiki-pitia nandritra ny fiampitana lohasaha. Mahatakatra ny zavatra mety ho vitan'ny mpihazona ny fisoronana amin'ny fanompoana ny Tompo ny zatovolalahy iray. Ny mpampianatra isan-tokantrano entanim-panahy iray dia manompo ny fianakaviana iray izay tena nila fanampiana. (86) Taorian'ny nahafatesan'ny renin'i Henry B. Eyring dia mandray fampiononana avy amin'ny Fanahy Masina ny rainy.
Taylor G. Godoy	(34) Ny fahafatesan'ny zanakalahin'ny namany iray dia nandrisika an'i Taylor G. Godoy mba hampiasa ny "andro iray sisa" tsirairay eo amin'ny fiainana amim-pahendrena. Ny rahavavy ao Pérou iray dia nandray ny fanekehampihanany tamim-pahamatorana tanteraka taorian'ny fahafoizan-tena nataony mba hankanesana any amin'ny tempoly. Naniry ny ho lasa ilay mpianatra mahay indrindra i Taylor G. Godoy taorian'ny fahafoizan-tena nataon'ny reniny mba hahafahany mandrato ny fianarana ho mpitsabo nify.
Gerrit W. Gong	(97) Nitantara tantara ho an'ireo zananilahy sy nihira ho azy ireo mba hatorian'izy ireo i Gerrit W. Gong.
Jeffrey R. Holland	(101) Ny rahalahy iray izay lasa marary ny vadiny dia niantso avy hatrany ny mpampianatra isan-tokantrany mba hahazo fanampiana.
Douglas D. Holmes	(50) Ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna dia mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo amin'ireo namany. Mianatra ny dikan'ny hoe "manana ny fahafana avy amin'i Jesoa Kristy" ireo zatovolalahy ao amin'ny kôlejin'ny mpisorona iray.
Russell M. Nelson	(68) Tsy tena nanome tsodrano ho an'ireo olona ao amin'ny fianakaviany na ireo rahavavy mahazo antso vaovao ireo mpihazona fisoronana. Nanampy ny lehilahy iray hiverina ao amin'ny Fiangonana i Russell M. Nelson. (93) Fony izy zazalahy dia tia mianatra momba ny filazantsara sy sondriana ny hofehiezina amin'ny fianakaviany i Russell M. Nelson. Natonton'i Russell M. Nelson ho vaky teo amin'ny tany ny tavoahangy rehetra nisy zava-pisotro misy alikaola satria naniry izy ny hiainan'ny ray aman-dreniny ny Tenin'ny Fahendrena.
Dallin H. Oaks	(65) Ny filohan'ny kôlejin'ny loholona iray dia nanoro hevitra ny mpikambana iray ao amin'ny kôlejiny mba tsy hanajanona ny fianarany.
Bonnie L. Oscarson	(36) Fony izy zatovovavy dia nangatahana mba hanatanteraka andraikitra sy antso izay ataon'olondhebe raha ny tokony ho izy i Bonnie L. Oscarson.
Dale G. Renlund	(46) Ny fitiavan'i Parley sy Orson Pratt ny razamben'izy ireo no nanampy azy ireo handravona ny tsy fifankahazoana teo amin'izy ireo. Ireo fitahian'ny tempoly dia nanampy tamin'ny fanasitranana ny fianakaviana iray izay nafindra ny fon'ny zanak'izy ireo efa nodimandry.
Lynn G. Robbins	(21) Ny profesoran'i Lynn G. Robbins iray tany amin'ny oniversite dia namporisika ny mpianatra handray ny tsy fahombiazana ho mpampianatra ary tsy hilavo lefona hatrany.
Ulisses Soares	(98) Nahazo visa i Ulisses Soares sy ny vadiny taorian'ny nanehoana finoana fa ny Tompo dia hanatanteraka fahagagana ho azy ireo.
Gary E. Stevenson	(17) Nahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ireo mpaminany nifanasy i Gary E. Stevenson taorian'ny nahafatesan'ny Filoha David O. McKay. Ny mpianany taloha iray dia nidera ny fomba fampianaran'ny Dr. Russell M. Nelson.
Brian K. Taylor	(12) Nahatsiaro ireo mpampianatra azy feno faharetana tao amin'ny Kilonga i Brian K. Taylor. Taorian'ny lozam-piarakodia iray nitranga noho ny tenany, dia nahita fiadanana ny zatovovavy iray amin'ny fahafantarana fa zanakavavin' Andriamanitra izy.
Taniela B. Wakolo	(39) Rehefa niangona tao amin'ny fiangonana nandritra ny 39 taona ny lehilahy iray dia natao batisa sy nofehezina tamin'ny vadiny tao amin'ny tempoly taty aoriana.
Larry Y. Wilson	(75) Tamin'ny alalan'ny fanarahana ny bitsiky ny Fanahy, ny mpitondra fivavahana OAF iray dia nanampy tamin'ny famonjena ny sambo fitaterana iray ary ny ekipa tao amin'izany nandritra ny rivo-doza iray.
Claudio D. Zivic	(83) "Mahareta, dia handresy ianao," hoy ny Filoha Thomas S. Monson tamin'i Claudio D. Zivic sy ny vadiny. Ny fitresahana nisy tao amin'ny kayak an'i Claudio D. Zivic dia nahatonga izany ho sarotra nofehezina.



Loholona Gerrit W. Gong

Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

“Amin’izao Sabatan’ny Paska izao dia mihira amim-pifaliana hoe, Aleloia, aho” hoy ny Loholona Gerrit W. Gong tao anatin’ny lahateniny nandritra ny fihaonamben’ny Fianganana maneran-tany izay voalohany amin’ny maha-mpikambana azy ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo. “Ny hiran’ny fitiavana manavotr’ily Mpamonjy antsika nitsangana tamin’ny maty dia mankalaza ny lamin’ireo fanekempihavanana . . . sy ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy.”

Nifaly nandritra ny androm-piainany tao anatin’izany lami-na izany ny Loholona Gong. Fantany fa ny herin’ireo fanekempihavanana miaraka amin’ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy dia, “manome [antsika] hery ahafahantsika mahavita zavatra sy mahatonga [antsika] ho olom-banona.” “Izy ireo miaraka dia mampalefaka, miaro, manamasina, ary manavotra,” hoy izy.

Indray andro nandritra ny fanambadiana iray natao tany amin’ny tempoly, dia hita taratra teny amin’ireo fitaratry ny tempoly ny herin’ireo fanekempihavanana niaraka tamin’ny Sorompanavotana. Nalainy sary an-tsaina ireo taranaky ny fianakaviany mitohy hatrany amin’ny mandrakizay, nanomboka tamin’ny havany tany aloha be tany izay fanta-daza, dia i First Dragon Gong, teraka tamin’ny taona 837 Talohan’i Kristy, mandalo an’ireo taranaka miisa 36 hatraty amin’ny zafikeliny ary mitohitohy foana, amin’ny any aoriana sy ny aty aloha.

“Nanomboka nahatakatra aho fa izahay mivady dia zanaka ho an’ireo ray aman-dreninay, no ray aman-dreny ho an’ireo zanakay ary sady zafikely ho an’ny raibe sy renibenay no raibe sy renibe ho an’ireo zafikelinay,” hoy izy. “Mirotsaka amintsika tsikelikely ireo lesona lehiben’ny fiainana rehefa mianatra sy mampianatra isika ao anatin’ny anjara asantsika mandrakizay izay ahitana ny maha-zanaka sy ray aman-dreny antsika ary ny maha-ray aman-dreny sy zanaka.”

Fitopololahy Manampahefana ambony ny Loholona Gong nanomboka tamin’ny aprily 2010 ary mpikambana tao amin’ny Fiadidian’ny Fitopololahy nanomboka tamin’ny ôktôbra 2015. Notohanana ho mpikambana ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo izy tamin’ny 31 martsa 2018, izay nofaritany ho toy ny “antso masina avy amin’ny Tompo izay nampihanahana azy.”

Nanomboka tamin’ny 2011 ka hatramin’ny 2015, dia mpi-kambana tao amin’ny Fiadidian’ny Vondrom-paritr’i Azia ny Loholona Gong ka lasa Filohan’ny Vondrom-paritra no niafara-n’izany fanompoana tao izany. Izy dia efa misiônera nanompo tamin’ny fotoana feno tany amin’ny misiônan’i Taipei Taiwan, mpanolotsaina avo, mpitarika ny vondron’ny mpisorona avo, filohan’ny Sekoly Alahady tao amin’ny tsatôka, mpampianatra seminera, eveka, filohan’ny misiônan’ny tsatôka, filohan’ny tsatôka, ary Fitopololahin’ny Vondrom-paritra.

Nahazo mari-pahaizana licence en études asiatiques sy en études universitaires avy tao amin’ny Brigham Young University tamin’ny 1977 ny Loholona Gong. Nahazo mari-pahaizana maîtrise en philosophie izy tamin’ny 1979 ary tamin’ny 1981 dia nahazo doctorat en relations internationales avy tao amin’ny Oxford University, ka mpianatra nahazo vatsim-pianarana avy tamin’ny Fikambanana Rhodes izy tao. Mpanampin’ny sekreteram-panjakana lefitry ny Ministeran’ny Raharaham-bahinin’i Etazonia ny Loholona Gong tamin’ny 1985 ary mpanampy manokana ny masoivohon’i Etazonia tany Beijing, Chine tamin’ny 1987. Nanomboka tamin’ny 1989, dia nihazona toerana maro tao amin’ny Center for Strategic and International Studies tao Washington, D.C izy. Mpanampy ny filoha teo amin’ny lafin’ny fanaovana drafitra sy fanombantombanana tao amin’ny Brigham Young University hatramin’ny aprily 2010 izy.

Nifindra monina avy tany Chine nankany Etazonia ny raibe sy ny reniben’ny Loholona Gong. Ny Loholona Gong dia teraka tao Redwood City, Californie, Etazonia, tamin’ny taona 1953. Nanambady an’i Susan Lindsay tamin’ny Janoary 1980 izy ary manan-janaka efatra sy zafikely telo izy ireo.

“Izay rehetra mendrika sy mandrakizay dia mifototra amin’ny tena maha-misy marina an’ Andriamanitra ilay Raintsika

mandrakizay sy i Jesoa Kristy Zanany sy ny Sorompanavotany, izay ijoroan’ny Fanahy Masina ho vavolombelona,” hoy ny Loholona Gong tamin’ity fihaonambe ity. “Mijoro ho vavolombelona amimpanajana sy amin’ny fomba masina ny amin’i Kristy velona aho. Niaraka tamintsika tany am-piandohana Izy ary miaraka amintsika hatramin’ny farany.” ■





Loholona Ulisses Soares

Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Mariky ny fitiavan' Andriamanitra ny zanany ireo mpaminany velona, tafiditra ao anatin'izany ny Filoha Russell M. Nelson, hoy ny Loholona Ulisses Soares raha nijoro ho vavolombelona tao anatin'ny lahateniny nandritra ny fihao-namben'ny Fiangonana maneran-tany izay voalohany amin'ny maha-mpikambana azy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

“Moa ve tsy fitahiana ny fananana mpaminany sy mpahita ary mpanambara eto an-tany amin'izao andro iainantsika izao, izay mikatsaka ny hahafantatra ny sitrapon'ny Tompo ary hanaraka izany? Mampahery ny mahafantatra fa tsy irery isika eto amin'izao tontolo izao na dia eo aza ireo olana atrehantsika eo amin'ny fiainana.”

Na dia nahatsapa ho tsy ampy fahaizana aza aho teo anatrehan'ity antso masina ity, hoy ny Loholona Soares dia “nahatonga ahy hahatsapa ho fenon'ny fitiavan'ny Mpamonjy ny tenin'ny Filoha Nelson sy ny ficeriny feno hatsaram-panahy teny amin'ny masony, rehefa nanolotra ahy ity andraikitra ity izy.”

Rehefa notohanana ny Loholona Soares tamin'ny 31 martsa 2018, dia izy no lasa Apôstôlin'ny Fiangonana voalohany avy any Amerika Latina. Talohan'ny antsony, dia mpikambana tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololaha izy nanomboka tamin'ny 6 janoary 2013, ary nanombo tao anatina andraikitra manokana ho an'ny Episkôpà Mpiahy ao Salt Lake City.

Ny Loholona Soares dia nantsoina ho Fitopololaha Manam-pahefana Ambony tamin'ny 02 aprily 2005. Tao anatin'izany dia efa mpanolotsaina tany amin'ny Vondrom-paritra Afrika Atsimo Atsinanana sy tany amin'ireo Vondrom-paritra Brésil Atsimo izy ary efa Filohan'ny Vondrom-paritra Brésil.

Efa nanombo tao anatin'ny antso maro tao amin'ny Fiangonana ny Loholona Soares. Izy dia efa misiônera nanombo tamin'ny fotoana feno tany amin'ny Misiônan'i Rio de Janeiro Brésil, filohan'ny kôlejin'ny loholona, mpanolotsaina tao amin'ny episkôpà, mpanolotsaina avo, mpitantsoratra mpanatanteraka teo anivon'ny tsatôka, tompon'andraikitra misahana ny fifanampiana teo anivon'ny faritra, filohan'ny tsatôka, ary filohan'ny Misiônan'i Porto Portugal nanomboka tamin'ny 2000 ka hatramin'ny 2003.

Ny iray amin'ireo antsony tena manan-danja dia tonga teo aminy tamin'ny faha-15 taonany rehefa nangatahin'ny evakany mba hampianatra mandritra ny fotoana tsy maharitra

ny kilasin'ny Sekoly Alahady ho an'ny zatovo izy. Raha teo am-panomanana lesona iray mikasika ny fomba hahazoa-na fijoroana ho vavolombelona ny tovolahy kely Ulisses dia nanapa-kevitra ny hivavaka mba hangataka fanamafisana mikasika ny fahamarinan'ny filazantsara izy.

“Rehefa nandohalika aho sy nangataka tamin'ny Tompo raha marina ny filazantsara,” hoy izy nitantara, “dia nisy fahatsapana tena malefaka tonga tao am-poko, feo kely iray izay nanamafy tamiko fa tokony hanohy ny lalana ao anatin'izany aho. Tena nahery vaika izany ka tsy ho afaka nilaza hoe tsy nahafantatra velively aho.”

Tamin'ny 1985 dia nahazo mari-pahaizana licence en comptabilité sy en économie avy tao amin'ny School of Economic Science tao São Paulo Pontifical Catholic University izy. Taorian'ny nahazoany mari-pahaizana maîtrise en gestion d'entreprise, dia niasa ka efa mpitana bokim-bola sy mpanamarim-bola tao amin'ny fikambanan'orinasa iraisan'ny firenena maro tao Brésil izy ary talen'ny raharaha ara-nofa tao amin'ny biraon'ny vondrom-paritr'i São Paulo izay an'ny Fiangonana.

Teraka tany São Paulo, Brésil ny Loholona Soares tamin'ny 2 ôktôbra 1958. Nanambady an'i Rosana Fernandes izy tamin'ny ôktôbra 1982. Tao anatin'ny lahateniny nandritra ny fihao-namben'ny Fiangonana maneran-tany dia nankasitraka ny vadiny ny Loholona Soares noho ny fitiavany sy ny fanohanany.

“Ohatra eo amin'ny hatsaran-toetra sy ny fitiavana ary ny fanolorantena tanteraka amin'ny Tompo sy amiko ary amin'ny fianakaviako izy,” tafiditra ao anatin'izany ny zanak'izy mivady anankitelo ary ireo zafikeliny anankitelo, hoy izy tao anatin'ny lahateny nataony tamin'ny fihao-nambe. “Tiako amin'ny foko rehetra izy ary feno fankasitrahana aho noho ny fitarihana tsara entiny eo aminay.” ■





Loholona Carl B. Cook

Fiadidian'ny Fitopololahy

Ny Loholona Carl B. Cook dia mino fa ny tombontsoa aha-fahana manompo dia iray amin'ireo fitahiana lehibe amin'ny maha-mpikambana ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Kanefa manaiky izy fa mitaky finoana ny fanekena sy ny fanandrianana ny antso.

Ny Loholona Cook, izay notohanana ho mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy tamin'ny 31 martsa 2018, dia mampitovy ireo mpikamban'ny Fiangonana, izay miaramanompo any amin'ireo sampana sy paroasy, kôlejy, ary ireo vondrona fanampiny, amin'ny “nifinkodia mifandray” (engrenage composée) ao amin'ny fiara iray, izay mamoka tanjaka bebe kokoa.

Ny nifinkodia mifandray ao amin'ny fiara tsy mataho-dalana dia “mamela anao hampidina ny vitesse sy hamokatra angovo bebe kokoa ary hihetsika,” hoy izy nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny ôktôbra 2016. “Tahaka ireo nifinkodia izay mitambatra ka mamokatra angovo bebe kokoa rehefa mifandray, no ananantsika hery bebe kokoa rehefa miaramiasa isika. Rehefa miray hina isika mba hifanompo, dia mahavita betsaka kokoa isika rehefa miaraka noho izay mety ho vitantsika samirery. Mampiantam-po ny manolo-tena sy miray hina rehefa manompo sy manampy ao amin'ny asan'ny Tompo isika.”

Ny Loholona Cook dia notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 02 aprily 2011. Talohan'ny andraikitra vaovao nomena azy, dia nanompo tao amin'ny Foiben'ny Fiangonana ny Loholona Cook, ka nanampy tamin'ny fiandraiketana ny Vondrom-paritra Andrefan'i Amerika Avaratra izy tao, ankoatra ireo andraikitra hafa. Filohan'ny Vondrom-paritra Afrika Atsimo Atsinanana izy teo aloha.

Namporisika ireo Olomasin'ny Andro Farany ny Loholona Cook mba hahatsiaro fa ireo antso ao amin'ny Fiangonana dia avy amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ireo mpanompony voatendry.

Ny Loholona Cook dia nahazo mari-pahaizana licence en lettres avy amin'ny Weber State College ao Utah ary mari-pahaizana maîtrise momba ny gestion d'entreprise avy amin'ny Utah State University. Talohan'ny niantsoana azy ho Fitopololahy dia niasa tamin'ny orinasa mpivarotra tany efa misy trano vaovao izy.

Ireto avy ireo antson'ny Loholona Cook: misiônera manompo amin'ny fotoana feno tany Hamburg, Allemagne, eveka, filohan'ny tsatôka, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, ary filohan'ny Misiônan'i Auckland Nouvelle Zélande.

Teraka tao Ogden, Utah, Etazonia, tamin'ny 15 ôktôbra 1957 izy. Nanambady an'i Lynette Hansen izy tamin'ny desambra 1979. Manan-janaka dimy izy ireo. ■



Loholona Robert C. Gay

Fiadidian'ny Fitopololahy

Tamin'ny Loholona Robert C. Gay filohan'ny misiôna tany Ghana, dia nanana fahatsapana izy fa tokony hijanona ary hanampy ankizilahy iray nitomany. Tsy niraharaha ilay zavatra tsapany izy tamin'ny voalohany saingy taty aoriana dia naniraka mpikamban'ny Fiangonana anankiray mba hitady sy mba hitondra ilay ankizilahy any aminy izy.

Nahafantatra ny Loholona Gay, izay notohanana ho mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy tamin'ny 31 martsa 2018, fa nivarotra trondro maina ho an'ilay mpikarakara azy ilay ankizilahy. Tamin'io andro io dia very tamin'ny alalan'ny lavaka tamin'ny paosiny ny vola azony.

“Raha toa ka hiverina hody tsy nitondra vola izy, dia holazaina fa mpandainga, ary mety hokapohina mihitsy aza, ary avy eo dia horoahina ho eny amin'ny arabe,” hoy ny Loholona Gay. “Nampitonianay izy, ary nomenay vola mba hanoloana ireo vola izay very, ary naterinay tany amin'ilay mpikarakara azy.”

Araka ny fanazavany nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny ôktôbra 2012, dia nampianatra fahamarinana roa lehibe an'ny Loholona Gay izany zavatra niainana izany: “Ny voalohany dia nahafantatra aho, mihoatra noho ny teo aloha fa mahatsiaro antsika tsirairay Andriamanitra ary tsy mba handao antsika na oviana na oviana; ary ny faharoa dia nahafantatra aho hoe tokony hihaino lalandava ny feon' ny Fanahy ao anatintsika isika ary mandeha, avy hatrany, na aiza na aiza hitarihan'izany antsika, na dia eo aza ny tahotsika na ny zavatra hafa mety hanakana.”

Ny Loholona Gay dia notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 31 martsa 2012. Tamin'ny fotoana niantsoana azy ho ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy dia Filohan'ny Vondrom-paritra Azia Avaratra izy. Nanompo tany amin'ny foiben'ny Fiangonana izy teo aloha ka filohan'ny kômity misahana ny sampan-draharaha misahana ny fizakan-tena sy ny Kitapom-bola Maharitra ho an'ny Fianarana, ary nanana andraikitra sahanina tao amin'ireo sampan-draharahan'ny fizakan-tena maneran-tany.

Ny Loholona Gay dia efa misiônera nanompo tamin'ny fotoana feno tany Espagne, mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo, filohan'ny paroasin'ny Zatovolahy, mpanolotsaina avo, mpanolotsaina tao amin'ny episkôpà ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra.

Teraka tany Los Angeles, Californie, Etazonia, tamin'ny 1 septambra 1951 izy. Nanambady an'i Lynette Nielsen tamin'ny aprily 1974 izy. Manan-janaka fito izy ireo. ■



Loholona Terence M. Vinson

Fiadidian'ny Fitopololahy

Ny Loholona Terence M. Vinson dia mino fa tsy lavitra velively ny Mpamonjy. “Eo akaiky eo foana Izy, indrindra ao amin’ireo toerana masina sy amin’ny fotoana ilàna Azy,” hoy izy nijoro ho vavolombelona nandritra ny fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany tamin’ny ôktôbra 2013. “Indraindray amin’ny fotoana tena tsy ampoiziko indrindra, toa mahatsapa aho hoe mikapoka mora eo amin’ny soroko Izy hampahafantarana ahy hoe tiany aho.”

Indray mandeha raha nandeha an-tongotra niaraka tamin’ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo ny Loholona Vinson dia nosakambinin’ny Loholona Holland ny Loholona Vinson ary nilaza taminy hoe tiany izy. Hoy ny Loholona Vinson hoe: “Mino aho fa raha toa isika afaka manana tombontsoa hiaraka hamindra ara-bakiteny amin’ny Mpamonjy dia hahatsapa ny sandriny isika hisakambina antsika tsy misy hafa amin’izany.

Nilaza ny Loholona Vinson, izay notohanana ho mpikambana ao amin’ny Fiadidian’ny Fitopololahy tamin’ny 31 martsa 2018 fa ny fitiavan’ Andriamanitra “no fahatsapana tena mamy indrindra.”

Ny Loholona Vinson izay handray ny antso vaovao amin’ny 1 aogôsitra 2018, dia notohanana ho Fitopololahy Manampahafana Ambony tamin’ny 6 aprily 2013. Tamin’izany fotoana izany dia mpikambana tao amin’ny Kôlejy Fahavalo ao amin’ny Fitopololahy tao amin’ny Vondrom-paritra Pasifika izy. Filohan’ny Vondrom-paritra Afrika Andrefana izy amin’izao fotoana izao.

Raha teo am-panadihadiana mikasika ny Fiangonana ny Loholona Vinson fony izy tanora, dia nandray fahatsapana ara-panahy mahery vaika izy. Nanana fahatsapana mazava tsara izy fa tokony hiditra ho mpikamban’ny Fiangonana mba hahafahany mivoatra sy mahita ny valin’ireo fanontaniana mbola tsy voavaly. Natao batisa sy noraisina ho mpikambana izy herinandro taorian’izay.

Nanomboka tamin’izay dia, “fantatro ny zavatra andrasan’ny Tompo mba hataoko ary hitako fa voavaly daholo ireo fanontaniako.”

Hatramin’ny batisany tamin’ny 1974, ny Loholona Vinson dia efa mpanolotsaina tao amin’ny episkôpà, eveka, mpanolotsaina avo, mpanolotsaina tao amin’ny fiadidian’ny tsatôka, solontenan’ny faritra, mpanolotsaina tao amin’ny fiadidian’ny misiôna, mpanatanteraka ôrdônansy tany amin’ny tempoly ary Fitopololahin’ny Vondrom-paritra.

Teraka tany Sydney, Australie izy tamin’ny 12 martsa 1951. Nanambady an’i Kay Anne Carden izy tamin’ny mey 1974. Manan-janaka enina izy ireo. ■



Loholona José A. Teixeira

Fiadidian’ny Fitopololahy

Nitantara lesona nianarany anankiray fony izy ankizilahy tany Portugal ny Loholona José A. Teixeira. Nandritra ny fivoriam-pianakaviana iray dia lasa nitsoriaka nanjono izy. Tsapany fa tokony hiteny amin’ny ray aman-dreniny izay halehany izy, kanefa nanapa-kevitra izy ny tsy hiteny izany satria mbola variana niresaka izy ireo.

Ora maro taty aoriana dia hitan’ireo ray aman-dreniny feno tebiteby teo amoron’ny ony iray. Nianatra izy tamin’ny alalan’izay zavatra nianarana izay fa tsy hoe ny ray aman-dreny ihany no tokony hankatoavina fa ny bitsiky ny Fanahy Masina koa.

Nanomboka tamin’izay dia nizatra nanaraka ilay feo tony sy malefaka ny Loholona Teixeira. Tamin’ny taona 1976 no nanken’izy ireo ny filazantsara, taorian’ny nisokafan’ny fanaovana asa fitoriana tany Portugal. Natao batisa izy tamin’ny faha-16 taonany ary taty aoriana dia lasa misiônera tao amin’ny Misiônan’i Lisbonne Portugal.

“Ireo safidy ataontsika dia manana hery tsy azo lavina izay manova ny fiainantsika,” hoy ny Loholona Teixeira, izay notohanana ho mpikambana ao amin’ny Fiadidian’ny Fitopololahy tamin’ny 31 martsa 2018. Nampianatra izy nandritra ny fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany tamin’ny volana aprily 2009 hoe: “Io fanomezana io dia marika tena miavaka ny fahatokiana antsika sady andraikitra sarobidy an’ny tena manokana mba ho ampiasaina amim-pahendrena.”

Ny Loholona Teixeira dia manana mari-pahaizana momba ny comptabilité sy ny gestion des affaires ary niasa ho an’ny Fiangonana izy ka mpanamarina ny fampiasam-bola maneran-tany ny asany. Nanompo tao amin’ny tafika ana habakabaka Pôrtôgey koa izy tao anatin’ny vondrona irain’ny OTAN. Nandritra izany fotoana izany dia voantso ho talen’ny fifandraisana amin’ny any ivelany an’ny firenena ho an’ny Fiangonana izy. Fotoana fohy taorian’izay dia nahita ny vadiny izy, dia i Maria Filomena Lopes Teles Grilo izany. Nivady tany amin’ny Tempolin’i Berne Suisse izy ireo tamin’ny 1984 ary manan-janaka telo.

I José Augusto Teixeira da Silva dia teraka tany Vila Real, Portugal, tamin’ny 24 febroary 1961. Izy dia efa mpanolotsaina tao amin’ny episkôpà, filohan’ny distrika, filohan’ny tsatôka, Fitopololahin’ny Vondrom-paritra ary filohan’ny Misiônan’i São Paulo Atsimo Brésil. Notohanana ho Fitopololahy Manampahafana Ambony tamin’ny 5 aprily 2008 izy. Amin’izao fotoana izao izy dia Filohan’ny Vondrom-paritra Atsimon’i Amerika Atsimo ary hanomboka ny asa fanompoany ao amin’ny Fiadidian’ny Fitopololahy amin’ny 1 aogôsitra 2018. ■



Loholona Carlos A. Godoy

Fiadidian'ny Fitopololahy

Vao nisaorana tamin'ny naha-eveka azy ny Loholona Carlos A. Godoy tamin'ny faramparan'ny taona 80. Nahazo mari-pahaizana avy amin'ny sekolim-pampianarana ambony koa izy sy niasa tany amin'ny orinasa niroborobo iray ary nieritreritra fa milamina ny fiainana, mandra-pamangin'ny namana iray taloha azy.

Niarahaba azy noho ny fahombiazany io namana io saingy nametraka fanontaniana iray avy eo izay nampikorontan-tsaina azy: “Raha manohy miaina araka izao fiainanao izao ianao, moa ve ho tanteraka ireo fitahiana nampanantenaina ao anatin'ny tsodranon'ny patriarika nomena anao?”

Nahatsapa ny Loholona Godoy fa mila manao fanovana izy raha te hahazo ireo fitahiana nampanantenaina. Na dia teo aza ny fahafahampony dia nanapa-kevitra ny haka ny mari-pahaizana maîtrise izy. Niala tamin'ny asany izy, namidiny ny fananany rehetra ary nandao an'i Brésil izay toerana nahazatra niaraka tamin'ny fianakaviany izy mba hianatra any Etazonia.

Ny Loholona Godoy, izay nantsoina ho ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy tamin'ny 31 martsa 2018, dia nilaza fa io zavatra niainany io dia nampianatra be dia be azy mikasika ny fahatokiana ny drafitry ny Tompo sy ny fahavononana handao an'ilay fiainana nampiadana azy.

Ny Loholona Godoy dia notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 5 aprily 2008. Amin'izao fotoana izao izy dia Filohan'ny Vondrom-paritra Avaratra Atsinanan'i Amerika Atsimo ary hanomboka ny asa fanompoany ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy amin'ny 1 aogôsitra 2018.

Talohan'ny antsony tao amin'ny Fitopololahy, dia mpi-tantana ny sampana misahana ny mahasoana ny mpiasa sy ny fampidirana mpiasa tao amin'ny orinasa lehibe anankiroa ny Loholona Godoy nialoha ny nanokafanany ny orinasa mpanorohevitra izay azy manokana. Nahazo mari-pahaizana licence en économie sy en science politique avy tao amin'ny São Paulo Pontifical Catholic University izy tamin'ny 1987 ary mari-pahaizana maîtrise en comportement organisationnel avy tao amin'ny Brigham Young University izy tamin'ny 1994.

Ny Loholona Godoy dia efa misiônera manompo amin'ny fotoana feno tany amin'ny Misiônan'i São Paulo Atsimo Brésil, eveka, mpanolotsaina avo, tompon'andraikitra misahana ny fifanampiana teo anivon'ny faritra, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, ary filohan'ny Misiônan'i Belém Brésil.

Teraka tany Porto Alegre, Brésil izy tamin'ny 4 febroary 1961. Nanambady an'i Mônica Soares Brandao izy tamin'ny martsa 1984, ary manan-janaka efatra izy ireo. ■



Loholona Steven R. Bangerter

Fitopololahy Manampahefana Ambony

Nandritra ny fanaovana dia mba hilasy tao anatin'ny fahazazany, dia nitaingina bisikileta naloto hatreny amin'ny tampon'ny tendrombohitra ny Loholona Steven R. Bangerter sy ny fianakaviany. Rehefa nidina dia very izy ary tafasaraka tamin'ny hafa.

Raha nandohalika izy tamin'izany tolaandro izany, nanga-taka fanampiana tamin'ny Rainy any An-danitra, dia hitany tao an-tsainy ilay lalana tsy hitany. Raha iny izy hanomboka hidi-na iny, dia “tonga teny an-tampon'ilay lalana tamin'ny môtô-sikiletany ny rahalahiko, ary namihina ahy sy nitarika ahy tao anatin'ny haizina mba hiverina any amin'ny toeram-pilasiana, izay lalana adiny iray.”

Izany zava-nitranga izany dia iray fotsiny amin'ireo zavatra maro izay nahatsapany ho tiana nandritra ny fahazazany. “Tsy nisy velively fotoana iray teo amin'ny fiainako izay nanontania-ko tena raha toa aho ka misy mitia na misy mikarakara,” hoy ny Loholona Bangerter.

Ny Loholona Bangerter dia naterak'i Max E. sy i Thelma R. Bangerter tany Salt Lake City, Utah, Etazonia tamin'i 29 jolay 1961. Lehibe tao Granger, Utah izy.

Herinandro maromaro taorian'ny niverenany, rehefa avy nanompo tany amin'ny Misiônan'i Vancouver Kanadà, dia nahita an'i Susann Alexis Hughes ny Loholona Bangerter. Tamin'ny fotoana voalohany nampiarahan'izy ireo, dia tsapany tao anatin'i Susann Alexis Hughes ilay faniriany feno fane-trentena hanompo, izay nanosika azy hangataka azy ho vady tamin'ny fotoana faharoa nampiarahan'izy ireo. Nofehezina tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy ireo tamin'ny 17 martsa 1983. Manan-janaka enin-dahy izy ireo.

Nahazo mari-pahaizana licence en études religieuses avy tao amin'ny Arizona State University ny Loholona Bangerter ary mari-pahaizana doctorat avy tao amin'ny Western State University College of Law. Nandritra ny 25 taona lasa izay dia nisolo tena ireo fiangonana sy ireo fikambanana mifoto-tra amin'ny finoana eo amin'ny fampiharana ny lalàna tany Californie Atsimo sy Utah atsimo izy. Mpiara-miombon'antoka tao amin'ny orinasa Cooksey, Toolen, Gage, Duffy, and Woog izy nanomboka tamin'ny 1993 ka hatramin'ny 2003 ary lasa mpiara-miombon'antoka misahana ny fitantanana tao amin'ny Bangerter, Frazier, and Graff tamin'ny 2004.

Ny Loholona Bangerter dia efa Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, filohan'ny tsatòka, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, eveka, filohan'ny kôlejin'ny loholona ary filohan'ny Zatovolahy teo anivon'ny paroasy. ■



Loholona Matthew L. Carpenter

Fitopololahy Manampahefana Ambony

Tsaroan'ny Loholona Matthew L. Carpenter ny fotoana voalohany nahafantarany fa nahatsapa ny Fanahy Masina izy. Ankizilahy teo amin'ny fito taona teo izy tamin'izay, nipe-traka tao amin'ny kilasin'ny ankizy kely manana ny sokajin-taonan'ny Fidio ny Tsara tao amin'ny Kilonga. Nisy hazavana tonga tao anatin'ny efitrano ary nahatsapa hafanana anaty izay tsy tsapany teo aloha izy.

“Nahatsapa fiontanam-po aho, tsy noho ny fahatsapako hafanana akory izany,” hoy izy. “Fantatro fa misy Andriamantitra. Tsapako ilay izy.”

Tamin'izy 11 taona dia nanatrika fivoriana iray nandritra ny ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tao amin'ny Tabernakelin'i Salt Lake niaraka tamin'ny rainy izy. Io no fotoana voalohany niarahany tao anatin'ny efitra iray tamin'ny mpaminany iray, ny Filoha Joseph Fielding Smith.

“Rehefa nahita azy aho,” hoy izy, “dia nijoro ho vavolombelona tamiko ny Fanahy fa mpaminany izy.”

Ireo fanamafisana ara-panahy tsotra ireo tamin'ny fahazany dia nanampy azy hiantehitra amin'ny Fanahy mba ho mpitarika mandritra ny androm-piainany.

“Tsy zavatra niainana indray mandeha nahitana fisehoan'anjely ny fahazoako fijoroana ho vavolombelona,” hoy ity Manampahefana Ambony notohanana tamin'ny 31 martsa 2018 ity, “fa nitombo sy nivelatra izany rehefa nandeha ny fotoana.”

I Matthew Leslie Carpenter dia naterak'i Leone Erikson sy Robert Allred Carpenter tany Salt Lake City, Utah, Etazonia, tamin'ny 21 ôktôbra 1959. Izy no zandriny indrindra amin'ireo zanak'izy mivady anankivalo, ary lehibe tao anatin'ny tokantrano iray niaraka tamin'ny zokivavy miisa dimy izy.

Nahita an'i Michelle “Shelly” Brown izy ny volana farany nianarany tany amin'ny lisea. Nanomboka nifankafantatra izy ireo saingy nampijanona kely izany nandritra ny fotoana nanompoany tany amin'ny Misiônan'i Suisse Genève nanomboka tamin'ny 1979 ka hatramin'ny 1981. Rehefa niverina izy dia nivady tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy roa tamin'ny 9 jolay 1982. Manan-janaka dimy izy ireo.

Ny Loholona Carpenter dia nahazo mari-pahaizana licence en finance avy tao amin'ny Brigham Young University ary maîtrise en gestion d'entreprise avy tao amin'ny Harvard Business School. Ny tena vao haingana, dia tale mpitantana ny Foundation Specialty Financing Fund izy.

Ny Loholona Carpenter dia efa eveka, mpanolotsaina tao amin'ny episkôpà, filohan'ny zatovolahy teo anivon'ny tsatòka, mpanolotsaina avo, filohan'ny tsatòka, ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■



Loholona Jack N. Gerard

Fitopololahy Manampahefana Ambony

Fony zatovolahy ny Loholona Jack N. Gerard dia nifoha teo amin'ny 5 maraina isan'andro mba hanampy amin'ny fikarakarana ireo ombivavy be ronona an'ny fianakaviana. Ny naha-lehibe azy tany amin'ny tanàna kely mifototra amin'ny fambolena sy fiompiana tany akaikin'i Mud Lake, Idaho, Etazonia, dia tsy hoe nampianatra azy mba hiasa mafy sy handray andraikitra fotsiny fa mba hahafantatra ny lanjan'ny olona tsirairay amin'ny maha-zanak' Andriamanitra azy koa.

“Ny olona rehetra dia manana anjara asa ary ny olona rehetra dia tonga eto noho ny antony mazava, na inona na inona sarangam-piainany,” hoy ny Loholona Gerard, izay notohanana ho Manampahefana Ambony tamin'ny 31 martsa 2018. Fanomezana ho azy nandritra ny fiainany izany lesona izany.

Ny asany izay nihazonany toeram-pitarihana tena miavaka tao anatin'ireo rafitra maro, toy ny National Mining Association, ny America Chemistry Council, ary ny American Petroleum Institute vao haingana, dia nanome azy fahafahana hifanerasera tamin'ny olona avy amin'ny sarangam-piainana samihafa.

Ny Loholona Gerard dia naterak'i James sy i Cecil Gasser Gerard tamin'ny 1957. Rehefa avy nanompo tany amin'ny Misiônan'i Sydney Australie ny Loholona Gerard dia nianatra tany amin'ny Oniversite Idaho, ka tao no nahazoany toerana hiofanana ary avy eo ho voaray ho anisan'ny mpiasa maharitra ho an'ny mpikambana iray tao amin'ny kongresy.

Rehefa niasa tany Washington, D.C. izy dia nahita an'i Claudette Neff, izay mpiasa mpanampy ny senatera iray tao Utah. “Namirapiraty ny hazavan'ny filazantsara izy,” hoy ny Loholona Gerard raha niresaka mikasika ny fihaonan'izy ireo izy. Nivady tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy roa tamin'ny 4 aprily 1984. Manan-janaka valo izy ireo ary zafikely efatra.

Ny Loholona Gerard dia sady nahazo mari-pahaizana licence en science politique no nahazo doctorat avy tao amin'ny George Washington University.

Ny Loholona Gerard dia efa eveka, filohan'ny tsatòka, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, mpampianatra Fotopampianaran'ny filazantsara ary filohan'ny Sekoly Alahady.

Ny Loholona Gerard dia nilaza fa izy sy ny vadiny dia samy manana faniriana ny hanao ny sitrapon'ny Tompo. “Amin'ny maha-olombelona manana fahalemena anay dia manolo-tena ny hanao izay asain'ny Tompo ataonay izahay ary amim-panetrentena . . . no hanokananay ny fotoanay sy ny ezaka ataonay eo amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo ary tombontsoa ho anay izany.” ■



Loholona Mathias Held

Fitopololahy Manampahefana Ambony

Ny Loholona Mathias Held sy ny vadiny dia azo antsoina tsara ho toy ny ohatra maneho ilay maha-Fiangonana maneran-tany. Samy avy any Colombie izy ireo ary Alemàna ny razamben'izy ireo. Ny asa sy ny fianarana dia nampiala azy ireo tany amin'ilay tanindrazany tany Amerika Atsimo hankany Kanadà, Allemagne, Guatemala, Brésil, ary farany niverina tany Colombie. Tsy maintsy nianatra ny fiteny sy ny kolotsaina tany amin'ny ireo firenena tsirairay ireo izy ireo.

“Kanefa ny Fiangonana dia tena nitovy daholo na taiza na taiza nandehananay,” hoy ny Loholona Held, izay notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 31 martsa 2018.

Izany “fitoviana” ara-panahy izany dia nanamafy orina azy mivady teo am-pitaizan'izy ireo zanaka telo sy teo ampivoaran'izy ireo tao anatin'ny filazantsara.

Ry Held mivady dia mpiara-mianatra tany amin'ny seko-ly miteny Alemàna tamin'ny fahazazany tao amin'ny tanàn'i Bogotá, Colombie izay nahalehibe azy ireo. Nofehezina tamin'ny 13 jona 1989 tany amin'ny Tempolin'i Franckfort Allemagne izy ireo, taorian'ny nahazoan'i Mathias mari-pahaizana momba ny ingénierie mécanique tany Bogotá sy maîtrise en gestion d'entreprise tany Kanadà.

Nampifindra an'ireto mpivady vao herotreronany tany Hano-vre Allemagne ny fahitana asa tsara, ka tany no nahazoan-drahavavy Held fahatsapana mahery vaika fa hiova ny fiainan'izy ireo.

“Nilaza tamin'i Mathias aho fa handray hafatra avy any andanitra izahay,” hoy izy. Tonga tamin'ny tolakandro nanorana iray tamin'ny 1987 tamin'ny alalan'ny fandondonana tao amin'ny varavarana fidirana izany hafatra avy any andanitra izany. Nisy misiônera Môrmona anankiroa teo ivelany niteny Alemàna fa nanonona izany tamin'ny fiteny amin'ny Amerikana.

Nianatra niaraka tamin'ireo misiônera ry Held mivady nandritra ny 10 volana manaraka ary nahazo namana teo anivon'ireo mpiangona OAF. Rehefa avy nivavaka imbetsaka izy ireo dia nahazo fanamafisana ara-panahy mikasika ny fahamarinan'ny filazantsara ary natao batista tamin'ny 1988.

Ny Loholona Held dia niasa nandritra 25 taona mahery ho an'ilay orinasa mpanamboatra fiara Daimler-Benz, ka nam-pitety azy an'izao tontolo izao ireo andraikiny teo amin'ny fitantanana. Niantehitra tamin'ny Tompo ry Held mivady tany amin'ny firenena tsirairay nipetrahan'izy ireo.

Naterak'i Michael sy Elisabeth Held tamin'ny 5 jona 1960 ny Loholona Held. Izy dia efa mpanolotsaina tao amin'ny fiadian'ny tsatôka, mpanolotsaina tao amin'ny episkôpà ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra tany amin'ny Vondrom-paritra Andrefana atsinanan'i Amerika Atsimo. ■



Loholona David P. Homer

Fitopololahy Manampahefana Ambony

Ny iray amin'ireo zavatra voalohany indrindra tsaroan'ny Loholona David P. Homer mikasika ny filazantsara dia ny fanendrena azy fony izy 14 taona ho mpiara-manao fampianarana isan-tokantrano tamin'ny mpikambana iray tao amin'ny paroasy izay “nanana fomba fanao tsy mahazatra teo amin'ny fanatanterahana ny fampianarana isan-tokantrano,” hoy ny Loholona Homer. “Tsy resaka fandehana any an-trano dia mamangy olona izany; fa resaka fanompoana mifanaraka amin'izay zavatra ilain'izy ireo.”

Amin'ny maha-mpiara-miasa azy ireo dia nivavaka sy niresaka mikasika ireo fianakaviana iandraiketany izy ireo. Tsy hoe toy ny olon-dehibe miresaka amin'ny zatovo iray fa amin'ny maha-mpinamana ao anatin'ny fanompoana ataon'ny fisoronana. “Nianatra aho fa ny Fanahy dia tonga amin'ny alalan'ny asa fanompoana ary misy ifandraisany amin'izany,” hoy ny Loholona Homer.

Izany lesona izany dia tsy niala tao aminy nandritra ny fiainany sy ireo asa fanompoana nifandimby nataony tao amin'ny Fiangonana, na tamin'izy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izany, na mpitarika tao amin'ny garderie, na tompon'andraikitra misahana ny tabilao fametrahana afisy, izay antso notante-rahiny fony izy nipetraka tany Melbourne Australie.

I David Paul Homer dia naterak'i Frederick sy Phyllis LeNila Homer tamin'ny 25 aprily 1961 tany Salt Lake City, Utah, Etazonia. Taorian'ny nanaovany asa fitoriana tany Hong Kong nanomboka tamin'ny 1980 ka hatramin'ny 1982, dia nahita an'i Nancy Dransfield, izay manana mari-pahaizana avy tao amin'ny Brigham Young University, izy tany amin'ny takariva amorom-patan'ny institiôta tany Salt Lake City, izay toerana niasan'i Nancy Dransfield sy nanarahany fianarana tao amin'ny University of Utah. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy ireo tamin'ny 31 jolay 1984. Nahalehibe zanakavavy dimy sy zanakalahy iray izy ireo.

Ny Loholona Homer dia nahazo mari-pahaizana licence en économie avy tao amin'ny University of Utah sy maîtrise en gestion d'entreprise avy tao amin'ny Wharton School tany amin'ny University of Pennsylvania.

Nandritra ny 30 taona naha-mpiandraikitra ambony azy tao amin'ny General Mills, dia nipetraka tany Miami, Floride, Etazonia; Minneapolis, Minnesota, Etazonia; Burlington, Ontario, Kanadà; ary Saint-Sulpice, Vaud, Suisse izy sy ny vadiny.

Ny Loholona Homer dia efa filohan'ny tsatôka, eveka, filohan'ny kôlejin'ny loholona ary mpitantisoratra mpanatanteraka tao amin'ny paroasy. Rehefa lasa Fitopololahy izy dia nanomboka ny asa fanompoany tany Kanadà ary nanohy izany tany Eorôpa, izay toerana nanompoany nandritra ny efa-taona lasa izay talohan'ny nanohanana azy ho Manampahefana Ambony tamin'ny 31 martsa 2018. ■



Loholona Kyle S. McKay

Fitopololahy Manampahefana Ambony

Ankoatra ny fianakaviany sy ny Fiangonana, dia ny fitainge-nany ny soavaly mandehandeha eny an-tendrombohitra no zavatra tena tian'ny Loholona Kyle S. McKay.

“Tsy izany akory no finoana arahiko,” hoy izy, “saingy tsy isalasalana fa nanamafy orina ny [finoako] izany. Ampifandimbiasiko eo ny fandehanana any amin'ny tendrombohitry ny Tompo sy ny tendrombohitry ny tranon'ny Tompo. Mihaona amiko any amin'ireo toerana roa ireo izy.”

Ampitovian'ny Loholona McKay amin'ny rano sy alan'i Môrmôna ary ny maha-zava-dehibe azy ireo ho an'ny vahoakan'i Almà, ireo tendrombohitra eny ambonin'i Huntsville, Utah, USA. Teny fony mbola zatovo no nahazoany fahalalana momba ny Mpanavotra azy.

Ny Loholona McKay dia teraka tamin'ny 14 febroary 1960, tany Chicago, Illinois, Etazonia. Zanak'i Barrie Gunn McKay sy Elaine Stirland McKay izay ankasitrahany noho ny famolavolan'izy ireo azy.

Natsahany kely ny fianarany tany Brigham Young University tamin'ny 1979 mba hanaovany asa fitoriana mandritra ny fotoana feno tany Kobe, Japon. Fotoana fohy taorian'ny fiverenany avy nanao asa fitoriana raha namita ny fianarany mba hahazoana mari-pahaizana momba ny teny Anglisy ny Loholona McKay, dia nahita an'i Jennifer Stone izy, izay avy nahavita ny asa fitoriany tany amin'ny Misiônan'i Bristol Angleterre. Nianatra mikasika ny teny Anglisy koa izy. Nivady tany amin'ny Tempolin'i Oakland Californie izy roa tamin'ny 12 jona 1984.

Satria ny fianakaviana no ivon'ny fiainany, dia nilaza ny Loholona McKay fa avy amin'ireo taranak'izy ireo no ahazoan'izy sy Rahavavy Sister fialiana lehibe indrindra. Na dia monina any Kaysville, Utah, Etazonia aza ry McKays mivady, dia manokana fotoana tsy tapaka iarahana amin'ireo zanany sivy any Huntsville izy ireo izay toerana nipetrahan'ireo razambeny tany amin'ny voalohandohan'ireo taona taorian'ny taona 1860.

Ny Loholona McKay dia nahazo mari-pahaizana doct-rat avy tao amin'ny J. Reuben Clark School of Law tao BYU tamin'ny 1987 ary tonga dia nanaiky ny hiasa tao amin'ny orinasam-paritra lehibe misahana ny lalàna tany Portland, Oregon, Etazonia. Taty aoriana dia niverina tany Utah izy mba hanohy asa tsara iray tao amin'ny orinasa iray hafa misahana ny lalàna talohan'ny naneken'ny toerana tao amin'ny Kroger Company. Filoha lefitr'i Smith's sy Fry's izy, izay rantsana roa an'ny Kroger any Utah sy Arizona, Etazonia, nanomboka tamin'ny 2000 ka hatramin'ny 2017.

Teo aloha ny Loholona McKay dia efa eveka, mpanolotsaina avo, filohan'ny tsatôka ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■



Loholona Juan Pablo Villar

Fitopololahy Manampahefana Ambony

Ny Loholona Juan Pablo Villar dia nahafantatra ny Fiangonana tany Santiago, Chili, rehefa nanambara tamin'ny fianakaviana i Ivan zokiny lahimatoa fa natao batisa tsy nanga-taka fahazoan-dalana tamin'ny ray aman-dreniny izy ary taty aoriana dia nilaza fa mikasa ny handeha hanao asa fitoriana. Rehefa nanontaniana ny antony i Ivan dia nozarainy ny fijo-roana ho vavolombelona nananany sy ny faniriany hanompo.

“Tsy takatro ny dikan'izany rehetra izany,” hoy ny Loholona Villar nitantara, izay 17 taona tamin'izany. “Saingy tamin'izay fotoana izay dia namboly voa tao am-poko izy.”

Nomena fahafahana hitombo izany voa izany rehefa nampihaonan'ny rahalahiny tamin'ny misiônera izy. Nandritra ny fizarana ny lesona voalohany taminy, dia nahazo fijo-roana ho vavolombelona ho azy manokana momba ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ny Loholona Villar.

“Ho ahy dia tsy nilaina ny nandohalika sy nivavaka, satria raha vao nizara ny fijo-roana ho vavolombelona nananany izy ireo dia fantatro tao am-poko fa marina izany,” hoy izy. “Rehefa nahafantatra aho fa marina izany dia tsy maintsy marina ny zavatra hafa rehetra.”

Nahazo lalana hanao batisa ny Loholona Villar i Ivan tamin'ny 1988, izay nanompo tany amin'ny misiôna teo akaiky teo ihany. Taty aoriana dia niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ihany koa ny reniny sy ny rahalahiny iray hafa.

Herintaona taorian'ny batisany dia nanomboka nanompo tany amin'ny Misiônan'i Viña del Mar Chili ny Loholona Villar. Nanomboka fiainana nifono fanompoana izy nanomboka tamin'izay, ka tao anatin'izany izy dia efa filohan'ny tsatôka, eveka, mpanolotsaina tao amin'ny episkôpà, mpanolotsaina tao amin'ny Misiônan'i Santiago Chili Avaratra, ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra tany Vondrom-paritra Atsimon'i Amerika Atsimo. Notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony izy tamin'ny 31 martsa 2018.

Teraka tamin'ny 11 septambra 1969 tany Valparaíso, Chili ny Loholona Villar. Zanak'i Sergio Villar Vera sy Genoveva Saavedra. Nanambady an'i Carola Cristina Barrios tany amin'ny Tempolin'i Santiago Chili izy tamin'ny 31 martsa 1994. Manan-janaka telo izy ireo.

Taorian'ny nahazoany mari-pahazana licence en communications sociales et relations publiques ary maîtrise en marketing, dia niasa tany amina orinasa mpamokatra fanafody sy fitaovana fitsaboana izy. Tamin'ny 2007 dia nampiany maîtrise en gestion d'entreprise avy tao amin'ny Brigham Young University ny mari-pahaizany. Dia niverina tany Chili izy hiasa tao amin'ny Orica, orinasa misahana fitrandrahana akoran-javatra, ka lasa mpitantana ela niasana indrindra izy vao haingana. ■



Loholona Takashi Wada

Fitopololahy Manampahefana Ambony

Indray andro mangatsiaka iray nandritra ny volana nôvambra dia tratan'ny fanontaniana tampoka avy tamin'ny misiônera Amerikana iray izay nanontany ny lalana mandeha any amin'ny biraon'ny paositra teo an-toerana i Takashi Wada.

Efa nampitandreman'ny rainy ity zatovolahy 15 taona ity mba hanalavitra ireo Môrmôna, izay niresaka tamin'ireo olona teo amin'ny araben'i Nagana, Japon, izay telo minitra niala avy teo amin'ny tranony. Saingy variana tamin'ny fitenin'ilay Amerikana teny Japôney i Takashi.

Andro vitsy taty aoriana dia nisy misiônera iray hafa nampijanona an'i Takashi. Vao haingana izy no tonga tao Japon. Niezaka nizara tamiko ny tantaran'i Joseph Smith tamin'ny fiteny Japôney mbola tsy nazava tsara izy.

Tsy nahatakatra ny zava-drehetra i Takashi, "saingy tsapako fa tokony hihaino aho," hoy izy nitantara.

Nampianatra azy ireo dingana arahina rehefa mivavaka sy ireo lesona ny misiônera. Nanatrika ireo fivoriam-piangonana izy ary tohina tamin'ireo fijoroana ho vavolombelona nanana-ireo mpikambana teo an-toerana. Nahatsapa ho tsy afa-manaoatra izy noho ireo zavatra antenain'ilay fianakaviany izay Bodista avy aminy, ka namerimberina tamin'ny misiônera i Takashi hoe: "Tsy afaka miditra ho mpikamban'ny Fiangonana aho, saingy te hianatra bebe kokoa aho."

Roa taona taty aoriana, talohan'ny nandehanan'i Takashi nianatra tany Etazonia fony izy 17 taona, dia nanaiky ny hidirany ho mpikamban'ny Fiangonana ny ray aman-dreniny.

Ny Loholona Wada dia naterak'i Kenzo sy i Kazuko Wada tamin'ny 5 febroary 1965. Nahazo mari-pahaizana licence en linguistique izy tamin'ny 1990 ary maîtrise en gestion d'entreprise tamin'ny 1996, samy avy tao amin'ny Brigham Young University no nahazoany izany.

Nanao asa fitoriana tany amin'ny Misiônan'i Salt Lake City Avaratra Utah izy ary nanambady an'i Naomi Ueno tamin'ny 18 Jona 1994 tany amin'ny Tempolin'i Tokyo Japon. Manan-janaka lahy anankiroa izy mivady.

Ny asa nataon'ny Loholona Wada dia ahitana fihazonana toerana maro tao anatin'ireo orinasa manana sampana any amin'ny firenena maro tany Etazonia sy Japon, ary koa ny toeran'ny talen'ny raharaha ara-nofo tao amin'ny Fiangonana tany amin'ireo vondrom-paritra Andrefan'i Amerika Avaratra, sy Avaratra andrefan'i Amerika Avaratra ary Azia Avaratra.

Ny Loholona Wada dia efa eveka teo aloha, mpanolotsaina avo ary mpampianatra tao amin'ny seminera. Filohan'ny Misiônan'i Tokyo Avaratra Japon izy nanomboka tamin'ny 2013 ka hatramin'ny 2016. Notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 31 martsa 2018 izy. ■



Bonnie H. Cordon

Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany

Ny soratra masina tena tian'ny Rahavavy Bonnie H. Cordon dia hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123:17: "Aoka isika hazoto hanao ny zava-drehetra izay tratry ny herintsika; ary rehefa izany dia enga anie ka hahajoro isika omban'ny fahatokian-tena lehibe indrindra fa hahita ny famonjen' Andriamanitra ary ny fampisehoana ny sandriny."

Ho azy io andinin-tsoratra masina io dia maneho lesona izay nianarany nandritra ny fiainany. "Afaka manao zavatra sarotra isika, saingy azontsika atao amim-pifaliana koa izany," hoy Rahavavy Cordon, izay notohanana ho Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany vaovao tamin'ny 31 martsa 2018.

Niditra tsikelikely tao anatin'ny fahahalana izany nandritra ny "fahazazany tena nahafinaritra" raha niasa tany amin'ny toeram-piompiana sy fambolena kely tany atsimo atsinanan'i Idaho izy ary avy eo indray rehefa sahirana nianatra fiteny vaovao fony izy misiônera tany Portugal. Izany koa dia hafatra izay naveriny matetika tamin'ireo misiônera fony izy niarananampo tamin'ny vadiny rehefa niahy ny Misiônan'i Curitiba Brésil ny vadiny. Ary zavatra iray tiany hozaraina amin'ireo zatovovavy manerana an'izao tontolo izao izany.

Ny zatovovavy amin'izao fotoana izao dia angatahina mba havitrika sy hampandroso ny asan'ny Tompo. "Ary vitantsika izany," hoy izy.

I Bonnie Hillam Cordon dia naterak'i Harold sy i Carol Rasmussen Hillam tany Idaho Falls, Idaho, Etazonia tamin'ny 11 martsa 1964. Taorian'ny asa fitoriany dia nahazo mari-pahaizana licence en éducation tany Brigham Young University izy, ka tao no nahitany an'i Derek Lane Cordon. Nivady tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy ireo tamin'ny 25 aprily 1986. Manan-janaka efatra izy ireo ary zafikely efatra.

Ny asa fanompoana nataony nandritra ny fiainany ho an'ny Fiangonana dia ahitana ny fotoana naha-mpitarika azy tao amin'ny garderie sy naha-mpampianatra seminera azy. Talohan'ilay antso nomena azy roa taona lasa izay mba ho mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany, dia nankafizin'ny Rahavavy Cordon ny naha-filohan'ny Zatovovavy teo anivon'ny tsatòka azy. Na dia taorian'ny nisaorana azy tamin'izany antso izany aza dia, "tsy nitsahatra velively nivavaka ho an'ireo zatovovavy ireo aho," hoy izy.

Ny hafatra izay tena tiany hozaraina amin'ireo zatovovavy manerana an'izao tontolo izao dia ny hoe, tiany izy ireo ary ny tena manan-danja indrindra, dia tian' Andriamanitra izy ireo. ■



Michelle D. Craig

*Mpanolotsaina Voalohany, Fiadidian'ny
Zatovovavy Maneran-tany*

Fony izy 16 taona dia nahafantatra Rahavavy Michelle D. Craig fa hiala any Provo, Utah, Etazonia ny fianakaviany ka hifindra any Harrisburg, Pennsylvanie, Etazonia, mba hahafahan'ny rainy manao ny asa nampandraiketina iray, dia ny ho filohan'ny misiôna.

Tena faly izy tafaraka tamin'ny fianakaviany, saingy ilay fifindra-monina dia nahatonga an'i Michelle tovovavy ho "tsy nana-namana" nandritra ny taona fahatelo sy ny fahefatra farany nianarany tany amin'ny lisea.

"Taona tena nisy fiantraikany teo amiko ireo," hoy ny Rahavavy Craig. "Niantehitra tamin'ny fianakaviako sy tamin'ny fijoroana ho vavolombelona nananako aho fa tsy niantehitra tamin'ny namana, ary lasa mpanohana ahy ny fiangonana." Tena sarobidy ho azy ny fifandraisany amin'ny Ray any andanitra sy ny Mpamonjy.

I Michelle Daines Craig dia teraka tamin'ny 13 jolay 1963, tany Provo, Utah, ary izy no zokiny indrindra amin'ny zanaka naterak'i Janet Lundgren sy Robert Henry Daines III. Nipetraka tany Provo izy mandra-pifindran'ny fianakaviany tany Pennsylvanie. Roa taona taty aoriana dia niverina nianatra tany Provo ny Rahavavy Craig mba hianatra ao Brigham Young University, izay nahazoany mari-pahaizana licence en enseignement primaire. Tamin'ny 1984 dia nanaiky ilay antso mba hanompo any amin'ny Misiônan'i Santo Domingo République Dominicaine izy.

"Olona mpino foana aho hatramin'izay," hoy ny Rahavavy Craig, izay notohanana ho mpanolotsaina voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany tamin'ny 31 martsa 2018. "Mbola kely aho dia efa nahafantatra fa zanakavavin' Andriamanitra. Saingy tadidiko [nandritra ny fotoana nanaovako asa fitoriana] fa isaky ny nijoro ho vavolombelona momba ny Mpaminany Joseph Smith aho dia nahatsapa ny Fanahy. Nahazo fanamafisana tena tsara aho izay nanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona nananako."

Andro vitsy taorian'ny fiverenany dia nilaza tamin'ny Rahavavy Craig ny anadahiny fa tokony hampiaraka amin'i Boyd Craig izy, izay namany iray tany am-panaovany asa fitoriana. Lasa mpifamofo izy roa valo volana taty aoriana. Nivady tamin'ny 4 desambra 1986 tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy ireo. Manan-janaka telo izy ireo ary zafikely enina.

Nanompo tao anatin'ny antso maro izy ka tafiditra ao anatin'izany ny naha-mpanatanteraka ôrdônansy azy tany amin'ny tempoly tao amin'ny Tempolin'i Provo Utah ary ny naha-mpampianatra Fotopampianaran'ny Filazantsara azy. Tamin'ny fotoana niantsoana azy ho ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany dia nanompo tao amin'ny filankevipitantanan'ny Kilonga maneran-tany izy. ■



Becky Craven

*Mpanolotsaina Faharoa, Fiadidian'ny
Zatovovavy Maneran-tany*

Misy fomba fiteny izay nozarain'ny Rahavavy Becky Craven matetika fony izy misiônera: "Rehefa fantatrao hoe iza ianao, dia mitondra tena amin'ny fomba hafa ianao."

"Ary eo amin'ny lafiny rehetra izany, manomboka any amin'ny fomba fiakanjonao, ny fomba firesakao, ny fomba fampahafantaranao ny tenanao, ireo hetsika andraisanao anjara," hoy ny Rahavavy Craven, izay niaraka nanompo tamin'i Ronald L. Craven vadiny, rehefa niahy ny Misiônan'i Charlotte Caroline du Nord izy nanomboka tamin'ny 2012 ka hatramin'ny 2015.

Ny Sister Craven dia notohanana ho mpanolotsaina faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany tamin'ny 31 martsa 2018. "Rehefa mahita ny tenany ao anatin'ny drafitr' Andriamanitra ireo zatovovavy dia ho afaka ny hanana fahitana ho an'ny tenany izy ireo," hoy izy. "Ilainao ny fananana fahitana. Raha tsy manana fahitana ianao dia tsy fantatrao izay halehanoa ary tsy fantatrao izay hatao mba hahatongavanao any."

I Rebecca Lynn Craven dia naterak'i Walter Mitchell sy Linda Louise Kazsuk Mitchell tamin'ny 26 ôktôbra 1959, tany Chardon, Ohio, Etazonia. Izy dia mirehareha amin'ny maha-"zanaka miaramila" azy ka lehibe tany Texas, Etazonia izay toerana nidiran'ny fianakaviany ho mpikamban'ny Fiangonana; tany Allemagne izay nisian'ny fotoana namehezana ny fianakaviany tany amin'ny Tempolin'i Suisse; tany Angleterre; tany Utah USA, izay toerana nanaovana batista azy nandritra ny fotoana voalohany nandehanan'ny rainy niady tany Vietnam; ary tany amin'ireo faritanin'i Etazonia dia i Maryland, Kentucky, Missouri, ary Kansas izany.

Nivady tao amin'ny tempolin'i Salt Lake tamin'ny 5 aogôsitra 1980 ry Craven mivady ary manan-janaka dimy.

Talohan'ny nanohanana azy tamin'ilay antsony vaovao dia mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana tao amin'ny paroasiny izy ary mpanatanteraka ôrdônansy tany amin'ny Tempolin'i Bountiful Utah. Izy koa dia efa filohan'ny Zatovovavy teo anivon'ny paroasy, mpikambana tao amin'ny filankevipitantanan'ny Fikambanana Ifanampiana teo anivon'ny tsatôka, misiônera teo anivon'ny tsatôka ary mpitarika ny Webelos.

Izy dia tia mandehandeha an-tongotra any antendrombohitra, tia fanatanjahan-tena anaty rano, mandehandeha amin'ny ranomandry amin'ny alalan'ny fanaovana kiraro manokana ho amin'izany, mandeha manao dia lavitra, manamboatra bodofotsy bemiray, manao kilalao sy manao zavatra miaraka amin'ny fianakaviany. ■



Lisa L. Harkness

*Mpanolotsaina Voalohany, Fiadidian'ny
Kilonga Maneran-tany*

Lisa L. Harkness dia efa tia mianatra hatrizay sy tia ny tontolo manodidina azy, izay zavatra azony avy tamin'ny ray aman-dreniny. Nianatra science politique izy ary nianatra ny fomba hifehezana ireo biby mandady aza rehefa niasa tao amin'ny Monte L. Bean Life Science Museum nandritra ny fotoana naha-tao amin'ny Brigham Young University azy, ka tafiditra tao anatin'izany ireo bibilava.

Amin'izao fotoana izao izy dia mbola mora mahafantatra na afaka mamantatra karazana bibilava, rehefa tsy misioka azy fotsiny izy ireo.

Rahavavy Harkness dia naterak'i Ronald sy LaRae Long tamin'ny 13 janoary 1965 tany Los Angeles, Californie, Etazonia. Izy no zokiny indrindra tamin'ireo zanaka miisa dimy ary izy sy ny fianakaviany dia "mazoto foana amin'ny fandehana-na manao zavatra an-kisendrasendra, amin'ny fandehana-na mivoaka ary amin'ny famantarana an'izao tontolo izao." Nilaza izy fa noho ny fahafahany foana mametraka fanontaniana amin'ny ray aman-dreniny dia "nino sy natoky tanteraka aho fa afaka manatona ny Ray any An-danitra ary mahazo valiny."

Taorian'ny fanaovany asa fitoriana tany amin'ny misiôna iray miteny Espaniôla tany amin'ny Misiônan'i Baton Rouge Louisianne, dia nahazo mari-pahaizana licence en science politique sy enseignement secondaire avy tao amin'ny BYU ny Rahavavy Harkness. Nanambady an'i David S. Harkness tamin'ny 22 aprily 1988, tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izy. Manan-janaka dimy izy ireo ary zafikely roa.

Ny Rahavavy Harkness, izay notohanana ho mpanolotsaina voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany tamin'ny 31 martsa, dia efa mpikambana tao amin'ny filankevipitantanan'ny Kilonga maneran-tany, filohan'ny Zatovovavy teo anivon'ny tsatôka, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana teo anivon'ny paroasy, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy teo anivon'ny paroasy, mpanorohevitra ny Farimbona, talen'ny lasin'ny Zatovovavy, talen'ny tantaram-pianakaviana teo anivon'ny tsatôka, mpanorohevitra mikasika ny tantaram-pianakaviana teo anivon'ny paroasy ary mpampianatra Fotopampianaran'ny Filazantsara.

Nanao asa an-tsitraro niaraka tamin'ny fikambanan'ny ray aman-dreny sy ny mpianatra teo amin'ny toerana nisy azy izy, tao anatin'ny filankevitry ny tanàna, sy tao anatin'ny Utah Symphony, ary tao anatin'ny Timpanogos Storytelling Festival, ary koa tao anatin'ny fitondram-panjakana tany amin'ny toerana nisy azy ka nihazona toerana samihafa izy. ■



Fanamafisana ny Fanompoana

Hitsahatra ny fampianarana isan-tokantrano sy ny famangiana isan-tokantrano hoy ny fanambaran'ny Filoha Russell M. Nelson nandritra ny fivoriana Alahady tolakan-dron'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ny “Fanompoana,” izay “fomba vaovao sy masina kokoa” mba hikarakarana ny hafa miaraka amin'ny toetra tahaka ny an'i Kristy, dia hanolotra ezaka ifandrimbonana mba hanomezana izay zavatra ilain'ny mpikambana ara-panahy sy ara-nofo.

Ny Rahavavy Jean B. Bingham, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany sy ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza fa io fomba vaovao io dia hampifantoka tsara kokoa ireo ezaka ataon'ireo Kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ireo Fikambanana Ifanampiana eo amin'ny fanompoana toy ny nataon'ny Mpamonjy (jereo ny pejy 101 sy 104).

Ny Ravintsara sy ny Farimbona amin'izao fotoana izao dia afaka ny ho mpiara-manompo amin'ireo rahavavy ao

amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Isaky ny dinidinika isan-telo volana, dia hiaraka hifandinika amin'ireo mpitarika ireo rahalahy sy rahavavy manompo mikasika ireo zavatra ilain'ireo olona nampiandraiketina azy ireo sy ny tanjak'izy ireo. Ny isan'ny tafa sy dinika nataon'ireo mpitarika nandritra ny telo volana no ho hany tatitra ôfisialy atao. Manan-danja ny famangiana rehefa azo atao izany, saingy ny manompo dia tsy ahitana fomba tsy maintsy arahina mba hihazonana ny fifandraisana isam-bolana.

“Mizara ny fanomezam-pahasoavany manokana sy mitombo ara-panahy ny zatovo rehefa manompo miaraka amin'ny olon-dehibe ao amin'ny asan'ny famonjena,” hoy ny Rahavavy Bingham. Ny fampandraisana anjara ny zatovo koa dia mampitombo ny isan'ny mpikambana mikarakara ny hafa ary manampy ny zatovo “hiomana bebe kokoa amin'ny fanatanterahana ireo andraikiny amin'ny maha-mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy eo amin'ny fiarahamonina ary amin'ny maha-mpiara-miasa mitondra anjara biriky ao amin'ny fianakaviany.”

“*Izahay* aty amin'ny foiben'ny Fiangonana dia tsy mila mahafantatra ny *fomba* na ny *toerana* na ny *fotoana* izay nifandraisanareo tamin'ny olona sahaninareo,” hoy ny Loholona Holland; “ilainay fotsiny ny mahafantatra sy miraharaha fa *tena* manao ianareo ary mitahy azy ireo amin'ny fomba rehetra azonareo atao.”

Araka ny taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany dia mety hitaky fotoana elaela ireo fanamboarana atao momba ny fanompoana saingy tokony efa mipetraka haingana araka izay azo atao anefa izany. Ny **Ministering.lds.org** dia manome antsipiriany fanampiny, ka tafiditra ao anatin'izany ireo valin'ireo fanontaniana misy mpametraka matetika. Hisy horonan-tsary enti-mampianatra sy loharano hafa ho ampidirina ao amin'io tranonkala io ato anatin'ny herinandro maromaro ho avy.

Manomboka amin'ny volana jona dia ho hita ao anatin'ny *Liahona* ny lahatsoratra mivoaka isam-bolana antsoina hoe “Ireo fitsipiky ny fanompoana” mba hanampiana ireo mpikambana hahatakatra ny fomba hananana toetra tahaka ny an'i Kristy bebe kokoa rehefa mifanompo izy ireo. ■



Fanavaozana ny lamin'ireo Kôlejy

Ny vondron'ny mpisorona avo sy ny kôlejin'ny loholona ao amin'ny paroasy (na sampana) dia hatambatra ho kôlejin'ny loholona anankiray amin'izao fotoana izao, hoy ny nambaran'ny Filoha Russell M. Nelson tao anatin'ny fivoriamben'ny fisoronana nandritra ny fihao-namben'ny Fiangonana maneran-tany. Ny fiadidian'ny tsatòka dia hanohy hanompo ny fiadidian'ny kôlejin'ny mpisorona avo eo anivon'ny tsatòka, saingy ny hany ho ao anatin'io kôlejy io dia ireo mpisorona avo manompo ankehitriny ao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, ao amin'ireo episkôpà, sy ao amin'ny filankevitra avo, ary ireo patriarika am-perinasa.

Ny kôlejin'ny loholona dia hotarihin'ny fiadidiana iray izay mety hahitana loholona sy mpisorona avo. Ny filohan'ny kôlejin'ny loholona dia hanao tatitra amin'ny filohan'ny tsatòka ary hihaona tsy tapaka amin'ny eveka. Ireo anjara fanompoana ao amin'ny Fisoronana dia hitoetra tahaka ny teo aloha ihany. Hisaorana ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona sy ny mpitari-ka ny mpisorona avo any amin'ny paroasy (na sampana) amin'izao fotoana izao, ary hiantso fiadidian'ny kôlejin'ny loholona vaovao ny filohan'ny tsatòka. ■

Tempoly vaovao fito no nambara

Hisy tempoly aorina any Salta, Argentine; Bengaluru, Inde; Managua, Nicaragua; Cagayan de Oro, Philippines; Layton, Utah, Etazonia; Richmond, Virginia, Etazonia; ary any amin'ny tanàna lehibe iray izay mbola ho fantarina any Russie hoy ny nambaran'ny Filoha Nelson tany amin'ny fiakaran'ny fivoriana Alahady tolakandro nandritra ny fihao-namben'ny Fiangonana maneran-tany.

Taloha kelin'ny fihao-nambe dia nambaran'ny Fiadidiana Voalohany fa ny Tempolin'i Rome Italie dia hotokanana ny alahady 10 martsa 2019 ka hatramin'ny alahady 17 martsa 2019. Ny Fiangonana koa dia namoaka fanambarana mikasika ny fanehoana an-tsary ny Tempolin'i Bangkok Thailand.

Tamin'ny ôktôbra 2017, dia natao ny fangadiana fototra ny Tempolin'i Port-au-Prince Haiti. Notokanana tamin'ny nôvambra 2017 ny Tempolin'i Meridian Idaho ary ny Tempolin'i Cedar City Utah (Etazonia) dia notokanana tamin'ny desambra 2017.

Hisy tempoly anankiroa haverina tokanana ato ho ato: ny Tempolin'i Houston Texas ny alahady 22 aprily 2018, taorian'ny fanamboarana natao vokatry ny tondra-drano; ary ny Tempolin'i Jordan River Utah ny alahady 20 mey 2018, taorian'ny fanavaozana natao. Ary hisy tempoly anankiroa fanampiny izay haverina hotokanana any amin'ny faramparan'ity taona ity: Tempolin'i Concepción Chili, ny alahady 28 ôktôbra 2018; ary ny Tempolin'i Barranquilla Colombie, ny alahady 9 desambra 2018.

Ny Tempolin'i Hamilton Nouvelle Zélande dia hakatona amin'ny volana jolay 2018 noho ny fanaovazana lehibe hatao ary haverina hotokanana amin'ny 2021.

Amin'izao fotoana izao dia misy tempoly 159 am-perin'asa manerana izao tontolo izao ary 30 no ambara fa hatsangana na eo andalam-piorenana. ■

Tempolin'i Rome Italie



Fanehoana an-tsary ny Tempolin'i Bangkok Thailand





Tantaram-pianakaviana: Mahita, Manangona, Mifandray

Ireo mpanorohevitra mikasika ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana eo an-toerana dia afaka manampy ireo mpikamban'ny Fiangonana sy ireo olona hafa mba hahita fialiana avy amin'ny fahitana sy fanangonana ary fifandraisana amin'ireo razambe-ny, araka ny Loholona Bradley D. Foster, Fitopololahy Manampahefana Ambony ary Tale mpanatanteraky ny Departemantan'ny Fiangonana misahana ny tantaram-pianakaviana.

Ny olona tsirairay dia manana tantara avy amin'ny tantaram-pianakaviany. Ary misy zavatra mahafinari- tra afaka mitranga rehefa manomboka mikaroka sy mahita azy ireo ianao.

“Ny tanjonay amin'ny herintaona dia ny hanampy ireo mpanorohevitra mba hahita ny anjara asany eo amin'ny fanampiana ireo mpikambana hiaina izany zavatra izany,” hoy ny Loholona Foster. “Ataonay mandeha tsirairay izany. Mandeha any amin'ireo [olona] izahay na aiza na aiza misy azy ireo, ka ifan- tohanay manokana kokoa ireo izay feno 12 taona sy ireo mpikambana vaovao.” Ireo vondrona roa ireo dia mahazo tombontsoa haingana avy amin'ny fahitana ny fanamafisan'ny asa atao any amin'ny tempoly ori- na an'ireo fianakaviana hatrany amin'ny mandrakizay, ary matetika izy ireo no mampiseho fientanentanana eo anivon'ny naman'izy ireo sy ny fianakavian'izy ireo.

Na ireo izay tsy mpikamban'ny Fiangonana aza dia afaka miaina ilay mahita, manangona, mifandray amin'ny alalan'ny fanampiana atao isaky ny olona tsirairay any amin'ireo ivon-toeran'ny tantaram- pianakaviana maneran-tany misahana ny FamilySearch izay miisa 5.000 mahery. ■



Fanamorana ny asa fitoriana

Nandritra ny enim-bolana lasa izay dia nanao dingana maro ny Fiangonana mba hanamorana ny asa fitoriana.

Fanontaniana hapetraka. Ny Fiadidiana Voalohany dia nanolotra amboaram-panontaniana hapetraka ho an'ireo eveka sy filohan'ny tsatòka mba hampiasaina mandritra ny fanaovana dinidinika amin'ireo olona atolotra ho misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Namporisika ireo mpitarika sy ray aman-dreny ary ny zatovo mba hahafantatra ireo fanontaniana ireo izy ireo.

Ireo fitsipika hita ao anatin'ireo fanontaniana dia tsy manova na manampy ireo zavatra takina ho an'ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno, saingy ny famerenana mijery izany tsy tapaka dia hanome fahafahana an'ireo olona atolotra ho misiônera sy ireo ray aman-dreny mba hahafantatra ireo fitsipika sy hahita ireo lafin-javatra izay mety mitaky fivoarana na fiomanana fanampiny.

Fampiasana ny teknôlôjia. Ny isan'ireo misiôna mampiasa fitaovana elektrônika azo entina mandehandeha raha 87 dia nitombo 162 ary nosoloina smartphone ny tablette. Hanampy ireo misiônera amin'ny fandalinana sy fikarohana ary ny fianarana ireo telefaonina.

Ampiasaina koa ny teknôlôjia mba

hanomezana fampahalalana en ligne an'ireo olona izay mitady valiny mikasika ireo fanontaniana momba ny finoana. Ny Fiangonana dia nanomboka nampiasa ivon-toeram-pampianarana atao en ligne tamin'ny enin-taona lasa ary ankehitriny dia misy ivon-toeram-pampianarana atao en ligne miisa 20 manerana an'izao tontolo izao.

Noho ny teknôlôjia, ireo mpikambana izay manolotra namana mba hampianarin'ireo misiônera dia afaka ankehitriny mifandray amin'ireo misiônera izy mampianatra ny namany. Afaka miresaka mikasika izay zavatra ilaina amin'ireo misiônera izy ireo ary mandray anjara amin'ireo lesona amin'ny alalan'ny internet. Jereo ao amin'ny [lds.org/referrals](https://www.lds.org/referrals) ny fomba ahafahana manao izany.

Manolotra izay zavatra ilaina amin'izao fotoana izao. Ny Fiangonana dia hanova ireo sisin-tanin'ny misiôna miisa 19 ary hisy misiôna 5 vaovao haorina. Hihatra manomboka amin'ny Jolay 2018 izany. Izany dia hanova ny isan'ny misiôna, izay raha 427 dia ho lasa 407. Ireo misiôna vaovao dia ho Rio de Janeiro Avaratra Brésil, Yamoussoukro Cote d'Ivoire, Ibadan Nigéria, Cabanatuan Philippines, ary Bulawayo Zimbabwe. Ny antsipiriany mikasika ireo misiôna hitambatra dia ho ao anatin'ireo filazana ho avy izay halefan'ireo

filohan'ny misiôna any amin'ireo ray aman-drenin'ireo misiônera any amin'ireo misiôna voakasik'izany.

Noho ny fiovany taona ahafahana manao asa fanompoana eo amin'ny asa fitoriana izay nambara tamin'ny 2012, dia nanorina misiôna miisa 76 ny Fiangonana mba handraisana ilay fitomboana goavana, izay raha misiônera 58.000 dia lasa 88.000. Nihena nanomboka tamin'izay ny isan'ny andiana misiônera marobe tany am-boalohany, araka ny nanampoizana azy, ka ankehitriny dia misiônera miisa 68.000 no manompo. Midika izany fa misiôna vitsivitsy no ilaina raha ho an'ny amin'izao fotoana izao. Kanefa midika koa izany fa ny fametrahana araka ny tokony ho izy misiônera any amin'ny faritra mila izany manerana an'izao tontolo dia mitaky fikarakarana manokana.

Foibe fanofanana misiônera. Ny Foibe Fanofanana Misiônera any Utah, Etazonia, sy ny Foibe Fanofanana Misiônera any Philippines dia nitarina sy notokanana ary ilay foibe fanofanana misiônera vaovao any Ghana dia notokanana. Ireo foibe fanofanana any Espagne sy Chili dia hikatonina amin'ny janoary 2019, ary ireo misiônera izay tokony ho nandeha tany amin'ny iray amin'ireo foibe ireo dia hofanina any amin'ny iray amin'ireo foibe fanofanana misiônera 13 ambiny manerana an'izao tontolo izao. ■

Lamina vaovao, Fandrindrana, Vokany

Ny zatovo sy ny asa atao any amin'ny tempoly. Ny Fiadidiana Voalohany dia nanambara fanovana ao anatin'ireo lamin'ny tempoly izay manome fahafahana bebe kokoa ny zatovolahy sy zatovovavy hanao asa any amin'ny tempoly sy hanampy ny ankizy ao amin'ny Kilonga mba hiomana tsara kokoa hanompo any amin'ny tempoly.

Misoroka sy mamantatra ny herisetra ary mitondra fanampiana eo anatrehan'izany. Ao anatin'ny fanohizana ny ezaka mba hanoro hevitra ireo mpitarika hisoroka sy hamantatra ny herisetra ary hitondra fanampiana eo anatrehan'izany, dia nandefa taratasy iray sy antontan-taratasy hanovozan-kevitra ho an'ireo mpitarika tany Etazonia sy Kana-dà ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana. Io antontan-taratasy io dia ahitana torolalana nohavaozina mikasika ny fomba tokony hanoroan'ireo eveka sy filohan'ny tsatoka hevitra an'ireo olona niharan'ny herisetra ara-nofo sy ny fomba tokony hitarihana ny dinidinika amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana.

Fanovana mikasika ny lasin'ny Zatovovavy. Ireo fanovana tao anatin'ny

fandaharan'asan'ny Fiangonana momba ny lasin'ny Zatovovavy izay tafiditra ao anatin'ny torolalana vaovao mikasika ny lasy izay havoaka ao anatin'ireo volana ho avy, dia ahitana ny fanesorana ny fanomezana mari-pankasitrahana sy ny fifantohana amin'ireo mpitarika ny zatovo.

Ilay *Young Women Camp Guide* (Torolalana momba ny lasin'ny Zatovovavy) izay natao mba ho “azo ampiharin'ny” zatovovavy “rehetra” mipetraka any amin'ireo faritra rehetra manerana an'izao tontolo izao dia misy amin'ny teny Anglisy amin'izao fotoana izao (ary hisy amin'ny fiteny miisa 23 amin'ny farany) ao amin'ny **youngwomen.lds.org** mba ho fitaovana ho an'ireo fiadidian'ny Zatovovavy sy ireo tompon'andraikitra amin'ny lasy ary ireo mpitarika ny lasin'ny zatovo.


Fandefasana hira. Ireo fanovana vao haingana mikasika ny dingana arahina amin'ny fanolorana hira ao amin'ny Fiangonana dia manafaingana izany sy mampamora ny fandefasan'ny mpikambana hira masina avy any ifotony ho an'ny Fiangonana. Ny hira dia azo alefa any amin'ny **apps.lds.org/artcomp**.

Lalan'onja ahitana horonan-tsary izay antsoina hoe “How To.” Ny

Fiangonana dia nanokatra lalan'onja vaovao ao amin'ny YouTube antsoina hoe “How To” izay manolotra fanampiana tsotra sy mora atao hiatrehana ireo olona tena misy eo amin'ny fiainana. Izany lalan'onja noraisina ho toy ny “lalan'onja iray izay ahitana ny fanampiana ilainao rehefa mila izany ianao,” dia manana horonan-tsary mihoatra ny 600 amin'izao fotoana izao izay nozaraina ao anaty sokajy miisa sivy, ka ny tsirairay amin'izany dia ahitana lisitry ny horonan-tsary maro izay ahitana karazana lohahevitra mifandray amin'izany amin'ny teny Anglisy ary ny sasany misy amin'ny teny Espaniôla sy Pôrtogey. Jereo ao amin'ny **HowTo.lds.org** izany.

Fandikana soratra masina. Ny Fiangonana dia nanambara ny fandrafetana tetikasa fandikan-teny amin'ny fiteny miisa 34 fanampiny, miaraka amin'ny lamina vaovao izay hanome fahafahana ny olona tsirairay mba handalina ampahany amin'ny dikanten'ny voalohany mialoha ny hamoahana ny dikanten'ny farany. Izany dia midika hoe hanana fahafahana mialoha kokoa hamaky ny soratra masina amin'ny fiteniny ireo mpikambana. ■

*Afaka mamaky mikasika ireo zavatra ireo ianao ao amin'ny **news.lds.org**.*





AVIA, HANARAKA AHY—

Ho an'ny Kôlejin'ny
Loholona sy ny
Fikambanana
Ifanampiana

*Hita ao amin'ny application Bibliothèque de
l'Evangile sy ao amin'ny comefollowme.lds.org
ihany koa ireto loharanom-pitaovana ireto.*

Nahoana isika no manatanteraka

Fivorian'ny Kôlejy sy ny Fikambanana Ifanampiana?

Amin'izao andro farany izao dia naverin' Andriamanitra tamin'ny laoniny ny fisoronana ary naoriny ireo kôlejin'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana mba hanampy amin'ny fanatanterahana ny asa famonjeny. Noho izany, isaky ny alahady rehefa miangona ao amin'ireo fivorian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana isika dia mifanakalo hevitra sy manao drafitra ny amin'ny zavatra hataontsika mba hanampiana amin'ny fanatanterahana ny asan' Andriamanitra. Mba hampahomby izany dia mila atao zavatra mihoatra ny fotoam-pianarana tsotra fotsiny ireo fivoriana ireo. Izy ireo dia fotoana ahafahana mifampizara hevitra momba ny asa famonjena sy hiarahana mianatra momba izany asa izany avy amin'ny fampianaran'ireo mpiatarika ato amin'ny Fiangonana ary hamolavolana drafitra sy hifandaminana mba hanatanterahana izany.



Fivorian'ny filankevitra isaky ny

Alahady voalohany

Isaky ny alahady voalohan'ny volana ny ao amin'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana dia *tsy ahitana lesona izay ampianarin'ny mpampianatra*. Ho solon'izany dia mitarika fivorian'ny filankevitra ireo fiadidian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana. Mandritra ireo fivoriana filankevitra isaky ny alahady voalohany ireo ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana tsirairay dia ifanakalo hevitra momba ireo andraikitra sy fahafahana ary olana misy eo an-toerana; hifampianatra avy amin'ny hevitra sy ny traikefan'ny tsirairay; ary hanomana drafitra hanatanterahana ireo fahatsapana voaray avy amin'ny Fanahy. Tokony hifototra amin'ny soratra masina manan-danja sy ny fampianaran'ireo mpaminany velona ireo fifanakalozan-kevitra ireo.

Tsy voatery hitovy avokoa ny fivoriana filankevitra rehetra. Ireto misy torolalana vitsivitsy hanampiana ireo fiadidiana hitarika filankevitra mahomby.



Ireo lohahevitra mandritra ny fivorian'ny filankevitra isaky ny alahady voalohany

Ny hevitra ho an'ny lohahevitra entina ifanakalozana hevitra mandritra ny fivorian'ny filankevitra dia mety ho azo avy amin'ny fivorian'ny fiadidiana, fivorian'ny filankevitry ny paroasy, ny drafitry ny vondrom-paritra, ny fahatsapana azon'ireo mpitarika rehefa manompo ny mpikambana izy ary ireo bitsika avy amin'ny Fanahy Masina. Ireto lohahevitra eto ambany ireto dia sosokevitra fotsiny ihany. Mety misy filàna hafa fantatr'ireo mpitarika izay ahazoan'izy ireo fitaomam-panahy hoe tokony horesahina.

- Inona no azontsika atao mba hanompoana ireo manodidina antsika? (jereo ny Môsià 23:18).
- Ahoana no handaharantsika araka ny laharampahamehana ireo andraikitra isankarazany ananantsika?
- Ahoana no hizarantsika ny filazantsara amin'ny namantsika sy ny mpiara-monina amintsika? (jereo ny Almà 17).
- Ahoana no ahafahantsika miaro ny tenantsika sy ny fianakaviansika amin'ny haino aman-jery tsy mendrika sy ny pôrnôgrafia?
- Inona no hataontsika mba hanaraha-maso sy hampatanjahana ny ankizy sy ny tanorantsika ao amin'ny paroasintsika?
- Ahoana no ahafahantsika mandray anjara bebe kokoa amin'ny tantaram-pianakaviana sy ny fitsaohana any amin'ny tempoly?
- Ahoana no hanasantsika ny fanampian'ny Tompo eo am-pikatsahantsika ny valin'ireo fanontaniantsika momba ny filazantsara ka hahazo fahatakarana lalina kokoa momba ny filazantsara?
- Ahoana no ahafahantsika manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny Tompo sy ny filazantsarany ka hanampy ny fianakaviansika hanana fizakan-tena ara-panahy?

MIALOHA NY FIVORIAN'NY FILANKEVITRA

ATAO:

- Mijery ireo filana sy fahafahana ary olana misy eo an-toerana.
- Misafidy ombam-bavaka lohahevitra hifanakalozana hevitra.
- Manasa ny mpikambana ao amin'ny kôlejy na ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana mba ho tonga hanatrika ny fotoam-pianarana ampahavononana.

TSY ATAO:

- Manomana lesona.
- Mitondra vahaolana manokana na drafitr'asa ao an-tsaina.

MANDRITRA NY FIVORIAN'NY FILANKEVITRA

ATAO:

- Manasa ireo mpikambana mba *hizara traikefa* nananan'izy ireo tamin'ny fotoana nanaovany zavatra araka ireo fahatsapana sy drafitra nananany tamin'ny lesona teo aloha.
- Mampahafantatra ny lohahevitry ny fivoriana ary mamporisika ireo mpikambana mba *hifampila hevitra* momba izany, ary hikatsaka vahaolana sy fitarihana avy amin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany ary ny Fanahy Masina.
- *Mamolavola drafitra mba hanao zavatra* araka ny zavatra nifanakalozana hevitra. Mety ho drafitra volavolaina ao anatin'ny vondrona izany na drafitra volavolain'ny isam-batan'olona manokana.

TSY ATAO:

- Mibahan-dresaka mandritra ny fifanakalozan-kevitra.
- Miezaka mandresy lahatra ny hafa amin'ny hevitrao.
- Miresaka zavatra tsy azo resahina na tsiambaratelo.
- Mampianatra lesona.
- Manery olona mba handray anjara.

AORIAN'NY FIVORIAN'NY FILANKEVITRA

ATAO:

- Manara-maso ireo drafitra sy andraikitra nomena mandritra ny fivorian'ny filankevitra.
- Mitady fomba hampidirana ireo izay tsy afaka nanatrika ny fivoriana noho ny antsony na zavatra hafa. Ampahafantaro azy ireo ny drafitra izay novolavolaina.
- Manome fahafahana ireo mpikambana mba hizara traikefa amin'ny fivoriana manaraka.

“Anisan'ny zavatra mahafinaritra momba ity fivoriana filankevitra ity ny hoe lasa tena manana drafitr'asa ianao any amin'ny faran'ilay fivoriana.”

—Rahavavy Jean B. Bingham, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany



Fivorian'ny filankevitra isaky ny

Alahady faharoa sy fahatelo

Isaky ny alahady faharoa sy fahatelo amin'ny volana ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana dia hianatra avy amin'ireo fampianaran'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany indrindra. *Ny hafatra avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo no tena tokony hifan-tohana.* Azo resahina daholo anefa izay mety ho hafatra avy amin'ny fihaonambe farany indrindra, araka izay filàna eo an-toerana sy ny fitaoman'ny Fanahy.

Amin'ny ankamaroan'ny fotoana dia ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona, na ny Fikambanana Ifanampiana no hifidy hafatra avy amin'ny fihaonambe mba hohalalinina miainga avy amin'ny zavatra ilain'ireo mpikambana, na dia afaka manome sosokevitra aza ny eveka na ny filohan'ny tsatòka. Ny mpitarika dia afaka mifidy hafatra iray mifandray amin'ny lohahevitra noresahina tao amin'ny fivorian'ny filankevitra tamin'ny alahady voalohany vao tsy ela, na afaka mifidy hafatra miresaka lohahevitra hafa miainga avy amin'ny fitarihan'ny Fanahy izy ireo.

Ny mpitarika sy ny mpampianatra dia tokony hitady fomba hamporisihana ny mpikambana hamaky mialoha ny hafatra voafidy ka ho tonga hanatrika ny fotoam-pianarana am-pahavononana ny hizara fahamarinana ara-pilazantsara sy hevitra momba ny fomba hanaovana zavatra mifanaraka amin'izany. Ireo asa hoenti-mianatra naroso etsy ambany, izay mifototra amin'ireo fitsipika ao amin'ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy* dia afaka manampy ny mpikambana hianatra avy amin'ireo hafatra tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.

“Tadiavo amim-pahamalinana ireo fomba hampidirana [ny hafatra amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany] ao amin'ny takarivan'ny mpianakavinareo, ny fampianaranareo ny filazantsara, [ary] ireo resaka ataonareo amin'ny fianakaviana sy namana.”

Filoha Russell M. Nelson, “Ndao handroso hatrany,” *Liahona*, mey 2018, 118.

M. Russell Ballard, *“Fanomezana sarobidy avy amin' Andriamanitra,”* 9–11

Milaza lohahevitra isan-karazany ny hafatry ny Filoha Ballard, tafiditra amin'izany ny mpaminany, ny finoana an'i Kristy, ny fana-san'ny Tompo, ary ny asa fanompoana, ary mety hahita lohahevitra tena manan-danja manokana ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana. Asao ny mpikambana mba hizara zavatra avy amin'io hafatra io izay manome fitaomam-panahy azy ireo. Inona no fanasana na fitahiana nampantenantina hitantsika ao amin'ny hafatry ny Filoha Ballard? Asao ireo mpikambana mba hisaintsaina ao anatin'ny minitra vitsy ny zavatra tsapany fa itaoman'ny Fanahy azy mba ho ataony noho ity fifanakalozan-kevitra ity.

Gary E. Stevenson, *“Ny fon'ny mpaminany,”* 17–20

Mba hanampiana ireo mpikambana “hahatakatra hoe hatraiza ny lanjan'ny” fian-tsoana mpaminany iray vaovao, dia azonao asaina ireo mpikambana hiaroka ao amin'ny

hafatry ny Loholona Stevenson mba hitady fahamarinana sy hevi-baovao izay manampy azy ireo hahatakatra ny maha-zava-dehibe sy ny maha-masina an'io dingana masina io. Asao ireo mpikambana mba hizara ny zavatra tsapan'izy ireo nandritra ilay fivoriana masina izay nanohanana ny Filoha Nelson ho Filohan'ny Fiangonana. Azonao atao ihany koa manao sarina fo eny amin'ny solaitrabe dia hangataka ireo mpikambana mba hanoratra ao anatin'izany teny na andian-teny izay manoritsoritra ny fo sy ny toetran'ny Filoha Nelson. Inona no zavatra nampianariny izay nitahy antsika?

Neil L. Andersen, *“Ilay mpaminanin' Andriamanitra,”* 24–27

Ny fifanakalozana hevitra momba ny hafatry ny Loholona Andersen dia afaka mampatanjaka ny finoan'ny mpikambana ny mpaminany velona. Azonao asaina izy ireo mba hitady ao amin'io hafatra io zavatra izay manampy azy ireo hahatakatra ny antony ananan' Andriamanitra mpaminany eto antany sy ny antony hanarahantsika azy ireny.

Tamin'ny fomba ahoana no naha-voatahy antsika noho ny fananantsika mpaminany? Azon'ny mpikambana zaraina ny fomba naha-zoany fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny hoe ny Filoha Russell M. Nelson no mpaminanin'ny Tompo sy Filohan'ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

David A. Bednar, *“Malemy fanahy sy metry am-po,”* 30–33

Mba hanomezana fitaomam-panahy momba ny hafatry ny Loholona Bednar dia azonao soratana eny amin'ny solaitrabe ny hoe *Ny fahalemem-panahy dia . . .* sy ny hoe *Ny fahalemem-panahy dia tsy . . .* Afaka mikaroka ao amin'ny hafatry ny Loholona Bednar avy eo ny mpikambana ka hanoratra eny amin'ny solaitrabe ireo andian-teny hitan'izy ireo izay mameno ireo filazana ireo. Inona no zavatra ianarantsika avy amin'io hafatra io izay mitaona antsika mba halemy fanahy kokoa? Inona no ohatry ny fahalemem-panahy izay azontsika eritreretina? Ahoana no hampiharantsika ny torohevitra

ny Loholona Bednar mba ho lasa malemy fanahy kokoa?

Bonnie L. Oscarson, “*Zatovovavy ao anatin’ily asa*,” 36–38

Ny fametrahana fanontaniana dia fomba iray mba hanasana ny fisaintsainana. Manorata fanontaniana vitsivitsy eny amin’ny solaitrabe izay valian’ny hafatry Rahavavy Oscarson, toy ny hoe *Ahoana no hampandraisantsika anjara ny zatovovavy ao amin’ny asan’ny Tompo?* Asao ireo mpikambana mba hikoroka ao amin’ny hafany ny valin’ireo fanontaniana ireo ka hifanakalo hevitra momba ny zavatra nianarany. Inona no fitahiana tonga rehefa mandray anjara ao amin’ny fanompoana ny zatovovavy. Angamba afaka mizara zavatra niainana niarahana tamin’ireo zatovovavy ny mpikambana ao amin’ny kilasy. Raha miainga avy amin’ny fifanakalozan-kevitra nataontsika, inona itaoman’ny Fanahy mba hataontsika?

Dale G. Renlund, “*Tantaram-pianakaviana sy asa atao any amin’ny tempoly: Famehezana sy fanasitranana*,” 46–49

Niresaka momba ny fahitan’i Ezekiela ny tempoly iray izay nisy rano niboiboika avy tao aminy ny Loholona Renlund (jereo ny Ezeikiela 47:8–9). Angamba afaka manao ny sarin’ity fahitana ity eny amin’ny solaitrabe ny mpikambana iray ao amin’ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana. Inona no mampitovy ireo fitahiana avy amin’ny asa atao any amin’ny tempoly sy ny asan’ny tantaram-pianakaviana amin’ily rano ao amin’ny fahitan’i Ezeikiela? Azonao atao ny manasa ny mpianatra hizara fitahiana niainany avy tamin’ny asa atao any amin’ny tempoly sy ny asan’ny tantaram-pianakaviana. Inona no azontsika atao mba hahatonga ny asa atao any amin’ny tempoly sy ny asan’ny tantaram-pianakaviana ho zavatra fanaontsika mahazatra kokoa eo amin’ny fiainantsika?

D. Todd Christofferson, “*Ny kôlejin’ny Loholona*,” 55–58

Ao amin’ny kôlejin’ny loholona dia azonao asaina ireo mpikambana mba hamaky ilay fizarana ao amin’ny hafatry ny Loholona Christofferson mitondra ny lohateny hoe “Ny tanjon’ireo fanovana ireo.” Inona no azontsika atao mba hahazoana antoka fa manatanteraka ireo tanjona ireo isika? Ao amin’ny Fikambanana Ifanampiana dia azonao atao ny mangataka olona iray mba hamintina ireo fiovana amin’ny kôlejin’ny Fisoronana Melkizedeka izay nofaritan’ny Loholona Christofferson. Azon’ireo rahavavy fantarina avy eo ireo fitsipika mivoitra avy amin’ireo fiovana ireo izay azo ampiharana

amin’ny asan’ny Fikambanana Ifanampiana izay misy anao. Ao amin’ny kôlejin’ny loholona na ny Fikambanana Ifanampiana dia afaka mifanakalo hevitra ireo mpikambana momba ny zavatra ianarany avy amin’ny tantarandRahalahy Goates sy ny fomba hampiharana izany amin’ny asany.

Ronald A. Rasband, “*Endrey! Ny tafiky ny mpanjaka*,” 58–61

Angamba mety hanampy amin’ny hitarihana fifanakalozan-kevitra momba ny hafatry ny Loholona Rasband ny fiarahana mihira na mihaino na mamaky ny tonon’ily fihirana hoe “Behold! A Royal Army” (*Hymns*, no. 251). Inona no mampitovy ny kôlejin’ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana amin’ny tafiky ny mpanjaka iray? Azon’ireo mpikambana tadiavina sy ifanakalozana hevitra ihany koa ireo “fitahiana marobe” izay resahin’ny Loholona Rasband fa azo avy amin’ny fanavaozana ny firafitry ny kôlejin’ny fisoronana. Inona no fitahiana hafa efa azontsika, na antenaintsika mba ho azo, avy amin’ny fanatanterahana ireo fiovana ireo? Ahoana no ahafahan’ireo Fikambanana Ifanampiana handray bebe kokoa ireo fitahiana toy ny “karazana fanomezam-pahasavana” sy ny “fanofanana”?

Henry B. Eyring, “*Asa fanompoana entanim-panahy*,” 61–64

Miresaka momba ny lahateny anankiroa tamin’ny fivoriana Fanasan’ny Tompo mikasika ny fanompoana izay nahatalanjona azy ny Filoha Eyring. Angamba azonao angatahina ny antsasaky ny mpikambana ao amin’ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana mba hamerina hijery ireo teny nolazain’ily zaza-lahy 14 taona ary ny antsasany hafa hijery ny tantaran’ily mpampianatra isan-tokantrano. Eo am-pamakian’izy ireo dia afaka mieri-treritra torohevitra izay mety homeny ny zavotolaha na ny zatovovavy iray izay vao notendrena hanompo olona iray izy ireo. Ahoana no ahafahantsika ho lasa “entanim-panahy sy be fiantrana kokoa eo amin’ny . . . asa fanompoana ataontsika”?

Dallin H. Oaks, “*Ny herin’ny fisoronana*,” 65–68

Mba hitarihana ny fifanakalozan-kevitra dia azonao soratana eny amin’ny solaitrabe ny lohatenin’ireo fizarana efatra ao amin’ny hafatry ny Filoha Oaks. Dia asao ny mpikambana tsirairay mba hamaky fizarana iray amim-pahanginana ary avy eo dia hanoratra fehezan-teny iray izay mamintina ny hafatra fototr’ily fizarana eo amin’ny solaitrabe. Afaka mizara ny zavatra tsapany fa itaoman’ny Fanahy azy mba hataony noho ny zavatra



vakiny avy eo ireo mpikambana. Amin’ny fomba ahoana no hampivoatra ny fanompoana ataontsika amin’ny maha-mpihazona ny fisoronana na amin’ny maha-rahavavy ao amin’ny Fikambanana Ifanampiana antsika rehefa mampihatra ireo fampianarana ao amin’ny hafatry ny Filoha Oaks isika?

Russell M. Nelson, “*Manompo amin’ny Hery sy Fahefan’ Andriamanitra*,” 68–75

Manasa ireo mpihazona ny fisoronana ny Filoha Nelson mba “hifoha” sy hampiasa ny fisoronana hitahiana ireo Zanaky ny Ray any Andanitra. Asao ireo mpikambana ao amin’ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao mba hikoroka amin’ireo ohatra nomeny ary hifanakalo hevitra ny amin’ny fomba hanampian’izy ireo antsika hahatakatra ny fomba azo ampiasaina ny fisoronana mba hitahiana ny fianakaviany sy ny hafa. Inona no traikefa azontsika zaraina rehefa notahiana tamin’ny alalan’ny herin’ny fisoronana isika? Ahoana no ahafahantsika manampy ny hafa na ny tenantsika mba hanana finoana hampiasa ny fisoronana Andriamanitra mba “hanompo amin’ny anarany”?

Reyna I. Aburto, “*Niray saina*,” 78–80

Ny hafa-dRahavavy Aburto dia manome fahafahana ny kôlejy sy ny Fikambanana Ifanampiana misy anao mba hanombatombana ny hatsaran’ny fiasanareo amim-piraisan-kina mba hanao ny asan’ny Tompo. Mba hanampiana ny mpikambana hanao izany dia azonao atao ny maneho sarina lolo monarque, sy ny fitsidihan’ny Mpamonjy an’ireo Nefita (jereo ny *Boky mirakitra sary momba ny filazantsara*, 82, 83, 84), ary ny asa fanampiana olona ataon’ny Fiangonana (jereo ny LDS.org). Afaka mikaroka ao amin’ily hafatra ny mpikambana ary hahita ny fomba nampiasain-dRahavavy Aburto ireo hafatra ireo mba hampianarana momba ny tanjona sy ny fitahian’ny fiasana ao anatin’ny firaisan-kina. Inona no azontsika atao mba “hiray saina” rehefa manao zavatra?

Lamina arahana amin'ireo fivoriantika

1. Mizara zavatra niainana amin'ny fanaovana zavatra araka ny fahatsapana sy ny fanasana noraisina nandritra ireo fivoriantika ny fisoronana na ny Fikambanana Ifanampiana teo aloha (izay tarihin'ny mpikambana iray ao amin'ny fiadidiana).

2. Miaraka mianatra (tarihin'ny mpampianatra iray voantso). Matetika no manampy ny manasa ireo mpikambana mba:

- a. Hitady zavatra ao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe (toy ny valim-panontanianana iray, na andalana iray manentana ny fanahy, na ohatra iray maneho fitsipika)
- b. Hizara sy hamelabelatra ny zavatra hitany.
- d. Handinika ny fomba hampiharana ilay hafatra amin'ny fiainany sy ny traikefan'izy ireo.

3. Mamolavola drafitra enti-miasa manokana na miaraka amin'ny vondrona (tarihin'ny mpikambana iray ao amin'ny fiadidiana).

Henry B. Eyring, *"Ny Fanahiny miaraka amin'ireo,"* 86–89

Mba hampitomboana ny fanirantsika sy ny fahafahantsika mandray ny Fanahy Masina, dia nizara zavatra niainana manokana maromaro ny Filoha Eyring ary nanome fitarihana manokana. Rehefa avy nijery ireo zavatra niainana ireo ianao, inona no fahatsiarovana mitovitovy amin'izany izay azon'ireo mpikambana ao amin'ny kôleji na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao zaraina rehefa nanohina ny fon'izy ireo na nanamafy fahamarinana tamin'izy ireo ny Fanahy Masina? Angamba azon'ireo mpikambana atao lisitra eny amin'ny solaitrabe ny fitarihana izay nozarain'ny Filoha Eyring mba hanampy "hanokatra ny fonsika handraisana ny fiasan'ny Fanahy." Amin'ny fomba ahoana no anampian'ny fanarahana ny fitarihana antsika eo amin'ny fiainantsika manokana sy amin'ny fiainan'ny fianakavian-tsika? ao amin'ny kôleji na ny Fikambanana Ifanampiana misy antsika?

Dallin H. Oaks, *"Zava-madinika sy tsotra,"* 89–92

Ny hafatra ny Filoha Oaks dia ahitana fanoharana izay mampianatra ny fomba ahafahan'ny zavatra tsotra sy madinika hitondra fiantraikany mahery vaika tsara na ratsy. Anisan'ireo fanoharana ireo ny fakan'ny hazo, ekipa mpivoy lakana, tsiratsiraky ny tady, ary rano mitete. Azon'ny mpikambana atao ny mamaky ireo fanoharana ireo ary hifanakalo hevitra ny amin'ny zavatra ampianarin'izy ireo momba ny herin'ny fanaovana zavatra madinika sy tsotra. Inona avy ireo zavatra madinika sy tsotra izay mitondra ny fitaoman'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika? Asao ireo mpikambana mba hisaintsaina ny zavatra itaoman'ny fanahy mba hataon'izy ireo hanarahana ny torohevitra ny Filoha Oaks.

Russell M. Nelson, *"Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika,"* 93–96

Ao amin'ity hafatra ity ny Filoha Nelson dia miangavy antsika hampitombo ny "fahafahan[tsika] ara-panahy mandray fanambarana." Mba hanampiana ny mpikambana hanaraka io torolalana io dia azonao atao ny manoratra fanontanianana tahaka ireto manaraka ireto eny amin'ny solaitrabe: Nahoana isika no mila fanambarana? Ahoana no ahafahantsika hampitombo ny fahafahantsika mandray fanambarana, na izany manokana na rehefa mifampila hevitra isika? Inona ireo fitahiana nampanantenain'ny Filoha Nelson raha toa ka mikatsaka fanambarana isika? Zarao ho vondrona maromaro ny mpikambana, ary asao

ny vondrona tsirairay mba hitady sy hizara valin'ny iray amin'ireo fanontanianana ireo.

Gerrit W. Gong, *"Tafatsangana i Kristy,"* 97–98

Inona no zavatra azon'ireo mpikambana ao amin'ny kôleji na Fikambanana Ifanampiana misy anao ianarana avy amin'ny hafatra ny Loholona Gong momba ny fanekempihavanantsika sy ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy? Azonao atao ny manasa ireo mpikambana mba hizaroka ao amin'ilay hafatra ka hitady ireo fitahiana atolotry ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy sy ny fanekempihavanantsika, izay miasa miaraka, ho antsika. Dia mametraha fanontanianana tahaka ireto manaraka ireto mikasika ny zavatra hitany: Manao ahoana ny fiasan'ny fanekempihavanantsika sy ny Sorompanavotana miaraka mba "hanandratra kokoa" antsika? Manampy antsika mba hifikitra amin'ny inona sy hana-tsahatra inona izany?

Ulisses Soares, *"Miteny amin'ny herin'ny Fanahy Masina ireo mpaminany,"* 98–99

Afaka mitondra fanentanam-panahy ho antsika ny hafatra ny Loholona Soares mba hiasa am-pinoana rehefa mahatsapa ho tsy ampy fahaizana eo amin'ny fanaovana ny sitrapon' Andriamanitra isika. Tamin'ny fomba ahoana no nahazoan'ny Loholona Soares fankaherezana sy toky rehefa nahazo ny antsony vaovao amin'ny maha-Apôstôly azy izy? Inona no zavatra nianarany avy tamin'ny zavatra niainany tamin'ny niantsoana azy ho filohan'ny misiôna? Inona no zavatra azon-tsika ianarana avy amin'ny zavatra niainany? Omeo fotoana ireo mpikambana mba hizara zavatra niainana izay nahatsapan'izy ireo ho tsy natoky tena tamin'ny zavatra tian'ny Tompo nataon'izy ireo. Inona no nataon'izy ireo mba hahita ny finoana nentina nandroso?

Jeffrey R. Holland, *"Miaraka amin'izy ireo sy manatanjaka azy,"* 101–3

Rehefa nahare ireo fiovana amin'ny "fijery ny fanompoan'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana" ireo mpikambana ao amin'ny kôleji na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao, inona no fanontanianana nananan'izy ireo? Mety mitondra valinteny ny hafatra ny Loholona Holland. Azon'ireo mpikambana atao ny mijery ireo fitsipiky ny filazantsara izay ampianarin'ny Loholona Holland fa fototr'ireo fiovana ireo. Inona no fanasana hitantsika ao amin'ny hafany? Inona avy ireo fitahiana nampanantenaina antsika? Amin'ny fomba ahoana ireo fomba vaovao entina manompo ireo no manampy antsika ho lasa "tena mpianatr'i Kristy"?



Jean B. Bingham, “*Manompo tahaka ny ataon’ny Mpamonjy*,” 104–7

Ao amin’ny hafany, ny Rahavavy Bingham dia manasa antsika mba hametraka fanontanianana amin’ny tenantsika izay afaka mitarika ny ezaka ataontsika amin’ny fanompoana. Azon’ireo mpikambana atao ny mifanakalo hevitra momba ny fomba hitarihan’ireo fanontaniana ireo ny ezaka ataony ary avy eo dia tadiavo ny valin’ny fanontaniana-dRahavavy Bingham hoe: “Koa manao ahoana ary izany [fanompoana izany]?” Azonao atao ny mandany fotoana mijery ireo ohatra izay zarain-dRahavavy Bingham momba ny olona manompo ary asao ireo mpikambana mba hizara ohatra avy amin’izy ireo. Inona no zavatra hitantsika ao amin’ny hafa-dRahavavy Bingham izay mampitombo ny fahatakarantsika ny antony sy ny fomba hanompoantsika?

Dieter F. Uchtdorf, “*Indro ny Lehilahy!*,” 107–10

Ahoana no mety hanampiansika olona iray mba hahatakatra fa ny sorompanavotana sy ny Fitsanganan’i Jesoa Kristy tamin’ny maty no tranga manan-danja indrindra teo amin’ny tantaran’izao tontolo izao? Asaivo misaintsaina io fanontaniana io ny mpikambana eo am-pamakian’izy ireo ny ampahany amin’ny hafatry ny Loholona Uchtdorf. Inona no zavatra hitan’izy ireo izay hanampy amin’ny fanazavana ny antony maha-tena manan-danja aminy ireo tranga ireo? Aorian’io fifanakalozan-kevitra io dia azon’iray kilasy atao ny miresaka momba ny dikan’ny fanarahana ny filazana hoe “indro ny lehilahy.” Tamin’ny fomba ahoana no nianarantsika nanaraka ny filazana hoe “indro ny lehilahy”?

Quentin L. Cook, “*Miomàna hihaona amin’ Andriamanitra*,” 114–17

Azonao atomboka amin’ny fanasana mpikambana iray hamintina ny famerenana amin’ny laoniny ny fanalahidin’ny fisoronana tao amin’ny Tempolin’i Kirtland ny fifanakalozan-kevitra ataonareo momba ny hafatry ny Loholona Cook. Araka ny hafatry ny Loholona Cook, inona no andraikitra ny Fiangonana izay mifandraika amin’ireo fanalahidy ireo? Amin’ny fomba ahoana no isehoan’ireo andraikitra ireo ato amin’ny Fiangonana ankehitriny? Soraty eny amin’ny solaitrabe ny teny hoe *fahamarinana*, *firaisan-kina*, ary *fitoviana*, dia asao ireo mpikambana mba hizara ireo hevi-baovao voarain’izy ireo momba ny tsirairay amin’ireo fitsipika avy amin’ny hafatry ny Loholona Cook ireo. Amin’ny fomba ahoana no hanampian’ireo fitsipika ireo antsika hanatanteraka ireo andraikitra masina sahanin’ny Fiangonana?



Fivoriana isaky ny

Alahady fahefatra

Isaky ny alahady fahefatra ao anatin’ny volana dia miresaka lohahevitra iray nofidian’ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo ireo kôlejin’ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana. Hiova ny lohahevitra amin’ny alahady fahefatra isaky ny aorian’ny fihaonambe maneran-tany. Manomboka izao ka hatramin’ny fihaonambe manaraka dia “Fanompoana ny hafa” no lohahevitra. Isam-bolana ireo mpitarika na mpampianatra dia afaka misafidy ny hitarika fifanakalozan-kevitra amin’ireto fitsipika mifandraika amin’ny fanompoana manaraka ireto.

Mba hahitana loharanom-pitaovana fanampiny manampy amin’ny fifanakalozan-kevitra momba ny fanompoana ity dia jereo ny ministering.lds.org sy ny lahatsoratra hoe “Fitsipika momba ny fanompoana” ao amin’ireo laharan’ny *Liahona* manaraka.

Inona no dikan’ny hoe manompo?

Inona no dikan’ny hoe *fanompoana* ho an’ireo mpikambana ao amin’ny paroasy na sampana misy anao? Mba hahitana izany dia azonao soratana eny amin’ny solaitrabe ny hoe *Fanompoana* ary asao ireo mpikambana mba hanoratra teny manodidina izany izay ampifandraisiny amin’ny fanompoana. Afaka mahita teny na andian-teny hanampy ny amin’ilay lisitra ireo mpikambana avy amin’ireto soratra masina manaraka ireto: Matio 25:34–40; Lioka 10:25–37; 2 Nefia 25:26; Môsià 18:8–9; 3 Nefia 18:25; ary Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 81:5. Inona

no zavatra ianarantsika avy amin’ireo andininy ireo mikasika ny fanompoana? Azonao angatahina ireo mpikambana mba hizara ohatra momba ny fanompoana izay hitan’izy ireo. Amin’ny fomba ahoana no hanampian’ny fanompoana ny olona amin’ny filany ara-panahy sy ara-nofa? Ahoana no hanampian’izany ny olona hanakaiky kokoa an’i Kristy?

Ny Mpamonjy no ohatra tonga lafatra ho antsika mikasika ny fanompoana.

Mba hianarana momba ny fomba hanompoana amim-pahombiazana

kokoa dia azon'ireo mpikambana atao ny mizara tantara avy amin'ny soratra masina izay nanompoan'ny Mpamonjy ny hafa, afaka mahita ohatra maro amin'izany isika ao amin'ny Jaona 4–6 sy ny Marka 2:1–12. Azon'ireo mpikambana zaraina ny zavatra manaitra azy ireo momba ireo tantara ireo sy ny fitsipika ianarany momba ny fanompoana. Ohatra, ahoana no nanehoan'ny Mpamonjy ny fanompoany ny hafa? Ahoana no nanomezany ny zavatra nilain'ny olona ara-panahy sy ara-nofy ihany koa? Afaka mizara fotoana izay nahitany olona nampiasa ireo fitsipika ireo tamin'ny fanompoany ireo mpikambana.

Ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy no manosika ho amin'ny fanompoana.

Mba hamelabelarana ny herin'ny fanompoana izay atosiky ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy dia azonao soratana eny amin'ny solaitrabe ireto fehezana-teny manaraka ireto ary asao ireo mpikambana mba hilaza fomba hamenoana ny banga: *Rehefa tena tia ireo olona izay tompoiko aho dia _____*. *Raha manompo noho ny antony hafa aho dia _____*. Inona no azontsika atao mba hahazoana antoka fa ny fanompoantsika ny hafa dia atosiky ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy? Ahoana no hampitomboantsika ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy ho an'ireo izay tendrena hotompoantsika? (Jereo ny Môrônia 7:45–48). Angamba afaka mizara ohatra momba ny fanompoana izay atosiky ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy ireo mpikambana.

Tian' Andriamanitra hisy miraharaha sy mikarakara ny zanany rehetra.

Nilaza ny Filoha Russell M. Nelson hoe: “Ny toetra iray mampiavaka hatrany ny Fiangonan'ny Tompo izay marina sy velona dia ny asa iray voarindra sy misy mitarika hatrany hanompo ny zanak' Andriamanitra tsirairay sy ny fianakavian'izy ireo avy,” *Liahona*, mey 2018, 69). Inona no zavatra nampianarin'ny Filoha Nelson fa sasany amin'ireo fomba “voarindra sy misy mitarika” izay hanampian'ny Fiangonana antsika hikorakora olona tsara kokoa? Nahoana ireo ezaka ireo no “toetra iray mampiavaka hatrany ny Fiangonan'ny Tompo”? (jereo ny Môsià 18:21–22 sy ny Môrônia 6:4–6 mba hahitana hevitra). Inona avy ireo fitahiana tonga teo amin'ny fiainantsika na ny fiainan'ny hafa noho ny fanompoan'ny olona ao amin'ny antsony na andraikitra ato am-piangonana?

Lehibe ny hasarobidin'ny olona eo imason' Andriamanitra.

Ny zavatra niainan'ireo zanak'i Môsià dia maneho fa ny fomba fahitantsika ny

olona dia misy fiantraikany amin'ny fomba fanompoantsika azy ireo. Azonao soratana eny amin'ny solaitrabe ny hoe *Fahitan'ireo Nefita ny Lamanita sy Fahitan'ireo zanakalahin'i Môsià ny Lamanita*. Dia asao ireo mpikambana hikaroka ao amin'ny Môsià 28:1–3 sy ny Almà 26:23–26 mba hitady ireo teny sy andian-teny hosoratana eo ambanin'ireo filazana ireo. Inona no zavatra ampianarin'io fampitahana io antsika momba ny fiantraikan'ny fomba fijerintsika olona amin'ny fomba fanompoantsika azy ireo? Ahoana no hianarantsika hijery ny olona ho tahaka ny fijerin' Andriamanitra azy ireo kokoa? (jereo ny F&F 18:10–16).

Ny tena mpanompo dia mifantoka amin'ny zavatra ilain'ny hafa.

Mba hanampiana ireo mpikambana hahatratra tsara kokoa ny lanjan'ny fifantohana amin'ny filàn'ny hafa rehefa manompo dia azonao ampitahaina amin'ny fanolorana sy fahazoana fanomezana ny fanompoana. Efa nandray fanomezana manan-danja avy tamin'ny olona iray izay nahafantatra tsara ny zavatra nilaintsika na tiantsika ve isika? Amin'ny fomba ahoana no itovizan'ny fanompoana amin'ny fanomezana voahevitra iray? Mifanakaloza hevitra mikasika ireo tantara avy tamin'ny fihonamban'ny Fiangonana maneran-tany vao haingana indrindra izay maneho ny fomba nanampian'ny olona mifanaraka amin'ny filàn'ny hafa (jereo, ohatra, ny Jean B. Bingham, “Mannompo tahaka ny ataon'ny Mpamonjy,” *Liahona*, mey 2018). Afaka mizara tantara hafa maneho io fitsipika io ihany koa ireo mpikambana.

Ahoana no ahafantarantsika ny filàn'ny hafa? Asao ny mpikambana tsirairay hanao ny lisitr'ireo olona sasany izay tompoiny. Eo akaikin'ny anarana tsirairay dia azon'izy ireo soratana ny valin'ny fanontaniana hoe “Inona no ilain'ity olona ity mba hanakakiezana kokoa an'i Kristy?” Raha azo atao dia amporisiho ny mpikambana hampiditra ny ôrdônansy mety hilain'ny olona tsirairay. Asao ireo mpikambana mba hanohy handinika io fanontaniana io ary hikatsaka fitaomampianahy hanampiana azy ireo hanatanteraka ny zavatra ilain'ny hafa.

Tian'ny Tompo hanaiky ny fanompoana ataon'ny hafa isika.

Nilaza ny Loholona Robert D. Hales hoe: “Ny drafitry ny filazantsara dia mitaky fanomezana sy fandraisana. . . . Ny olona iray izay ao anatin'ny fahasahiranana matetika dia milaza hoe: –Ataoko irery ity,– . . . –Mahavita tena aho.– Voalaza hoe tsy misy olona manan-karena be loatra ka tsy mila ny

fanampian'ny hafa, tsy misy olona mahantra loatra ka tsy misy ilan'ny mpiara-belona azy. Ilay fironana hangataka fanampiana amim-pahasahiana amin'ny hafa sy hanome izany amin-katsaram-panahy dia tokony ho ao anatin'ny toetrantsika” (“We Can't Do It Alone,” *Ensign*, nôv. 1975, 91, 93). Nahoana isika indraindray no misalasala handray ny fanampiana avy amin'ny hafa? Amin'ny fomba ahoana no hitahiana ireo izay manompo antsika amin'ny fahavononantsika hanaiky ho ampiana? Omeo fotoana fohy ny mpikambana mba hisaintsaina ireo fomba ahafahan'izy ireo hisokatra bebe kokoa amin'ny fandraisana ny fanompoan'ny hafa. Inona no ambaran'ny 1 Korintiana 12:13–21 mikasika ny antony ifampilantsika?

Maro ireo fomba ahafahantsika manompo ny hafa.

Mba hanampiana ny mpikambana handinika ireo fomba maro azontsika hanompoana ny hafa dia azonao asaina izy ireo hijery ny hafatry ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe “Miaraka amin'izy ireo sy manatanjaka azy” (*Liahona*, mey 2018, 101–3; jereo ihany koa ny “Fitsipika momba ny fanompoana” ao amin'ireo laharana mbola ho avy amin'ny *Liahona*). Afaka mizara ho vondrona kely maromaro ireo mpikambana, ary ny vondrona tsirairay dia afaka mieritreritra rafi-tantara maromaro izay ahitana olona iray mila fanampiana. Afaka mieritreritra fomba maro samihafa ahafahan'ny olona manompo amin'ny filàna ara-panahy sy ara-nofon'ireo olona ao amin'ireo rafi-tantara ireo avy eo izy ireo. Asao ireo vondrona mba hizara ny hevitr'izy ireo ary hisaintsaina raha toa ka afaka hitahy ny olona tompoiny ny hevitra izay nifampiresahana. ■





Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

*Mipetraka, manomboka avy eny ankavia: Filoha M. Russell Ballard, Loholona Jeffrey R. Holland,
Loholona Dieter F. Uchtdorf, Loholona David A. Bednar, Loholona Quentin L. Cook.*

*Miforo, manomboka avy eny ankavia: Loholona D. Todd Christofferson, Loholona Neil L. Andersen, Loholona Ronald A. Rasband,
Loholona Gary E. Stevenson, Loholona Dale G. Renlund, Loholona Gerrit W. Gong, Loholona Ulisses Soares.*



“Mitsodrano anareo aho mba hahafantatra ireo zavatra izay azonareo ailika ianareo mba hahafahanareo mandany fotoana bebe kokoa ao amin’ny tempoly,” hoy ny Filoha Russell M. Nelson nandritra ny fivoriana famaranana ny Fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha-188. “Mitsodrano anareo aho mba hisy filaminana sy fitiavana bebe kokoa ao an-tokantranonareo ary faniriana lalina kokoa mba hikarakara ireo fifandraisana misy eo amin’ny fianakaviana mandrakizainareo. Mitsodrano anareo aho mba hanana finoana bebe kokoa an’i Jesoa Kristy Tompo ianareo sy hanana fahafahana lehibe kokoa hanaraka Azy amin’ny maha-mpianany marina anareo.

“Mitsodrano anareo aho mba hanandratra ny feonareo amin’ny fijoroana ho vavolombelona ianareo, tahaka izao ataoko izao, fa isika dia mirotsaka amin’ny asan’ilay Andriamanitra Mahery! I Jesoa no Kristy. Ity no Fiangonany izay tarihiny amin’ny alalan’ireo mpanompo voahosony.”

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
 HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
 ANDRO FARANY